

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE
C.E.R LANGUE ET LETTRES MALAGASY

MEMOIRE DE CAPEN

Présenté par :

VOLOLONIRINA Fanja Marojaona

I NASOLO POETA MPITANTARA

Directeur de Recherche :

Rtoa RAHARIMANGA Eugénie Fidèle

Maître de conférences

Antananarivo 2012

Date de soutenance : 13 Novembre 2012



NASOLO, POETA

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA.....	i
LISITRY NY FAFANA, KISARY, SARY.....	ii
FANAFOHEZAN-TENY.....	iii
TENY FAMPIDIRANA	1
0.1. NY VONTOATIN'NY ASA FIKAROHANA.....	1
0.2. NY ANTON'NY SAFIDY	1
0.3. NY ZAVA-KENDRENA.....	2
0.4. NY PETRAKA OLANA SY NY PETRAKA HEVITRA	3
0.5. NY FOMBA NANATONTOSANA NY ASA FIKAROHANA.....	4
0.6. NY OLANA NOSETRAINA SY NY VAHAOLANA NAROSO.....	4
0.7. NY HAITSIKERA NAMPIASAINA	4
0.8. NY FETRAN'NY ASA.....	6
0.9. NY DRAFITRY NY ASA	6
I. I NASOLO MPITANTARA SY NY FIAINANY	8
1.1 NY FIAINAN'I NASOLO	8
1.1.1 NY FAHAZAZAKO	8
1.1.2 NY FAHATANORAKO.....	13
1.1.3. NY FAHALEHIBEAZAKO.....	19
1.2. I NASOLO MPANORATRA	22
1.2.1. Ny nahatonga ahy ho mpanoratra.....	22
1.2.2 Ireo karazana asa soratra nataoko	26
FEHINY	30
II. I NASOLO POETA MPITANTARA SY NY TARAKEVITRY NY TANTARAM-PIRENENA HITA AO AMIN'NY TONONKALON'I NASOLO	32
2.1. NY TOETRAN'NY MPITANTARA	32
2.1.1- Tsy miseho mivantana ao amin'ny fitantarana	32
2.1.2 Manajanona ny fitantarana ary manao fanamarihana	34
2.1.3 Vavolombelon'ny zava-nisy.....	34
2.2. NY FANEHOAN'I NASOLO NY TARAKEVITRY NY TANTARAM-PIRENENA.....	36
2.2.1- Ny tolona nataon'ny Menalamba sy ny Sadiavahy.....	36
2.2.2. Ny Vy Vato Sakelika.....	40
223- Ny tolon-dRALAIMONGO.....	42
2.3. NY TANTARAM-PAHANTRANA MALAGASY	46
2.3.1. Ny hery famoretana.....	46
2.3.2. Fahasimban'ny tontolo iainana.....	57
2.3.3. Fahasimban'ny toe-tsaina sy toe-panahy.....	61
FEHINY	63
III. NY PAIKA NENTIN'NY MPANORATRA NITANTARA.....	65
3.1. NY FAMPIASANA TEKINIKAN'NY FITANTARANA AO AMIN'NY TONONKALON'I NASOLO	70

3.1.1- Ny fampiasana fitanisana sy fanoritsoritana amin'ny alalan'ny maripiatoana.....	70
3.1.2. Ny fanaovana famintinana	75
3.1.3. Ny fampiasana "SORABAVENTY".....	80
3.1.4. Ny fampiasana voambolana voafantina.....	85
3.2. NY FANEHOAN'NY MPANORATRA NY ENDRIKA IVELAN'NY TONONKALO.....	95
3.2.1- Ny lohateny.....	96
3.2.2. Ny andalana sy ny andininy.....	103
3.2.3. Ny fingadona.....	112
3.2.4. Ny rima.....	117
3.3. NY FILALAOVANA AMIN'NY SARIN-TENY AMAM-POMBA FILAZAN-JAVATRA.....	124
3.3.1. Ny fanovan-javatra	125
3.3.2. Ny tamberin-javatra	134
3.3.3. Ny sarinteny hafa sisa.....	139
TENY FAMARANANA	146
TOVANA. I	150
TOVANA II.....	155
TOVANA III	159
TOVANA IV.....	160
TOVANA V.....	165
BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA	175
VI. GAZETY.....	179

TENY FISAORANA

Fifaliana lehibe ho anay ny fahavitan'izao asa fikarohana izao, koa tsy hainay ny tsy haneho fisaorana lehibe indrindra ho an'ily Ray Avo Indrindra, izay nitantana sy nanolo-tsaina anay, ho azy irery ihany, anie, ny fisandratana. Toloranay fisaorana ihany koa ireo rehetra nanampy anay nandritra ny fotoam-piofanana ka hatramin'ny fanatanterahana izao asa fikarohana izao.

Isaorana eram-po eran-tsaina ianao Andriamatoa ANDRIAR Samuel, nanaiky ho filoha mpitarika ny fitsarana amin'ny fanohanana am-pahibemaso izao asa fikarohana izao. Tsy nanosi-bohon-tanana anay ianao na dia maro aza ny adidy aman'andraikitra iantsorohanao. Isaorana anao ireo torolalana sy fampianarana efa natolotrao anay. Enga anie ianao « handidy hahita ny vaniny ary hikapa hahita ny tonony ».

Isaoranay mitafotafo ihany koa ianao Andriamatoa RAKOTOARISOA Victor James, fa na dia eo aza ny asa maro iandraiketanao, dia nanaiky tamim-pahatsorana ho mpitsara sy hanitsy ny diso amin'izao asa izao ianao. Ankasitrahana anao indrindra ny torohevitra nomenao anay sy ny fanitsiana mbola harosoanao ihany koa. « Ho ela fanapahana amin'ny andraikitra iandraiketanao », anie, ianao tompoko .

Toloranay fisaorana sy fankasitrahana manokana koa ianao, Ramatoa RAHARIMANGA Eugénie Fidèle. Tsy nitaraim-tana-miepaka sy tsy nitandro hasasarana ianao tamin'ny fanitsiana sy ny fanoroan-kevitra samihafa tamin'ny fanatanterahana sy fanatsarana ity voka-pikarohana ity. « Nantsoina andro, dia andro, nantsoina alina dia alina ». «Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany», anie, hirotsaka aminao hatrany.

Fisaorana feno fankatelemana ihany koa no atolotray anareo mpampianatra sy mpanabe rehetra tato amin'ny sekoly : Ianareo no nampiofana sy nitari-dalana anay hatrany ka nahatongavana amin'izao dingana izao. « Enga anie ireo ezaka rehetra tamin'ny asa vitanareo tsy hisy ho raraka an-tany ary ny fitahian'ily Ray ao an-danitra manana amby ampy, anie, ho aminareo tsirairay avy ».

Tsy azonay odian-tsy hita koa ianao, Andriamatoa RANDRIANASOLO. Fisaorana hombam-pirarian-tsoa no atolotray anao. Ianao no angady nananana sy vy nahitana izao vokatra izao. Mankasitraka indrindra anao sy ny vady amam-janakao. Mankasitraka koa ny mpanoratra ao amin'ny Havatsa UPEM, ny mpiara-miasa sy ny mpiara-monina aminao, mankasitraka nanaiky nohelingeleninay ka namaly antsitra-po ny fanontaniana izy napetrakay taminareo. « Hambinin-java-manasatra, anie, ianareo ary ilay Ray be fahasoavana hamaly ny fitiavana nasehonareo ».

Farany, tsy azonay hohadinoina ny misaotra be dia be anareo Ray aman-dReny, ny iray tampo, ny vady aman-janako ny fianakaviana sy ny namana rehetra, ary ianareo mpiara-mianatra andiany AVOTRA . Teo tokoa ianareo nanohana ara-tsaina, nanampy na ara-tekina tamin'ny fanatontosana izao asa izao. Enga anie hahita ny soa sy ny mamy eo amin'ny fiainana ianareo, fa izay rehetra vitanareo dia « sitraka hoenti-matory, ka hovaliana raha mahatsiahy ».

« Ny fisaorana, hono, toy ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana. » Koa « misaotra Tompokolahy, mankasitraka tompokovavy »

VOLOLONIRINA Fanja Marojaona

LISITRY NY FAFANA

Laharana	Lohateny	Tak.
1	Famintinana ny fianarana sy fiofanana nataon'i Nasolo	14
2	Ireo andraikitra ny mpanoratra	21
3	Ny karazana asa soratra ataony	29
4	Ny endri-pehezanteny ao amin'ny Baiboly sy ny nanehoan'i Nasolo izany	94
5	Famintinana ireo teknikan'ny fitantarana	95
6	Ny karazan-dohateny	102
7	Ny karazana fangadana	116

LISITRY NY KISARY

Laharana	Lohateny	Tak.
1	Tetiharana	11
2	Fifandraisan'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky	69
3	Kisary maneho an-tanantohatra ny lalana nolalovan'ny firenena Malagasy	81
4	Fingadon-tononkalo	116
5	Kisary maneho lanja miakatra ny fahoriana nahazo ny vahoaka	142
6	Kisary maneho lanja midina ny fahoriana nahazo ny vahoaka	143
7	Farango mampisaraka ny tononkalo sy ny fanazavana eo ankavia	10,23,24

LISITRY NY SARY

Laharana	Lohateny	Tak.
1	INFP sy ny Mpanakanto	15
2	Nasolo	22
3	Saritanin'i Madagasikara maneho ireo faritra niara-nanao fihetsehana tany amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy	40
4	Nasolo maneho fanentanana ho amin'ny fiarovana ny tontolo iainana	61

FANAFOHEZAN-TENY

Adl.: Andalana BACC : Baccalauréat Vnt: vaninteny

And.: Andininy Lah.: Laharana Tak.: Takila

CAT2 : Certificat d’Aptitude Technique Secondaire

CAE/EP : Certificat d’Aptitude Elémentaire à l’Ecole Primaire

CAP/EP : Certificat d’Aptitude Pédagogique de l’Ecole Primaire

CAP/ HG-MLG : Certificat d’aptitude pédagogique en Histoire-Géographie et en Malagasy

CE1: Cours Elémentaire niveau 1

CNPC1 : Cours Normal Pédagogique du Premier Cycle

CEMEAM : Centre d’Entrainement avec les Méthodes Actives de Madagascar

DEA : Diplôme d’Etude Approfondie

EDC : Ecole Des Cadres

HBC : Habitat Bâtiment Construction

INFP : Institut Nationale de Formation Pédagogique

MDRM : Mouvement Démocratique pour la Rénovation Malgache

MFm : Mpitolona ho Amin’ny Fanjakan’ny Madinika

MFT: Mpitolona ho amin’ny Fampandrosoana Ny Tantsaha

SMOTIG: Service pour la Main d’Œuvre pour les Travaux d’Intérêt Général

V.V.S : Vy Vato Sakelika

V.A: Vondrona Ambara

ZAM: Zanak’ Ampielezan’i Mangamila

TENY FAMPIDIRANA

Fepetra hahazoana ny maripahaizana CAPEN (Certificat d’Aptitude Pédagogique de l’Ecole Normale), ny fanaovan’ny mpianatra eto amin’ny sekoly asa fikarohana. Natao indrindra izany ho famaranana ny fianarana, ka mifanandrify amin’izay lalam-piofanana narahina ny asa fikarohana takiana.

0.1. NY VONTOATIN’NY ASA FIKAROHANA

Maro ny zana-taranja azon’ny mpianatra isafidianana, raha ny ato amin’ny sampana Teny Malagasy manokana no asian-teny: Ny haiteny, ny haifampianarana, ny riba ary ny literatiora. Ity farany no niantefan’ny safidinay, noho izy mirakitra ny teny, ny tantara, ny riba ary ny kolosaina sy ny kolontsaina¹ amam-pahendrena Malagasy, ka nanaovana izao asa fikarohana izao. Na io aza no tena nifotoranay, tsy nohamaivaninay akory ireo sehatra hafa rehetra. Fitaovana hoentinay hanazava sy hanampy amin’izao fikarohana izao izy ireo.

Misy karazany roa ny literatiora: Ny am-bava sy ny an-tsoratra. Ny an-tsoratra no nanompananay ity asa ity. Maro rantsana anefa, ny literatiora an-tsoratra: Ao ny tononkalo, ny tononkira, ny sombin-tantara, ny tantara foronina, ny tantara tsangana ary ny tantara fandefa amin’ny onjam-peo. Ny tononkalo no notsongainay tamin’ireo, ka ny tononkalon’i Nasolo no vainga nentinay nandrafitra ity asa fikarohana ity izay nosaloranay ny lohateny hoe: “I NASOLO POETA MPITANTARA”.

0.2. NY ANTON’NY SAFIDY

Nanintona anay kokoa ny handalina mikasika ny literatiora an-tsoratra. Ahitana ny rakitry ny lasa, mitahiry ny tantaram-pirenena sy maneho ny zava-misy eo amin’ny fiarahamonina ary hahalalana mpanoratra ihany koa. Ny tononkalo no noraisinay, noho izy manana endrika manokana sy miavaka eo amin’ny fomba fanehoan-kevitra. Voalazan’ny mpanoratra ao anatin’ny fehezanteny fohy ireo hevi-dalina maro maningotra ny fo sy ny saina amam-panahy. Hoy Randja ZANAMIHOATRA raha nilaza mikasika izany: “[Ny

¹ **Kolosaina** : Fitaizana sy fanabeazana ny saina amin’ny alalan’ny anatra, fampianarana, hira, asa soratra samihafa

Kolontsaina : Fomba amam-panaon’ny faritra na firenena iray.

tononkalo] izay hita mampavesa-danja indrindra ny tononkiran'ny Poeta mihoatra noho ny lahateny tsotra dia noho izy mahaseho zava-maro amin'ny fomba mifintina.”² Mirindra ny tononkalo ka mahafinaritra ny saina sy mambabo ny fo amam-panahy ary mampandefa lavitra ny eritreritra. Anisany maha-kanto azy izany toetra izany.

Nifantohana manokana ny tononkalon'i NASOLO noho izy ireo manana endrika mitantara. Raha vao nanopy maso ny tononkalony fotsiny izahay dia hitanay fa miendrika fitantarana ny ankamaroany. Tononkalo mitantara ny fiainany, ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina ary ny zava-nitranga teto amin'ny firenena. Misongadina ao anatin'ny tononkalony ny fiventesana ny tantaram-pirenena, maneho ny zava-nisy tamin'ny andron'ny fanjanahantany sy ny raharahan'ny fito amby efapolo. Hita ao amin'ny asa sorany koa ny taratry ny fiainana nodiaviny sy ny fanabeazana ny olom-pirenena. Tarakevitra samihafa no hita ao amin'ny tononkalo, saingy, tsy ary ho voatrandrako avokoa izy ireny, ka izay mikasika ny tantara ihany no nosafidiana, nanaovana ny famakafakana rehetra. Izany no nanaovana ny lohatenin'izao asa fikarohana izao hoe, “I Nasolo Poeta Mpitantara”. Ankoatra ny maha-mpampianatra tantara ny mpanoratra dia taranaka mpitolona “Pely Mainty”³ nitaky ny fahafahana izy, ka azo raisina ho vavolombelon'ny tantara. Singa maha-firenena rahateo ny tantara.

Avoitra ato amin'ny fanadihadiana, noho izany, ny paika nentin'ny mpanoratra nitantara sy ny fomba nanehoany ny tarakevitry ny tantaram-pirenena nandritra ireo vanim-potoana voalaza etsy ambony ireo. Heverina fa hahaliana sy hahasarika ny mpamaky ny firesahana izany ato amin'ity asa fikarohana ity.

0.3. NY ZAVA-KENDRENA

Tanjona notratarina tamin'ny fanaovana ity fikarohana ity ny hanandratra avo ny voninahitry ny teny Malagasy sy hanabe voa ny literatiora Malagasy.

Anisany nokendrena ato amin'ny fandalinana natao ny fampahafantarana ny mpanoratra NASOLO, izay mpikambana ao amin'ny HAVATSA UPEM sy ny asa soratra novokarin'ny. Maro ny mpanoratra Malagasy tena manan-talenta amin'ny fahaiza-manoratra sy ny fampitan-kafatra amin'ny fomba kanto, kanefa, vitsy mpahalala.

Kendrena noho izany, ny haneho ny maha-zava-kanto vita amin'ny teny sy ny maha-poezia ny tononkalon'i Nasolo, ary hampiseho ny maha-mpitantara ny mpanoratra,

² RANDJA ZANAMIHOATRA, *Vainafo Tononkira*, ESA-Palermo, 1968, tak.7-8

³ Jereo Tovana I, tak. 151

ka asongadina amin'izany ny paika nentiny nitantara sy ny fomba nanehoany ny tantaram-pirenena.

Irianay koa, ny hampitombo ny fahalalan'ny olona ny tantaram-pirenena Malagasy sy ny tena zava-nisy marina tamin'izany.

Farany, eo amin'ny tontolon'ny fampianarana sy fanabeazana dia entinay ho anjara biriky amin'ny fanatevenana ireo tahirin-kevitra enti-mampianatra sy ho fanovozam-pahalalana ary ho tari-dalana ho an'ny rehetra koa izao asa fikarohana izao.

0.4. NY PETRAKA OLANA SY NY PETRAKA HEVITRA

Mpanoratra ao amin'ny Fikambanan'ny Poeta sy Mpanoratra Malagasy i Nasolo, misandrahaka ami-na literatiora samihafa ny asa sorany: Angano, Sombin-tantara, tantara tsangana, tononkalo. Tao anatin'ny fandinihana ireo tononkalo maromaro nosoratany no nahitana fa tsy mpanoratra fe mpanoratra fotsiny izy fa mpitantara ihany koa. Tsy ny fandraiketany an-tsoratra ny zava-nitranga teny amin'ny fiarahamonina sy ny firenena ihany no nahafahana namaritra izany, fa indrindra, ny tetika amam-paika nentiny nitantara sy ny fomba nanehoany izany.

Ankoatra izany, heverin'ny maro matetika fa tsy misy antony ilàna azy loatra ny fanadihadiana ny tononkalo, izay mandrakariva miara-dalana amin'ny fandalinana mpanoratra. Manala ny hakanto efa ananany izany hoy izy ireny, noho izy natao hahazoam-pahafinaretana fotsiny. Moa ve ireny asa soratra ireny “art pour l’art” fotsiny? Izany hoe, tsy mikendry afa-tsy ny hatsarana sy izay mahafinaritra ihany?⁴ Natao hahazoan'ny maso sy ny sofina fahafinaretana ary handrotsirotsy ny fo amam-panahy ihany ve? Ny tononkalo, anefa, dia manana hafatra manokana ampitaina amin'ny mpamaky ary koa mirakitra hevitra maro. Fitaovam-pampitan-kafatra izy ireny, koa tsy ny lafiny ivelany ihany no ilana azy, fa ny vontoatin-kevitra fonosiny koa. Tsy “art pour l’art”, no ataon'ny mpikaroka fa fandalinana mpanoratra ka mitaky ny fijerena izany lafiny hevitra izany.

Ny fanadihadiana manaraka ato amin'ny boky no hanomezana fanazavana misimisy kokoa mikasika izany.

⁴ www.Universalis.fr/encyclopédie/art-aspects-culturel-st-art/, «L’art pour l’art, c’est l’art qui n’a pas de but pratique, sauf la beauté, la magnificence. L’art pour l’art n’a pas d’utilité. »

0.5. NY FOMBA NANATONTOSANA NY ASA FIKAROHANA

“Tsy siansa ny literatiora” raha tsy misy porofo hoentina hanamarina izay fikarohana atao. Koa niezaka namaky ireo tononkalon'i Nasolo izahay, nanangon-kevitra tamin'ireo olona mahafantatra ny mpanoratra sy namaky ny asa sorany, toa an'i Nalisoa Ravalitera, i Hajaina, ny mpiara-miasa aminy, ny mpianany⁵, ... Ankoatra izany, nanao fandalinana ireo asa soratra tamin'ny alalan'ny famakiana boky isan-karazany koa izahay: Boky mikasika ny literatiora, ny tantara, boky momba ny haitsikera, Rakibolana, ... ary nanampy izany ny fijerena tranonkalam-pifandraisana.

0.6. NY OLANA NOSETRAINAY SY NY VAHAOLANA NAROSO

Nisy tokoa ny olana nosetrainay teo am-panaovana izao asa fikarohana izao:

- Teo amin'ny lafiny fotoana: Nananosarotra ny fifaneraserana sy fifanatonana teo aminay sy ny mpanoratra, noho ny halavitra ny toerana misy azy (Anjozorobe) sy ireo asa aman'andraikitra maro iantsorohany.
- Vitsy ireo boky sy tahirin-kevitra noheverinay fa nilaina tamin'ny fanatontosana ny asa fikarohana ka nanahirana ny fitadiavana azy.
Niezaka namaha ny olana izahay na teo aza izany, mba hahavitana izao asa izao.
- Nandamina ny fandaharam-potoananay izahay: Nanatona ny mpanoratra tamin'ny fotoana naha-mety azy, nanokana fotoana hidirana tranomboky sy nijerena tranonkalam-pifandraisana.
- Nandrafitra antontam-panontaniana nomena hovalian'ny mpanoratra.⁶
- Nanatona mpampianatra hanoro hevitra.

0.7. NY HAITSIKERA NAMPIASAINA

Sady tari-dalana no arofanina hoan'ny mpikaroka ny fampiasana haitsikera amin'ny asa fikarohana toy itony. Maro ireo fomba fandinika azo isafidianana amin'ny fanadihadiana atao.

Ny haitsikera ara-tantaram-piainan'ny mpanoratra no nitondrana ny asa, kanefa, moa ny mpanoratra olom-piarahamonina sy olom-pirenena dia nisy ihany ny fampiasana haitsikera ara-tantara. Mifameno izy ireo ary heverinay fa mifandray amin'ny mpanoratra ny

⁵ Taratasy avy amin'ireo olona natonina, in Tovana V, tak. 165-172

⁶ In Tovana III, tak. 159

tarakevitra voiziny ary misy fifandraisana amin'ny tantaran'ny firenena koa ireny, satria, “*raha te handalina sy hanakatra ny zava-boasoratra [ny mpanoratra] dia tsy maintsy mahalala ny tantaran'ny firenen'ny mpanoratra eo amin'ny lafiny samihafa*”⁷, hoy Charles Ravoajanahary.

Ambonin'ireo dia nentina nanadihady ny endrika ivelan'ny tononkalo koa ny haitsikera mifototra amin'ny bika aman'endrika. Anisany nanohana ity haitsikera ity i COHEN⁸ sy i Siméon Rajaona⁹.

Asian-teny manokana ny mikasika iry haitsikera voalohany, satria, io no tena nampiasaina ato amin'ny fanadihadiana.

Anisan'ny mpandinika nirona tamin'ity haitsikera ity i Piaget sy Lanson ary i Sainte Beuve. Amin'ity farany dia lalan-tsaina mikendry ny fahalalana ny mpanoratra izy ity. Fahalalana mifototra amin'ny fandinihana akaiky ny fiandohan'ny mpanoratra teo amin'ny sehatry ny literatiora sy amin'ny fanadihadiana ny anton-javatra samihafa nanosika azy hanoratra.

Araka ny heviny ihany dia “misy fotoana voafaritra tsara ifanojoan'ny toe-javatra telo loha eo amin'ny fiainan'ny mpanoratra ngezalahy: Ny “*génie*” efa nananany, ny fanabeazana azony, ary ny toe-javatra nitranga manodidina azy.”¹⁰ Miankina amin'ny fahalalana ireo toe-javatra ireo ny fahafantarana ny mpanoratra sy ny asa sorany. Antoky ny fahazoana ny vontoa-kevitra ny asa sorany, noho izany, ny fahafantarana io fiandohan'ny mpanoratra io. Ny atao amin'izany dia ny “*manangana amin'ny lafiny maha-olombelona azy, mampiseho azy amin'ny endriny rehetra, mamelona sy manome aina azy ka mampihetsika sy mampiteny azy, manaraka azy anaty sy amin'ny lafiny-piainana nodiaviny marina*.”¹¹ Alohan'ny hamakafakana ny asa soratra, dia tokony ho fantatra ny amin'izay olona nanoratra azy, ny toe-po sy toe-tsaina amam-panahy ananany, ny fiseho ivelany sy ny fifandraisany amin'ny mpiara-belona aminy.

⁷ (Ch) RAVOAJANAHARY, *Fanasina*, lah. 539, 1968, tak. 4

⁸ (J) COHEN, *Structure du langage poétique*, Gallimard, Paris, Flammarion, 1966

⁹ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, Ed. Ambozontany, 1994

¹⁰ SAINTE BEUVE, *Portraits littéraires*, Edmée de la ROCHEFOUCAULD, Ed. Universitaire, Paris, 1964, « *Or cependant, le point essentiel dans la vie d'un grand écrivain est celui-ci : saisir, embrasser et analyser tout l'homme au moment où, par un concours plus ou moins lent et facile, son génie, son éducation et les circonstances se sont accordés, ...* », p. 678

¹¹ SAINTE BEUVE, op. cit., « [...] Entrer en son auteur, s'y installer, les reproduire dans ses aspects divers, le faire vivre, se mouvoir et parler comme il a dû le faire, le suivre en ses intérieurs et dans les mœurs domestiques aussi avant que l'on peut, le rattacher par tous les côtés à cette terre, cette existence réelle et à ses habitudes de chaque jours », p. 677

0.8. NY FETRAN'NY ASA

Tsy afa-misaraka amin'ny fandalinana mpanoratra ny tarakevitra voiziny ao amin'ireny asa soratra ireny, koa maro no zavatra azo trandrahina ao amin'ny tononkalon'i Nasolo, Ohatra, ny lafiny fitiavana, ny fanabeazana, ny fitiavan-tanindrazana, fa ny hosinganina manokana eto dia ny “maha-poeta mpitantara” ny mpanoratra Nasolo. Mpitantara amin'ny alalan'ny tononkalo, mpitantara satria milaza ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina, araka ny nambaran'i Nalisoa RAVALITERA, manao hoe, “ny mpanoratra dia mpanambara ny zava-misy.”¹² Tsy izany ihany, fa ny fomba fitantaran'i Nasolo dia ahitana fahaiza-maneho hevitra miavaka, mifanaraka amin'ny fahaiza-mitantara, tsy amin'ny asa soratra tsotra fa amin'ny poezia.

0.9. NY DRAFITRY NY ASA

Fizarana telo lehibe no hovahavahana ato amin'ity asa fikarohana ity.

Ao amin'ny fizarana voalohany no hampahafantarana an'i Nasolo mpitantara. Horesahina amin'izany, ny fiainan'ny mpanoratra amin'ny maha-olon-tsotra azy sy amin'ny maha-mpanoratra azy.

Ao amin'ny fizarana faharoa, kosa, no hamariparitana ny toetra maha-mpitantara ny mpanoratra sy ny fanehoany ny tarakevitry ny tantaram-pirenena ao amin'ny tononkalony.

Ny fizarana fahatelo farany no hamahavahana ireo paika nentin'i Nasolo nitantara ao amin'ny tononkalony. Hojerena ao, ny tekinkan'ny fitantarana nampiasainy, ny endrika ivelan'ny tononkalony ary ireo sarinteny amam-pomba filazan-javatra nentiny nandravaka ny fitantarana.

¹² (N) RAVALITERA, in *Aingam-pivoarana*, FIMPATEMA, lah. 6, tak. 50

FIZARANA VOALOHANY

I NASOLO MPITANTARA sy ny FIAINANY

I. I NASOLO MPITANTARA SY NY FIAINANY

Antenaiko fa hahaliana anao ny hahafantatra ny tantarako, mialoha ny hamakianao ny fandalinana natao ato amin'ity boky ity. Mifandray rahateo ny asa soratra sy ny mombamomba ny mpanoratra. Manampy ny mpikaroka amin'ny fanaovana asa fikarohana koa ny fahalalana izany, ka ataoko fa tsara ny hiresana azy. Hoy i WELLEK sy WARREN: “*Ny tantaram-pianana dia manazava bebe kokoa ny poezia amin'ny maha-vokatra azy.*”¹³

1.1 NY FIAINAN'I NASOLO

1.1.1 NY FAHAZAZAKO

Etsy ange hotantaraiko anao ny fiainako e! inoako fa hahaliana anao ny hanombohako izany amin'ny filazalazana ny loharano nipoirako, araka ny nolazain'ny Charles Ravaoanahary hoe: “*Zava-dehibe teo amin'ny Ntaolo ny mahafantatra tsar any razana niaviana, hoe, ny razana no nahatonga antsika hitokian'ny olona mifanerasera amintsika na ifanaovantsika raharaha. Ny olona tsy fantatra ny razana nipoirany dia mahakaodikaody ny olona ka ataony hoe mba zana-jovy.*”¹⁴ Ny olombelona tokoa mantsy tsy nitsontsorika avy any an-danitra na nitrebona avy amin'ny tany, fa loharanon'andriana, koa miantoka ny maha-isika antsika izy ireny. Antsoin'ny olona hoe “kiliolion'olona” ireo manana fiainana sy fitondrantena tsy mahomby eo amin'ny fiarahamonina: “Tarana-boanjo, hoy izy, foto-boanemba”, izany hoe, raha olon-tsy vanona ny rainy dia toy izany koa ny taranany. Ny taranaky ny razana tsara laza, kosa, lazaina hoe “olon-kendry” sy “mahalala” ka tian'ny mpiara-belona, satria, heverina fa toy ireo niandohany koa.

1.1.1.1 Ny loharano nipoirako

Taranaka Betsileo antsoina hoe: “Pely Maintso” avy any amin'ny faritra Fandriana aho, raha avy amin'ny lafin-dray. Mpitolona nanohitra ny fiakaran'ny mpanjanaka frantsay teto izany Pely Maintso izany. “Pely mainty” no anarana niantsoan'ny mpitolona niaraka taminy azy. Niara-nitolona sy nifandray tendro tamin-dry Rabozaka, Ramasoandromahamay tany Vohidrazana Anjozorobe izy; toy izany koa ry Rainibetsimisarakao tao Vakinakaratra. I Kotavy avy any Vondrozo no tena niara-dia sy niray lasy imbetsaka taminy. Menalamba avokoa ireny, tsy mba nanaiky ny fanjanahantany sy ny marina nohitsakitsahina na dia nahantra aza izy ireo. Nenjahina noho izany izy ireo.

¹³ (R) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire*, Collection poétique, Ed. su Seuil, Paris 1971, p. 101. « LA BIOGRAPHIE explique et éclaire la poésie en tant que produit. »

¹⁴ (Ch) RAVOAJANAHARY, “Fokonolona”, *Tselatra*, lah. 9

Maty aman-defona sy amam-basy ny efatra mianadahy iray tampo taminy, noho ny fifanjevoana tamin'ny miaramilan'i Jeneraly Galliéni. Maty tamin'ny andron'ny Menalamba koa i Pely Maintso sy ny zanany roa.

Ny zanany faralahy nitondra anaram-bositra hoe: Rafaralahy no hany sisa velona tamin'izany, ka nandositra tany amin-dRabozaka tany Anjozorobe. Izy no dadabeko. Niafina izy, satria, notadiavina hovonoina ny fianakavian'i Pely Maintso mpitolona tamin'izany,¹⁵ ka tsy niverina tany Fandriana intsony, ary nanjary valovontaka tany Anjozorobe sy Mangamila. Maty tany am-ponja noho ny raharaha MDRM izy ny taona 1950. Tamin'io fotoana io, indrindra, no teraka ny zokiko vavy nantsoina hoe “Soa”. Raha vao herintaona latsaka monja anefa izy dia nilofika, ka izay no naha-Nasolo ahy. Nanambady andriambavikely “zanak’Andriambe”¹⁶ napetrak’Andrianam-poinimerina tany Anjozorobe dadabe Rafaralahy. Izany Rainihaja izany no nipoirany. Andriandahy “neken-teny” sy “nohenoina” io. Izy ireo no niteraka an-dRandrianamohizana raiko. Maty teo amin'ny faha-83 taonany io dadako io, ny taona 2003. Taranaky Rainihaja kosa i Neny, Razafindratsimba no anarany. Sivy mianadahy izahay no naterak'izy mivady: Enin-dahy, telo vavy. Izaho RANDRIANASOLO, teraka tamin'ny 20 May 1953 no lahimatoa, nasolon'ny dada sy neny ilay zokiko vavy. Navesatra tao ampon'ireo ray aman-dreniko ny fanantenana tamin'ny nananany an'i Soa, ka izany no nafindrany tamiko. Izany no antony nanaovan'izy ireo ny anarako sy niantsoany ahy hoe: Nasolo. Tsy tena nahasolo io zokiko vavy io, anefa, aho fa manana ny maha-izaho ahy manokana, dia ilay Nasolo amin'ilay nasolo azy. Nasolo amin'ny fahafantaran'ny olona ahy, ankoatra ireo adidy sy andraikitry ny zoky napetraka tamiko. Efa niseho lany izany, tamin'ny fitaizana azoko tamin'ireo renibeko avy amin'i Neny, i Zanamaro sy Mangavolo. Tsy mba nianoka teo anivon'i Dada sy i Neny aho, noho ny fahasahiranan'izy ireo, ka notezain'ireo renibeko mirahavavy ireo, raha mbola kely. Ny hanamaivana kokoa ny fahasahiranan'ireo ray aman-dreniko sy hikorakora ary hanampy azy mirahavavy mananotena no anton'izany. Zafikelin-dRainihaja izy ireo.¹⁷ Mpihira sy mpandihy, nahay nively aponga sy mijijy sôva ary mitantara angano ho an'ny ankizy izy ireo. Nanjary taizan-drenibe i Nasolo kely, kanefa nahafinaritra ny fitaizana nataony tamiko. Nampianatra ahy nivavaka, nihira sy nandihy izy ireo, nandefa ahy nianatra Sekoly Alahady koa. Nanampy izany ny fampitam-pahalalana tamin'ny

¹⁵ jereo Tovana I, tak. 150

¹⁶ in Tovana I, op. cit. Andriambe: anarana niantsoana ireo Sihanaka taranak' andriana (Ralainanahary: Rain'Andrianampoinimerina) toa an-dRy Pely Maintso. Resaka nifanaovana tamin'ny mpanoratra tany Anjozorobe ny Alarobia 16 novambra 2011.

¹⁷ ibidem

alalan'ny fitantarana angano, ohatra tamin'izany ny angano « Ondry kanosa » sy « Trondro gasy »¹⁸. Noho ny angano “Ondry kanosa”, ohatra, dia namelon-tsoratra tao anatiko ireo toetra tsara nananan'ireo raibeko, izay tsy nanaikinaiky ho resy foana tamin'ny adin'ny Menalamba. Isan'ny nanamarika ny fiainako koa ny angano “Trondro gasy”, nampita tamiko ny fahalalana ny maha-Malagasy ahy, ka nahatonga ahy ho saro-piaro amin'ny maha-izy ahy sy ny mpiray firenena amiko. Nahazoko tombony teo amin'ny fiainana ireny rehetra ireny. Nandrafitra toe- tsaina sy toe-panahy vaovao ho ahy izany. Toe-tsaina tia vavaka sy mahay mankasitraka ny hafa. Hita taratra tao amin'ny asa soratro izany fitaizana ara-panahy izany taty aoriana, ka hoy aho nahatsapa ny soa noraisiko:


Neny a!	}	Marika mamaritra ireo teny eo an-kavia nasiam-
Izahay nahay niteny		panazavana
Nahay namindra irery		: <i>I Neny no nampianatra niteny</i>
Nahay namaky teny		<i>Izy koa no nampianatra namindra</i>
Sy tonga zaza Hendry	}	<i>Mbola izy ihany koa no nampianatra namaky teny</i>
		<i>Vokatra: Fananam-pahendrena</i>
Dia noho ianao ry Neny	}	: <i>Tsy nangina tamin'izany soa azo avy amin'i Neny</i>
Hitahy anao ny lanitra		<i>sy ny fanolokoloana nataon'izy ireo izany i Nasolo,</i>
Ry Neny mahafinaritra.		<i>fa nahay nankasitraka koa: dia tanterahiny eto ilay</i>
[]		<i>hafatra hoe: “Raha misy manome...”</i>

In Vondrona ambara, tak.77


Ankoatra izany, tambanivohitra lanaky ny lahasa mbola kely aho, toy ny tsaka rano, andry omby, toto vary... Vao folo taona aho dia tsapako ara-batana sy teo amin'ny toetrako izany: Vatana kaozatina sy mirakiraky, fitafy malotoloto tokan-tsosona... Mato-tsaina sahady na dia tsy mahira-tsaina aza aho. Lahimatoa aho fa faralahim-pahaizana sy vola aman-karena. Mamiko anefa izany. Nahaizako nandray andraikitra teo amin'ny fiainana. Niezaka nampiana-tena sy nilofo tao anatin'ny fihafiana aho, ka tojo tamin'ny asa fampianarana ihany, nampianatra ireo zandriko. Anisany ilan-toko nanampy an'i Dada sy i Neny aho noho izany.

¹⁸ in Tovana IV, tak. 160-161

TETIHARANA MANEHO NY FIANAKAVIAN'I NASOLO



Fanazavana ny kisary



Ny kisary eo ambony dia maneho ny loharano nipoiran'i Nasolo. Ny fianakaviana avy amin'ny lafin-drainy sy ireo renibeny mirahavavy avy amin'ny lafin-dreniny ary ireo vady aman-janany.

Toy ny ankizy rehetra aho, nanana ny kilalao fanaoko niaraka tamin'ireo namako fony kely. Zon'ny ankizy rahateo ny milalao, ka nahatsiaro banga ny fiainanay tamin'izany raha tsy nisy azy. “*Raha zaza no tsy hilalao, meteza ho tanora; raha tanora no tsy hitotorebika, meteza ho antitra; ...*” hoy ny fomba fitenenana Malagasy.

1.1.1.1 Ny lalao sy ny fialamboliko fahazaza

Tsy lany tamin'ny raharaha sy ny fianarana avokoa akory ny fotoanako fa nisy fotoana nilalaovana tsara. Navelan'i Nenibe hifaly miaraka amin'ny ankizy aho. Nifaly havanja tokoa, nanao kalesy, nanosika ireny kodiaran-by ireny, nifanenjika anaty ala savoka, nanao fangalampier, namandrika fitatra, nikarenjy anaty saha,... Ankoatra izany, nihaino angano sy nianatra hira sy dihy aho. Tiako koa ireny lalao mahery setra ireny toy ny: Aiady, ny baolina lavalava..., rehefa nihalehibebe aho. Na dia tany an-tsaha aza no tena filalaovanay dia nanana toetra niavaka kely aho: Tsy mba nataoko kilalao ny zava-maniry, tsy mba nampiadry ravina aho. Voavolavola io toe-tsaiko io ka nahatonga ahy hanentana momba ny fiarovana ny tontolo iainana taty amin'ny fahalebiazako. Nanana fahazai-mandinika ny zava-boary aho nanomboka teo. Mbola kely aho dia efa nahay nanavaka tsara ny karazam-balala: Tsimbotry, adrisa, valala, sompanga....

Tsy lalao fe lalao fotsiny na natao hialana voly ihany anefa ireny rehetra ireny, fa tena nanana anjara toerana lehibe mihitsy teo amin'ny fiainako: Nikolokolo ny vatana, saina amam-panahiko, ary azo nitarafana ny hoaviko aza. “*Amin'ny maha-fialamboly azy dia antokon-javatra ilain'ny ankizy ny lalao, ary mifanojo indrindra amin'ilay faniriany hampiasa ny hery vao miboiboika ao anatin'ny ao; mifanojo koa amin'ilay fitiavany hianatra ny haka tahaka ny ataon'ny olon-dehibe*”¹⁹, hoy ny mpanoratra Rabemolaly. Tanteraka izany nony lehibe aho. Tonga mpandray anjara tamin'ny lalao baolina kitra tao amin'ny ekipa nasionaly miaramila aho: Ohatra amin'izany ny Asca Antalaha, Ambohidratrimo, Ambatomena milalao sy ny ZAM (Mangamila). Tsapako fa tena ilaina ireny lalao sy fialamboly ireny, ny fianarana ihany koa anefa tsy nataoko ambanin-javatra.

¹⁹ (F) RABEMOLALY, (N.J.) RAVALITERA, (H) RAVELOMANANA, *Fary Mamy kilasy famaranana*, Ed. Salohy, Antananarivo, 1986, 334 tak.

1.1.2 NY FAHATANORAKO

Tsy kely teny foana aho, nihalehibe ary tonga tanora. Nanohy ny fianarako sy nanaraka lalam-piofanana maromaro aho nandritra izany.

1.1.2.1. Ny fianarana sy ny lalam-piofanana narahiko

Niezaka nikolokolo sy nanao izay haha-olom-banona ahy i Dada sy i Neny ary ireo renibeko. Tsy nikely soroka izy ireo fa nanao izay vitany, nitaiza ahy ara-tsaina, arabatana ary ara-panahy izy ireo.

Ny taona 1958 aho no niditra nianatra tao amin'ny sekolim-panjakana ambaratonga fototra Ampotaka Anjozorobe.

Tao amin'ny kilasy fahatelo na CE1 no nahatsapako voalohany ny hamamin'ny sekoly. Nisy hira izay: “O! ry sekoly maminay” no lohateniny, nampianarin-dRamatoa Angeline mpampianatra anay, nahalatsaka ny ranomasoko. Toa izaho irery no niaina izany, nahakasika ny fo keliko io hira io, ka namoaka ny alaheloko. Alahelo ny amin'ny tsy maintsy hialana ao amin'ny sekoly raha vao tapitra ny taom-pianarana, ny taona 1962, fa hifindra any Andriampamaky indray aho no hanohy. Tsapako tsy lefy tato am-poko io hira mahafinaritra ahy io, hany ka rehefa mitendritendry iny, injany fa izy no mandeha aloha.

Nanomboka nisaraka tamin'ilay renibeko aho, ny taona 1965, rehefa nahazo ny diplaoma CEPE, ka niahy tena irery sahady raha vao roambinifolo taona monja. Nanohy ny fianarako teny amin'ny Kolejy FJKM sy ny Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra (CEG) Anjozorobe indray aho. Nampiana-tena aho tao anatin'izany mandra-pahazo ny diplaoma BEPC tamin'ny taona 1970. Izany sy ny kolontsaina niainako ary ny anatrehan'ny Neny dia nahatsapako fa mato-tsaina mbola kely aho; ny vatako kely nefa ny saina antitra vokatr'izany. Tsaroako nangetaheta zavatra maro aho tamin'izany: Te hiaina toa ireo namako, te hahay, te hanana izay zavatra ilaina eo amin'ny fiainana. Na izany aza, nilofo teny aho ka tody ihany teo amin'ny sehatry ny fianarana.

“Ny fahaizana no lova tsara indrindra” hoy ny fomba fitenintsika Malagasy. Noho izany, ny fandratoana fianarana no noheveriko ahazoana io lova io, ka nilofo mafy tamin'ny fanitaram-pahalalana aho mandra-pahatratrako ny tanjona.

Saika lany tamin'ny fanitaram-pahalalana sy ny asa ny androm-pahatanorako. Angamba noho izaho tsy mba nahazo fahafaham-po firy teo anatrehan'ny Dada sy Mama, ka raha vao afaka nandeha irery dia niezaka mafy. Sady niasa aho no nianatra, noho izany. Niofana ho mpampianatra tao amin'ny ivon-toerana ara-pedagôjika dingana voalohany sy faharoa, tao Benasandratra sy Arivonimamo aho ny taona 1971, ary nirotsaka tamin'ny

sehatry ny fampianarana teny amin'ny sekoly fanabeazana fototra, tao Betafo raha vao vita ny fiofanana ny taona 1974.

Voaantso ho miaramila, anefa aho, raha vao nampianatra enim-bolana monja, ka naato aloha ny asa, fa nanao raharaha miaramila tao amin'ny EDC Antsirabe, ny taona 1974 - 1975. Nanao ilay antsoina hoe: “Encadrement militaire”, ary nivoaka manamboninahitra lefitra, 18 volana taoriana ny fiantsoana ahy. Nafindra toerana tany Diego “715ème Compagnie” aho taorian'io, ary namarana ny raharaha miaramila. Tany no nahazoko ny mariboninahitra “Sergent”: CAT₂.

Nahazo ny maripahaizana H.B.C, izay misahana ny fanorenana trano fonenana, ... ihany koa, aho. Nanomboka teo amin'io taona 1974 io no nahazoko maripahaizana nisesisesy: Ny CAE/EP, ny CAP/EP, ny BACC. Niverina nampianatra indray aho ny taona 1976 nony vita ireo. Nanaraka lalam-piofanana momba ny Sôsiôlôjia tamin'ny ESSDEGS Ankatso, kosa aho, teo anelanelan'ny taona 1981 ka hatramin'ny 1986. Nahazo ny maripahaizana “Maîtrise” tamin'izany aho,

ary tamin'ny taona 1995 dia niverina niofana momba ny “Tantara” teny amin'i INFP Mahamasina indray. Azoko ny maripahaizana CAP/HG-MLG no sady nahavita “Maîtrise en Histoire” koa aho taty amin'ny taona 2005. Anisany nampamohafoha ny fitiavan-tanindrazana tato anatiko io taranja io, ka nanainga ny aingam-panahiko hanoratra. Tato aoriana dia nahazo ny maripahaizana “Diplome d'Etude Approfondie” na DEA ihany koa aho.

FAFANA MANEHO NY FIANARANA SY NY FIOFANANA NATAON'I NASOLO.

FEPOTOANA NIANARANA	SEKOLY SY TOERANA NIANARANA
1958 – 1965	EPP Ampotaka Anjozorobe
1966 – 1967	Collège Saint Michel Andriampamaky
1967 – 1968	Collège FJKM Anjozorobe
1969 – 1971	Collège d'Enseignement Général Anjozorobe
1971 – 1973	Centre National du Premier Cycle Benasandratra
1974 – 1975	Ecole des Cadres Antsirabe
1981 – 1986	ESSDEGS: Filière Sociologie
1995 – 1999	INFP Mahamasina: Taranja “tantara”

Nandritra izany fotoana izany, no nahatsapako ny fivelaran'ny fitiavana tato amiko. Indro atsidiko kely aminao eto ny mikasika izany.



NY INFP sy ny MPANAKANTO 1997

1.1.2.2. Ny fiainam-pitiavako

Fantatro fa tsy zaza intsony aho, ka naniry hahafantatra zavatra betsaka amin'ity fiainana ity, anisan'izany, ny fahalianako hahalala ny amin'ny fitiavana.

Ny fahatsapan'ny zatovo ny maha-izy azy, ny tsy maha-zaza azy intsony no mahatonga azy haniry fatratra hahafantatra zavatra betsaka amin'ity fiainana ity, ka anisan'izany ny fitiavana. *“Lalàna voajanahary eo amin'ny fiainan'izao tontolo izao ny fitiavana [ary] ny olombelona irery ihany no tsy ampy fitiavana mandrakariva”*²⁰, hoy André Rakotondranaivo.

Ny fahitako ireo tanora indray nihira tamiko dia nahatsapako fa tsy mba nianoka tamin'ny fitiavana niainan'ireo namako aho, tsy mba afaka niaina toa azy ireo koa. Noho ny fahasahirananay dia tsy nanan-komena ny tovovavy aho. Ny tovovavy niserana teo anoloako izay nahasarika ahy dia nampitsiry ilay fitiavana tato amiko. Hatramin'izay no nivetsoako ny amin'ny fitiavana tamin'ny alalan'ny tononkalo. Ohatra amin'izany ity:

“Ny fitiavana sy ny aminy, ny ventiny sy hamaminy

²⁰ (A) RAKOTONDRANAIVO, *Torolalana momba ny fitaizana – fanabeazana - fampianarana*, TPFLM, 1982, tak.55

Ny firehetan'ny fitiavana antoky ny fiadanana.”, in *Vondrona ambara*, tak. 58

Mety mitondra fiadanana sy fahafinaretana eo amin'ny fiainana ny fitiavana, araka izany. Nahitako ny mamy sy ny mangidy ihany koa ny fisiany. Nisy rahon'alahelo indraindray, fa tsy fifaliana sy hasambarana foana. Namoaka ny ventsoventsom-poko, aho tamin'izany, nanao hoe:

“Tsaky ny mandeha ianao, ka manitsaka toy izao

Iny lalana iny.

Ho lava ny fisainana, hiova koa ny fiainana.”

in *Vondrona ambara*, tak. 82, and. 3

Tsapako nandritra izany fotoana izany, fa toy ny afo ny fitiavana, ka tsy azo tonena na ampanginina rehefa mitroatra: Saro-bonoina ary mety mandoro raha tsy voafehy, mampanaonao foana na mitarika aretim-po aza izy, raha tsy voalanjalanja. Mampitombo sy mampaharitra mandrakizay ny fitiavana kosa anefa ny fahaizana mikolo azy, satria, “ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay”²¹, hoy ny Filazantsara. Hoy aho nandrakitra izany:

“O! ry foko, moa azoko refesina

Ny halalin'ny fitiavana

Rontsoninao sy ventesina

(...)

Ny fitiavana mirehitra anaty ririni-mangatsiaka

Ny fitiavana tsy feran'ny endrika elanelan-tany.”

In *Vondrona ambara*, tak. 74

Tsy voarefy ny halalin'ny fitiavana miboiboika ao am-po. Tsy matin'ny toetra miseho ety ivelany ny afony ary tsy voasakan'ny halaviran-toerana mety misy eo amin'ny olon-droa mifankatia ny fisian'io fitiavana io. Ny fahatsapako izany, no vao mainka nandrehitra ilay fitiavana tato anatiko, ka nandrisika ahy tamin'ny asa izay nataoko sy ho lehilahy lehibe vonona hiatrika ny hoavy.

1.1.2.3. Ny andraikitra notanako

Fony fahatanorako aho dia efa nisahana andraikitra maro teo amin'ny sehatra samihafa. Ny fiainana nodiaviko hatramin'ny fahazazako no namolavola ahy tamin'izany. Nahatonga ahy nanana fahasahiana sy fahavononana nandray andraikitra, ary koa hitaiza hanabe ny mpiray tanindrazana amiko.

²¹ Ny Baiboly, Testamenta Vaovao, “I Kor. 13. 8^a, Fikambanana Mampiely Baiboly, 1965, tak.178

❖ *Andraikitra teo anivon'ny fiangonana*

Rehefa notezaina tao amin'ny sampana Skoto teo anivon'ny fiangonana FJKM aho, nandritra ny 12 taona dia tonga mpanabe tao indray taty aoriana. Nanampy izany ny fandalinana Baiboly nataoko, tamin'ny alalan'ny “Cours Biblique par Correspondance”, Vichy France ary ny fidirako ho mpikambana ao amin'ny “Gédéon International”. Izany no hery nanosika ahy hitaona ny olona hanana fitondran-tena tsara sy hahey hivavaka, manoloana ny toe-javatra iainana, izay matetika mahaketraka. Ny asa soratra no fitaovana iray nampiasaiko nampitana izany tamin'ny mpiara-belona. Tsy vitsy ireo tononkalo naompako manokana tamin'ny fitaizam-panahy, ohatra, ny hoe: “Fiainana, Amin'izao sisa izao, Tompo malala ô!, Renao ve?”. Santionany amin'ireo ity am-pahan-tononkalo ity:

“Dia mba omano ahay ny saina

Satria tsy fantatrao akory

Na ho hariva na maraina

Na amin'ny alina matory

No ho avy ilay Jesoa.

[...]

Mivavaha k'aza mitsahatra

Mahereza aza ketraka

Dia ho renao fa sambatra

Fy sy tsiro tsara petraka

Ny fitsenana ilay Jesoa.”²²

Nanaovako fanentanana ny olona hiomana ara-tsaina sy ara-panahy ary hanomana ny fo ho amin'ny fiavian'i Tompo, io tononkalo io. Tsy fantatra mantsy ny fotoana hahatongavan'ny Mpamonjy, araka ny voalazan'ny Filazantsara manao hoe: “*Koa miambena hianareo, fa tsy fantatratreo izay andro hihavian'ny tompon-trano, na ho hariva, na ho mamatonalina, na maneno akoho, na ho maraina*”²³, ka izany no tsara hiomana dieny mialoha. Manoro hevitra antsika, mba hahery hivavaka, tsy ho ketraka ety amin'ity fiainana ity, dia hahatsiaro sambatra.

²² NASOLO, op.cit, tak. 75

²³ Marka. 13. 35

❖ ***Andraikitra teo anivon'ny fiarahamonina***

Tsy asa teo amin'ny fiangonana ihany no nataoko, fa nanana ny asa niantisorohako teo amin'ny fiarahamonina koa aho. Ao fa hofintiniko aminao eto izany:

- ***Asa fampianarana***

Nandeha nampianatra tamin'ny faritra maro teto Madagasikara aho nanomboka tamin'ny taona 1974: Tany Betafo, Nosivarika, Mananjary, Ambatomena, Mantasoa, ...

Nampianatra tao amin'ny EPC Maritampona Betafo aho ny taona 1974. Lasa talen'ny EPP Manankasina Betatao Anjozorobe aho ny taona 1977 - 1979, rehefa avy nanao raharaha miaramila.

- ***Raharaha miaramila***

Nanomboka ny taona 1975 ka hatramin'ny taona 1976 no nanaovako raharaha miaramila tao amin'ny 715^{ème} Compagnie Ambahivahibe Diégo, rehefa nivoaka manamboninahitra lefitra. Nahazo ny mariboninahitra « Sergent » aho tamin'izany. Tany ihany koa no nahazoko ny mari-pahaizana H.B.C, misahana momba ny fanorenana trano fonenana. Tsy nijanona naharitra tamin'io asa io aho na izany aza ny toerana nisy ahy. Ny antony dia navesatra tato am-poko ny fitiavako hanohana sy hahatafita ireo zandriko trapahasahirana teo amin'ny Ray aman-dReny. Tsy hanam-potoana hampianarana azy ireo aho raha nanao ity asa ity, ka naleoko nisafidy ny hampianatra ihany. Tsapako fa nitondra soa betsaka ho an'ny fiainam-pianakaviako ny nandraisako izany fanapahan-kevitra izany, taty aoriana. Tontosako ny andraikitra nandrasan'ireo Ray aman-dReniko tamiko: Nanampy azy ireo sy nahatafita ireo zandriko, ary tonga reharenan'ny fianakaviana.

Azo lazaina, fa nahazoako tombony ny fidirako miaramila, na tao anatin'ny fotoana fohy aza. Nananako toe-tsaina tsy mifanilaka rehefa misy zavatra atao, fa avy hatrany dia mandray andraikitra, nananako fahakingana sy fahaizana manaja fotoana koa. Nahatonga ahy hanana fahasahiana hiaro ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy ihany koa. Niditra ho mpikambana tao amin'ny MFM-MFT sy MFM aho tamin'ny taona 1978-1986. Fikambanana niaro ny tombontsoan'ny vahoaka madinika sy nikendry ny fampandrosoana ny tantsaha ireo. Hitako fa tsy very maina ny fandalovako tamin'ity sehatra ity.

- ***Asa fitaizana sy fanabeazana ankizy sy tanora***

Anisan'ireo notezaina tao amin'ny CEMEAM tao Ilafy aho. Ivon-toerana fanabeazana sy fanentanana ny ankizy amin'ny alalan'ny fialamboly izy io.

Nisy akony taty amin'ny hoavy ireny fianarana sy fanabeazana ahy ireny. Zava-dehibe tokoa ny fitaizana ny zaza, satria manefy ny olona tsirairay manomboka eo amin'ny fahazazana ka hatramin'ny fahalebiazana. Ny fanabeazana, hoy Andriamatoa Rajemisa RAOLISON, dia: “*Fanolokoloana ny zaza mba hanomezana azy toetra tsara kahahatonga azy ho lehibe, ho olom-banona: Zava-tsarotra ary manomboka, indrindra, eo amin'ny fianakaviana.*”²⁴

Azo lazaina fa tsotra ny fanabeazana azoko, fony fahazaza, nefa feno dia feno, na dia tao anaty fahantrana sy fihafiana aza. Nitondra soa ho ahy nahafahako niatrika ny fiainam-pahalehibeazako ireny.

1.1.3. NY FAHALEHIBEAZAKO

Tsaroako fa miha-mavesatra ny adidy aman'andraikitra sahanin'ny olona rehefa lehibe, indrindra, raha misahana ankohonana izy. Tsy vaovao tamiko intsony raha izany sehatry ny asa izany, satria, efa mba nandalo tamin'izany aho. Niha-nitombo aza ny traikefa nananako tamin'izany. Nanita-pahalalana hatrany aho ary niha-nandroso tamin'ny asa nataoko. Tao anatin'izany no nieritreretako ny hanan-tokantrano amin'izay.

1.1.3.1. Ny fiainako teo anivon'ny tokantranoko

Nisora-panambadiana tamin-dDRAMANANTENASOA Esther aho ny 27 Desambra 1979, teo amin'ny faha 28 taonako, indrindra. Niteraka telo mirahavavy izahay: Zo (1981), Seheny (1983), Saraha (1992). Nisy ny alahelo sy ny fahasahiranana tao an-tokantrano, indraindray, toy ny fisarahan-toeranay mianakavy kely noho ny asa²⁵, ny olana samihafa nianjady, ny nahafatesan'i Dada ny taona 2003. Tsy natao nahakivy izany, ka nahatsapa fifaliana sy fiadanan-tsaina izahay tao anatin'izany. Tanteraka koa ilay faniriako sy hetaheta taloha ny taona 1983, satria efa afa-pahasahiranana kely ireo Ray aman-dReniko, noho ny fianaran'ireo zandriko teny amin'ny Anjerimanontolo. Afa-nanaram-po tamin'ny fianarana izy ireo. Nahazo fandresena aho ka tsy nahagaga raha feno ny hafaliako.

Ainga vao nanosika ahy hatrany tsy hipetrapetra-potsiny ny fahitana izany. Ny taona 1995 dia niofana momba ny fampianarana taranja “tantara sy jeôgrafy” teny amin'ny INFP Mahamasina aho. Tsy nijanona nanita-pahalalana aho mandra-pahazoko ny maripahaizana DEA (Diplôme d'Etude Approfondie), eny hatramin'izao aza aho dia mbola manao fandalinana hatrany. Anisan'ny mpampianatra ahy teny amin'ny sekoly

²⁴ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Ambozontany Fianarantsoa, 1995, tak. 210

²⁵ Resaka nifanaovana tamin-dRamatoa RAMANANTENASOA Esther, Anjozorobe, 16 Nôvambra 2011.

ambaratonga ambony ry Alfred RAMIANDRASOA sy Henri RAKOTOBÉ. Mpampianatra tantara teny amin'ny Oniversite sy INFP Mahamasina izy ireo. Rafolo ANDRIANARIVONY : mpampianatra momba ny arkeôlôjia tao amin'ny Rarihasina Analakely, sady mpampianatra tantara teny amin'ny Oniversite koa ; RAZAFINDRALAMBO : Mpampianatra tantara ao amin'ny DEGS, rantsana Sôsiôlôjia, ary i Lucile RABEARIMANANA : Mpampianatra tantara ihany koa no sady nanoratra boky toy ny boky mitondra ny lohateny hoe : *Ny tantaram-pitolomana malagasy, ...* Mbola nanabe voa sy nampitombo ny fahalalako ary nahatonga ahy hivelatra hatrany tamin'ny sehatry ny fanoratana sy teo amin'ny fiarahamonina izany.²⁶ Nisy aza no nilaza ahy fa “lasa mpampianatra mpikaroka mahafa-po” ankehitriny.²⁷

1.1.3.2. Ny asa nosahaniko teo anivon'ny fiarahamonina

Niha-nisondrotra hatrany teo amin'ny lafin'ny asa aho, noho ireo fiofanana isan-karazany narahiko, sy ny traikefa nanako. Nifanerasera betsaka tamin'ireo mpiara-niasa tamiko aho. Hitako fa mahafinaritra azy ireo ny miaraka amiko: “Mifandray izahay, mifampitsikitsy raha vao mihaona ary mahay mifanatona rehefa misy raharaha ifampidinihana”²⁸, hoy izy ireo. Nihamafy hatrany izany fahaiza-mifandray aman'olona teo amiko izany, rehefa tafiditra ho mpikambana tao amin'ny UPEM aho ny taona 1993. Nekenana ny maha-mpikambana ahy tao ny 29 Nôvambra 1994, rehefa nahafeno ny fepetra notakian'ny fikambanana. Nitohy hatrany ny famoronako asa soratra ary niha-niroborobo izany.

²⁶ Valim-panontaniana vitsivitsy avy amin'ny mpianatr'i Nasolo ny 16 Nôvambra 2011, lycée Mangamila, in Tovana V, tak. 172

²⁷ Teny nolazain-dRamatoa RAHARIMANGA E.F, tamin'ny 05 Oktôbra 2010, araka ny fahitany ny mpanoratra Nasolo

²⁸ Hevitra nalaina avy amin'ny taratasy nosoran'ny mpiara-miasa amin'ny mpanoratra momba azy tao amin'ny CISCO Mangamila, 16/11/11, in Tovana V, tak. 167

Fafana maneho ireo andraikitra ny mpanoratra Nasolo

TAONA	ANDRAIKITRA	TOERANA
1974	Mpampianatra	EPP Maritampona Betafo
1975-1976	Miaramila	715 ^e Compagnie Ambahivahibe Diégo
1977-1979	Talen'ny EPP	Manankasina Betatao Anjozorobe
1980-1981	Talen'ny EPP	Miarinarivo
1982-1983	Mpitantsoratra	ZEB -CIRESEB Ambohidratrimo
1984-1985	Mpampianatra mpanampy	EPP Ambohibao Antehiroka
1986-1987	Mpampianatra mpanampy	EPP Antsahavory Ivato
1997-1989	Mpampianatra	CEG Nosy Varika Vatovavy Fitovinany
1990-1994	Talen'ny CEG	Ambatomena Manjakandriana
Nanomboka 1993	Mpanoratra mpikambana	Havatsa Upem Rarihasina Analakely
1995-1996	Talen'ny CEG	Andilantoby
2000-2002	Mpampianatra tantara sy jeôgrafy	Lycée Mantasoa
2003-2008	Mpampianatra Filôzôfia	Lycée Anjozorobe
2009-2011	Chef de division chargé de l'administration et de finances	Cisco Anjozorobe
2011	Proviseur	Lycée Mangamila

1.2. INASOLO MPANORATRA



NASOLO MPANORATRA, taona 2012

1.2.1. NY NAHATONGA AHY HO MPANORATRA

Samy manana ny talenta nomen'ilay Mpahary azy ny olona tsirairay. Anisan'izany ny fahaiza-mampita hafatra sy hevitra amin'ny alalan'ny fanoratana. Ny lalana nizarako teo amin'ny fiainana sy ny vokatry ny fifampikasohana tamin'ny tontolo manodidina mbamin'ny fahatsapako ny fahoriana'ny Malagasy no nikolokolo ny talentako. Izany rehetra izany no nanainga ahy hanoratra.

1.2.1.1. Fihafiana sy fanenjehana nanjo ny fianakaviako

Zanaka tantsaha, niaina tao anatin'ny fangirifiriana ara-pivelomana aho, noho ny fahasahiranana'ny Ray aman-dReniko. Araka izany, tsy mba afaka nanarampo tamin'ny fianarana. Niahy tena teny aho raha vao kilasy fahasivy monja, niezaka mafy tamin'ny fianarana ary nitolona tamin'ny fiainana nanomboka teo. Nanampy izany, ny fahalalako ny fampahorian'ny mpanjanatany ny fianakaviako, dia ry dadabe Rafaralahy mianakavy. Menalamba nanohitra ny mpanjanaka I dadabe ka nenjehina. Teo ihany koa ny fahatsapako fa mahantra ny Malagasy. Ireny no nitambatra ka nanjary olatra anaty tato amiko.

Nifandray indrindra tamin'ny fahasahiranany izany, ka nahatonga ainga vao tato anatiko, nanosika ahy hanoratra. Noraketiko an-tsoratra, noho izany, ny tantaram-pianakaviako, ny tranga hitako teny amin'ny fiarahamonina ary ny tantaram-pirenena.

1.2.1.2. Fitaizana sy fanabeazana

Nanefy ny talentako koa ny fitaizan'ireo renibeko mirahavavy ahy, izay niainanay tao anatin'ny kolontsaina Malagasy: hira, dihy, fitendrena langoroana. Nampianariny ahy ireny, ary niteraka fitiavana mozika tatao anatiko. Nisy aza feonkira iray tsy afaka antsaiko raha vao mitendritendry iny aho (hira: O ry sekoly maminay!). Nisy akony teo amin'ny rindran'ny tononkalo nosoratako ireny. Teo koa ny fanabeazana aran-tsaina nomeny ahy (angano, fananarana,...)

Anisany nahatonga ahy hikalo sy hihira fitiavan-tanindrazana ary andrakitra an-tsoratra ny tantara ireny rehetra ireny.

Tsy diso anjara tamin'ny fanabeazan'ny fiangonana koa aho. Nanaraka fitaizana skotisma aho, niditra tao amin'ny fikambanan'ny antoko mpihira, ary nandalina Baiboly tamin'ny alalan'ny antsoina amin'ny teny vahiny hoe: “Cours Biblique par Correspondance” (C.B.C) tany Vichy France. Nanainga ny aingam-panahiko izany, ka nosoratako ho tononkalo, ohatra, “Pentekosta”, “Amin'izao sisa izao”... Indro atolotro anaoeto ilay hoe: “Pentekosta”

“Mba nahafinaritra ahy	}	Mahatsara ny olona sy ny fiainam-panahiny
Sady hitako fa soa		ny vaninandro Pentekosta. Mitondra soa sy
Ho an'ny tena sy fanahy		fahafinaretana eo amin'ny tsirairay tena
Pentekosta tokoa.		miaina izany izy.

Fa tsy terena na letrezana	}	Amim-pahazotoana sy hitsim-po no
No andraisana azy ry zalahy		handraisana Fanahy Masina, izay nomen'ny
Afo atao fanomezana		Tompo maimaimpoana ho an'ny olona.
Mandio fo, mandio fanahy.”		Hitondra fanadiovana eo amin'ny olona.

In *V.A*, tak. 99

Tononkalo mitory fahatsapana eo amin'ny olona iray tamin'ny andro fahatsiarovana ny nilatsahan'ny Fanahy masina tamin'ny Apostoly no noresahako ao amin'io tononkalo io.

Toraka izany koa ity tononkalo iray ity, milaza ny fahatsapako ny fiainana an-tany, ka nampikalo ahy toy izao:

“Tompo malala ô! Efa rovi-tsarotro aho vao nahalala Fa hay tranolay mora rovitra moa Ity fiainana ity, fiaina-mandalo Izao isika izao mbola ho lo? “ (...)	Nambaran’ny mpanoratra eto, fa efa tsy manan-kotafiana, very hevitra sy tsy misy hiansampazana izy, vao nahatsapa fa mihelina izao hita izao mbamin’ny tenantsika, tsy azo ianteherana, ka nahatonga azy niantoraka tamin’ny Tompo, ho amin’ny andro sisa iainany.
Efa fotsy ny volo vao nahatadidy Fa hay 80 raha tahiany mateza Vetivety mihelina: fiaina-mangidy Mangeja mijaly, na kely na ngeza?	Mbola manamafy ny tsy fijanonana maharitra eto an-tany ihany ity andininy ity. Mandalo koa ny fahoriana, mahazo ny ny olon-drehetra.
Efa voadona ny fo vao tomany Tsy misy filaza na fampandreseana Milatsaka tampoka: mamono ny tany Tsy mamela mahazo Rafahafatesana	Matetika rehefa misy zavamanjo, toy ny fahafatesana vao mahatsiaro tena hiova ny olona.
Efa tsy hita intsony izay azo antenaina Vao nikorapaka namorona tetika Ho aiza indray no ‘ndeha hitaraina Masoandro hariva io tsy maintsy milentika.	Milaza ihany ny mpanoratra eto amin’ny zavatra tsy azo anoharana intsony koa matetika vao mila vonjy amin’ny Tompo ny olona.

In *V.A*, tak.64

Zava-poana sy mety ho lo izao rehetra izao, kanefa, mbola mandeha amin’ny lalamiolaka ny ankamaroan’ny zakak’olombelona. Raha tsy voadoana izy tsy mitodika amin’ny Tompo na mieritreritra fa fiainana tsy haharitra ny eto amin’izao tontolo izao. Tsy nanaovako ambanin-javatra ny fitaizam-panahy ny fahatsapako izany, izay tsy ho ahy ihany, fa zaraiko amin’ny hafa koa. Nahatsiaro nanana andraikitra teo amin’ny fanasoavana sy fanampiana ny mpiara-belona amiko aho. Nataoko ho anjara biriky amin’izany ny fitaomana sy fananarana ny mpiara-belona amin’ny alalan’ny tononkalo.

1.2.1.3 Fianarana sy asa fampianarana nataoko

Nanaraka lalam-piofanana mikasika ny taranja tantara aho, izay tsy namela ahy hipetrapetra-poana. Nitondra ho amin'ny sehatry ny fampianarana izany. Nikaroka sy nandalina hatrany ny tantaram-pirenena aho, mba hanitarana io fahalalana noratoviko io. Tsapako, fa mila fitiavana ny mampianatra, satria, tsy asesiky ny fitadiavam-bola ihany fa indrindra asesiky ny fitiavana hamolavola tanora handimby, ho tonga olom-banona, hampandroso ny firenena koa. Misy moa ireo mpampianatra no tsy mihevitra loatra izany, fa miandry tamby fotsiny. Aina velona ho ahy kosa ny mamolavola izany, ary nosoratako. Hita ao amin'ny asa soratro ny toetra tokony hanan'ny tena mpanabe sy ny mikasika ny fanabeazam-boho ny teny Malagasy, vokatr'izany. Ohatra miresaka izany, ny ao amin'ity tononkalo iray momba ny teny Malagasy ity:

RY TENY MALAGASY!

Tiako ianao! Tiako loatra! Ry teny Malagasy mamiko

Tsy ataoko manana sahala, Ahy ianao, tsy nindramiko

Mikoriana ato anatiko, toy ny rà mamelona ahy

Ny fakanao dia ny foko, ny saiko sy fanahy

Tsy hoe nafindra na novolena ho ato amiko ianao

Na nandranto aho, vao Malagasy tahaka izao?

Fa vao teraka aho dia indro niteny tsy nisalasala

Iainako isan'andro ianao, toy ny Dada, Neniko malala.

Tsapao ato anatiko ato, fa midoboka sy sambatra

Ilay foko tia anao. Ny lelako eto izao tsy miambatra,

Fa afaka mitory tsara, manefitefy sy mandalotra

Ny hakantonao kasikasy amin'ny teny tsy dia sarotra.”²⁹

Sarobidy ny teny Malagasy; tiako satria ahy. Teny tsy mba nindramina fa avy hatrany dia teraka avy ao anaty. Teny iainana, ifaneraserana sy ifanankalozana isan'andro, ka mendrika ny ho tiavina sy asandratra avo.

Niboiboika tato anatiko ny fitiavana hanome lanja ny teny sy ny haisoratra Malagasy, noho ny fitiavako ny tantara, ny fahitako ny tantaram-pirenena ary ny fiainana nodiaviko. Niara-

²⁹ NASOLO, *Vondrona Ambara*, tak.56

nanatevin-daharana ireo zoky tao amin'ny fikambanana Havatsa Upem aho, ho fanandratana ny teny Malagasy, izay maha-izy azy ny firenentsika.

Nitombo ny talenta nanako ka tsy nijanona tamin'ny fanoratana tononkalo aho, fa nanitatra izany tamin'ny famoronana karazana literatiora hafa koa.³⁰

1.2.2 IREO KARAZANA ASA SORATRA NATAOKO

Amin'ny maha-mpanoratra sady mpanabe ahy dia tsy tononkalo ihany no nosoratako; fa misandrahaka amin'ireo karazana literatiora maro koa ny asa soratro, toy ny tononkalo, sombin-tantara, ny angano, ny tantara an-tsehatra sy tantara fandefa amin'ny onjam-peo...

1.2.2.1 Ny tononkalo poezia

*“Poezia: Toetran'ny zavatra mampisondrotra fanahy na mampamelovelovelo ny fo sy ny saina”*³¹, araka ny hita ao amin'ny Rakibolana Malagasy. izany hoe, ahitana toetra mampanembonembona sy mandefa ny fisainana ho lasa lavitra, hisaintsaina lalina ary manetsika ny fo ny poezia.

Maneho ny hevitra ao anatin'ny olona, izay nasian'ny mpanoratra fanamboarana ny teny, hahafinaritra ny olona ihany koa ny tononkalo. Manamafy izany i Rado ka nilaza fa, *“ny tononkalo dia taratry ny fo sy ny fisainan'ny olona notanehan'ny mpanao tononkalo tamin'ny kanto ary nampalesiny amin'ny rindra mampitolagaga”*³²

Fanehoan'ny poety ny fihetseham-po sy ny hevitra amin'ny alalan'ny teny voakaly sy mirindra ka tonga kanto, araka izany, no antsoina hoe, poezia.

Tsy tononkalo ihany no nosoratako, fa ireo karazana literatiora hafa koa, toy, ny angano, ny sombin-tantara, ny tantara tsangana sy ny tantara fandefa amin'ny onjam-peo,...

1.2.2.2 Ny Angano sy ny sombin-tantara

- **Ny angano**

Misy amin'ireo angano sasany no noforoniko manokana, fa ao koa ireo notantarain'ny renibeny fony kely, ary nasiako fanavaozana taty aoriana. Na toy ny tantara aza ny angano dia tsy mitovy amin'izy ireny, satria mifono zavatra tsy mampino sy

³⁰ Hevitra avy amin'ny mpanoratra, 05 Oktôbra 2010, Nanisana Antananarivo

³¹ (R.R) RAOLISON, op.cit, tak.800

³² RADO, notaterin'i (J.A.) LALA-RAKOTOSON RAOLISOA tao amin'ny boky *Lovako kilasy faharoa*, Ed. Ambozontany, Analamahitsy Antananarivo, 2000, tak.78

mampitolagaga matetika ary miova arakaraka ny mpitantara sy ny vanim-potoana. Hoy Rajemisa RAOLISON: “*Tantara ifandovana an-dovantsofina mampiseho zavatra toa tsy azo inoana, izay angamba marina ihany tany an-tendrony, saingy novaovan’ny taranaka nifandimby, taty aoriana*”³³ ny angano. Mahavariana ny mihaino na mamaky angano, noho izany. Manana ny anjara asany izy ireny. Antony iray nahatonga ny mpanoratra hamokatra angano io. Misy akony lehibe eo amin’ny fitaizana sy fanabeazana ity karazana tantara ity, mampiala voly no manitatra ny saina koa. Natao hampitana hafatra sy hanatsoahana lesona izy. Hitantsika fa maro ny anatra azo raisina ao anatin’izy ireny, ankoatra ny torolalana sy ny fampianarana. Ohatra, ny angano mitondra ny lohateny hoe: “Trondro gasy”³⁴ dia mitantara ny tsy fahaizan’ilay trondro nionona tamin’ny fonenany. Tsy nahita izay nahafapo azy, rehefa nandao ny reniny sy ny anatra nataony, ka saika maty vao tafaverina tamin’ilay toerana nialany. Nanoharako ny zanaka tsy manoa tenin-drainy aman-dreny izany, ka rehefa tsy mankato dia mety hivarina any amin’ny lalana tsy tokony aleha. Ny ohabolana Malagasy rahateo milaza hoe: “*Ny ana-drainy aman-dreny toy ny tsipak’ombalahy, raha mahavoa mahafaty, raha tsy mahavoa mahafanina.*”

Niainga tamin’ny fahitako ny fiainam-piarahamonina ny famoronako angano, fa ny mpandray anjara ao anatiny no novako endrika. Ny hahaliana ny mpamaky na ny mpihaino no tanjona mba handraisan’izy ireo fanabeazana. Nisalotra ny anarana hoe: “I Fotsy volo” na “Dadan’i Zo” aho rehefa mitantara angano. Iry voalohany, ampiasaiko rehefa mipetraka eo amin’ny toeran’ny Dadabe mpitantara angano aho; iray faharoa kosa, solona anarana nentiko rehefa mananatra. Efa maherin’ny telopolo isa ny angano noforoniko hatramin’izao. Ireto misy santionany vitsivitsy amin’izany: “Trondro gasy, Ondry kanosa, Foza, Alikakely mpihetraketraka, Vatobe, I Farakely sofina fotsiny.”

Ankoatra ny tononkalo sy ny angano, nanoratra literatiora hafa koa aho.

• Ny sombin-tantara

Maro ny mankafiy tantara fohy, sady tsy mandany fotoana lava ny famakiana azy, ka nanoratra sombin-tantara ihany koa aho. Ankoatra ny tanjona lehibe fonosin’ireny literatiora isan-karazany ireny dia fanabeazana sy fanomezam-pahafinaretana ny isambatan’olona ny sombin-tantara. RAOLISOA Agnès dia nanome famaritana toy izao: “*Ny sombin-tantara dia tantara kely, fohy nefa feno, izany hoe misy fiandohany sy fiafarany,*

³³ (R.R) RAOLISON, ibidem, tak. 81

³⁴ in Tovana IV, tak. 161

manakaiky ny zava-misy sy ny fiainana andavanandro. Mitantara toe-javatra iray mety ho zava-niseho indray mandeha; na fahatsiarovana kely fotsiny.”³⁵

Tantara fohy miresaka toe-javatra na fisehoan-javatra iray, tao anatin’ny fotoana voafaritra sy voafetra araka izany ny sombin-tantara.

1.2.2.3 Ny tantara tsangana ary ny tantara fandefa amin’ny onjampeo

Manaraka izany, namorona tantara tsangana sy tantara fandefa amin’ny onjampeo aho. Ohatra amin’izany ny hoe: “Ady amin’ny bemangovitra”³⁶, “Antso farany”³⁷. Nandeha tao amin’ny Radio Nasionaly Malagasy (RNM), Radio Fahazavana, MBS, ACEEM, Radio Vakiniadiana ireny. Literatiora anisany manana ny maha-izy azy koa ireo, noho ny hakanto ao aminy. Raha ny “teatira”, ohatra, araka ny ao amin’ny Rakibolana ihany dia *“fampisehoana an-tsehatra tantara mampangitakitaka na mampahonena na mampihomehy, izay velomin’olona hita mihetsika sy meresaka toy ny amin’ny fiainana andavanandro izao*”³⁸. Izany hoe, tantara lalaovina an-tsehatra, ahitana mpandray anjara samihafa ka maneho izany toy ny iainany mihitsy, mampiseho ny tantara toy ny fahita amin’ny andavanandro. Natao ho fialamboly sy ahazoana fahafinaretana ary hakana lesona izy ireny.

Tsy izany ihany, fa fanehoana ny zava-misy amin’ny fomba kanto ny tantara. Nampiasaiko ho fitaterana ny zava-misy sy ny toe-javatra mety miseho koa ireny, sady anomezana fahafinaretana ny mpamaky sy ny mpihaino. Mbola mampivohitra izany ny mpanoratra hafa, manao hoe, *“rehefa manoratra tantara dia aoka tsy hisy zavatra mifanohitra amin’ny marina, aoka mba ho zavatra azon’ny saina hazavaina, ara-dalàna, lôjika no taterina*”³⁹

³⁵ (J.A.) LALA-RAKOTOSON RAOLISOA, *Lovako T10*, op.cit, tak.60

³⁶ in Tovana IV, tak. 162-163

³⁷ in Tovana IV, tak. 164

³⁸ (R) RAOLISON, op.cit, tak. 934

³⁹ in Gazety Tanamasoandro, 15 Febroary, 1926

Fafana ahitana ireo karazana asa soratra nataon'ny mpanoratra

Asa soratra	Isany	Ohatra
Tononkalo	500	Ambaton'Ikalo
Angano	30	Ondry kanosa
Sombitantara	25	Saraha I, Saraha II
Tantara tsangana sy tantara fandefa amin'ny onjampeo	06	Taranaka voafidy, Ady amin'ny Bemangovitra

FEHINY

Mpankafy sy mpiangaly ny kanto ny mpanoratra Nasolo, maneho izany, ireo karazana asa soratra maro novokarin'ny sy ny fahaizany manao sary ary mitendry zavamaneno (valiha).

Olon'ny fiarahamonina izy: Manana ny maha-izy azy manokana eo amin'ny lafiny fifandraisana, na ny toetra ananany, na ny fomba fiasa. Mivelatra amin'ny sehatra maro eo amin'ny fiarahamonina ny mpanoratra ary mifandray amin'ny sokajina olona isankarazany koa. Manana toetra be fikirizana, miezaka hampisondrotra sy hahatafitra ny mpiara-belona aminy eo amin'ny fiainana. Tia manampy ny sahirana sy ny mpiaramonina ary mazoto amin'ny asa rehetra sahaniny. Tsotra i Nasolo. Be fitiavana, tia asa, tia fihavanana, nanolokolo vatana ary nitaiza sy nanabe zanaka Malagasy maro...⁴⁰

Noho ny maha-mpitantara ny mpanoratra dia navelanay izy hitantana ny fiainany, tato amin'ity fizarana ity. “I Nasolo poeta mpitantara” rahateo no lohateny narosonay, saingy, hiova filamatra indray isika ato amin'ny fizarana faharoa, ka tsy izy intsony no hanao ny fanadihadiana fa ny mpikaroka indray.

Hofakafakaina ato amin'ity fizarana ity ary ny toetra ananan'ny mpanoratra mpitantara sy ny tara-kevitra ny tantaram-pirenena novoiziny.

⁴⁰ Hevitra nofintinina avy amin'ireo taratasy momba an'i Nasolo nosoratan'ny mpanoratra namany sy ireo mpiaramonina aminy, in Tovana V, tak. 165-172

**FIZARANA FAHAROA
I NASOLO MPITANTARA
SY NY TANTARAM-PIRENENA**

II. I NASOLO POETA MPITANTARA SY NY TARAKEVITRY NY TANTARAM-PIRENENA HITA AO AMIN'NY TONONKALON'I NASOLO

Alohan'ny hirosoana amin'ny tarakevitry ny tantaram-pirenena dia tsara ny hanombohana ity fizarana faharoa ity amin'ny fijerena ny mikasika ny toetran'ny mpitantara, satria, mifandrohy amin'ny maha-mpanoratra mpitantara an'i Nasolo izany.

Manana ny toetrany manokana ny mpanoratra mpitantara fa tsy toy ny mpanoratra fotsiny. Nolazain-dRado fa “*olon'ny vinany [ny mpanoratra]. Avy ao no isehoan'ily hoe: maminany na mitondra ny endriky ny ho avy, na milaza ny any am-pon'ny tsirairay avy.*” Izany hoe, mpandrakitra an-tsoratra ny ao an'eritreriny ny mpanoratra sy izay zavatra mety hiseho amin'ny hoe avy ary izay mety eritreretin'ny olona fa tsy milaza ny efa lasa. Ny mpitantara, kosa, mitantara sy mitatitra ny toe-javatra lasa na ny zava-nisy teo amin'ny fiarahamonina. Ka na izy mpitantara toe-javatra niainga avy tamin'ny fandalinana manokana ireny toe-javatra nisy teo amin'ny firenena na fiarahamonina ireny (historien), izany hoe, “olona mpandalina tantara”, na izy mpitantara izay toe-javatra ren'y sy hitany fotsiny (narrateur).

2.1. NY TOETRA'NY MPITANTARA⁴¹

2.1.1 - TSY MISEHO MIVANTANA AO AMIN'NY FITANTARANA

Mitantara ny zava-nisy sy mampiseho ireo olona voaresaka ao anatin'ily toe-javatra tantaraina no ataon'ny mpanoratra eto. Tsy hita mivantana ao ny mpanoratra amin'izany, araka ny hita ao amin'ity ampahan-tononkalo ity:

“toy izany koa ny V.V.S,

Tsy dia niseho masoandro akoary

Nefa niari-tory, sady nanomana olona

Sahy hatrika ny tolona.

Resy koa i Pasteur RAVELOJAONA sy ny namany

Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany.”

in *V.A*, tak. 12

Tsapa avy hatrany rehefa mamaky io tononkalo io fa misy mpitantara ao, saingy tsy fantatra mazava. Mampiasa ireo endrika samihafa tsy ahitana azy ao anatin'ny zavatra tantarainy ny mpanoratra amin'izany, toy ny fampiasana mpisolo tena, sy ny sisa.

- **Mpisolotena tampisaka laharana fahatelo**

⁴¹ [felix-cyberscol.qc.ca/lq/auteurB/bouch mb/r%c3%a9cit.htm/](http://felix-cyberscol.qc.ca/lq/auteurB/bouch%20mb/r%c3%a9cit.htm/)

Ny mpisolo tena « -ny » dia mampiseho fa tsy ao anatin'ilay tranga resahany ny mpiteny. Nanoloany ny anaran'olona efa voalazany teo aloha, araka io ohatra eo ambony io izany, eo amin'ny andalana fahenina.

- **Mpanondro “ireo”**

Ohatra: “Nanao be fiavy ireo mpanjanaka vazaha”, in *V.A*, tak.99

Olona maromaro ivelan'ny mpitantara no tondroin'ny mpanoratra amin'ny hoe: “ireo”. Tsy mpandraay anjara ao amin'ny toe-javatra lazaina izy.

- **Mpisolo toerana**

Mpanondro toerana aseho amin'ny fotoana “ankehitryny” no tena fahita ao amin'ny tononkalon'i Nasolo, ohatra, “ao” sy “etsy”. Ireo dia samy milaza zavatra akaiky, azon'ny maso tazanina amin'ny fotoana itenenana. Nampiasain'ny mpanoratra nitaterana ny tantara lasa anefa izany mba hampanakaikezany amin'ny mpamaky ny zava-nisy. Ataony toy ny mahita maso ny zavatra ambarany ny mpamaky. Mampiseho izany ity ampahan-tononkalo ity:

“Etsy andaniny etsy, fahitana mampihovitra

Vahoaka very saina sy mitafy lamba rovitra

...

Ao anaty bozaka ao midaraboka fa potraka”,

In *V.A*, tak. 13

- **Filazam-potoana “ankehitryny”**

Na zavatra efa lasa aza no notanisain'ny mpanoratra ao amin'ny tononkalony, mazàna mampiasa ny mari-potoana “ankehitryny” izy rehefa mitantara. Fomba manokana nataony hisarihana ny mpamaky haka sary an-tsaina ny zavatra lazainy izany. Tsy izany ihany, fa nisintonany ny olona hiombom-pihetseham-po aminy koa. Ahitana izany ny voasoratra eto manao hoe:

“Zary mitambolona eto indray ilay fahitana hafahafa

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa.

Menavava am-babena no mikiaka farariana

Reny maromaro no mihovitrovim-panahiana

In *V.A*, tak.13

Nataon'ny mpanoratra raha mamaky ireo andalana vitsivitsy ireo izay hatsapan'ny mpamaky ny fahoriana nanjo ny vahoaka ary hangorakoraka nanoloana ny tolon'ny fito amby efapolo, ka hitovy fihetseham-po aminy. Antony nampiasany ny filazam-potoana ankehitryny ireo, mba hisainan'ny mpamaky ny zavatra ambarany ho toy ny amin'ny

fotoana iresahany ihany koa. Mbola nampanakaikheziny bebe kokoa ny mpamaky ihany koa ny toe-javatra notantarainy.

2.1.2 MANAJANONA NY FITANTARANA ARY MANAO FANAMARIHANA

Tononkalo no nampitan'i Nasolo ny tantaram-pirenena, ka nofintininy anatina andalana maromaro izay zavatra notantarainy. Tsy maintsy noferany, araka izany, ny fitantarana ka nampidirany fanamarihana na hevitra avy aminy isaky ny avy miresaka tranga iray. Ohatra ahitana izany ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe: “29 Martsa 1947-29 Martsa 2010”, in *Vondrona Ambara*, tak. 11.

Rehefa avy milaza ny hetsik'ireo mpitolona tsirairay ny mpanoratra, ohatra, ny Menalamba, ny V.V.S, ... dia manao fanamarihana kely. Matetika miendrika famintinana na fihetsem-pon'ny mpanoratra manokana no anehonay izany, araka ity sombin-tononkalo ity:

“Nefa gadra, sesitany, vono, no sandam-pitakiany.

Tapa-pe mandra-maty, kilemaina sy nahantra

Izy maty ho an'ny “TANINDRAZANY”

In *V.A*, tak. 12

Milaza ny vokatry ny fitakiana nataon-dry Ralaimongo ny mpanoratra. Tolona tao anatin'ny herimpom-pitiavan-tanindrazana, nitakiana ny fahafahana. Tsy azon'izy ireo izay notakiany fa fahafatesana no setriny. Nanjary maritiora ho an'ny firenena ireo.

Ny fahatsapan'ny mpanoratra izany zava-nisy rehetra izany no mbola nampipololotra ny fihetsem-pon'ny hilaza fa:

“Ny tolon'ny fito amby efapolo

No vato fehizoron'ny FAHALEOVANTENA MALAGASY

Ny lanjany fahafahana

Dia ny hahitana fahasambarana

Ho an'ny isam-baravarana.”, in *V.A*, tak. 11

Aminy araka izany, dia ny tolona nataon'ireo mahery fo hatramin'ny taona 1947 no nahazoan'ny Malagasy ny fahaleovantena ary ny zava-dehibe amin'izany dia ny hananan'ny tsirairay avy izay ilainy eo amin'ny fiainana.

Ankoatra ireo voalaza ireo dia vavolombelon'ny zavatra lazainy ny mpitantara.

2.1.3 VAVOLOMBELON'NY ZAVA-NISY

Mandray anjara ao anatin'ny tantara resahany ny mpanoratra eto. Tsy mitantara na mitatitra fotsiny ny zava-nisy izy fa niaina tao anatin'izany mihitsy, araka ity ohatra ity:

“Manao fanfalampieri amin'ny rimorimom-piara

Ireo zavaboary nolalovanay ho any Mahavelona, ...”⁴²

Hita taratra amin'ny fampiasan'ny mpanoratra ny mpisolo tena tampisaka “-nay” izy mpitantara eo amin'io andalan-tononkalo eo ambony eo io. Tafiditra ao anatin'ny zava-nitranga izy, araka izany, ary tena nahita ny zava-niseho ihany koa.

Manaraka izany, anarana olona tena nisy sy voalaza ara-tantara ary toerana tena nitrangan'ily toe-javatra lazainy ao anatin'ny fitantarana no nosoratan'ny mpanoratra. Tsy izany ihany, fa zava-nitranga tena nolalovan'ny firenena koa no taterin'ny mpanoratra. Ohatra, amin'izany ity aseho eto ity:

“Nisy Betsileo iray, dia Ingahy RALAIMONGO

Nanao ny ainy tsy ho zavatra. Raha va tonga

Avy tamin'ny ady lehibe dia niatrika ny olana:

Nandrava ny SMOTIG

Nitaky ny fitovian-jo

Niady ho amin'ny FAHAFAHANA

Ireto misy namany: Paul DUSSAC

Jules RANAIVO”⁴³

Teo anatrehan'ny fanjakazakan'ny mpitondra, izay mbola tsy nijanona dia nisy ny tolon-dRalaimongo, nangatahany ny fitovian-jo teo amin'ny Malagasy sy ny Vazaha, ary koa ny fanoherana ny tsy rariny nihatra tamin'ny vahoaka. Tsy nahasakana izany fihetsiketsehana nataon- dRalaimongo sy ireo namany izany ny mpitondra ka nihanalefaka. Nanaiky izy “hamotsotra ireo gadra pôlitika tany an-tsesitany tamin'ny taona 1922”⁴⁴. Tsy nitohy izany fahalalahana izany, fa namoaka ny lalàn'ny SMOTIG indray ny fanjakana taty aoriana kely⁴⁵, hanerena ny Malagasy hanao asa fanompoana.

Raha fehezina izay voalaza rehetra izay, ny mpanoratra mpitantara dia manana toetra manokana, izay mampiavaka azy amin'ny hafa. Hita taratra tao amin'ny asa soratr'i

⁴² NASOLO, “Fangalampieri”, in V.A, tak. 17

⁴³ NASOLO, op. cit, tak. 12

⁴⁴ (J.I) RAMIANDRASOA, *Dramaturgie du théâtre malgache classique*, Thèse pour le doctorat du 3^{ème} cycle, Tananarive, Mompelien, 1972, p. 33, « Sur le plan politique, les exilés de la V.V.S obtiennent une amnistie et regagnent leur Partie. »

⁴⁵ (P) BOITEAU, *Contribution à l'histoire de la nation Malgache*, Une coédition, Edition sociale, Paris, p. 334, « Ils ont obtenu, par décret du 26 Juin 1926 la création du SMOTIG, nouvelle forme du travail forcé. »

Nasolo ireo. Asa soratra izay mitantara ny tantaram-pirenena Malagasy sy ny fiainan'ny vahoaka.

2.2. NY FANEHOAN'I NASOLO NY TARAKEVITRY NY TANTARAM-PIRENENA

Ny tantara tsy fanadino, hoy ny fitenintsika. Fanoitra iray ho amin'ny fandrosoana sy ny hoavy tsara kokoa ny fahalalana azy. Ahafahana manitsy ny tsy nety sy handraisana fanapahan-kevitra hoenti-mibanjina ny hoavy izany. Zava-dehibe ny famerimberenana ny tantara, zava-tsarobidy ho an'ny taranaka izany, ka tsy mahagaga ny mpanoratra raha nandrakitra izany an-tsoratra. Manana ny fomba fanehoany ireny manokana ny mpanoratra tsirairay amin'izany, ary samy mikendry izay hevitra sy hafatra tiany hampitaina, ihany koa, ao anatin'ireny asa soratra ireny, ka samy misintona izany ao ny mpamaky.

Lafin-kevitra roa no hita misongadina ao amin'ny tononkalon'i Nasolo, raha ity tarakevitry ny tantaram-pirenena ity no resahina: Ireo tolona nataon'ny Malagasy ary ny tantaram-pahantrana Malagasy.

2.2.1- NY TOLONA NATAON'NY MENALAMBA SY NY SADIABAHY

2.2.1.1. Ny tolona nataon'ny Menalamba

Samy manana ny fomba itantarany ny zava-misy eo amin'ny firenena ny mpahay tantara: Ao ireo manoratra boky tantara, fa misy indray miezaka hanintona ny mpamaky bebe kokoa. I Nasolo, ohatra, nandrakitra izany an-tononkalo.

Narosony voalohany ny tolona nataon'ny Menalamba. Toy izao no nanehoany azy: “1895-1898.

Raha vao resy tao Andriba ry RAINIANJALAHY

Ry RAINIMANONJA

dia nanao be fiavy ireo mpanjanaka vazaha

ry METZINGER,

Ry LEFEBRE...

Ry LAROCHE...

Ny MENALAMBA kosa nivonona tsy hanova

Ny satam-pitondrana, tsy laitra norarana

Ry RABOZAKA,

RABEZAVANA,

RAINIBETSIMISARAKA

RAINITAVY,

..., ry KOTAVY

Nisy ny ady.

Be ny rà latsaka tamin'ny andaniny sy ny ankilany

Nahery i Galliéni. Namono. Nampihinana ny tsy fihinana.”

in V.A, tak. 11

➤ Nofehezina ny mpanoratra anaty fehezanteny fohy ny hevi-dehibe tiany nasongadina ao amin'ny tononkalo.

Ny faharesen'ireo Malagasy no noventesiny voalohany raha nitatitra mikasika ny tolon'ny Menalamba izy. Naharihariny tamin'izany ireo miaramila jeneraly mirahalany: Rainianjalahy sy Rainimanonja. Resin'ny tafika Frantsay tany Andriba izy ireo, rehefa nalefa nanatevina ny tafika Malagasy tany. Tsy resy ara-bakiteny anefa no resahin'ny mpanoratra eto, fa fihemorana fotsiny ihany noho ny fahatanjahan'ny tafika nifanandrina tamin'ireo Malagasy. Manamafy izany voalazany izany i Nasolo nanao hoe: “*Ny 21 Aogositra 1895, tsy voasakana intsony ny tafika Frantsay. Tsy resy ry RAINIANJALAHY fa nihemotra. Ady tsitapitapy na fanafihana tampoka sisa no azo natao nandritra ny famakivakiana ny lemak'i Tampoketsa. Maro nilefa an-daharana koa ny miaramilany, [...]. Hery tsy mitovy, fitaovam-piadiana tsy mifanentana no teny am-pelatanan'ny miaramila.*”⁴⁶

Niala tao Andriba ny tafika Frantsay, ary “*tafiditra teto Antananarivo notarihan'i Jeneraly Duschène sy ireo namany ny 30 Septambra 1895.*”⁴⁷

➤ Rehefa izany, dia noroson'ny mpanoratra indray ny filazalazana ireo mpanohariana vazaha te haka ho azy tanteraka an'i Madagasikara. Nidira teto “nanao be fiavy” hoy i Nasolo ny Vazaha, taorian'ny fifanafihana tao Andriba. Tsy iza ireo, fa i Metzinger, I Lefèvre ary i Laroche.

➤ Nolzain'ny mpanoratra manaraka eo, ny herim-po nananan'ireo mpitolona Menalamba, tsy nanaiky izany fanovana sy fanararaotana izany, araka ny nambaran'i Nasolo hoe “ny Menalamba kosa nivonona tsy hanova. Ny satam-pitondrana, tsy laitra norarana.” Naneho ny hambom-po tao anatin'ny Rabozaka sy ny namany tao anatin'izany.

Ireo mpikambana Menalamba malaza tamin'ny herim-po nananany no nasehon'i Nasolo tao amin'ny fitantarany eto. Hainy ny namintina tamin'ny teny fohy ny hetsi-

⁴⁶ NASOLO, in Tovana II, tak. 155-158

⁴⁷ (E) FAGERENG, (M) RAKOTOMAMONJY, *Ny tantaran'ny Firenena Malagasy*, Edisiona SALOHY, 1963, tak. 65

panoherana nataon'ireo mpitolona, raha mitaha amin'ny fitantaran'ny mpanoratra sasany. Toy izao ohatra, no filazan'ny Fagereng ny monba izany: “*Nirongatra ny Menalamba: Tsy nanaiky ny fanapahan'ny Frantsay ny lehibe sasany [toa] an-dRainibetsimisaraka sy Rabozaka [ary Rabezavana] ka nitarika fikomiana. Saika nanenika an'Imerina sy Bezanozano ary Antsihanaka ny tabataba.*”⁴⁸ Lava ny fehezanteny nampiasain'ity mpanoratra ity, araka ny hita eo.

➤ Any amin'ny faran'ny tononkalo, kosa, dia ny vokatry ny tolona no notanisain'i Nasolo. Ny fifanandrinana teo amin'ny roa tonta, izay niteraka faty olona maro. Nambaran'ny mpanoratra tamin'izany, fa “nahery i Galliéni.” Miaramila jeneraly tonga teto nanaohitra ny Menalamba izy. Tsy nitsitsy n'iza n'iza izy, “namono. Nampihinana ny tsy fihinana”, hoy ihany ny mpanoratra. Tsy nampiasa kianteny na teny savily i Nasolo rehefa nitantara izany toe-javatra izany. Fehezanteny tsotra sy fohy no nampiasainy, raha oharina amin'ny filazan'i Andry Andraina izany, hoy izy: “Namono sy nandripaka indray anefa ny Vazaha, nony nihetsika ny Menalamba [...]”⁴⁹

Amin'io fehezanteny io ny mpanoratra Andry Andraina dia nampiasa teny savily « anefa » ary fehezanteny lava no nataony, nanehoana ny fanafihan'ny Frantsay. Ankoatra ny Menalamba dia niresaka ny Sadiavahy koa ny mpanoratra.

2.2.1.2. Ny tolona nataon'ny Sadiavahy

Satria natao fitaovana nahazoana tombontsoa ny Malagasy, ary natao izay nahatafiditra azy tao amnatin'ny rafitra anjakan'ny vola, araka ny nolazain-dRavelojaona hoe: “*Fiasana ny vola, ... Mpanompo kanto izy, [] ; irakiraka faingan-tongotra sady kinga tanana, no matanjaka sy mahay. Tsy misy tsy efany, tsy misy mahatoraka azy. []*.”⁵⁰ Nampijoro ny “Politikan'ny zarazarao hanjakana” koa ny mpanjanaka izay nikendry ny hampifandrafy ny samy Malagasy. I Jean Nalisoa Ravalitera dia nilaza toy izao:

« Tetika mpanjanatany: fandrinitana adim-poko :

Mody ampiany ny iray ... any an-kilany izy misoko!

Afafiny ny hevitra hoe: Tanivo ... Tanindrana ... Merina ...

Ny tetiny anefa dia izao: “Malagasy rehetra hotaperina!”

[]

⁴⁸ (E) FAGERENG, op. cit, tak. 69-70

⁴⁹ ANDRY ANDRAINA, *Mitaraina ny tany*, Librairie Mixte, Imprimerie S.M.E, Antananarivo Analakely, tak. 62

⁵⁰ RAVELOJAONA, *Ny Mpanolotsaina*, “Ny vola sy ny heriny amin'ity taranaka ity”, tak. 211-212, 5 sept 1927

Mamafy hotakotaka lava hisian'ny fizarazarana ...

Tetika mpanjanatany ny “ZARAZARAO HANJAKANA!”⁵¹

Tao anatin'io am-pahan-tononkalo io, ny tetik'adin'ny Vazaha hampizarazara ny Malagasy rehetra no nasongadin'i Nalisoa Ravalitera, fa ny an'i Nasolo kosa, ny fihetsehana nataon'ny vahoaka tany amin'ny faritra Atsimo sy ireo olona naneho herim-po tamin'izany no tena nabaribariny. Tsy nanaiky ny pôlitika ratsy hanapotehana ny firenena ireo vondron'olona tany Atsimo, ka nitsangana nanohitra. Nivondrona sy naneho firaisankina ireo foko tany amin'ny faritra iny, mba hanehoana fa tsy azo zarazaraina ny vahoaka Malagasy. Nahariharin' nympantoratra tao amin'ny tononkalony izany, manao hoe:

“1904-1905

Tany atsimo ry KOTAVY.

Mbola vonona, feno hafanam-po.

Lehilahin'ny SADIABAHY

TANOSY maro sy TANDROY,

BARA, VEZO,

MAHAFALY

Notarihin-dRy BEFANOHA, REGAKY,

MAHAVELO,

ISAMBO,

R'INGEREZA ...”


In *V.A*, tak.11

Andalan-teny vitsivitsy sy fohy no nentin'ny mpanoratra naneho ny fitakian'ny Sadiabahy, raha oharina amin'izay voarakitry Andry Andraina ihany, izay nampiasa fehezanteny lava mifampitohitohy toy izao: “*Ny fitantaran'ireo zokiolona ny fhatongavan'ny Vazaha voalohany [] dia efa nampihoron-koditra. [] izay tanàna nolalovany rehetra, nandripahany olona daholo.*”⁵²

⁵¹ (F) RABEMOLALY, (N.J) RAVALITERA, (H) RAVELOMANANA, *FARY MAMY kilasy voalohany*, Edisiona SALOHY, TPFLM, 1975, tak. 211

⁵² ANDRY ANDRAINA, *Mitaraina ny tany*, op. cit, tak. 61

*Sary maneho ireo faritra indray nihetsika tany amin'ny tapany atsimon'ny
Madagasikara, nanohitra ny fitondran-janatany*



2.2.2. NY VY VATO SAKELIKA

Niharatsy sy nihasimba ny fiarahamonina Malagasy. Resy ny Menalamba, tsy nahomby koa ny Sadiavahy, kanefa, nanampy tosika ny hetahetam-pitolomana tao anatin'ny Malagasy maro ny fahitana izany. Tsy nijanona hatreo ny tolona nataon'ny tia Tanindrazana. Mbola nitohy ny fitakiana ny fahaleovantenan'i Madagasikara. Nijoro indray ny V.V.S, izay antoko iray nivondronana'ireo Malagasy mpiara-mitolona hanohitra ny fanjanahantany.

Nitatitra ny mikasika azy ireo ny mpanoratra nanao hoe:

“1912- 1922

Toy izany koa ny V.V.S.,

Tsy dia niseho masoandro akory

Nefa efa niari-tory, sady nanomana olona

Sahy hiatrika ny tolona.

Resy koa i Pasteur RAVELOJAONA sy ny Namany

Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany.”⁵³

Rehefa dinihana io tononkalo io, dia toy izao no fisesin’ny hevitra narafitr’i Nasolo ao.

Eo amin’ny andalana roa voalohany no ilazan’ny mpanoratra ny maha fikambanana niafina ny V.V.S. Voalazan’ny mpanoratra eo hoe “tsy dia niseho masoandro akory”, izany hoe, nataon’ireo mpikambana izay tsy nahafantarana ny fisiany, fa hetsika niafina no natao. Ireo dia Malagasy nahatsapa fa mitongilana ny fitondram-panjakana ary tena tsy mitovy zo ny Frantsay sy ny Malagasy.”⁵⁴

Izany fiheverana izany, no nisarika an’i Nasolo hilaza eo amin’ny andalana fahatelo sy fahaefatra, ny paikady sy ny fahavononan’ny mpikambana hiatrika ny tolona nataony. Teti-panoherana ny pôlitikan’ny Frantsay, izay mikendry “*ny hahatonga an’i Frantsa hanan-danja aty amintsika, ka hiheveran’ny Malagasy azy ho firenena ambony, ary noho izany, hampihaiiky tongotra aman-tanana ny Malagasy eo anoloan’izany firenena izany eto amintsika*”⁵⁵, hoy i Charles Ravoajanahary, no tanjon’ny fikambanana tamin’izany. Tsy maintsy novononin’izy ireo avokoa na ny ara-batana, na ny ara-tsaina amam-panahy. Nofolahiny ny vatan’izy ireo hiasa na dia alina aza. Miari-tory manao fivoriana mandritra ny alina, ahafahana mamolavola izay tokony hatao. Ny alina izany no atao mba tsy hisy hahatsikaritra. Teo ihany koa, ny toe-tsaina vonona hiatrika izay mety ho fitrangan-javatra. Eo amin’ny andalana fahaenina sy fahadimy farany, kosa, no iresahan’ny mpanoratra momba an-dRavelojaona mpitari-tolona sy ny namany. Ilazany ny faharesen’izy ireo, teo anatrehan’ny fitakiana nataony. Tsy iza Ravelojaona fa sady mpitandrina no mpanoratra, ankoatra ny maha-mpitari-tolona azy. Isan’ireo voatonona ho mpikomy tao anatin’ny fikambanana izy nanomboka ny taona 1915. Manamafy izany ireo mpanoratra ny boky *Ny tantaran’ny firenena Malagasy*, ka hoy izy ireo: “*Hita anefa io fikambanana miafina io (1915) ary noheverina fa fikomiana. Voampanga tamin’izany ny mpitandrina isany:*

⁵³ NASOLO, *Vondrona Ambara*, tak. 12

⁵⁴ (E) FAGERENG, *ibidem*, tak. 78

⁵⁵ (Ch) RAVOAJANAHARY, *Tantaran’ny haisoratra Malagasy, 1896-1915*, Stelarim, 1973, tak. 10

Rabary, Razafimahefa, Ravelojaona; [].⁵⁶ Nafana fo tamin'ny fitiavan-tanindrazana ihany koa izy, ka nanao izay fomba hamonjena ny vahoaka Malagasy tao anatin'ny fangejana. Anisan'ireo nenjehina sy nalefa sesitany niaraka tamin'ireo namany, araka ny fitateran'i Boiteau azy manao hoe “*nosamborina ireo mpikambana tao amin'ny V.V.S, 173 no isany, ka nogadraina tsy nisy fitsarana tany NOSY LAVA.*”⁵⁷ Izany no nanosika ny mpanoratra hilaza hoe: “Resy koa i Pasteur RAVELOJAONA sy ny Namany

Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany.”

Resy izy ireo, satria, voasambotra sy nogadraina, kanefa, ny zavatra nataon'izy ireo kosa, dia tsy adinon'ny taranaka aty aoriana. Mbola mipetraka ho rakitra sy tantara ny zava-bitany mandraka ankehitriny. Tsy naharitra ela ny antoko, noho izany, na dia niafina sy nantenain-kateza araka ny anarany aza. Ny Vy sy ny Vato: Mariky ny toetra madio, miray hina, maharitra sy mafy, ary ny Sakelika dia sampana. Antoko mahahenika ny Nosy ary niriana ho mafy orina izany, raha adika.

Nifarana hatreo ny fikambanana Vy Vato Sakelika, nefa tsy vitsy ny Malagasy nangetaheta fiovana, na niseho aza izany rehetra izany. Mandra-pamoahana ireo V.V.S, satria, nanaiky ny “*hamotsorana ireo gadra pôlitika tany an-tsesitany tamin'ny taona 1922.*”⁵⁸ ny mpitondra fanjakana dia notohizan-dRalaimongo indray ny tolona ho amin'ny fahafahan'ny vahoaka Malagasy.

223- NY TOLON-DRALAIMONGO

Anisany notantarain'i Nasolo ao amin'ny tononkalo koa ny hetsika nation-dRalaimongo sy ireo namany. Niavaka tamin'ny fitakiana sy ny fihetsika nasehony izy ireo, raha ny nambaran'ny mpanoratra, manao hoe:

“1917-1944

Nisy Betsileo iray, dia Ingahy RALAIMONGO

Nanao ny ainy tsy ho zavatra. Raha vao tonga

Avy tamin'ny ady lehibe dia niatrika ny olana:

Nandrava ny SMOTIG

Nitaky ny Fitovian-jo

⁵⁶ (E) FAGERENG sy (M) RAKOTOMAMONJY, *Ny tantaran'ny firenena Malagasy*, op. cit, tak.78

⁵⁷ (P) BOITEAU, Contribution à la l'histoire de la natio malgache, Paris 1982, p. 317, « *Le 25 Février 1916, par simple décision administrative du gouverneur général GARBIT, 173 prévenus contre lesquels aucune n'avait pas été retenue, sont déportés sans jugement ay camp de concentration situé sur un îlot torride de la côte-ouest NOSY LAVA.* »

⁵⁸ (J.I) RAMIANDRASOA, dramaturgie du théâtre malgache classique, Thèse pour le doctorat du 3^{ème} cycle, Tananarive, Montpellier, 1972, p. 33, « *Sur le plan politique, les exilés de la V.V.S obtiennent une amnistie et regagnent leur Partie.* »

Niady ho amin'ny FAHAFAHANA

Ireto misy namany: Paul DUSSAC

Jules RANAIVO

Nefa gadra, sesitany, vono, no sandam-pitakiany.

Tapa-pe mandra-maty, kilemaina sy nahantra

Izy maty ho an'ny TANINDRAZANY.”⁵⁹

Eo amin'ny tapany voalohany (andalana 1-6), amin'io ampahan-tononkalo io, dia ny mombamomba an-dRalaimongo sy ny ny tarigetrandy nandritra ny fitakiana no naroson'ny mpanoratra. Nilazany ny toetra aman-kerimpo nanan'ity mpitolona ity. Notanisainy tamin'ny antsipiriany izany. Hatramin'ny firazanana nisy azy “Betsileo” dia nolazainy teo am-panombohana ny tononkalo. Lehilahy, “nanao ny ainy tsy ho zavatra”, hoy izy, izany hoe: Tsy nitandro aina sy hasasarana, noho ny hafanam-pom-pitiavan-tanindrazana tao aminy. Nikely aina ho an'ny Firenena Malagasy izy, nanao izay fara heriny. Nanana fahasahiana izy, teo anatrehan'ny olana nisy, raha tonga teto, satria, “*Nanaitra ny sainy fatratra ny fitovian-jo nananan'ny mponina, ny hasin'ny fahafahana, ny fiambonian'ny fahaleovan-tenam-pirenena*”⁶⁰

Nitady izay fomba rehetra nentina namahana izany olana teto Madagasikara izy. Niady ho an'ireo Gasy notendrena hiasa tamin'ireo Vazaha voanjo izy sy ny “SMOTIG: Asa momba ny fanasoavam-bahoaka”, kanefa, asa mafy sy natao an-tery izany. Niady ho amin'ny hahazoana fahafahana ihany koa izy. “*Niezaka mafy Jean Ralaimongo mba hiaro ny Malagasy tamin'ny tendry hiasa ho an'ny Vazaha ka hananan'ny Malagasy ny zo frantsay*”⁶¹, hoy i Patrice Ralaitafika. Nitaky ny fitovian-jo eo amin'ny samy Malagasy sy ny Frantsay Ralaimongo. “Niady ho amin'ny FAHAFAHANA”, hoy i Nasolo. Nifara hatrany amin'ny fanaovana filaharam-be sy antsoantsom-panafahana manao hoe: “*fahafahana, Madagasikara ho an'ny Malagasy, fahaleovan-tena ho an'i Madagasikara*”⁶² izany.

Tsy tapitra hatreo ny fitantarana, fa notohizan'ny mpanoratra tamin'ny fitanisana ireo mpiara-nitolona tamin-dRalaimongo, rehefa avy nilazalaza ny tanjon'ny tolona izy. Tsy iza ireo fa ry Jules RANAIVO sy i Paul DUSSAC. Resy lahatra tamin'ny firehan-

⁵⁹ Op. cit, tak. 12

⁶⁰ (M) RAKOTOMAMONJY, *Ny tantaran'ny firenena Malagasy*, op. cit, tak. 78

⁶¹ Ibidem, tak. 79

⁶² (P) BOITEAU, *Contribution à l'histoire de nation Malgache*, op. cit, pp. 338-339, «[] Il fut autorisé à entrer [] une manifestation spontanée se forma et les trois milles manifestants se mirent en route oy cris de « liberté, indépendance, Madagascar aux Malgaches. »

kevitra sôsialista izy roalahy ireo, ka niara-niasa taminy. Niara-nitady hevitra sy izay fomba hahatongavana amin'ny fahaleovan-tenam-pirenena ihany koa. Fampitan-kevitra an-gazety sy fanaovana kaoferansa no nataony tamin'izany. Nanoratra gazety tamin'ny teny frantsay: “Le Libéré” sy “L’Opinion”, ho fampitan-kevitra, indrindra, ho an’ny Vazaha izy ireo.

Famintinana ny vokatr’izany fitakiana izany no namaranan’ny mpanoratra ny fitantarany. “Nefa gadra, sesitany, vono, no sandam-pitakiany.

Tapa-pe mandra-maty, kilemaina sy nahantra

Izy maty ho an’ny TANINDRAZANY.”

Midika faharesena fanindroany indray hoan’ny Malagasy ireo andalana telo ireo, satria, nosamborina Ralaimongo sy ireo namany ny 29 May 1929, raha iny nikasa hanao konferansa lehibe iny. Tsy navela hiditra hihaino tao ny teratany, rehefa tsy « citoyen français ».

Tsy faly hatrany ny mpitondra fanjakana nanoloana ny fihetsehana nataon’ireo mpitolona, ka namely izay tratrany: nampijaly, namono, nanagadra, ... araka ny nambaran’ny mpanoratra.

Mbola mitatitra ny mikasika ny herim-po nanan’ny Malagasy sy ireo herisetra natao taminy izay noheverin’ny mpitondra fanjakana fa mpanohitra, i Nasolo ao amin’ity tononkalo ity, ka hoy izy:

[...]

Tsy vitan’ny angovo na vovok’aina mantsy

Ny ady ifanatrehana tamin’ny vazaha

[...]

Kanefa moa dia sahy

Nisetra vava-basy sy tafondro ireo lehilahy

Hitaky fahafahana marina sy rariny.

Maty! Lany maty, an’alina ny valiny

[...]

Ireo maty moa, inona no afininy?

Tsy mahatsiaro izy. Lany koa ny teniny.

Mitsidradraka eny ireo. Naderaderany aza

Ny nofony naratra mitakosin-drà.

[...]

Tany anaty ala, na tany am-pigadrana
 Taolana mitraky sy nofo raradraraka
 Tsy nisy hamantarana ireo tafasaraka
 [...]

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa.”⁶³

Hita eo amin’io ampahan-tononkalo io ny fomba nitantaran’ny mpanoratra ny fahasahian’ny Malagasy sy ny vokatr’izany.

Eo amin’ny tapany voalohany, no nanehoany ny tsy fitovian-kery teo amin’ny Malagasy sy ny Frantsay, ka nahatonga azy nilaza fa “tsy vitan’ny angovo na vovok’aina” ny ady nifanaovana tamin’izany.

Nanoloana io hery tsy mitovy io dia nasehon’ny mpanoratra eo amin’ny tapany faharoa, ny tetik’ady nentin’ireo Malagasy, nentina nanoherana ny vahiny. Tsy inona izany, fa ny herim-po sy ny fahasahiana niatrehana ny ady. Manaraka izany, nambaran’i Nasolo eo koa ny antony nanosika ireo mpitolona Malagasy ho sahy maty, dia ny fitakiana ny tena fahafahana sy ny rariny, araka ny voalazan’ny mpanoratra hoe:

“Nisetra vava-basy sy tafondro ireo lehilahy

Hitaky fahafahana marina sy rariny.”

Nabaribarin’ny mpanoratra ato koa ireo fitaovam-piadiana mahery vaika nampiasain’ny vazaha namonoana ny vahoaka: Basy aman-tafondro.

Nolazainy farany eo amin’ny andalana fahaefatra eo amin’io tapany faharoa io ihany, ny vokatra nateraky ny fifandrinana teo amin’ny roa tonta: Fahafatesana olona maro be,

“Maty! Lany maty, an’alina ny valiny”, hoy ny mpanoratra.

Ankoatra izay, niroso hatrany tamin’ny fitantarana i Nasolo. Natokany ao amin’ireo andininy roa manaraka (“Ireo maty moa, inona no afeniny? ... Tsy nisy hamantarana ireo tafasaraka.”) ny filazalazana ny fahalavoan’ny Malagasy tamin’izany, ka notanisainy sy nosoritsoritany ny fiampatraparan’ny maty sy ny nofo rotidrotika hita teo amin’izy ireo.

Eo amin’ny tapany fahadimy farany, kosa, no namintinan’ny mpanoratra izany fahoriana mafy nianjady tamin’ny Malagasy izany. Nolazainy tamin’ny andalana iray monja izany, manao hoe: “Ra mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa”. Teo ny vono olona mahatsiravina, ny fahatahorana sy fangovitana nahazo ny olona, ary ny fanaintainana sy hikiaka teny rehetra teny, noho ny zava-nisy. Teny mirakitra hevitra mafonja,

⁶³ NASOLO, op. cit, tak. 12-13

manambara ny fijaliana mafy nihatra tamin'ny Malagasy no nanehoan'ny mpanoratra izany.

Rehefa niseho ireo toe-javatra rehetra voalaza teo aloha ireo dia hita fa nahantra ny firenena Malagasy. Nahantra ara-pitaovana, ara-tsaina ary ara-panahy mihitsy, satria, nihasimba sy niharatsy ny fomba fisainan'ny olona. Ny anton'izany, dia noho ny “pôlitikan'ny zarazarao hanjakana” izay nampidirina teto, mba hielezan'ny feo fa misy ny Malagasy tiam-bazaha sy ny tsy tiany. Nisy koa ny fananganana ilay nantsoina hoe “rafi-pokonolona vaovao”, izay natao hampiadiana sy hampifankala ny samy Malagasy. Nampanjakaina teto ny fitiavan-tena, nanjaka ny tsolotra sy ny fanambakana isan-karazany⁶⁴, hoy RATREMA William ao amin'ny lahatsorany.

2.3. NY TANTARAM-PAHANTRANA MALAGASY

Niharetan'ny Malagasy zavatra maro ny fitondran-janatany teto amintsika. Tsy nanaiky izany ny Malagasy, ka maro ireo mahery fo no nijoro hanohitra ny mpanjanaka. Toa “afo nandrehitra ny kitay” teo amin'ireo vahiny ny tolona nataon'izy ireny, ka nampirehitra ny fahatezerany. Nanampatra ny heriny sy ny fahefany ny Vazaha: “*Matanjaka, mahery setra, tsy misy fihetseham-po, tsy mahalala marary [ny Vazaha]*”⁶⁵, hoy ny mpanoratra Andry Andraina. Vao mainka nihamafy ny fahoriana nahazo ny Malagasy, teo anatrehan'izany. Azo lazaina ho tena nahantra tamin'ny lafiny maro ny Firenena. Teo ny hery famoretana nahazo ny vahoaka, teo koa ny fahasimban'ny tontolo iainana sy ny toe-tsaina amam-panahy.

2.3.1. NY HERY FAMORETANA

Nikely aina fatratra ireo Malagasy niady ho amin'ny fahafahana. Tsy natahotra ny zavatra mety hahazo teo anatrehan'ny mpanjanaka. Raha mbola tsy nanao fihetsiketsehanfa akory ny Malagasy dia efa nanjaka teto amin'ny firenena Malagasy ny famoretana isan-karazany. Nanjakazaka ny Vahiny raha vao resin' ny tafika Frantsay ny Fanjakana Malagasy. Tonga nanani-bohitra teto ny tafika frantsay. Toy izao no nitantaran'ny mpanoratra iray izany: “*nisy miaramila 15 000 notarihin'i Jeneraly Duschène tonga hiady ka niakatra tao Mojanga [hoy ny mpanoratra iray]. Tsy nahatohitra ny miaramila malagasy [...] dia nampanangana saina fotsy Rainilaiarivony fa resy.*”⁶⁶

⁶⁴ In Lovako T10, op. cit, tak. 147

⁶⁵ (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 61

⁶⁶ (E) FAGERENG, op.cit, tak. 65

Niditra teto Antananarivo ireo miaramila ireo ary lasa ny vahiny no nitantana ny fanjakana, izy indray no lasa tompom-pahefana.

2.3.1.1. Famoretana ara-batana

Ny hahazoana an'i Madagasikara iray manontolo no tanjon'ny mpanjanaka raha tonga teto, hoy isika tany aloha. Araka izany, nanao izay fomba rehetra hamehezana ny Malagasy sy ny taniny izy ireo.

Resy ny Fanjakana Malagasy. Tsy afa-niteny sy tsy afa-namaly tamin'izay tian'ny mpanjanaka natao. Asa tsy eran'ny aina, fanararaotana sy fanamparam-pahefana, famonoan'olona sy fandravam-pananana, izany no nihatra tamin'ny Malagasy.

- **Asa mafy**

Nanjary fitaovana nampiasain'ny mpanjanaka nanantanterahany izay mety nahazoany tombontsoa ny Malagasy, nanomboka teo amin'ny nahareseny ny Fanjakana Malagasy. Nampanao asa tsy eran'ny aina ny vahoaka izy ireo tamin'izany, indrindra ny lehilahy. Nasian'ny fanjakana ny karazana asa fanompoana maro, anisan'izany ny “baositady”: ireo “*miaramila sasany noterena hilanja ny entan'ny tafika frantsay nampandry tany. [...]. Mafy dia mafy ny fanompoana natrehin'ireo fa entana mafonja tsy zaka nohontsonina no tsy maintsy nentina nanara-dia ny Vazaha an-tsoavaly sy ny Senegaly.*”⁶⁷ Ialàna manendry ny olona hiasa 10 andro sy 30 andro, ohatra amin'izany ny fanamboaran-dalana. Fanompoana nampanaovina ny vatan-dehilahy 16 taona ka hatramin'ny 60 taoana, natao maimaim-poana io telopolo andro io na ilay nantsoina hoe: “SMOTIG”. Tsy vitsy ny mponina niharan'izany toa an'i dadan'i Feno, araka ny voalaza ao amin'ny boky *Mitaraina ny tany* manao hoe: “*Niverina indray ny mpiadidy. Nanolotra taratasy an'i Dada. Taratasy nosoniavin'ny lehiben'ny kantao io, manendry azy hanao telopolo andro.*”⁶⁸ Toa izany no nataon'ny manam-pahefana, tsy misy fandavana fa tsy maintsy manaiky izay olona voatedry tamin'izany.

Mafy ny nanjo ny vahoaka tamin'izany, tsy ny lehilahy ihany fa na ny vehivavy sy ny ankizy ihany koa aza nampanaovina asa hafa: “*Ao anatin'izany ny manao na mandio tatatra, ny manetsa*”⁶⁹, ny fananganana tamboho, samy manao izay tandrify azy ny rehetra

⁶⁷ RANDRIAMIADANARIVO, *Ny Sikajin'i Dadabe*, Société Fiombonam-barotra Fiezahana, Département Imprimerie, natonta faninefany, 1998, tak. 14

⁶⁸ (A) ANDRAINA, *Mitaraina ny tany*, op. cit, tak. 44

⁶⁹ (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 160

amin'izany: tratry ny harerahana; ny hanohanana noho izany ny vahoaka, araka ny nitateran'ny mpanoratra izany eto amin'ity ampahan-tononkalon'ity:

“Mitantara ny tamboho

Fa tantara be leiroa

Tamin'ny nanangana azy...

Tsy mba nisy vazivazy

Niandahy, niambavy

Nanana ny anjarany avy

Ny mpiray dina tamin'izany.

Araka ny tantara ihany

Dia hady tany, hitsa-peta

Asa mafy niaretan'

ny ankizy ihany koa...

taona nahavaky loha

tamboho natao ho fiarovana

Naha ana, naha torovana”⁷⁰

[]

Mampiseho ny hamafin'ny asa nataon'ny olona taloha ireo andinin-tononkalo ireo. Noraisin'ny mpanoratra ohatra eto ny fanamboarana ireny tamboho ireny. Nasaina niasa avokoa na ny kely na ny lehibe, na lahy na vavy. Vokatr'izany, nahatsiaro sasatra sy noana ny olona.

Ankoatra izany, nisy aza ireo mbola tratran'ny daroka sy ny vono eny am-panaovana asa raha vao maka aina kely. Tsy navela hiala sasatra na dia nangataka sy nitaraina aza. Manamafy izany ity tononkalo nosoratan'i Joséphine RANIRINA ity, manao hoe:

“Aoka aloha re, Tompoko, mba haka aina kely,

Ny entana manindry tsy hita velively,

Tsy araky ny aina fa tsy hoe hakamoana,

Ny vozona marary, ny kibo tena noana.

[]

Raha ny hamaly anao dia sanatria izany:

Satria ny aiko mantsy dia mbola tiako ihany.

⁷⁰ NASOLO, *Vondrona ambara*, “Tamboho”, tak. 77

Lemanja io anie, ka torovana tokoany
 Saingy tsy mba sahy mamoka ny ao am-pony;
 Matahotra izy mantsy fa sao miampy indray
 Ny fanapahan-drambo sy kapoka mavay.

[]

Impiry akory moa no lavo sy mitrosoana?
 Ka na kapoka aza toa mainka tsy mihontsona
 Amin'ireny anie ny aina ka efa kely,
 Ihafiana fotsiny ao ny daroka sy vely. ”⁷¹

Milazalaza izany asa mafy nampanaovina ny Malagasy izany io am-pahan-tononkalo io. Asa tsy misy hitsaharana, “tsy araky ny aina” hoy ny mpanoratra. Iry andininy voalohany dia mitory fitarainana mba hiala sasatra, noho ny harerahana sy ny hanoanana vokatra ny asa. Ny andininy faharoa indray, mampiseho ny valinteny nasetrin'ireo Malagasy ny vahiny nibaiko azy. Milaza ny fahatahoran'ny namany sasany hitaraina, noho ny vono isan-karazany sy ny tsy fahampian'ny hery intsony teo amin'izy ireo. Ankoatra izay, voalaza eo amin'ny andininy fahatelo eo, ny fihafian'izy ireo tamin'ny fanaparan-kery natao azy.

Nangina sy tsy afa-nanohitra ny Malagasy teo anatrehan'ny Vazaha. Tsy maintsy nanao izay nasainy natao. Tsy tamin'ny asa ihany, fa tamin'ny fanararaotana koa.

- **Fanararaotana sy fampahoriana samihafa**

Nanararaotra ny tsy fahafahan'ny Malagasy namaly sy ny fahalemeny ny mpanjanaka vazaha, ka nanampatra ny fahefany na dia tamin'izay zavatra tsy tokony natao aza. Indro asehonay manaraka eto izany.

- **Fakana an-keriny ny vehivavy**

Nasian'ny mpanoratra teny manokana ihany koa, ny nahazo ny vehivavy nandritra ny raharahan'ny 1947. Fanararaotana ara-batana nihatra tami'izy ireo izany. Nahamay ny fanenjarahana ny M.D.R.M. tamin'izany. *“Nofoanana ny antoko M.D.R.M. Nosamborina ireo solombavambahoaka Malagasy, n any efa teto an-toerana, na ny mbola tany Frantsa.*

⁷¹ (J) RANIRINA, “Ny ombin-tsarety sy ny olona”, in *Fary Mamy kilasy voalohany*, tak. 130-132

Vonona hikapoka mafy anefa ny fanjakana. Tsy ny olon'ny M.D.R.M. ihany no nosamboriny. Fa ireo fantatra ho maherihery loha rehetra koa. Notazonina ireny ary noterena hiaiky ho MDRM."⁷² Ny lehilahy notazonina, nogadraina, ary izay sisa tsy maty tany an-tranomaizina dia nampiasaina. Ohatra, nasaina "*misoroka ilay tanety dia manao biriky ary mandrafitra ny trano.*"⁷³ Ny vehivavy kosa, nalain'ireo mpisambotra an-keriny ka novadiany. Tsy afaka nanohitra izy ireo, satria voatery, na nahamenatra aza izany, araka ny nambaran'ny mpanoratra manao hoe:

"Nisy nahamenatra tsy azo nojerena nefa nojerena

Nisy tsy azo atao, nefa dia natao satria noterena

Ireo nihanjahanja ninia nikimpy sisa

Satria rovi-damba, tsy afa-nitafiana

Izay nihatra taminy tamin'olom-pady"⁷⁴

Nampitain'ny mpanoratra tamin'ny tononkalo tsotra sady mazava izany fanararaotana natao tamin'ny vehivavy izany, araka ny hitantsika eo. Nalaina an-keriny ireo vehivavy, mba hanehoany amin'ilay lehilahy vadiny ny tsy firaharahiany ny maha-olona azy sy fanaovana sotasota tsotra izao. Ny vehivavy sasany kosa novetavetainy sy novonoiny. Nitatitra momba izany koa i J. RALAITAFIKA, ka nilaza hoe: "*Tany amin'ny toerana sasany [] rehefa avy novetavetaina ny vehivavy dia notrobarany ny antsy ny kibony []. Mafy ny mahazo ny vehivavy noho [izany, fanampiny fotsiny] ny fitazonana ny vadiny.*"⁷⁵

Tsy tamin'ny toerana iray ihany izany, araka ny voalaza eo no nisy izany trangan-javatra nampalahelo izany, fa tamin'ny faritra samihafa koa. Nampiasa ny heriny tamin'ny fomba rehetra tokoa ry zareo mpanjanatany. Ankoatra ny fampiasana herisetra tamin'ny vehivavy, teo koa ny fampahantrana ny vahoaka Malagasy sy ny famonoana olona.

- Fahantrana

Nanampy trotraka ny fahorian'ny Malagasy ny fahantrana: "*Kilemaina sy nahantra*" in *Vondrona Ambara*, tak. 100, hoy ny tononkalon'ny mpanoratra. Milaza izany, fa niaina tamin'ny tsy fahampiana ny vahoaka tamin'izany fotoana izany, noho ny fanararaotan'ny mpanjanaka. Nalaina izay vokatra nananan'ny tantsaha, ankoatra ny tany

⁷² (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 207

⁷³ (P.S) RALAITAFIKA, *Tahirin'Antsihanaka 1947*, 2ème éd., Ministeran'ny Fanolokoloana sy ny Zava-kanto Revolisionera, tak. 44

⁷⁴ NASOLO, op. cit, tak. 101

⁷⁵ (P.S) RALAITAFIKA, op.cit, tak. 38 sy 46

lonaka sy be velarana tsy voavoly. Noterena ankolaka, hanolotra fanomezana hoan'ireo olona voatondro hanaterana izany ny vahoaka, natao tahaka ny hetra tsy maintsy naloa izany. Mitatitra ny momba izany indrindra i Patrice RALAITAFIKA manao hoe: “*natao raharaha isan-tanàna tany Ambanivohitra ny tsy maintsy mitondra ronono, atody, akoho, gisa, ets. Ka entina ao amin'ny Lehiben'ny Kantao [], ho an-dry zareo tsara toerana tamin'ny tabataba. Tsy vidina akory izany fa tahaka ny sazy fampitahorana ny tantsaha [fotsiny].*”⁷⁶ Tsy ampy ny hanin-kohanina noho izany, nahatsiaro ory sy nijaly ny vahoaka. Ankoatra izany, noho ny asa an-terivozona tsy maintsy natao dia tsy afaka niasa ho azy na nikarakara ny famboleny ara-dalàna ny olona. “*Very fotoana nifandimby nanao ny asam-Bazaha []*”⁷⁷. Teo andanin'izany, ny fanambakana nataon'ny mpiadidy ireo tsy mahay manoratra sy tsy mahay mamaky teny, fanalavana ny folo andro ho tonga roampolo na telopolo, eny hatramin'ny 120 andro mihitsy aza. Nasaina nanasonia taratasy fandrika izy ireo, hoe, taratasy fanafahana, kinanjo tsy izany no voarakitra tao. Toy izao no nolazain'ny iray tamin'ireny mpanambaka Malagasy ireny: “*Efa tokony ho afaka tamin'ny telopolo andro voalohany anie ianareo fa nanao fangatahana mbola hijanona hiasa tao. Ary intelo nanao fangatahana toy izany, hono ianareo araka ny taratasy voasonianareo []. Izany no naharetanareo efa-bolana tany.*”⁷⁸ Ankilany, ny fanombotombohan'ny Malagasy sasany mila handitra amin'ny Vazaha ireo Malagasy namany, ho tsy mpankatoa ny fitondrana. Teo ihany koa “ny fandosirana tany anaty anaty ala, rehefa, nipoaka ny ady. Nihady lavaka niafenana izy ireo tamin'izany, bozaka no nanaronana ny lavaka; tapenana ny vavan'ny zaza raha vao mitomany mba tsy hisy handre. Rehefa maizimaizina no mitselika mahandro sakafo any an-tanàna ny lehilahy, mba tsy ho hitan'ny Senegaly. Raha mahita setroka mantsy izy ireo dia dorany avy hatrany ny tanàna. Nisy tao anatin'izany fivoahana izany no voatora-defona.”⁷⁹ Manamafy izany ihany koa ny voalazan'i Andry ANDRAINA hoe: “*Tamin'ireny toerana rehetra ireny, niala tanàna ny olona, ary nanorina toby tany anaty ala na amoron'ala.*”⁸⁰ Ny akon'izany ady izany dia niteraka tsy fisian'ireo zavatra fampiasa andavanandro, “*tsy hita teo an-toerana ny sira, ny siramamy, ny savony, ny solitany, [...]*”⁸¹ Tonga ny fahasahiranana isan-karazany noho izany.

⁷⁶ (P.S.) RALAITAFIKA, op.cit, tak. 44

⁷⁷ (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 161

⁷⁸ RANDRIAMIADANARIVO, op. cit, tak. 15

⁷⁹ Fanadihadiana natao tamin'i RAZAFINANDRIANA M.J, taranak'i RAMAROSON Bekotromaroholatra niaina ny raharaha 47, Mantasoa Miadanandriana, 20 Oktôbra 2011.

⁸⁰ Op. cit, tak. 205

⁸¹ ibidem, tak. 114, 115

Tsy nijanona hatreo ny ampihimamba nataon'ny vazaha, mbola nitohy hatrany amin'ny fandatsahan-drà. Tsy nisy fijerena ny nanao ny mety sy ny tsy mety izany, fa izay tratra dia naripaka avokoa.

- **Famonoana Malagasy**

Tsy nitsitsy ain'ny olona tokoa ny mpanjanaka tamin'ny fotoan'androny. Nataony nahita faisana avokoa, izay nanohintohina ny tombotsoany sy nitady hampiala azy eo amin'ny fitondrana.

Andao ange hovakiantsika ny voalazan'ny mpanoratra e!

[...]

Tsy vitan'ny angovo na vovok'aina mantsy

Ny ady ifanatrehana tamin'ny vazaha

[...]

Kanefa moa dia sahy

Nisetra vava-basy sy tafondro ireo lehilahy

Hitaky fahafahana marina sy rariny.

Maty! Lany maty, an'alina ny valiny

[...]

Ireo maty moa, inona no afininy?

Tsy mahatsiaro izy. Lany koa ny teniny.

Mitsidradraka eny ireo. Naderaderany aza

Ny nofony naratra mitakosin-drà.

[...]

Tany anaty ala, na tany am-pigadrana

Taolana mitraky sy nofo raradraraka

Tsy nisy hamantarana ireo tafasaraka

[...]

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa.”⁸²

Tsy afa-niala nanoloana ny vava-basy sy tafondro ireo Malagasy tamin'ity vanimpotoana ity. Ratra, nofo mihosin-drà, kiakiaka, ... no hita sy re teny rehetra teny, vokatr'izany. “*Nasaina nitolo-batana izay isan'ny mpikambana, [] hampijaliana, [], izay niampanga tena dia nolakamoina aloha vao naiditra am-ponja. [Manaraka izany] ny*

⁸² NASOLO, op. cit, tak. 100 - 101

daka sy totohondry.”⁸³ Toy izany no nahazo ireo mpitolona Malagasy. Nahatsapa fahoriana ny rehetra, araka izany, tsy ny mpitolona ihany, fa na ny vahoaka koa aza. samy niharan’ny tfitra vary raraka avokoa, tsy nitsitsy ny Senegaly. Ireo tsy matin’ny tfitra, nodoram-belona, voatsindron’ny lefona sy ny sisa. “*Ireo milisy ihany no mandeha mivoaka any ivelam-bohitra [tamin’izany] mandoro ny tranon’ny olona sy mitifitra.*”⁸⁴ Mbola notantarain’i Nasolo tsy am-pihambahambana koa izany, ka hoy indray izy:

“Ripaka ny olomanga, fa natao vono moka

Habibiana tany Moramanga: notifirina an-tsatoaka

Ireo tanaty lamasinina, feon-taraina mampangovitra.

[...]

Mahita olo-manan’aina sahiny nodoram-belona.

Ireo olon-dresy azo babo, nilavo lefona sy mangana

Vonton-dràn’ny haromotan’ny senegaly: “tsisy niangana”

Nisy reny tsy nahateny fa niandrandra an’Andriamanitra

Nefa lefona sy tsato-pohy no niletra teo an-tratra.”⁸⁵

Izany no teny nilazan’ny mpanoratra ny fahoriana nanjo ny Malagasy. Anisany notantarain’i Nasolo eo ny zava-niseho tany Moramanga, ny famonoana ireo voasambotra. “*Natao vono valala tao Moramanga ireo nihevitra ny ho afaka ny vono moka’n’Ambatondrazaka. Tafondro marovava laharana iray no namelezana ireo mpifatotra tao anatin’ny kalesy [...].*”⁸⁶

Nataon’ny Vazaha izay fomba rehetra namongorana ny Malagasy noheverina fa mpanohitra azy. Nampiharany ireo karazam-pampijaliana sy fampangirifiriana samihafa, izay tsy matin’ny tfitra avy hatrany. Ohatra amin’izany ny voarakitra ao amin’ny boky mitaraina ny tany, milaza hoe: “*Atsoboka anaty daba feno ditsaka ny lohan’ily olona. Avela hifotroatroaka sy ho sempotra ao. [...] ny famatrarana olona tsy nisy fijerena isa tamin’ny tranomaizina na solon-tranomaizina. Nisy toerana tsy nahavitana nandry mihitsy, fa nitsangana ihany na nipetraka. ...*”⁸⁷

Tsy nijanona hatreo ny fanambaran’ny mpanoratra ny fijaliana niainan’ny olona tami’izany, maro ny teny nambarany raha ny hita ao amin’ny asa sorany. Teo ny fitanisany ny fahorim-pon’ireo reny nilaozan-janany. Niantsoantso, nalahelo ireo sombin’ny ainy,

⁸³ (P.S) RALAITAFIKA, Op. cit, tak. 32-33

⁸⁴ Ibidem, tak. 47

⁸⁵ NASOLO, “29 Martsa 1947”, in *Vondrona Ambara*, tak. 102

⁸⁶ (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 246

⁸⁷ Op. cit, tak. 220

nandao azy tsy fidiny. Teo koa ny fomba nahafaty olo-marô, an'alina alina. Tifitra vary raraka nahazo ny Malagasy, na ny mpitolona na ny olon-tsotra, samy niharan'izany avokoa.

Toy izao no nitaterany izany:

“Ireo reny misarangotra amin'ny tany
Manala ny lohany, misento mitomany, hoe
“Eh! Maty sombinaiko, nanefa ny addiny,
Maty tao an'ady, moa ve safidiny?

Fa foana izao ny tanako, lasa ilay fananako

[...]”⁸⁸

“Vary raraka mazana, feo tafondro anaty alina.

Ny maty? Sivy alina.”⁸⁹

Tamin'ny fotoan'ny ady dia maro ireo lehilahy tsy nanan-tsafidy nalefa tany an'ady, tsy vitsy tamin'ireny no maty. Nampahory ireo renim-pianakaviana loatra izany fisarahana izany, kanefa, tsy nisy azo natao afa-tsy ny mitomany mafy. Nanampy izany ny feom-basy aman-tafondro nanenika ny toerana maro teto amin'ny Nosy. Niampantrampatra ny faty, feo mitaraina mahonena no heno eran'ny tanàna, noho izany. Ny Malagasy rahateo tsy nanam-piadiana nahatohitra ny basy marovava, “tanam-polo”, lefom-pohy, antsibe no mba hany fiadiana. Nanantitra mikasika izany, indrindra, i Ralaitafika, ka hoy izy:

“Nihosin-drà ny Nosintsika tamin'izany taona izany

fa ny basy sy tafondro no nanerana ny tany ...

kiakiaka ... ranomaso ... sy toloko ... horohoro

no nameno izany Madagasikara saiky toro

Niampatrampatra ny faty, fa ny lefona sy basy

izany, hono, no mba ady nosetrain'ny Malagasy

[.....]

Tazana nilanja basy ny olom-potsy hatraiza hatraiza?

fa ireo Malagasy kosa ... tanam-polo ve hankaiza?”⁹⁰

⁸⁸ NASOLO, op.cit, tak. 102

⁸⁹ NASOLO, op.cit, tak. 103

⁹⁰ (P.S) RALAITAFIKA, op. cit, tak. 85

Nitantara ny zava-nisy tamin'ny 1947 ihany koa ity mpanoratra iray ity. Nilaza ny fahoriana niainan'ny vahoaka Malagasy tao anatin'ny ady sy ny fahafatesan'ny olona marobe. Anisany nomarihan'i Nasolo manokana io, ka nilazany fa "sivy alina" ny maty.

Nanampy trotraka izany rehetra izany, ny fijaliana ara-tsaina nahazo ny vahoaka. Vao mainka nihamafy ny fahoriana noho izany, satria, reraka ny vatana rehefa tambesaran'ny adintsaina.

2.3.1.2 Famoretana ara-tsaina

Tsy vitan'ny fijaliam-batana ihany no nahazo ny olona, indrindra ny mpitolona, nandritra ny ady ho an'ny Tanindrazana, fa tratry ny adintsaina koa. Tebiteby, fanahiana, tahotra ny zavatra hiseho,... no hita eny amin'ny isam-batanolona. Matahotra sy mitebiteby ny olona, vokatry ny fahenoana feom-basy sy ny fahitana faty olona etsy sy eroa. Teo koa ny fahantrana sy tsy fahitana hanin-kohanina nahazo teny am-pandosirana sy fihafenana.⁹¹ Hoy ny mpanoratra Nasolo nitatitra izany:

“Reny maromaro mihovotrovim-panahiana

Nefa moa ho aiza? Vahotra ny lelany

Etsy an-daniny etsy, fahitana mampihovitra

Vahoaka very saina sy mitafy lamba rovitra

[...]

Manontany tena hoe: “Inona no hiafarana?”

Ny fanahiny tsy mandry fa mandraiki-mahimahina

Miherikerika mazana, maso zary pahina?

[...]

Satria manenjika ao aoriana vava basy an'alinalina”⁹²

Tsy mba nilamin-tsaina ny vahoaka tamin'ity vanim-potoana ity. Tsy mba nisy fiadanana fa korontana, tebiteby sy ahiahy no niainan'ny olona, indrindra ireo vehivavy teo am-pahitana ny zava-nitranga, araka ny voalazan'ny mpanoratra eo amin'io tononkalony io. Manamafy izany ny zava-nisy tany Marovato. “*Nandalo tao ny milisy, ny Vazaha avy amin'ny tanàna manodidina, ny miaramila soanagaly. Nampihorohoro ireny rehetra ireny. Nandry tsy lavo loha lava ny mponina. Inona indray no hiakatra? Rahoviana indray no hisy poa-basy? [....]*

Tamin'izany fotoana izany, ny fahitana vahiny miakatra dia zava-dratsy, tebiteby, tahotra ho an'iray tanàna.”⁹³

⁹¹ Jereo, naoty 80, tak. 51

⁹² NASOLO, in *Vondrona Ambara*, tak. 101

Fanampin'izany, ny fahitana ireo zavatra rehetra natao teo an-toerana, ny fisamborana, ny fampijaliana, ny famonoana dia nampitombo ny fahoriam-po sy saina. Mampihoron-koditra ny mahita *“ny fatin'ireo [olona] izay vatana rotidrotika, loha sy sampana torotoro sisa; nanindritsindry sy namatopatotra azy ireny ary nameno ny tenany sy ny fitafiany ra, ditsaka, diky sy betro niparitaka.”*⁹⁴

Ankoatra izany, ny esoeso sy fanenjehana nahazo ireo niady ho an'ny Fahafahana. Lazain'ny sasany fa tsy mahandry tantana ny fitakiana efa natao, manao bontolo fotsiny izy ireo raha nanao ny tolona. Manakivy koa indraindray ireo tsy te hitolona ary maneso ireo maty. Hoy indrindra i RADO raha nilaza momba izany:

“Fanoherana an-jamba
ny tohitry ny menalamba
hasasaram-bery maina ...”
hoy ny mpankamamy aina.

“Maty novesarana eso
ireo nijoro ho Vi-Vi-Eso
fa nivaro-barotra aina
tsy nahandry ny maraina ...
“Atody mankahàtra vato,
haza niditra ny harato
sady tolona bontolo
ny an'ny Fito amby efapolo ...”⁹⁵

Toy izany no filazan'ireo mpila sitraka amin'ny Vazaha sy mpankamamy ny ainy ireo olona sahy nijoro sy nitolona ho an'ny Tanindrazana. Nolazainy ho hadalana sy fatiantoka fotsiny ny tolona nataon'ireny ary fakana an-keriny ny fahafahana ny tolona tamin'ny 1947.

Nianjady tamin'izy ireo avokoa izany rehetra izany, na tahotra na fampijaliana, na fahantrana noho ny fanambakana sy fanararaotana samihafa, kanefa, tsy nampihemotra azy ireo akory izany. Vao mainka aza nampiakatra ny hambom-pom-pitiavan-tanindrazana tao anatin'ny. Latsa-paka tao amin'izy ireo ny hoe “masina ny Tanindrazana”, ka tsy tokony havela ny vahiny no hanjaka. Nanosika azy ireo hitaky fahafahana hatrany izany.

⁹³ (A) ANDRAINA, op. cit, tak. 226

⁹⁴ ibidem, tak. 246

⁹⁵ (BEP-OTEP), op.cit, tak. 69

Tsy mora ny niharetan'ireo Malagasy nandritra ny fanjanahantany, vao nahazo fahafahana toy izao. Tsy nijanona hatreo amin'ny fanararaotana sy fampitondrana fahoriana, fa nitohy hatrany amin'ny famonoana olona sy fandripahana mihitsy aza. Tsy nitsitsy ain'olona ny mpamono. Nisy hatrany ny maty. Raha tsy matin'ny fampijaliana sy fanararaotana tafahoatra dia matin'ny ady nifanaovana. Ny Malagasy rahateo tsy mba manam-piadiana to any an-dry zareo Vahiny. “Atody tsy miady amam-bato tokoa, hoy ny fitenenana.” Toa milaza faharesena ny fahafatesana, araka ny ao amin'ny tononkalon'ny mpanoratra ihany. Maro ny zava-nihatra tamin'ny vatana sady mafy hany ka nahafefika azy. Ny nofo amam-batana no lavo fa ny tolona natao kosa tsy maty momoka ary nisy vokany dia ny Fahafahana.

“Resy koa i Pasteur RAVELOJAONA sy ny Namany

*Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany”*⁹⁶ hoy ny mpanoratra. Maty ireny olo-manga ireny, kanefa, tsy maty ao am-pon'ny olona mandraka ankehitriny ny zava-bitany, ny tantara niainany tamin'ireny vanim-potoana ireny. Hatramin'izao ny datin'ny 29 Martsa dia mbola atokana ahatsiarovana ny tolona nataon'izy ireny. Maro ihany koa ireo boky samihafa mirakitra ny tantara tamin'izany, ohatra ny boky mitondra ny lohateny hoe: *Tahirin'Antsihanaka 1947, Haisoratra sy tononkalom-pitolomana*, sy ny sisa. Misy aza ny natao ampiasaina any amin'ny fandaharam-pianarana, toy ny boky: *Vakivakim-piainana, Orim-baton'ny Fiadanana, Ny Mitaraina ny tany, I Bina sy Kemba, ...*

Izay raha ambara fohifohy ny ampahan'ireo zava-nihatra taman'aina tamin'ireo Malagasy. Ny fanaovany sorona ny ainy no nitondra soa ho an'ny taranaka aty aoriana ary antoky izao Fahaleovantenam-pirenena iainantsika izao. Mbola nahitana taratra ny fahantran'ny Malagasy koa, anefa, ny fahasimban'ny tontolo iainana.

2.3.2. FAHASIMBAN'NY TONTOLO IAINANA

Noresahan'i Nasolo ao amin'ny tononkalony ihany koa ny mikasika ny tontolo iainana. Tontolo iainana izay efa mihasiswa sy miharatsy. Simba noho ny ady, ny korontana teto amin'ny Firenena sy ny nataon'ny olona ihany koa. Ny fofom-banja avy amin'ny basy dia miteraka fahalotoan'ny rivotra iainana, ankoatra ny doro tanety ataon'ny olona. Miteraka fikorontanan'ny tontolo iainana izany rehetra izany. Tsy fahampian'ny orana, fahamainan'ny tany, ... Andeha hojerentsika amin'ny alalan'ireto tononkalo vitsivitsy ireto ny momba izany:

⁹⁶ NASOLO, *Vondrona Ambara*, tak. 100

“Mijaly leiretsy ny zava-boary
 Maty ilay fitatra kely vao foy
 Kilan’ny afo, may maharary
 Ny biby mandady: aina afoy.

Rava ilay ala, aza manody
 Ho ritra ny rano, tototra atsanga
 Ravina maitso fanao fanafody
 Fongana, maina, ny ravin’apanga.

Doro tanety mijolofotra mainty
 Manesy mandoro, mangeja manempotra
 Raha izao no mitohy, angamba tsy maintsy
 I Gasikara mihitsy no repotra;

Ratra manerana indray izao ny lavaka
 Gorobaka be mampihoron-koditra
 Iza no anarina: ireo tsy mivavaka?
 Ry doro tanety: May aho hoditro”⁹⁷

Raha jerena ny lohatenin’io tononkalo io dia efa milaza sahady ny fiantraikan’ny fahasimban’ny tontolo iainana eo amin’ny tenan’olombelona. “May aho hoditro”, izany hoe, ny tena mihitsy no may, ka miteraka fangirifiriana. Mihafara amin’ny masarena rehefa tsy mahavanom-boia ny tany, hany ka ny olona no mahantra sy mijaly. Nolazain’ny mpanoratra eo amin’ny andininy voalohany eo, fa mijaly ny zavaboary, noho izany doro tanety izany, ny biby tany an’ala may avokoa, izay tratan’ny afo. Biby tsy manan-tsiny, kanefa matimaty foana. Notohizany tamin’ny fiventesana ny faharavan’ny ala izany, eo amin’ny andininy faharoa, izany hoe: tsy misy ala intsony ilay tanety fa mangadihady. Mitarika fahamainan’ny tany sy faharitrana-drano izany. Fanampin’izany, ny fahapotehan’ireo ravina azo ahodina ho fanafody. Na ny lafiny fahasalamana aza araka izany, mampanahy ihany, ho teraka ny aretina, kanefa ny hoentina hitsaboana tsy misy.

⁹⁷ NASOLO, “May aho hoditro”, *Vondrona Ambara*, tak. 25

Tsy i Nasolo eo anivon’ny fianakaviana fotsiny no hita, fa i Nasolo tia tanindrazana, miaro ny zavaboary koa: fitatra vao foy, biby mandady, ny ala, ireo ravina azo atao fanafody. Fantany fa ny tsy fitandremana ireny dia mety hanimba ny olona, ka nilazany hoe, “I Gasikara mihitsy no repotra”. Tondroiny amin’ny teny hoe “Gasikara” ny mponina eran’ny Madagasikara.

Mbola naharihariny eo amin'ny andininy fahatelo manaraka eo, ny voka-dratsy ateraka io doro tanety io. Tsy inona izany, fa ny setroka mainty avoakany. Miteraka tsy fahasalamana eo amin'isam-batan'olona. Ny voa voalohany dia ny taovam-pisefoana, lasa sempotra ilay olona tratan'ny aretina, “manempotra” hoy ny mpanoratra. Mazava hoazy, fa rehefa betsaka ny marary dia ho sahirana ny firenena, ny fanafody rahateo tsy ampy, izany no ilazan'ny mpanoratra manao hoe:

“Raha izao no mitohy, angamba tsy maintsy

I Gasikara mihitsy no repotra;”

Nofaranany tamin'ny filazana ny fahasimban'ny tany ny tononkalony, tany nanjary feno lavaka. Azo tarafina ao ambadik'izany, fa lany ny tsiron'ilay tany ary tsy hamokatra intsony. Hitarika fahavoazana eo amin'ny famokarana izany rehetra izany, dia ho sahirana ny vahoaka Malagasy iray manontolo. Mampandini-tena antsika izy eo amin'ny farany eo, noho izany, manao hoe:

“Iza no anarina: ireo tsy mivavaka?

Ry doro tanety: May aho hoditro”

Tsy iza fa ny olona ihany no handray ny valin'ny nataony sy “ho may ny afo natsangany” hoy ny fitenenantsika.

Mbola namafisiny tamin'ity tononkalo manaraka ity izany fahasimban'ny tany izany.

“Tany tomany no henoko androany

Midradradradra tsy misy ohatr'izany

Nivoahan'afotroa ny avokavony

Nilofika mora dia mora fa lavony.

Tany tomany no hitako androany

Havandra matevina tsy misy ohatr'izany

Mivaingana fotsy ny ra tao am-pony

Orana tsotra tsy hitany intsony.”⁹⁸

Milaza ny fitarainan'ny tany vokatry ny hetraketraky ny olombelona, ireo andinin-tononkalo roa ireo.

“Tany tomany []

Midradradradra tsy misy ohatr'izany”, hoy izy.

⁹⁸ NASOLO, “Mitomany tany”, in *Vondrona Ambara*, tak. 27

Zavatra mafana no mivoaka avy any anatin'ny tany, mbola ianjeran'ny havandra vaventy koa, hany ka mitarika tsy fahavokarana izany. Toa tsy misy fiantrakany amin'ny tany intsony ny ranonorana, satria simba ny toetany.

Tsy izany ihany, lany tamingana ny zanakazo, ny voninkazo maty, maina ny rano, ny biby ihany koa maty sy ripaka, indrindra ireo mpanome mamy toy ny tantely. Hihena ihany koa vokatr'izany ny sakafo sy ny fidiram-bola.

Namaranan'ny mpanoratra izany ny faharavan'ny tontolo iainana tanteraka. Fototry ny fiveloman'ny olona. “Angamba izao no faran'ny tany”, hoy ny teniny. Izany hoe: rehefa tsy misy na inona na inona intsony eto sy tsy mahavanona ny tany, dia ho faty ny manan'aina ka hifarana ny fiainana. Toy izao no filazan'ny mpanoratra azy:

“Tomany ny tany amboloiko any ho any

Ireo voninkazo, nalazo sy lany

Foana hatramin'ny reninantely

Foana ny biby na ngeza na kely.

Dia nisy tomany naterak'izany

Angamba izao no faran'ny tany

Tontolo iainana izay nivelomana

Ritra ny aina, rava sy fongana.”,

in *Vondrona Ambara*, tak. 58

Nahitana faharavana sy fahasimbana, araka izany, ny tontolo iainana teto Madagasikara. Potika ny haren'ny Tanindrazana. Izany no mitarika faharatsian'ny toetr'andro sy fiovaovana tsy araka ny tokony ho izy ankehitriny. Izany no zava-nisy teo amin'ny lafiny natiora, raha ambara fohy, fa hojerentsika manaraka eto indray ny fahasimbana teo amin'ny lafiny toe-tsaina amam-panahy.



Sarin'i Nasolo maneho fanentanana ho amin'ny fiarovana ny tontolo iainana

2.3.3. FAHASIMBAN'NY TOE-TSAINA SY TOE-PANAHY

Noresahantsika tany aloha, fa ny hampizarazara an'i Madagasikara sy ny mponina ao aminy no tanjon'ny mpanjanatany raha tonga teto. Nataony izay hahatonga ny vahoaka Malagasy hifandrafy ka hisarabazana. Rehefa tanteraka izany dia mora ho azy ny hifehezana an'i Madagasikara.

Nampanjakaina teto ny pôlitikan'ny “zarazarao hanjakana”, ka natao nitongilana ny fanomezana fanampiana ny Malagasy. Mba hielezan'ny feo fa misy ny Malagasy tiam-bazaha sy ny tsy tiany no antony nanaovan'ny mpanjanaka izany. Nisy ihany koa, hoy isika, ny fiantsoana ny fampidirana ny vahoaka rehetra ho amin'ny “rafi-pokonolona vaovao” na ny Hova, na Tanindrana, na Merina, na Andevo, mba hahatonga ny Malagasy hifampifahavalo. Ny samy Malagasy ihany no mifampitsikilo sy mifanondro molotra, rehefa misy ny fisamborana⁹⁹. Izany no hitarika ady sy fifankahalana eo amin'ny vahoaka mpiray tanindrazana. Nampanjakaina teto koa ny fitiavan-tena, nanjaka ny tsolotra sy ny fanambakana isan-karazany, araka ny hita ao amin'ny lahatsoratra nosoratan'i RATREMA William.¹⁰⁰

⁹⁹ Jereo tak. 46

¹⁰⁰ *Lovako T10*, op. cit., tak. 147

Fitiavan-tenan'olom-bitsy no nanjaka tamin'izany, nisy ny mpanankarena sy ny mahantra. Izay nanan-katao sy afaka nanome vola hanavotan'aina dia afaka. Ny tsy nanana kosa, niharan'ny hatezerana sy ny habibian'ny mpanjanaka. Ankoatra izany, tsy vitsy ireo olona noterena hanao sonia, ka hanome ny fananany sy ny volany ho an'ny Vazaha. Mitatitra izany ny boky *Tahirin'Antsihanaka 1947*, manao hoe: “*Niasa tokoa ny tsolotra tamin'izany ho fanavotana aina. [...] Fa nisy kosa ny noterena hanao sonia hanolotra ny fanananany, tao ny norahonana hanolo-bola misimisy ihany.*”¹⁰¹

Raha fintinina izay volaza izay, naroson'ny mpanoratra tsikelikely manaraka ny fizohian-kevitra navoitrany ny fitantarana ny zava-nitranga.

Hita tao anatin'ny fandalinana, fa nanana ny fanehoan-keviny manokana ity mpanoratra ity, raha nandrakitra ny tantara tamin'ny alalan'ny tononkalo. Ankoatra ireo zavatra nokendreny tamin'ny fampitana ireny, dia teo koa ny nampiavaka an'i Nasolo eo amin'ny fomba fitaterana ny zava-nisy. Nasongadiny ireo hetsi-pitolomana nataon'ny Malagasy, ny fametrahana ny vanim-potoana nisian'ny fikambanana, eo am-piandohan'ny fizarazaran'ny tononkalo. Manaraka izany, ny filazana amin'ny teny fohy ireo hevi-dehibe tiany navoitra sy ny fitanisana ireo mpitari-tolona na mpikambana tamin'izany. Farany, ny fanomezana ny antony sy ny vokatry ny tolona ao anatin'ny asa sorany ary famintinana.

Mazava ho azy, araka izany, fa nanana tanjona manokana teo amin'ny mpamaky i Nasolo raha nanoratra ireny tononkalo ireny. Ny hanome fahalalana amin'ny fomba tsotra, manaitra ary mahasarika ny mpamaky kokoa momba ny toe-javatra lazainy no nokendreny. Fanampin'izany, ny hampieritreritra ny mpamaky, hitodika ny lasa ary hijery ny ho avy, hanao dingana vaovao hanatsarana ny fiainana. Hain'i Nasolo koa, ny nampita tamin'ny mpamaky ny tantara. Notarihiny miandalana tamin'ny alalan'ny fomba fanehoan-kevitra sy ny firosoan-kevitra tsikelikely ny mpamaky.

¹⁰¹ (P.S.) RALAITAFIKA, op.cit, tak. 54

FEHINY

Nisongadina tato amin'ity fizarana faharoa ity ny maha-mpitantara ny mpanoratra Nasolo. Hita taratra tamin'ireo asa sorany ny toetran'ny mpitantara. Teo koa ny fomba fanehoany ny tantaram-pirenena nosoratany tao amin'ireny tononkalony ireny, izay mampiseho ireo dingana samihafa nolalovan'ny Firenena Malagasy, hatrany amin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantany ka hatramin'ny vanim-potoana fitakiana fahafahana (1947). Tato no nitantaran'ny mpanoratra ny fandrombaham-panjakana sy ny fangejana tamin'ny endriny isan-karazany nataon'ny Frantsay ny Malagasy. Manaraka izany, ny hetsi-panoherana nnataon'ny Malagasy sy ireo fikambanana nijoro ho setrin'izany. Nitarika fahoriana maro ho an'ny vahoaka ireny. Nasian-teny tato, ihany koa, ny hafanam-po feno fitiavan-tanindrazan'ireo mahery fo: Tsy nanaiky hatramin'ny farany, mandrapahazoana ny fahafahana. Nihafara tamin'ny ady izay nahalavoana Malagasy maro izany, vao azo ny fahaleovantena.

Niavaka ny fampitany izany hevitra rehetra izany. Nampiasa fehezanteny fohy sady tsotra ny mpanoratra. Nanoritsoritra ny zavatra nolazainy sy nanome famintinana ao amin'ny tononkalony koa izy. Naneho ny fahaizainy mampifaningoitra ny fo amam-pihetseham-po amin'ny hevitra narosony izy ary ny fahaizany manasokajy hevitra: Nozarazarainy arakaraka ny sokanjin-kevitra misy azy ny andinin-tononkalo tsirairay.

Izany rehetra izany dia mampiseho fa mpanoratra manana talenta amin'ny fampitan-kevitra sy fitantarana i Nasolo. Tsy nijanona hatreo aza izy, fa nampiasa tetika amam-paika nentinitantara koa. Nasehony tamin'ny fampiharana ireo tekkinan'ny fitantarana sy teo amin'ny endrika ivelan'ny tononkalo ary ireo sarinteny amam-pomba filazan-javatra nandravahany ny tononkalony izany. Havoitra avy amin'izany, ny maha-kanto ny asa soratr'ity mpanoratra ity sy ny maha-poeta mpitantara azy.

FIZARANA FAHATELO

NY PAIKA NENTIN'I NASOLO NITANTARA

III. NY PAIKA NENTIN'NY MPANORATRA NITANTARA

Hamaranana ity asa fikarohana ity, ny fandinihana ny fomba nentin'i Nasolo nitantara ny zava-nisy tamin'ny alalan'ny tononkalo. Ny fomba nanehoany ny asa sorany mba hanintona sy hahaliana ny mpamaky. Mampiasa fiangaliana manokana ny poeta amin'izany, ka mahatonga ny tononkalo ho kanto. Milaza, indrindra, ny amin'ny hoe kanto i Esther Randriamamonjy manao hoe: “*Ny maha-kanto ny asa soratra anankiray dia izy mampita hevitra ombam-pihetseham-pon'ny mpanoratra amin'ny fomba kanto, mahaliana sy mahasrika ny saina avy hatrany, mahatonga ny mpankafy azy ho resy lahatra amin'ny lafiny maro.*”¹⁰² Araka izany, mampiasa fomba hahakanto ny asa sorany ny mpanoratra. Tsy eo amin'ny lafiny fanehoan-kevitra ihany, fa eo amin'ny endrika ivelany ihany koa. “*Hairaha ny poezia, nefa koa, ahitana filalaovana amin'ny hevitra, filalaovana amin'ny fangadana ary filalaovana amin'ny endrika ivelany.*”¹⁰³, hoy i Decriaud. Misy fanamboarana ny teny ataon'ny mpanoratra, rehefa, manoratra izy. Mifantina ny voambolana ampiasainy izy, manisy feo sy fangadana, rima, endrika ny tononkalony amin'ny alalan'ireo andalana sy andininy. Mbola manantitra izany izay voarakitra ao amin'ny Rakibolana, manao hoe: “*Ny poezia dia [...] fahaizana mampitranga sy miteraka ao anaty ireo karazam-pahatsapana, fiontanam-po velona isan-karazany amin'ny alalan'ny fampivadiana akaiky ny feo, ny fangadana, ny firindra [...].*”¹⁰⁴ Na ara-kevitra na araka endrika dia ahitana ny fahaizan'ny mpanoratra mandrindra sy mampifanaraka ireo rehetra ireo. Ireo mitambatra no miteraka hafinaretana sy halianana ho an'ny mpamaky.

Hanompanana ny fanadihadiana àry ny fijerena ny paika nentin'ny mpanoratra nitantara. Mialoha izany anefa, tsara ny hamaritantsika fohy ny amin'ny antsoina hoe: “*Literationa*”, sy ny hoe, “*kanto*”.

¹⁰² (E) RANDRIAMAMONJY, in *Lovako T12*, op.cit, tak.118

¹⁰³ (R) DECRIAUD et ses collaborateurs, *Espace Livre*, 4è Nathan, p. 120 : « *La poésie est un art, mais c'est aussi un jeu sur les mots, jeu sur les sens, jeu sur les rythmes, jeu sur les formes [...]* »

¹⁰⁴ *Grand Larousse ENCYCLOPEDIQUE*, tome 8, librairie Larousse, Paris 1963, p. 586 : « *La poésie [...] art d'évoquer et de suggérer les sensations, les émotions les plus vives par l'union intimes des sons, des rythmes, des harmonies [...]* »

Ny literatiora

Araka ny nambaran-dRanjatohery Harilala dia: “*Famoronana mifototra amin’ny fahaizan’ny mpanoratra manome aina sy hevitra ary sary ny teny ampiasainy mihoatra noho ny fahatsapana sy fahatakarana azy andavanandro ny literatiora.*”¹⁰⁵ Azo ambara amin’izany, fa miankina betsaka amin’ny fahaizan’ny mpanoratra miangaly ny teny hihataka amin’ny filaza mahazatra no maha-literatiora ny literatiora ary maha-kanto azy. Mbola manantitra izany, ity tenin-dRandja ZANAMIHOATRA ity: “*Izay atao hoe: literatiora dia [...] ny tena asa mendrika, voarakitra amin’ny soratra manara-dalàna araka ny fitsipiky ny fiteny. Noho izany, tsy izay soratra zara fa miteny rehetra izao akory dia zo lazaina fa literatiora. Tsia!*”¹⁰⁶ Voalaza araka io nambaran’io, fa tsy ny asa soratra rehetra dia antsoina hoe literatiora, fa ireo tsara rafitra sy misy fiangaliana ihany ary mahafeno ny fepetra maha-literatiora.

Tsy izany ihany, maneho ny zava-misy eo amin’ny fiarahamonina sy ny firenena ihany koa ny literatiora. Hoy i Pastora Ravelojaona, raha nilaza izany: “*Ny literatiora dia maneho ny zava-mitranga tao amin’ny tany sy ny firenena iray [...]*”¹⁰⁷

Ny asa soratra misy firindrana eo amin’ny seho ivelany sy ny vontootin-kevitra fonosiny, nasiana fiangaliana manokana mba hanome endrika kanto, ary mirakitra ny zava-misy na ny zava-nitranga teo amin’ny fiarahamonina na ny firenena iray, no antsoina hoe “literatiora”, raha fehezina.

Ankoatra izay, tsy afa-misaraka amin’ny fahaizan’ny mpanoratra mamoka hevitra amin’ny fomba kanto ireny literatiora ireny. Ao anatin’izany, ny tononkalo, izay tsy inona fa, “*fahaizana miteny na mandaha-teny amin’ny alalan’ny fandrindrana ny feo sy ny ngadona, izay arahina sarinteny maro.*”¹⁰⁸

Raha fintinina izay rehetra izay, fampirindrana ireo singa rehetra mba hahatonga ny teny na ny lahateny ho kanto ny tononkalo.

Manana lanja lehibe ao amin’ny tononkalo io “kanto” araka izany, koa handeha hojerentsika manaraka ny famaritana azy.

¹⁰⁵ (H) RANJATOHERY, in *Rary Kanto*, 1995, tak.3

¹⁰⁶ (R) ZANAMIHOATRA, *Vain’afy Tononkira*, Ambozontany Fianar, in “Teny mialoha”.

¹⁰⁷ Pastora RAVELOJAONA, « Ny literatiora », in *Mpanolo-tsaina*, lah. 19, Antananarivo, Janoary 1908.

¹⁰⁸ *Dictionnaire Universel de Poche*, Hachette, Livre et Librairie Française, 6 rue Pierre Sarroyen, Paris, 1963, p. 320, « La poésie est une forme d’expression littéraire caractérisée par une grande richesse d’images. »

- **Ny kanto**

Mifamatotra mandrakariva ny kanto sy ny literatiora. Tsy literatiora ny literatiora raha tsy eo ny maha-kanto azy; ary tsy misy asany ny kanto raha tsy eo ny literatiora. Tsy hoe miainga amin'ny tsy misy izy ireny amin'ny maha-asa famoronana azy, fa notsoahina avy amin'ny tontolo manodidina sy ny zava-misy iainana ihany. Miavaka ny “kanto”, izany hoe, ahitana endri-javatra mihataka amin'ny andavanandro. Miteraka fahafinaretana hatrany ny fahitana sy fahenoana na famakiana azy. Izay rahateo no tanjon'ny mpanoratra: Ny hampiombon-kevitra ny mpamaky aminy sy ny hisarika azy hieritreritra ary handinika izay voalaza ao. Manome famaritana toy izao ny boky *Lovako T9*: “*Ny kanto moa dia tsara; manintona ary mandresy lahatra satria misy fandrindrana na fikalian-javatra tao.*”¹⁰⁹ Eo amin'ny fomba filazan-javatra no misy io fihatahana amin'ny andavanandro io, hanairana ny sain'ny mpamaky.

Araka izany, ny zavatra manome fahafinaretana ny saina na ny sofina ary mambabo ny fo no antsoina hoe “**kanto**”.

Manana anjara toerana lehibe, eo amin'ny fanomezan-danja ny asa soratra, noho izany, ny mpamaky. Tsy afa-misaraka amin'ny literatiora izy, satria, “*tsy manoratra ho an'ny tenany ny mpanoratra*”¹¹⁰, hoy i Jean Paul SARTRE. “Toko telo mahamasa-nahandro”, noho izany, ny asa soratra dia ilay hafatra ampitaina; ny mpanoratra izay mpamokatra ary ny mpamaky, mpamelona sy mpanome aina ny fisian'ny asa soratra. Manasongadina izany, ny voalazan-dRado Ramaherison manao hoe: “*Andry tena ilaina mampijoro ny literatiora ankoatra ny mpanoratra sy ny asa soratra ihany koa ny mpamaky.*”¹¹¹ Tsy misy lanjany ny asa soratra raha tsy misy mpamaky, miasa foana kosa ny mpanoratra rehefa tsy misy mpamaky na mpihaino ny asa soratra nataony.

- **Ny poeta**

Araka ny Rakibolana Larousse, “*ny poeta dia ny mpanoratra manoratra poezia. Ny olona manana aingam-panahy amin'ny fanaovana tononkalo ihany koa.*”¹¹² Ireo manana talenta hanoratra tononkalo izany, ka manana ny fahaiza-manao amin'ny fandrafetana azy ireny, na eo amin'ny lafiny endrika na ny lafiny hevitra no lazaina fa poeta.

¹⁰⁹ RABENOELY, *Lovako T9*, op. cit., tak. 35

¹¹⁰ (J.P) SARTRE, *Qu'est-ce que la littérature?* Ed. Gallimard, Col. « Point », Paris 1948, « *On écrit pas pour soi-même* », p. 43

¹¹¹ (R) RAMAHERISON, *Ambioka*, Febroary 2001

¹¹² Dictionnaire petit Larousse illustré, librairie LAROUSSE, Paris, 1982, p. 778, « *Ecrivain qui pratique la poésie. Personne qui a un tempérament poétique.* »

I Nasolo koa dia nilaza fa ny Poeta dia “*mpanangona ny onjan-tsenton’ny olona, milaza izany amin’ny fomba mihoatra ny andavanandro. Mpandrafitra ny hafaliana, ny fahoriana, ny hadalana amin’ny fomba kanto ka manova izany ho fiainana misy lanjany. Mpilaza ny ao am-ponao sy mpanangona ny ho avy vaovao.*”¹¹³ Izany hoe, mpanoratra ireo zavatra mifamahofaho eo amin’ny fiainan’ny olona andavanandro sy ny zava-misy mety ho ao anatin’ny fon’ny olona manoloana izany ny poeta. Ankoatra izany, ny mpanoratra mahay mamisavisa sahady ny zavatra ho avy ary mandrafitra ireny rehetra ireny amin’ny fomba kanto koa ny poeta.


Raha atao indray milaza, olon’ny aingam-panahy omban’ny fisainana mandanjalanja, amin’ny fanehoana ny fiainana sy izay toe-javatra mety manindry ny mpanoratra, ary mahay maneho izany amin’ny fomba kanto no antsoina hoe poeta. Tsy inona akory io “*aingam-panahy*” io, *fa ilay hery manentana miditra ao amin’ny mpanoratra ka manindry sy manetsika azy hamokatra asa kanto.*

Manaraka izany, tsy tongatonga ho azy ny asa soratra ataon’ireny poeta ireny. Misy akony eo amin’ny asa soratra ny tontolo manodidina ny mpanoratra sy ny zava-mitranga ao anatin’io tontolo io. Mety ho ny fiarahamonina nisy azy izany, na koa ny zava-nisy tao, na ny fiainana nodiaviny. Ankoatra ireo, ny fahafantarany ny fiainam-piarahamonina sy ny fahatsapana nananany. Ireny rehetra ireny no soratany, ka ny teny no fitaovana entiny mampita izany. Io teny io no fitaovan-tserasera ampiasain’ny mpanoratra ifandraisany amin’ny asa soratra sy ny mpamaky. Ny mpamaky eo am-pandraisana ilay asa soratra dia azo lazaina fa mifandray amin’ilay asa soratra sy ny mpanoratra. Miezaka manakatra sy mahazo izay ambaran’ny asa soratra izy amin’izany. Ireny hafatra raketin’ny asa soratra ireny dia misy antony raha tsy eo ny mpamaky izay mampisy aina azy. Koa tsy afa-misaraka ireo rehetra ireo fa mifameno mba hahalavorary ny asa soratra.

¹¹³ Antontam-panontaniana nasiam-baliny, in Tovana III, tak. 159

Kisary maneho ny fifandraisan'ny mpanoratra sy ny asa soratra ary ny mpamaky

Notsoahina avy amin'ny kisary nataon'i Jakobson¹¹⁴



Fanazavana ny kisary

Ny mpanoratra: Ny olona mpandefa ny hafatra.

Ny mpamaky: Ny mpandray ny hafatra.

Ny Tontolo manodidina: Fitambaran'ireo fepetra amin'ny mifehy ny fiarahamonina.

Ny famantarana: Ny teny

Ny hafatra: Asa soratra.

Ny fifandraisana: Ny fifandrohizana ara-tsaina sy ny zavatra hita maso eo mpanoratra sy ny mpamaky

Tsy azo odian-tsy hita izay voalaza rehetra izay, satria zava-dehibe eo amin'ny fandinihana ny fomba nentin'ny ny mpanoratra nitantara ireo. Iankinan'ny fomba fanehoan-kevitra ny mahakanto ny asa soratra iray, ary maha-literatiora ilay asa soratra.

Hidirantsika manaraka eto ary nypaika nentin'i Nasolo nitantara ao amin'ny tononkalony. Hohadihadiana amin'izany, ny tekinkan'ny fitantarana nampiasainy, ny endrika ivelan'ny tononkalo, ary ny fomba fanehoan-kevitra ny mpanoratra tamin'ny alalan'ireo sarinteny isan-karazany.

¹¹⁴ www.internet.uqam.ca/web/t7672/Schema.htm

« **Le destinateur** : celui qui envoie le message.

Le destinataire : celui qui le reçoit.

Le contexte : c'est l'ensemble des conditions sociales.

Le message : c'est le discours, le texte, ce qu'il « faut faire passer », lorsqu'il y a un message, cela suppose un codage et un décodage, d'où la présence du code.

Le contact : c'est la liaison physique et psychologique entre le destinateur et le destinataire.

Le code : la langue. »

3.1. NY FAMPIASANA TEKNIKAN'NY FITANTARANA AO AMIN'NY TONONKALON'INASOLO

Nampiasa fomba manokana nisarihana sy nanairana ny mpamaky i Nasolo ao amin'ny tononkalony, mba hananan'ny olona fahalianana amin'ny zavatra resahiny sy tantarainy. Ny fijerena ny mikasika izany no hirosoana manaraka.

3.1.1- NY FAMPIASANA FITANISANA SY FANORITSORITANA AMIN'NY ALALAN'NY MARIPIATOANA

Manao fitanisana ny mpanoratra rehefa mitantara, mampiasa karazana maripijanonan-tsoratra izy amin'izany. Ao anatin'izany no anomezany ireo andinindininy amin'izay zavatra lazainy, ka sady manoritsoritra ny zava-niseho izy amin'izany.

3.1.1.1- Ny faingo

- Nampiasain'i Nasolo tamin'ny filazana trangan-javatra maromaro, narahina famariparitana ireo toe-javatra resahiny ny faingo, ohatra ahitana izany ity:

“Zary mitambolona eto indray ilay fahitana hafahafa

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa

Menavava am-babena no mikiaka farariana

Reny maromaro mihovitrovim-panahiana

...

Etsy an-daniny etsy, fahitana mampihovitra

Vahoaka very saina sy mitafy lamba rovitra

Mila hiboridana, mihazakazaka sy ana

Ao anty bozaka ao midaraboka fa potraka

Satria manenjika ao aoriana vava basy an'alinalina

Vary raraka mazana, feo tafondro anaty alina.”¹¹⁵

Ireo toe-javatra maro samihafa nanjo ny mpitolona Malagasy sy ny vahoaka no nomarihan'ny mpanoratra eo amin'io tononkalo io. Nelanelanin'ny mpanoratra faingo hatrany ny fitaterana ireny zava-nisy ireny ary narahiny fanoritsoritana. Ohatra, raha nilaza ny fahoriana'ny vahoaka izy dia nambarany aloha ny zava-nanjo ny olona teo amin'ny lafiny toe-tsaina. Nolazainy fa very saina”, izany hoe, tsy mahalala na tsy mahita izay

¹¹⁵ Nasolo, in *Vondrona Ambara*, tak. 13

tokony hatao intsony ireo vahoaka manoloana ny zava-misy. Nosoritany manaraka eo, ny fitafiana rovitra, tsy mahatafy vatana, tsy maharo firy nanaovan'ny olona. Ary farany, ny famariparitana ny harerahana sy ny tifitra nahazo ny sarambaben'olona.

- Nanasaratsarahan'i Nasolo teny mitovy sokajy ihany koa ity maripiatana ity. Teny samy milaza anaran-toerana izany. Ireo faritra maromaro niray hina hanatanteraka fanafihana ho fanoherana ny fanjanahan-tany nisy teto amin'ny Nosy. Toy izao ny fanehoany izany:
 “Tany Moramanga, Ambato, Ambohimanga du Sud, Sahasihanaka,
 Hatrany Midongy ... indray nihetsika ny tafika
 Hanafika vazaha sy toby miaramila.”

In *V.A*, tak. 12

- Mbola nentin'ny mpanoratra nitanisa ny fiainam-pahazazany koa, ny faingo, araka izao:

“ [...]

Natao tsy nandrera mandavan-taona

Fanenjika, kiafina, raosijamba.

Tolona ifanaovana mandrovi-damba.

[...]

Ary na dia ririnina mangirifiry

Anaty sarotro, tsy maharo firy

Vonto haatsiaka, mbola tsaroako

Ny tongotro ngoly, tsy misy kiraro”¹¹⁶

Nampiasain'ny mpanoratra tamin'ny fitaterana ireo karazan-dalao faonaony fahazaza, toy ny “fanenjika, ny kiafina, ny raosijamba”, ary koa nilazany ny fahasahiranana niainany tamin'izany ny faingo. Ny tsy fahampiana ara-pitaovana, indrindra, ny lafiny fitafiana izay niteraka fihafiana teo aminy no noresahiny.

Tsy ny faingo ihany no hita ao amin'ny asa soratr'i Nasolo rehefa nitanisa sy nanoritsoritra fa ny teboka telo koa.

3.1.1.2- Ny teboka telo

Nampiasa teboka telo matetika i Nasolo ao amin'ny tononkalony. Samy hafa ny toerana nametrahany izany, arakaraka ny antony avy. Hita ao amin'ny *Vondrona Ambara* ny teboka telo manomboka andalana, manelanelana ary mamarana andalana.

¹¹⁶ NASOLO, “Gaina”, op. cit, tak. 22

➤ **Teboka telo manomboka andalana**

Fahita ao amin’ny tononkalon’ny mpanoratra ny teboka telo manomboka andalana. Nampitany hevitra amam-pihetseham-po manoloana ny fihetsik’ireo mahantra tsy manampialofana. Ohatra amin’izany ny hita eto:

“... dia mankararirary fo. Sosotra aho, ndeha hiverina
no nisy hafa indray koa, ngilon-doto tandalerina
niambozizy nitambezona: “Mba omeo Ariary roa”
... nisy henoko nanozona, nizara ompa sy kisoa.”¹¹⁷

Nanomezan’ny mpanoratra fotoana kely hisainan’ny mpamaky amin’ny zava-boalazany ireo teboka telo ireo. Nataony hanomezana fampieritreretana ny mpitondra fanjakana ary nanaovany fitsikerana koa ity mari-piatoana ity.

Hita ao anatin’ireo andalana vitsivitsy ireo ny fihetsika sy teny mahamenatra ataon’ireny olona mahantra ireny. Mety mahasorena ny olona izany, nefa voatery maneho izany izy ireny noho ny tsy fananana manempotra azy.

➤ **Teboka telo manelanelana fehezanteny**

Ampiasain’ny mpanoratra eny anelanelan’ny andalana koa ny teboka telo. Ny andininy telo ato amin’ity tononkalony iray ity dia nahitana izany avokoa:

“Ataoko ihany ny tsy hiteny ireny fahazazana ireny
fa hanoratra aézy am-po, mba ho sary sarobidy

nefa toa mamelovelolo loatra ... Azo atao ny tsy hiteny
hampitony tsy handroatra, io ihany fa tadidy.

Ny fitsirin’ny fitiavako, ny hery vaikany hivelatra.
Ny tsiambaratelom-bavaka, ny lalao fangalampiery,
ireo valopy sesehena ... nikotrika azy hanan’elatra
sy horonan-taratasy voatahiriko tsy ho very ...

[...]

Ilay teo amorom-pasipotsy nandinika ny rano masina
Ny alona miaka-midina, ilay kotsa hatreny antsasa-dranjo

¹¹⁷ NASOLO, op. cit, tak. 41

Ny rano sy ny halaliny, ny onjany, ny fitopany sy fidadasiny
Ilay natosiny nianjera ... lena hatrany anaty akanjony.”¹¹⁸

Mba hahazoan’ny mpamaky misaintsaina ny hevitra voalaza teo aloha, sy hahafahany mifantoka indray amin’izay ambaran’ny mpanoratra manaraka no antony nametrahan’i Nasolo ny teboka telo eo am-povoan’ny andalana. Mamintina ny hevitra rehetra nolazainy teo aloha ilay fehezanteny aorian’ny teboka telo. Ny hafatra ampitain’ny mpanoratra eto dia ny hoe, sarotra ny manadino ny zavatra niainana taloha, indrindra eo amin’ny lafiny fitiavan’olon-droa.

Ahitana izany asan’ny teboka telo izany ihany koa ity ohatra manaraka ity:

“ [...]

Tany tomany no tsapako androany

Mamo sy ripaka izao ireo zanany

Voatevy ny ala, may ny tanety

Ritra ny ony, ... efa tsy mety.”

in *Vondrona Ambara*, tak. 27, andn. 3

Eto dia nampiarahan’ny mpanoratra tamin’ny faingo ny teboka telo. Manery ankolaka ny mpamaky hameno sy hitanisa hevitra mikasika izay nambarany izy amin’izany. Fitanisana ny fahasimban’ny tontolo iainana no hevitra navoitran’ny. Ny fehezanteny aorian’ny teboka telo kosa no nentiny namintinana izay rehetra nambarany. Manantitrantitra ny tsy fetezan’ny fanimbana ny zava-boary sy ny tontolo iainana izy amin’izany.

Fanampin’izany, nampiasain’ny mpanoratra hanomezana ny mpamaky fotoana hieritreretana izay nolazainy teo aloha ny teboka telo. Nampiany fanantitranterana izany, eo amin’ny teny nampiasainy aorian’ny teboka telo ihany, araka izay hita tao amin’ny tononkalony. Ny hafatra ampitain’ny mpanoratra ao dia ny fandalana ny teny Malagasy. Araka ny lazainy eto amin’ity andalan-tononkalo ity:

“Sarobidy izany ANDRAINA... marina”, in *V.A* tak. 46

Misarika ny sain’ny mpamaky ny mpanoratra eto hiombo-kevitra aminy amin’izay voalazany rehetra teo aloha.

Ankoatra ireo voatanisa ireo, dia hita ao amin’ny *Vondrona ambara* ihany koa ny teboka telo mamarana andalana.

¹¹⁸ NASOLO, “Azo atao”, in *Vondrona Ambara*, tak. 10

➤ **Teboka telo mamarana andalana**

“[...]

Lalina!

Lasana aho nimaona ...

Tena lalina ...

Asa mbola firy taona

No hiaina anaty dalina?”

In *V.A*, tak. 42, andn. 7

Nanehoan’i Nasolo ny halehiben’ny fihetseham-pony tsy hay lazaina eto ny teboka telo. Fihetseham-po nateraky ny tsangan-javatra tsy nampoizina loatra, dia ny fiteny ratsy nataon’ireo mahantra sy ny fihetsika nasehon’izy ireo.

Ankoatra ireo, nampiasa tsoraka koa ny mpanoratra, nentiny nanoritsoritra ireo zavatra notanisainy, ary nampitany fiheyseham-po tamin’ny mpamaky.

3.1.1.3- Ny tsoraka

Mitana anjara asa lehibe ao amin’ny asa soratr’i Nasolo ny tsoraka. Ahafahany manasongadina ireo fihetseham-po samihafa tiany ho tsapan’ny mpamaky ny fampiasana azy io.

- Nanehoan’ny mpanoratra fihetseham-po feno fangorakorahana ny tsoraka, rehefa nitatitra momba ny tantara izy. Ohatra amin’izany ny voarakitra eto:

“Tamin’izany ange, ray olona, ka rà mandriaka

Kiakiaka! famonoana faobe!

Hakiviana,”

In *V.A*, tak. 13

[...]

Mihoron-koditra ny hodi-doha! mangatsiaka! an-taravelona

Mahita olo-manan’aina sahiny nodoram-belona.

[...]

“Eh! Maty sombinaiko, nanefa ny adidiny”

In *V.A*, tak. 14

Toe-po mangitakitaka sy mangorakoraka noho ny toe-javatra nisy tamin'ny famonoana ny Malagasy, Malagasy nitaky ny zony sy ny fahafahany no asehon'ny tsoraka eo amin'ireo andalana vitsivitsy ireo. Nanehoan'ny mpanoratra ny taraina sy ny fihetsiky ny mpanjanatany rehefa namono ny Malagasy izy. Tsy nisy fitsitsiana sy fanavahana, fa izay Malagasy hitany sy tratrany notfiriny avokoa.

- Nentin'i Nasolo naneho ny antsoantson'ny vahoaka ihany koa ny tsoraka. Antsoantso nataony hanoherana ny tfitra nataon'ireo miaramila, mba hiarovany tena. Taterin'ny mpanoratra amin'ity ampahan-tononkalony ity izany:

“Rano e! rano

Rano! Rano

Nino izy

Sain'ankizy!”

In *V.A*, tak. 14

Izany antsoantso hoe: “Rano e! rano!” izany no nitsenan'ny vahoaka ny basy marovava. Ninoan'ny Malagasy fa hampiova ny bala ho rano izany teny izany, kanefa, tsy izany no niseho fa tapitra maty izy ireo.

- Ankoatra izany, nampiasain'ny mpanoratra hanairana ny mapamaky amin'ny zavatra lazainy koa ny tsoraka. Toy izao no nanehoany izany:

“[]

Maty! maty! Lany maty, an'alina ny valiny

Eny! Tena marina. ...”¹¹⁹

Ny fahamaroan'ny olona maty tamin'ny 1947 no nentin'ny mpanoratra hanairana ny sain'ny mpamaky eto. Ny tanjony amin'izany dia ny handatsaka ao am-pon'ny mpamaky, fa aina maro no vidin'izao fahaleovantena hiainana ankehitriny izao.

3.1.2. NY FANAOVANA FAMINTINANA

Manisy famintinana kely hatrany i Nasolo ao amin'ny tononkalony, rehefa mitantara toe-javatra iray. Mety ataony eny am-piandohan'ny tononkalo na eny am-pamaranana izany. Miankina amin'ny fizotran'ny fitantarana ataony sy ny zavatra tiany marihana sy asongadina no ametrany izany.

¹¹⁹ NASOLO, in *V.A*, tak. 12

3.1.2.1. Famintinana eo am-piandohan'ny tononkalo

Ohatra:

“ ...

Ny tolon'ny fito amby efapolo

No vato fehizoron'ny Fahaleovantena Malagasy.

Ny tena lanjan'ny Fahafahana,

dia ny hahitana fahasambarana

Ho an'ny isam-baravarana.”

in *V.A*, tak. 11

Nanao famintinana ny hevitra horeshahiny, eo am-piandohan'ny tononkalony i Nasolo. Miavaka izany, satria, raha tokony ho any amin'ny farany no fametrahana ny famintinana dia nataony teny am-panombohana izany. Ny hampiharihary amin'ny mpamaky ny vontootin-kevitra mialoha sy hisarihana ny sain'ny olona ho liana amin'ilay asa soratra no antony. Eo amin'io ohatra io, dia ny fomba nahazoana ny fahaleovantena sy ny vokatra tokony ho hita eo amin'ny isam-batan'olona aorian'ny fahazoana ny fahafahana no vontootin-kevitra nasongadiny. Tsy inona izany, araka ny voalaza eo, fa ny tolona nataon'ny Malagasy, ary ny fahasambarana tokony ho tsapan'ny tsirairay rehefa azo ny fahaleovan-tena.

3.1.2.2. Famintinana any amin'ny faran'ny tononkalo

Fanaon'i Nasolo koa ny manao famintinana any amin'ny faran'ny tononkalony. Nataony hamehezana ny zavatra voalazany tao amin'ireo andinin-tononkalo teo aloha izany, nilazany ihany koa ny vokatr'ilay toe-javatra noreshahiny. Mitatitra mikasika izany ny mpanoratra manao hoe:

[...]

“Nefa gadra, sesitany, vono, no sandam-pitakiany.

Tapa-pe mandra-maty, kilemaina sy nahantra

Izy maty ho an'ny TANINDRAZANY”

In *V.A*, tak.12

Eto ny mpanoratra dia mamintina izay nambarany rehetra. Nasehony tamin'izany ny vokatra ny fitakiana nataon'ireo Malagasy. Tsy mbola nahazo fahafahana izy ireo, fa fampahoriana sy fahafatesana no setrim-pitakiany. Nanao sorona ny ainy izy ireo noho izany. Mazava ho azy, fa ny hetsim-pitolomana ho fanoherana ny fitondran'ny mpanjanan-

tany no notantarain'ny mpanoratra ao amin'ny tononkalony iray manontolo. Izany no nofintininy tamin'ny andininy iray farany.

Nahitana fampiasana mari-piatoana « baraingo » any anatin'ny famintinana nataon'i Nasolo. Misarika ny fahalianan'ny mpamaky, sy mampandray anjara azy hiditra amin'ny hevitra arosan'ny mpanoratra ny fisian'ireny.

3.1.2.3. Fampiasana mari-piatoana baraingo

- Nataon'ny mpanoratra tany amin'ny famintinana ny “baraingo”, mba hanamarihany ny vokatra ny tolona tamin'ny taona 1947. Araka izao tateriny eto izao:

“Fito amby efapolo?”

Tolona namono

Fa namelom-pahafahana”

In *V.A*, tak 14

Eto ny mpanoratra dia sady milaza ny voka-dratsin'izany tolona izany, no nilaza ny soa naterany koa. Andaniny ny fahafatesan'ny Malagasy maro, ankilany kosa, ny fahazoana ny fahafahana. Nanaitra ny sain'ny vahoaka ihany koa izy eto, mba hitodika ny lasa ka hiombo-pihetseham-po aminy.

Marihina fa tsy any amin'ny famintinana fotsiny no nampiasan'ny mpanoratra ny “baraingo”, fa any anatin'ny fitantarana koa.

- Nilazan'ny mpanoratra ny tsy fahafahan'ny vahoaka manao, toa tsy mahita izay lalan-kombana sy very hevitra ihany koa ity mari-piatoana ity. Anterin'ny mpanoratra indrindra izany manao hoe:

“Vahoaka very saina sy mitafy lamba rovitra

Mila hiboridana, mihazakazaka sy ana

Manontany tena hoe: “Inona no hiafarana?”

Ny fanahiny tsy mandry fa mandraiki-mahimahina

Miherikerika mazan, maso zary pahina?”, in *V.A* tak, 13

- Tsy izany ihany, fa nanehoan'i Nasolo ny fanirian'ny vahoaka, te hiala ao anatin'ny gejageja sy famoretana samihafa iainana ankehitriny eo anivon'ny fiarahamonina koa ny “Baraingo”. Hetaheta sarotra tanterahina, anefa izany. Iray amin'izany ny toe-javatra resahiny ato amin'ity andinin-tononkalo ity:

“ ...

Nisy ihany te hitroatra
 Saingy tsy afaka nanoatra
 Dia niaritra ny ngidiny
 Foana teo ny safidiny
 Sy izay menomenom-pony
 Niriny tsy isy intsony
 Tamboho mangejageja

Vao mainka io nateza
 Sy mijoro hatramin'izao
 Nanana endri-baovao
 Rindrim-bato, vy makarakara
 No manosika mandrara
 Fa tsy azonao idirana
 Misy vala manahirana
 Ny fifandraisana taloha
 Voahodidina tamboho

Mbola lovaina ankehitriny
 Iza no omena tsiny?”¹²⁰

Ny fehezan-teny manontany no faranana amin'ny “baraingo”. Misy valinteny andrasana amin'ny mpamaky izany, ka mety ny hoe: “tsy misy” no andrasana eto.

Fanontaniana mifono fitsikerana ny zava-misy iainan'ny vahoaka, noho izany, no ataon'ny mpanoratra eo. Ambarany ao anatin'izany ny fanirian'ireo mpitolona, dia ny mba tsy hisian'ny fangejana intsony aty aoriana na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona, satria, fangejana amin'ny endriny vaovao no iainan'ny vahoaka izany ankehitriny.

Misarika ny sain'ny mpamaky hisaina ny lasa sy hijery ny tokony atao hahafahana amin'ny geja mbola mamatotra ny fiarahamonina ny mpanoratra raha nampiasa ny “baraingo” teto.

Araka izany, dia nanehoan'ny Nasolo ny fihetsiky ny Malagasys voageja sy vokatry ny tolona nataon'ireo tia tanindrazana ny baraingo.

¹²⁰ NASOLO, op. cit, tak. 35

Araka izany, nanehoan'i Nasolo ny fihetsiky ny Malagasy voageja sy ny vokatry ny tolona nataon'ireo tia tanindrazana ny "baraingo".

- Ankoatra izany, nanehoan'ny mpanoratra ny fahapotehan'ireo harena voajanahary koa ity mari-piatoana ity, araka ny nambarany manao hoe:

"Nankaiza izao ilay varongy mijoala

Ireo karazan-dravinkazo fanao fanafody?

Lasana lavenona ho varo-tsy mifody"¹²¹

Ny faharipahan'ireo zava-maniry ilaina eo amin'ny lafin'ny famokarana no noresahan'ny mpanoratra teo amin'io andininy iray io. Baraingo no mari-piatoana nampiasainy tamin'izany hanairana sy hisarihana ny sain'ny mpamaky amin'izany ay hevitra narosony.

- Nampiasain'i Nasolo ho fampandraisana anjara ny mpamaky, kosa, ny baraingo amin'ity andinin-tononkalo iray ity:

"Ianao izay manan-tsofina fa minia marenina. Renao ve?

"Ianao izay mana-mako fa minia mikimpy. Hitanao ve?

"Ianao izay mahatsapa fa minia domelina. Sahinao ve,

"Ianao mangatak'andro vao hanova toetra - Rahoviana ihany re?

"Iananao tsy mba taitra ny zavatra miseho - Ho zakanao ve?

"Ianao antsoina tsy manoina, satria mankafy ny zavatra ny tany: Henoy!"¹²²

Sesilany no nampiasan'ny mpanoratra ny baraingo eo amin'io ampahan-tononkalo io. Fampieritreretana lalina ny mpamaky no ataon'i Nasolo amin'izany. Ireo olona manana fitondran-tena tsy mety no iantefan'ny tsikera nataony tamin'izany.

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny lafiny fampitan-kevitra ny fahaiza-mitanisa sy manoritsoritra ary ny fahaiza-mamintina ny zavatra ambara. Ny fampiasana ireny mari-pijanonanan-tsoratra ireny dia manampy ny mpanoratra amin'izany, ary manampy ny mpamaky hahazo sy hahatakatra izay tian'ny mpanoratra hampitaina koa. Nofantenan'ny mpanoratra manokana ireny mba hifanandrify amin'ny hafatra sy ny fihetsem-po tiany nasongadina.

¹²¹ Op. cit, tak. 17, and. 3

¹²² NASOLO, "Antso farany", in V.A, tak. 2

3.1.3. NY FAMPIASANA “SORABAVENTY”

Anisan’ny tetika iray nampiasain’ny mpanoratra tamin’ny fitantarana ny fampiasana sorabaventy, indrindra, rehefa miresaka tantaram-pirenena izy. Nomarihany manokana ireny, hampibaribariana amin’ny mpamaky avy hatrany ny hevitra fonosin’ireny teny tsirairay ireny. Tsy tamin’ny anaran’ny olona ihany no nampiasany izany, fa tamin’ireo teny samihafa izany tiany havoitra ihany koa. Ny hevitra amam-pihetsehem-po raketin’ny fampiasana ity “sorabaventy” ity ary no ’ndeha hojerena manaraka eto.

3.1.3.1. Sorabaventy fanamarihana teny

- Nentin’ny mpanoratra nanindriana teny iray ka tiany navahana amin’ireo teny hafa sasany ny sorabaventy, amin’ny maha-marika fanamarihana teny azy ¹²³. Ireo anarana mpitolona Malagasy sy ireo mpanjanaka vazaha amin’ity ohatra noraisina ity no nampiasany sorabaventy.

“1895 – 1898.

Raha vao resy Andriba ry RAININJALAHY

Ry RAINIMANONJA

dia nanao be fiavy ireo mpanjanaka vazaha

ry METZINGER,

Ry LEFEBRE ...

Ry LAROCHE ...

Ny MENALAMBA kosa nivonona tsy hanova

Ny satam-pitondrana, tsy laitra norarana

Ry RABOZAKA

RABEZAVANA,

RAINIBETSIMISARAKA

RAINITAVY,

...ry KOTAVY”

Asehon’ny mpanoratra amin’ny alalany tarehin-tsoratra vaventy ny fanomezany lanja manokana ireo tia tanindrazana Malagasy sy ny fampifanatrehany ny Malagasy sy ny Frantsay. Nifanandrina tamin’ny mpanjanaka ny Malagasy mba handrodana ny


¹²³ www.mediawiki.org/personnification

“La majuscule peut jouer un rôle de soulignement »

fanjakazakan'ny Frantsay teto. Hita eto fa maneho izany ny fomba nandaharan'i Nasolo ireo anaran'olona ireo.

Ireo mpiantafika Malagasy roalahy: Rainianjalahy sy Rainimanonja no nahariharin'i Nasolo eo am-panombohana ny tononkalony. Nanehoany ny maha-izy azy ny Malagasy sy nanomezany lanja betsaka ny Malagasy noho ny vahiny. Eo amin'ny fomba nandaharan'ny mpanoratra azy ireo koa dia efa ahitana izany. Anarana Malagasy no nolazainy voalohany ary narosony aloha kokoa ny toerana nanoratany azy, araka ny hita eo ambony eo. Raha lazaina amin'ny teny iray izany, dia latsa-danja noho ny Malagasy no niheveran'ny mpanoratra ireo vazaha mpanjanantany. Izy ireo rahateo, nanao izay nandrombahana ankeriny ny fanjakana Malagasy.

Kisary maneho an-tanantohatra ny lalana nodiavin'ny firenena Malagasy ary ny fiheverana mikasika ny Malagasy sy ny vahiny, araka ny tononkalo



Azo tsoahina avy amin'io kisary io fa miendrika kitohatohatra no nitantaran'i Nasolo ny fihetsiky ny Malagasy sy ny vazaha tonga teto. Manambara ny lalana nodiavin'ny firenena, ny tolona nifandimby sy ny firosoana ho any amin'ny fahafahana izany. Nalahatry ny mpanoratra ho eo anelanelan'ny anarana Malagasy ireo anarana vahiny, araka ny hita eo, mba hanehoany ny herim-pon'ny Malagasy tsy namela mahazo ny taniny ho eo ambany vahoan'ny mpanjanatany, niady hatramin'ny farany, mandra-pahazoana fandresena.

Nentin'ny mpanoratra nanindrahindra ny herim-pon'ny Malagasy. Nanehoany ny fahalebiazan'ny fitiavan-tanindrazana tao am-pon'ireo tia tanindrazana sy ireo mpitolona niady hanohitra ny fanjanahantany, toa an-dry Rainianjahy, Ravelojaona, Ralaimongo sy ny namany ihany koa ny "Sorabaventy"

- Tsy anaran'olona ihany no nomarihany manokana toy izany, fa ny anarana vondron'olona isam-paritra sy ny anaran'ireo antoko nisy tamin'izany koa. Ahitana izany ireto andalantononkalo maromaro ireto:

"1904 – 1905

Tany atsimo ry KOTAVY.

Mbola vonona, feno hafanam-po.

Lehilahin'y SADI VAHY

TANOSY maro sy TANDROY,

BARA, VEZO,

MAHAFALY

Notarihin-dRy BEFANOHA, REGAKY,

MAHAVELO

ISAMBO

R'INGEREZA..."

In *V.A.*, tak. 11

Nataon'ny mpanoratra hanehoana ny fiaraha-mientan'ny Malagasy tsy vaky volo koa ny sorabaventy. Maneho ny firaisan-kina, izay zava-dehibe eo amin'ny Malagasy, ka nomeny lanja manokana. Raha atao indray mijery ny fomba nandaharan'ny mpanoratra ireo anaran'olona sy vondron'olona ireo dia mbola manome kitohatohatra ihany. Maneho ny ambaronga maro nolalovan'ny Malagasy nandritra ny tolona: Tetik'ady samihafa najoro mba hahazoana ny fahafahana, firosohana hatrany,... no nataon'izy ireo tamin'izany.

3.1.3.2- Sorabaventy fanasongadinana teny¹²⁴

Fanampin'ireo teny izay nomarihan'ny mpanoratra manokana ireo dia nisy koa ny teny nasongadiny tao anatin'ny tononkalony. Nasehony tamin'ny endri-tsoratra vaventy izany, mba ho fampibaribariana amin'ny mpamaky ny mampiavaka azy amin'ireo teny hafa. Ny hevitra entin'ireny teny ireny no tena tiany havoitra sy hasongadina amin'izany.

¹²⁴ www.mediawiki.org/personnification

«Les majuscules sont une marque d'insistance.»

Nahariharin’i Nasolo tamin’ny alalan’ny sorabaventy ireo voambolana noheveriny fa manan-danja noho ny teny hafa. Hotsongaina tsirairay avy ato amin’ireto andinin-tononkalo vitsivitsy ireto izany:

“1917 – 1944

Nisy Betsileo iray, dia Ingahy RALAIMONGO

Nanao ny ainy tsy ho zavatra. Raha vao tonga

Avy tamin’ny ady lehibe dia niatrika ny olana

Nandrava ny SMOTIG

Nitaky ny Fitovian-jo

Niady ho amin’ny FAHAFAHANA

Ireto misy namany: Paul DUSSAC

Jules RANAIVO

Nefa gadra, sesitany, vono, no sandam-pitakiany.

Tapa-pe mandra-maty, kilemaina sy nahantra

Izy maty ho an’ny TANINDRAZANY.

[]

Sivy alina ny maty? Tsy tany!

Misy fasan-dapa be any Moramanga

Misy tsy hita na re fa an-tsirangaranga

No nandrenesana fa hoe: “atsy misy fasambe”

...misy toy ireny any ANJOZOROBÉ

[]

“Ny tolon’ny Fito amby efapolo

No vato fehizoron’ny

FAHALEOVANTENA MALAGASY

Ny lanjan’ny Fahafahana

Dia ny hahitana fahasambarana

Ho an’ny isam-baravarana”¹²⁵

Navahany tamin’ny alalan’ny tarehin-tsoratra lehibe ny teny hoe: “SMOTIG”, satria, mifono hevitra iray lehibe dia ireo asa an-terivozona nampanaovina ny Malagasy teto amin’ny Nosy. Toraka izany koa, ny teny hoe FAHAFAHANA sy TANINDRAZANA ary FAHALEOVANTENA MALAGASY, satria, ireo no fototry ny fitakiana sy ny tolona

¹²⁵ NASOLO, in *Vondrona Ambara*, tak. 12

nataon'ny Malagasy. Ny hahafahan'ny Tanindrazana dia ny firenena Malagasy eo ambany vahoan'ny Frantsay no tanjona. Raha tsy misy Tanindrazana tsy misy Fahaleovantena, satria, ny Firenena iray manana vahoaka entina sy manana ny fombany manokana ka tsy gejain'ny hafa, no lazaina fa mahaleotena. I Madagasikara no tanindrazan'ny Malagasy. Ho azy ny fahaleovantena izay nokatsahina hahazoantsika fahafahana. Tsy azo mora foana izany, fa maro ny zavatra niharetany vao tonga tamin'izany. Ny hahazoana ny Fahafahana no antony niaretan'ny Malagasy ireny fangirifiriana sy fahoriana samihafa ireny. Ny fanenjehana samihafa sy ireny fampahoriana maro nahazo ny vahoaka ireny, araka izany, no isan'ny hery nanosika ireo tia tanindrazana, ho sahy ka nitaky ny fahafahana hatramin'ny farany, mandra-pahazo izany. Ny fisian'ireny no vao mainka nampitombo ny fanantenan'izy ireo, hiroso bebe kokoa tamin'ny dingana tsy maintsy natao, hanatrarana ny tanjona dia ny Fahaleovantena.

Nahatsapa ny Malagasy fa “Masina ny Tanindrazana” ary tsy manana ny zony eo amin'ny taniny izy ka nitady fahaleovantena. Azo ambara etoana àry fa misy fifandraisany ny Tanindrazana sy ny Fahaleovantena ary samy zava-dehibe, manana ny lanjany. Tsy afamisaraka ny Tanindrazana sy ny Fahaleovantena, satria, ny antony nikatsahana fahafahana dia ho an'ny Tanindrazana ihany. Lova sarobidy ho an'ny taranaka mifandimby ny fahaleovantena, izany no anterin'i RADO amin'ny hoe:

“Ny fahaleovantena, Razanako izany,

Dia lova miverina, ka sarobidy,

... „¹²⁶

Raha fehezina ireo voalaza ireo, ny Fahaleovantena dia fananana fahafahana eo amin'ny lafiny rehetra. Fahafahana maneho ny fitiavan-tanindrazana, ka tsy baikoin'ny hafa, mba hananan'ny tsirairay fahasambarana. Naneho izany i Nasolo manao hoe:

“Ny lanjan'ny Fahafahana

Dia ny hahitana fahasambarana

Ho an'ny isam-baravarana”, in *V.A.*, tak. 103

Manaraka izany, navahany tamin'ny alalan'ny tarehin-tsoratra ity ihany koa ny teny hoe: ANJOZOROBÉ, noho io toerana io nametrahana ny fatin'ireo maty sasany tamin'ny adin'ny fito amby efapolo. Toerana nahitan'ny mpanoratra ravinahitra ihany koa sady fonenany ankehitriny.

¹²⁶ Lovako T9, op. cit, tak. 49

Ny teny hoe: “FITO AMBY EFAPOLO”, ihany koa, dia nasehony toy izany, hampibariariany ny fotoanan’ny ady nahery vaika teto Madagasikara, ka nahafaty ireo mahery fo sy vahoaka maro. Fotoana nitrangan’izany toe-javatra mampalahelo izany teto amin’ny Nosy. Tsara ho fantatry ny olona sy ho tsarovany hatrany, ka nasongadin’ny mpanoratra.

Nisy andian-teny vitsivitsy koa nataon’ny mpanoratra soratra matevina na “gras”, ankoatra ireo nataony sorabaventy. Ohatra amin’izany ny hita eto amin’ity andinin-tononkalo iray ity:

“Tsy ny daty no ivavahana

Na anavahana fotoana isaorana ny Tompo,

Fa izay tena ho katsahina

Dia ny fototra iorenan’ny tena Fahafahana.

Ny tolon’ny fito amby efapolo

No vato fehizoron’ny Fahaleovantena Malagasy.

Ny tena lanjan’ny Fahafahana,

Dia ny hahitana fahasambarana

Ho an’ny isam-baravarana.”¹²⁷

Nomen’i Nasolo endrika miavaka eto ireo andalana telo ireo, nentiny namintinana ny hevi-dehibe mivoitra ao amin’ny tononkalony. Tsy inona izany, fa ny tolona nataon’ny Malagasy tia tanindrazana sy ny vokatry naterak’izany: Ny fiaretan’izy ireo no nampijoro ny Fahaleovantena, ary koa ny fahatsapan’ny tsirairay avy ny lanjan’ny fahafahana sy ny fananany izany eo amin’ny andavanandrom-piainany.

Farany, nifantina voambolana manokana i Nasolo ao anatin’ny fitantarana ny zavany sy ny tranga samihafa nambarany.

3.1.4. NY FAMPIASANA VOAMBOLANA VOAFANTINA

Manamora ny fahazoana ny hevitra ny tononkalo sy ny fanakaran-kevitra ny fahafantarana ny loharano nanovozan’ny mpanoratra ny voambolana nampiasainy. Tsara ho an’ny mpikaroka noho izany ny mahalala ireny.

Amin’ny ankapobeny dia voambolana nalaina avy tao amin’ny Baiboly sy teo anivoon’ny tontolo manodidina sy ny zavaboary ary avy amin’ny teny Malagasy tranainy no

¹²⁷ Ibidem

misongadina ao amin'ny vondrona ambara. Hohadihadiana eto ambany izany rehetra izany.

3.1.4.1. Ny voambolana nalaina teo anivon'ny tontolo manodidina sy ny zavaboary

Nampiasain'ny mpanoratra ireo voambolana notsoahina avy amin'ny tontolo manodidina sy ny zava-boary ireny, mba hanoharany ny fiainan'ny olombelona. Noheverina fa misy ifandraisany ny toetran'ny zava-boary sy ny toetran'ny olombelona, na ny hevitr'izy ireny eo amin'ny fiainana, ka izany no nandraisana azy. Noharin'ny mpanoratra amin'ny “tany mena”, ohatra, ny mponina miaina ao anaty fahasimbana. Ny fahasimban'ny toe-tsaina, indrindra indrindra, manoloana ny fiainam-pirenena. Ny hitokona sy hamaly faty ary hatezerana no mameno ny sain'ny vahoaka, noho ny ratra nahazo azy. Mitatitra izany ny mpanoratra amin'ny filazana hoe:

“Tany mena lavadavaka, maradratra feno ratra

Tany mena misafoaka mamoka dilatra efa fotaka

Tany mena be fiavy, lela-maranitra fikatrana

Tany mena lian-dra, varahontsan'ny vahoaka te-hirotaka.», in *V.A*, tak. 36, and. 5

Ampitahain'i Nasolo amin'ny “tany mena” ny toe-po sy toe-tsain'ny olona tsy mahazaka intsony ny zava-nisy na ny endri-pitondrana nisy. Mamela faritra sy mandoto izay lalovany ny tany mena ary tsy mifidy hasiana. Izany no tian'ny mpanoratra nambara tamin'ny fomba ankolaka.

Tsy ny “tany mena” ihany no nanoharan'ny mpanoratra ny olona sy ny toetrany fa ny zavamaniry ihanykoa. Asehony amin'ity andinin-tononkalo manaraka ity izany:

“Tany rotaka, fa hirotsaka ny tendrombohitra

Ho lavo koa ireo handraregina, hiongana ny aviavy

Ho tapaka ny amontana, hena velona ny iray vohitra

Rava ny harena, lavenona, nisy voky sy natavy”

in *V.A*, tak 36, and. 6

Ny aviavy sy ny amontana no nanehoany ireo mpitondra fanjakana. Zava-maniry manana ny hasiny sy ny lanjany ireo teo amin'ny fiarahamonina, nantsoina hoe: “Hazon'andriana”. Mitory fiandrianana sy fijoroan'ny fanjakana iray ny fisiany. Tamin'ny alalan'ireny no nilazan'ny mpanoratra ny fianjeran'ny fanjakana sy ny fialan'ny mpitondra, “Hiongana ny aviavy”. “Ho tapaka ny hamontana”, hoy izy eo ambony eo. Rehefa ny

vahoaka no manao fihetsiketsehana, maneho izany, fa tsy mahatanty ny zava-misy iainana izy ireo, ka matetika miafara amin'ny firodanan'ny fitondrana.

Manaraka izany, nanoharany ny endri-pifankatiavana koa ny zava-maniry. Hita amin'ity ohatra ity izany:

“Satriko ry Mamy, ho mamy tena Mamy

Ny fifankatiavantsika

Ho voninkazo soa no handravaka hatrany

Ny tokantranontsika”¹²⁸

Nirian'ny mpanoratra ho toy ny voninkazo izay manana ny hakantony sy ny hatsaran-tarehiny, ny fiainany eo anivon'ny tokantranony. Fiainana mahafinaritra sy mahate-honina no niriany, raha efa tao anatin'ny fahasahiranana no niainany teo aloha. Mety malazo sy maina anefa ny voninkazo ka mila fanolokoloana hitehirizna azy haharitra. Manantitra izany ny voalaza eto manao hoe: “...

Tondrahy tsy halazo ireo voninkazo’

Ny zaridainantsika”, In *V.A*, tak, 72

Nohariny tamin'ny voninkazo eny an-jaridaina ny fitiavana, ka mila fikojakojana.

Farany, nanaovan'ny mpanoratra famariparitana zavatra iray na hevitra tiany nasongadina ihany koa, ny zava-boary, araka ity ohatra ity:

“Vato tsy voapaika! Vato tsy voasokitra

Vatonanahary, vato tsy miraika

Vato totototra anivon-javaboary

Dia lazaina hoe miteny!”¹²⁹

Ny “vatonanahary”no nofariparitan'ny mpanoratra, vato tsy nasiam-panamboarana ary matetika miafinafina no misy azy, no nanehoan'ny mpanoratra ny maha-zava-dehibe azy ireny noho ny hevitra raketiny. Mitory hevitra isan-karazany sy mirakitra tantara.

Manasongadina izany ny voalaza eto:

“Vatolahy anamarihany tantaram-piainan-tsy ho lefy

Antaranaka misolo. Mirakitra ny zava-bitany

Vatolahy mari-drefy kolontsaina manontolo.

Moana izy fa miteny!, in *V.A* tak. 102, and. 5

¹²⁸ NASOLO, in *V.A*, tak. 72

¹²⁹ NASOLO, op. cit, tak. 102, and. 1

Tanisain'i Nasolo eo amin'ireo andalana vitsivitsy ireo, fa mampahatsiahy ny fiainam-piarahamonina n any fiainam-pirenena sy ny fomba amam-panao samihafa ireny tsangam-bato ireny. Hamantarana ny zava-nisy, ary indrindra ho rakitry ny lasa ho an'ireo zandry aty afara. Natao ho mariky ny fahavitan-javatra iray koa ny fijoron'ireny, n any zava-bitan'ny izay olona marihina eo. Ohatra, ny maherifon'ny firenena, sns. Izany no nilazan'ny mpanoratra eto hoe: “moana izy fa miteny!”, satria , milaza hevitra maro ny vatolahy.

Raha fehezina izay voalaza rehetra izay dia tsapa fa nentin'ny mpanoratra nandokoana ny toe-piainan'ny olona, sy ny fihetsiny ary ny lanjan'ny firaketana ny tantara, ny voambolana notsongaina avy tamin'ny tontolo manodidina sy ny zava-boary.

3.1.4.2. Ny voambolana Malagasy tranainy

“Dia tsy tana fa mirehitra raha vao tohina ny fony
Mitroatra ho afotroa ka mandoto izay lalovany
Mandatsak'aina mahafaty fa tsy tohany intsony
Nendahina ny lambany ka niseho izay narovany.”¹³⁰

Mampiasa ny teny hoe: “mitroatra ho afotroa” eto ny mpanoratra nilazany ny fisafoakan'ny fo tezitra manoloana ny zava-misy iainana. Mbola notsongainy manokana koa ny voambolana hoe: “Bandro” nilazany ny fiainan'ny vahoaka sy ny fifehazan'ny mpitondra fanjakana. Henoy ange ny filazany e!

“Tsy manaiky fa mitroatra
Mitady antony isan'andro
Mandrehitra afo hampandroatra
Satam-piainana efa bandro.”¹³¹

Ara-bakiteny, midika hoe mpangalatra na jiolahy ny teny hoe: “bandro”, fa ara-kevitra kosa, dia nanambaran'ny mpanoratra ny tsy fahamarinan'ny fitondrana misy, sy ny fitsentsefana ny vahoaka madinika ary ny fananararaotana ny tsy fahafahan'izy ireo miteny io teny io. Manantitra izany ny hoe:

¹³⁰ NASOLO, op. cit, tak. 36, and. 4

¹³¹ Op. cit, tak. 1, and. 2

“Misy aza mankaleo

Heritreritr’olom-bitsy

Noterena izy mba hanaiky

Na dia mahantra fara idiny.”, and. 2, adl. 12-15

Ankoatra izany, rehefa mitantara ihany koa i Nasolo dia mampiasa ny teny Malagasy tranainy hamoahany hevitra. Nentiny nilazana ny fihetsiky ny olona tojo zava-tsarotra ireny. Ohatra, tamin’ny fitantarany ny zava-nitranga tamin’ny fitondran-dRadama, ka nisian’ny ady teo amin’ny Malagasy sy ny Frantsay, nitady handrombaka ny fitondrana tamin’izany. Hoy ny mpanoratra nivity izany:

“[]

Nataony mahamay tamin’ny tafondro varimay

Ireo mpananibohitra, Rainindriamampandry

Sy Andriantsitohaina no mpibaiko ny tafondro

Las nilefa fa saika lany mondro

Ry zalahy mena sofina, niampatra ny faty”¹³²

Ny teny hoe “varimay”, no nanambaran’i Nasolo ny tifitra variraraka nahazo ireo mpananibohitra. Ny hoe: “nilefa” no nilazany ny fandosiran’ireo vazaha Frantsay ny fanjakana Malagasy, rehefa tsy nahatohitra izy ireo. Ny hoe: “lany mondro” kosa no nanondroany ny faharipahan’ny Frantsay tonga niady teto. Izany hoe: maro no maty ka saika tsy nisy velona intsony.

Nampiasa ny teny hoe “mimalo” koa ny mpanoratra mba hanehoany ny fahasahian’ny Malagasy manoloana ny ady nifanatrehana tamin’ireo mpanjanatany. Ahitana izany ity andalan-tononkalony ity:

“Nalahatra izy hotifirina, tsy nikipy, tsy nimalo

Sahy nijoro tsimiroro, lasa olom-baovao”¹³³

Nadikan’i Nasolo ny hevitra ny hoe tsy matahotra eto ny hoe “tsy nimalo”. Tsy natahotra ny famonoana azy ireo nolazaina fa mpikomy, izay nitolona ho amin’ny fahafahan’i Madagasikara.

Amin’ny ankapobeny, nentin’i Nasolo niresahana mikasika ny fiainam-pirenena na ny fiainam-bahoaka ireo voambolana Malagasy tranainy. Fiainam-pirenena tao anatin’ny

¹³² NASOLO, in *Vondrona Ambara*, tak. 19

¹³³ NASOLO, op. cit, tak. 23, and. 3, adl. 4-5

fanjanahana na tsy fananan'ny Malagasy fahefana teo amin'ny taniny, ary ny fiainam-bahoaka tao anatin'ny fahoriana sy fahantrana.

Niresaka mikasika izany koa ny mpanoratra J.A ANDRIAMAHARO ao amin'ny boky kely mitondra ny lohateny hoe: *Fiombonam-pitolomana*, pejy faha 6, izany manao hoe:

“Entina manapaka

Rojo vy tsy afaka

Ahazoana laka

Ny mihafy mizaka

Tadio sy mijaly

Any andro hifaly

Ny antsam-pandresena

Iraisam-pirenena,”

Niresahan'ity mpanoratra ity ny fikatsahan'ireo olo-manga ny fanatsarana ny fiarahamonina eran-tany, toa an-dRalaimongo sy ny namany io andinin-tononkalo iray io. Nanehoany ny mbola nisian'ny fangejana sy ny fijalian'ny firenena teo am-piandrasana ny fahaleovantena koa.

Fanampin'ireo voalaza tetsy ambony, tsy diso anjara tamin'ny famoronana nataon'i Nasolo ireo teny na voambolana notsoahiny avy ao amin'ny Baiboly. Loharano iray nanatevenay ny tononkalony ny Baiboly, maneho ihany koa ny maha-kristiana sy olon'ny finoana azy.

3.1.4.3. Ny voambolana notakarina avy amin'ny Baiboly

Tamin'ny fikirakirana ny *Vondrona Ambara* no nahitana fa tsy vitsy ireo voambolana nalain'ny mpanoratra avy tamin'ny Baiboly ao amin'ny asa sorany. Fototra iray nanovozana ny teny Malagasy rahateo ny Baiboly, araka ny nolazain'i SOLOHERY RANARISON hoe: “*Tsy nisy vanim-potoana tsy nahitana ny fampiasana ny singanjavatra ny Baiboly tao anatin'ny tantaran'ny literatiora nandritry ny 150 taona izao*”¹³⁴

Araka izany, anisan'ny iray amin'ireo loharanon'ny aingam-panahy ny Baiboly, ka nampiasain'ny mpanoratra nanohanany ny hevitra amam-pihetseham-pony. Maromaro ny tononkalo nahitana voambolana nalaina amin'ny hevitra ny Baiboly fa izay nisongadina ihany no horaisina ato amin'ny fanazavana.

¹³⁴ (B.D) SOLOHERY RANARISON, “Ny Baiboly loharanon'ny aingam-panahy”, in *HIRATRA*, n° 3, STELARIM, Anjerimanontolo, tak. 80

Manoloana ny fikatsahana izay mahasoana sy mahafinaritra ny olombelona ety ambonin'ny tany, anisan'izany ny fitadiavam-pahafanahana manoloana ny fangejana samihafa, ankoatra ny ady tamin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantant. Niezaky nitaky fahafahana ny Malagasy, satria, izany no noheveriny fa mahasoana ny Firenena. Fanampin'izany, ny firotorotoana amin'izao fiainana izao dia ahatsapan'ny olona fa zava-poana ihany izao rehetra izao ary mety ho simba. Maneho izany ny mpanoratra manao hoe:

“Efa rovi-tsarotro aho vao nahalala

Fa hay trano lay mora rovitra moa

Ity fiainana ity, fiaina-mandalo

Izao isika izao mbola ho lo?”, NASOLO, in *V.A.*, tak. 64

Nahatsapa ny mpanoratra teto fa tsy mateza ny fiainana an-tany ary mety manimba sy mamotika aza raha tsy tsara famindra. Izany no noventesiny ka nolazainy koa fa na ny tenan'olombelona aza hiaraka ho vovoka indray. Noraisiny nilazany izany ny voalazan'ny Baiboly hoe, “*mandalo izao fiainana izao sy ny filàny.*”¹³⁵

Mbola mampiseho ny tsy fahitam-piovana ety ambany masoandro, ny omaly ihany no hita androany, ary ny ataon'ny teo aloha ihany no ataon'ny aty aoriana. Ny fahatsapan'ny mpanoratra izany no nanoratany ka nilazany fa na dia vaovao aza ny taona, ny fiainana tsy niova, nambarany toy izao izany:

“Dia lasa ny fisainana

Maminaninay hoe: NIKODEMOSY ve ny fiainana?

Tsy maintsy hateraka indray

Vao tena olom-baovao?

[...]

Dia eo fa lasa ny fisainana

Satria ny fofona iainana

Dia tsy zava-baovao

Tsipiho tsara ange izao:

Raha ity valo amby sivy

Tsy hoe manakivy,

Inona no miova moa

Raha mitaha ilay teo aloha?

¹³⁵ I Jaona. 2 : 17

Ilay isa fito miampy iray
Nanjary valo. Dia izay!”¹³⁶

Milaza i Nasolo eto fa tsy midika ho fiainam-baovao ny fiovan’ny taona. Ny taona no miova sy miroso fa raha ny zava-misy iainana tsy misy fiovana, fa toy ny taloha ihany. Mifandray rahateo amin’ny voalazan’ny mpitoriteny manao hoe izany: “*izay efa teo ihany no ho tonga indray, ary izay efa natao ihany no mbola hatao indray, fa tsy misy zava-baovao akory aty ambanin’ny masoandro*”¹³⁷; nahatonga azy nanontany tena izany nanao hoe: “*Nikodemôsy ve ny fianana?*” Nampiasa ny teny hoe Nikodemôsy¹³⁸ izy? izay voambolana avy ao amin’ny Baiboly mba hanehoany fa raha tsy averina hatramin’ny fototra niorenany, izany hoe, miverina manorina fahaleovantena vaovao indray angamba, tsy hisy ny fiovam-piainana eo amin’ny isam-batan’olona.

Ankoatra izany, ny fahoriana maro mianjady amin’olona dia tsy tokony hanadinoana ny Tsitoha.

Anterin’ny mpanoratra izany raha nitantara ny nanjo ny Malagasy tamin’ny fanjanahantany ihany izy, mandra-pahazoana ny fahafahana.

“Tsy ny daty no ivavahana

Na anavahana fotoana hisaorana ny Tompo”, in *V.A*, tak. 11

ho ny tononkalony. Izany hoe tsy miankina amin’ny fotoana na ny andro na ny zava-misy ny fankasitrahana an’Andriamanitra, fa amin’ny fotoana rehetra sy ny trangam-piainana rehetra na soa na ratsy.

Nahatsiro fangirifiriana sy fahapotohana maro tokoa ny Malagasy tao anatin’ireo ady nifanatrehana tamin’ny Vazaha mpanjanaka. Tsy teo amin’ny vatana ihany, fa hatramin’ny saina ama-panahy koa aza.

Nanoloana ireny karazam-pahoriana maro nahazo ny olona ireny sy ny adim-piainana, matetika rehefa tsy mahita izay atao ny olona dia miantoraka amin’ily Ray Tsitoha, mitady vahaolana. Izany no nambaran’ny mpanoratra tamin’ny fangataham-pamelana toy izao: “Ifonako re ny taloha

Ireo ditra nahamafy ny fo

Naharendrika lalina an-davaka

Fiaina-namily ny vavaka”¹³⁹

¹³⁶ NASOLO, Op. cit, tak. 37

¹³⁷ Mpitoriteny. 1 : 9

¹³⁸ Jaona 3 : 4

¹³⁹ NASOLO, “Afenina?”, in *Vondrona Ambara*, tak. 65, and. 1

Ireo andalana vitsivitsy ireo dia miresaka ny fifonana amin'ny Ray noho ny tsy nety natao. Mampiasa ny voambolana hoe “vavaka” ny mpanoratra tamin'izany. Manamafy izany koa ny voalaza eto manao hoe:

“Efa voadona ny fo vao tomany

Tsy misy filaza na fampandrenesana

Milatsaka tampoka, mamono ny tany

Tsy mamela mahazo rafahafatesana?”¹⁴⁰

Mahatsiaro ny mpanoratra fa tonga tampoka ny fahafatesana, tsy fantatra ny fiaviany. Mampahory ny fo izany, ka mila fiovana amin'ny tsara dieny mbola velona.

Nahatsiaro ho manana adidy i Nasolo manoloana izany toe-javatra rehetra izany, ka nitondra anjara biriky, fitoriana ny filazantsara amin'ny mpiray tanindrazana aminy. Nampiasa teny avy amin'ny Baiboly izy tao amin'ny tononkalony mba hanehoany izany.

Raha fintinina izay voalaza dia nentin'ny mpanoratra naneho ny fahoriana niainan'ny Malagasy sy ny fiainana eto amin'izao tontolo izao ny voambolana notsoahina avy ao amin'ny Baiboly. Nataony hitaomana ny olona hanitsy ny diany sy tena hitodika amin'ilay Ray avo indrindra ihany koa. Tsapan'ny mpanoratra fa n'inona n'inona ataon'ny olona raha tsy eo ambany fitantanany Tsitoha dia zava-poana ihany, indrindra, ny fitadiavam-bahaolana hiala amin'ny fahoriana sy ny fangejana isan-karazany.

Indro asehonay amin'ny fafana ny fomba nanehoan'i Nasolo ny hevitra tao amin'ny Baiboly araka ny hita tao amin'ny tononkalony.

¹⁴⁰ Op. cit, tak. 64, and. 3

Fafana maneho ny endriky ny fehezanteny ao amin'ny Baiboly sy ny nanehoan'i Nasolo izany

Endri-pehezanteny ao amin'ny Baiboly	Endrika nanehoan'ny mpanoratra ny hevitra voalaza ao amin'ny Baiboly
« Mandalo izao fiainana izao ... » I jaona 2. 17	“Ity fiainana ity fiaina-mandalo” in <i>V.A</i> , tak. 64
“ Izay efa teo ihany no ho tonga indray ...” Mpitoriteny 1. 9a	Inona no niova moa raha mitaha ilay taloha”, <i>V.A</i> , tak. 37
“Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.” Matio 6. 10	“Ho tonga anie ny fanjakanao. Ety an-tany tahaka ny any an-danitra.” <i>V.A</i> , tak. 87

Izay ny amin'ny voambolana nampiasain'ny mpanoratra, tsy nionona fotsiny tamin'ny hita teo amin'ny tontolo amanodidinana sy ny zava-boaary ary koa ireo teny Malagasy tranainy i Nasolo, fa nandray ny hevitra ny Baiboly ihany koa. Maneho ny fiainany sy ny fanabeazana azony izany. Fiainana teo anivon'ny fiangonana, taiza sy mpitaiza “Skoto” ary ny fitarihan'ireo Ray aman-dReniny azy ho tia vavaka. Tsy very maina ireny fa nanolokolo azy ary hita taratra teo amin'ny fiainany sy ny asa sorany.

Hita araka izany, fa tsy vitsy ny tetika amam-paika nampiasain'ity mpanoratra ity, hanomezana endrika kanto sy manintona ny maso tononkalony. Hisarihany bebe kokoa ny mpamaky handinika ny zavatra lazainy ary hanjohy hatrany izay ambarany. Ankoatra ireo dia niangaly ny endrika ivelan'ny tononkalo koa izy.

Fafana mamintina ireo teknikan'ny fitantarana nampiasain'ny mpanoratra Nasolo

TEKNIKA	FANEHOANA NY TEKNIKA	ANTONY AMPIASANA IREO TEKNIKA
1° Fampiasana fitanisana sy fanoritsoritana	Maripiatoana « faingo »	Filazana trangan-javatra maromaro, narahina famariparitana.
	«teboka telo»	Fanomezana fotoana kely hisainan'ny mpamaky
	“tsoraka”	Fanehoana fihetscham-po
	Famintinana eo am-piandohan'ny tononkalo	Fisarihana ny mpamaky sy fampiharihariana mialoha amin'ny mpamaky ny vontootin-kevitra ambara
2° Fanaovana famintinana	Famintinana any amin'ny faran'ny tononkalo	- Famehezana izay voalaza - Filazana voka-javatra
	Fampiasana “baraingo”	Manambara voka-javatra
	Sorabaventy manamarika teny	Fampiavahana ny teny iray amin'ny teny hafa
	Sorabaventy manasongadina teny	Fampivoirana ny hevitra ny teny
3° Fampiasana “sorabaventy”	Voambolana avy amin'ny tontolo manodidina sy ny zavaboary	Noraisina hanoharana ny fiainan'olombelona
	Voambolana Malagasy tranainy	Nilazana ny toetra sy ny fihetsika amam-pitondran-tenan'ny olona
4° Fampiasana voambolana voafantina	Voambolana avy amin'ny Baiboly	Namoahan'ny mpanoratra ny aingam-panahiny sy ny fihetscham-pony

3.2. NY FANEHOAN'NY MPANORATRA NY ENDRIKA IVELAN'NY TONONKALO

Miharihary avy hatrany rehefa manadihady tononkalo ny endrika ivelany. Izany no handinihana azy manokana. Hojerena voalohany eto ny endri-pirafetan'ny tononkalo na ilay antsoina hoe: “Versification”¹⁴¹, ao anatin'izany, ny lohateny, ny andalana sy ny andinin-tononkalo, ny rima ary ny fingadona. Ezahina havoitra amin'ny fijerena izany ny fifandraisan'ireny amin'ny hevitra raketiny, araka ny nambaran'i Paul VALERY hoe “*ny endrika ivelany izay mandrakariva misy fifandraisany amin'ny vontoatin-kevitra ao amin'ny tononkalo.*”¹⁴²

3.2.1- NY LOHATENY

Raha vantany vao mamaky na mihaino tononkalo dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ny hamantatra ny lohateniny. Anisany miantoka ny fahalianan'ny mpihaino sy ny mpamaky ny fisiany ary misarika sahady any amin'izay hevitra tian-kambara, manatsidika sahady koa ny ventin-kevitra ao amin'ny tononkalo.

Nampiasa endri-dohateny telo ny mpanoratra Nasolo tamin'ny fitantarana an-tononkalo nataony. Mifandray amin'izany ny voalazan'ny mpandinika vahiny manao hoe: “*Mba hifantohan'ny mpamaky bebe kokoa amin'ny asa soratra iray dia ilaina ny manome endrika miovaova ny fiteny, izany hoe atao miaingitra []*”¹⁴³

Nentin'ny mpanoratra namehezana ny zava-nisy teo amin'ny fiarahamonina Malagasy ny lohateny ary koa nisarihany ny mpamaky hanjohy ny tononkalo iray manontolo, amin'ny ankapobeny. Nosokajina telo ireo lohateny ireo dia ny lohateny: Fohy, antonony ary lava.

3.2.1.1. Ny lohateny fohy

Ireo lohateny tsy ahitana afa-tsy teny tokana no anehoana ity lohateny fohy ity. Tsy vitsy ireo tononkalo manana io endrika io. Ny 48 isan-jaton'ny tononkalon'i Nasolo dia mitondra lohateny fohy avokoa. Ohatra amin'izany ireto: “Mamangy, Manonja, Lena, Lolo, Farany, Sisa, Demokrasia.”

Mahafaobe ny lohateny amin'ny lafiny hevitra, rehefa fohy, izany hoe, mahafintina ny hevitra fonosin'ny lahatsoratra. Ohatra raha mamaky ny hoe: “Demokrasia” dia azo vinaniana avy hatrany avy amin'izany ny hevitra tian'ny mpanoratra horeshaina: Ny

¹⁴¹ Petit LAROUSSE ILLUSTRÉ, 1994, p. 1420, “Versification, l'art de composer de vers, technique de composition des vers réguliers.”

¹⁴² PAUL VALERY, (1945-1971): “En poésie, le fond c'est la forme”, notaterin'i Siméon RAJAONA tao amin'ny *Zava-kanto vita amin'ny teny*, Ambozontany Fianarantsoa, 1993, tak.13

¹⁴³ (R) WALLIK et (A) WARREN, *La théorie Littéraire*, Coll. Poétique, éd. du Seuil, Paris 1971, p.105, « Pour que le lecteur y prête attention, le langage écrit doit être déformé, c'est-à-dire stylisé [] »

hametrahana marina ilay “*firehankevitra pôlitika, manome lanja sy fahefana ny vahoaka, tsy misy mpanelanelana*”¹⁴⁴ eo amin’ny firenena misy azy. Izany hoe, mamela ny vahoaka hiteny sy haneho hevitra. Ny fihetsiky ny vahoaka manoloana ny tsy fanajana ny “demokrasia”: Manao hetsi-pitolomana ho fanoherana ny fitondram-panjakana... Miverimberina izany tolona izany, tahaka izay hita eto, noho ny tsy fahatomombanan’ny demokrasia ka mitady fiovana ny vahoaka. Fiovana amin’ny fanarahana hevitr’olombitsy sy fanaovana “kely tsy mba mamindro” ny vahoaka. “*Misy aza mankaleo, hevitrevitr’olombitsy, noterena izy mba hanaiky, na dia mahantra fara idiny*”, hoy i Nasolo nilaza izany.

Abaribarin’ny mpanoratra eto ny fiverimberenan’ny tolona, isaka ny vanimpotoana tsy hazakan’ny vahoaka intsony ny vokatry ny tsy fanajana io “demokrasia” io: Tsy zakan’ny olona ny tapenam-bava ka dia mitroatra izy: “Isaky ny firy taona no hitranga ny toy izao?”; “Tsy mahandry fanekena”; “Tsy manaiky fa mitroatra”, izany no ventesiny ao amin’ity tononkalo ity:

“Isaky ny firy taona

No hitranga ny toy izao?

Tanja-tsaina tsy mivaona

Voasokajy ho vaovao

Taranaka indray mihira

Te ho Andrim-pirenena

No re hatrany an-dakira

Tsy mahandry fanekena

Tsy manaiky fa mitroatra

[]

Fa matsatso ny nahandro

Izay naroso azy ireo

Ka tsy teliny mihitsy

Misy aza mankaleo

Hevitrevitr’olombitsy

Noterena izy mba hanaiky

¹⁴⁴ *Dictionnaire Petit Larousse Illustré*, 1982, op.cit, p.296, « *Démocratie : Régime politique dans lequel le peuple exerce sa souveraineté lui-même sans l’intermédiaire d’un organe représentatif* [] »

Na dia mahantra fara idiny

[]

Mila rivo-baovao

Ny taranaka mifandimby

[]

Dia io fa raikitra ny tolona

Hifanolanana etsy sy eroa

[]

Mirarak'ompana ny maty

Mijijijijy ny maratra

Mafy

Voatoto basy izay tratra.”¹⁴⁵

Mitarika fanadihadiana lalina, mba hahazoana ny hevitra raketiny sy aterany ny lohateny fohy, izany hoe, mampametra-panontaniana maro manitikitika, toy ny hoe: Nahoana ny olona no mitroatra? Satria: Efa “halohalika ny ranombary”; “Mirarak'ompana ny maty”; “Mijijijijy ny maratra”; “Voatoto basy izay tratra”...

Manomana ny mpamaky hanana fihetsehampo mifanandrify amin'ny vontootin-kafatra ihany koa ity karazan-dohateny ity.

Manana ny maha-izy azy araka izany ny lohateny fohy, kanefa, tsy latsa-danja koa ny lohateny antonony.

3.2.1.2. Ny lohateny antonony

Nosokajiana ho ao anatin'ny lohateny antonony, ireo lohatenin-tononkalo ahitana teny roa na andianteny. Manetsika ny sain'ny mpamaky ho amin'ny tian'ny poeta holazaina ko izy ity, saingy, efa milaza ampahany kely amin'ny hafatra sahady, dieny eny am-panombohana. Izany hoe, manome fanazavana bebe kokoa raha miolotra amin'ny lohateny fohy. Misy 33 isan-jato, kosa, ny tononkalon'i Nasolo ahitana io endri-dohateny io. Ohatra vitsivitsy amin'izany ireto tanisaina eto ireto: “Resaka maty”, “Voninkazo dia”, “Zaza sary”, “Fakam-panahy”, “Tombana diso”, “Tany mena”, “Ambaton'Ikalo”, ...

Amin'ny ankapobeny, dia nentin'ny mpanoratra nitaterana ny zavatra fahita teo amin'ny fiarahamonina sy nilazany tantara ireny tononkalo ireny.

Ohatra₁:

¹⁴⁵ NASOLO, « Demokrasia », in *Vondrona ambara*, tak. 1

“Tombana diso ny hoe manadino
 Irony andro finaritra mamy taloha
 Niafitra fotsiny. Izaho tsy mba mino
 Ny fahafatesany, indrindra fitia namantsika fo
 Tombana diso ny hoe tsy tsaroana
 Irony andro nijalijaliana taloha
 Nihantona fotsiny. Fa tapa-porohan’
 Ny fangirifirian’ny atifanahy mbola hifoha.”¹⁴⁶

Asehon’ny mpanoratra amin’ny lohateny antonony ny fahatsapana mety hiainan’ny olona eo amin’ny fiainana. Ohatra, raha nilaza izy hoe: “Tombana diso” dia efa hita taratra eo sahadry ny mety holazainy. Tsy inona izany, fa ny fahatsapan’ny olona momba ny toe-javatra nandalo teo amin’ny fiainany, ka tsy araka ny tokony ho izy ny fiheveran’ny olona izany. Ohatra nambarany tamin’izany, ny fanadinoana.

Resahiny eo fa, “tombana diso ny hoe manadino”, izany hoe, fiheverana diso ny fahaizana manadino, fa ny marina dia mody hadinoina na odiana tsy fantatra ilay zava-nitranga. Tsy hay hadinoina, noho izany, ny zava-nitranga teo amin’ny fiainan’ny olona iray na soa na ratsy. Miafina ao anaty ao izy ireny mazana, fa misy fotoana tsy maintsy ahatsiarovana azy. Ny zavatra nahafaly tany aloha, ohatra, ny fiarahana nahafinaritra tamin’ny olon-tiana, ka nahatsapana ny hamamin’ny fitiavana. Ny fitsaharan’izany taty aoriana, tsy midika fanadinoana, fa namela vato fantsika tao am-po, nanamafy orina indray ilay fitiavana, araka ny nolazain’ny mpanoratra hoe: “*Ny fahafatesany, indrindra fitia namantsika fo*”.

Tsy ny nahafaly teo amin’ny fiainana ihany no hoe, tsy hadino, fa indrindra ny nahaory ihany koa. Matetika aza ny fotoana nahitam-pahoriana no mavesa-danja kokoa eo amin’ny fiainana ka sarotra hadinoina. Takona fotsiny ao ambadika ao ny zavam-pahory, rehefa tojo ny mahafinaritra. Rehefa lasa kosa ny hafaliana dia indro fa mipongatra indray ny fahatsiarovana ilay fahoriana. Izany no nanambaran’ny mpanoratra hoe: “*Nihantona fotsiny. Fa tapa-porohan’ny fangirifirian’ny atifanahy mbola hifoha.*”

Ankoatra izany, nilazan’ny mpanoratra toetran-javaboary sy ny hevitra raketiny ihany koa ny lohateny antonony. Izany hoe, voafintiny eo amin’ny lohateny ary tafita avy hatrany amin’ny mpamaky ny zavatra tiany horesahina. Ohatra, “Ambaton’Ikalo”¹⁴⁷, raha

¹⁴⁶ op.cit

¹⁴⁷ Ibidem

vao mamaky izany dia mahafantatra fa vatolahy mijoro na tsangambato mirakitra tantara no resahin'ny mpanoratra eto.

Ohatra₂:

“Vato tsy voapaika! Vato tsy voasikotra

Vatonanahary, Vato tsy miraika

Vato tototototra anivon-javaboary

Dia lazaina hoe miteny!

Ery an-tendrombohitra, ankodahoda aza

No toerana ijoroany, taingenan'ny sorohitra

Lotoin'ny sarivazo, hatrany an-tampon-dohany

Dia lazaina hoe miteny!

[...]

Nefa kosa raha jerena, sao mba azonao fantarina

Ity vatolahy an-tsisin-dalana? Teo no nifanekena

[...]”

In *V.A*, tak. 102

Nolazainy ao amin'io tononkalo io ny toetoetran'io vato io: Vato voajanahary “vato tsy voapaika”, “vatonanahary”; mijoro eny amin'ny avo toerana, ka ahafahan'ireo voromanidina miriaria, “ery an-tendrombohitra”, taingenan'ny sorohitra”, “lotoin'ny sarivazo”, hoy ihany ny tononkalo. Zakany avokoa izay mianjady aminy, na hatsiaka na hafanana, na asa ratsy ny tsy tia koa aza, araka ny voalaza eo amin'ny andininy fahatelo.

Tsy ny toetran'ny vatolahy ihany no notaterin'ny mpanoratra, fa ny heviny sy ny zavatra raketiny koa. Na jerena zavaboary tsy miteny sy “moana” aza ny vato dia nolazainy fa “miteny”, satria, nisy antony ny nametrahana azy teo. Izay antony izay indrindra no tantara raketiny ary mampiteny azy. Raha vao mahita io vato najoro io ny olona dia mahatsiaro ny hevitra fonosiny. Ohatra, nanaovana fifanekena “teo no nifanekena”, mariky ny fahavitan'ny fanorenan-javatra iray, ohatra, fasana, vavahady, sns “Angamba ambin-drangolahin'ny fasany”. Araka izany, tsy nitsangatsangam-poana ireny vato ireny, fa manana ny lazany eo amin'ny tantara raketiny, rakitry ny lasa “vato soratry ny lasa”. Izany no tian'ny mpanoratra hampitaina ao amin'ny tononkalony.

Farany, tamin'ny fandinihana ny vondrona ambara no nahitana, fa nampitany hafatra mivantana tamin'ny mpamaky sy nentiny nandrarana ny olona tamin-javatra tsy

nety nataony koa ity lohateny antonony ity. Hita izany amin'ny lohatenin'ny tononkalony manao hoe: “Aok'izay”, in *V.A*, tak. 68; “Renao ve?”, in *V.A*, tak. 85; “Tsy mety”, in *V.A*, tak.89. Maharay hevitra avy hatrany ny mpamaky raha vao mamaky ireo lohateny ireo. Ohatra, raha miteny ny mpanoratra hoe “Aok'izay” sy ny hoe “Tsy mety”, ny mby ao antsaina voalohany dia ny fandrarana na fampijanonana fihetsika na toetra na zavatra natao iray. Misarika sy mitaona ny mpamaky amina fihainoana feon'olona na feon-javatra kosa, ny hoe “Renao ve?”, toy ny hira fiderana, ny toriteny, ny hiaka. “Renao ve izany hira izany?”, “renao ve izany teny izany?”, “renao ve izany hiaka izany?”, toy izany no nilazan'ny mpanoratra ny hafatra tiany horaisin'ny mpamaky na ny mpihaino.

Raha fintinina dia saika nilazan'ny mpanoratra ny heviny momba ny fahitany ny zava-misy iainan'ny olona andavanandro sy ny fahatsapany ny toe-javatra miseho eo amin'ny fiarahamonina ny tononkalo manana halavan-dohateny antonony. Ohatra, ny lafiny fitiavana, ny fahafatesana, araka ny hita ao amin'ny tononkalo hoe: “Diantanany”¹⁴⁸. Ny toetran'olona araka ny sokajiny, nolazainy ao amin'ny tononkalo hoe, “Tale tanalahy” in *Vondrona ambara*, tak.33; “Saro-kenatra” in *V.A*, tak. 81; sy ny sisa.

Hafatra mafonja no noraketin'ny lohateny manana halava antonony. Manana ny maha-izy azy ihany koa anefa ny lohateny lava, araka izao horesahina manaraka eto izao.

3.2.1.3. Ny lohateny lava

Ny lohateny ahitana teny telo noho mihoatra na miendrika fehezanteny no nosokajiana ho lohateny lava eto. Manana ny kendreny ny mpanoratra raha nampiasa azy ity, raha tsy hilaza afa-tsy ny fanomezany fanazavana misimisy kokoa eny ampanombohana fotsiny ankoatra ny hevitra ao amin'ny tononkalo aza izy.

Nentiny nampitana hafatra sy fihetseham-po mifanaraka aminy koa ity karazana ity. Ireto lohatenin-tononkalo ireto dia mampiseho izany: “Ry teny Malagasy!”¹⁴⁹, “Gaga aho leisy!”, in *V.A*, tak. 21. Milaza ny fahitana ny zavatra nataon'ny lehilahy iray ka nahagaga ny mpanoratra ity farany. Ny fiterahan'ny vadiny misesisesy sy ny zanaka maro sahaniny ao an-tokantrano izany, ka miteraka fahasahiranana ho azy mivady.

Farany, niventesan'i Nasolo ny fahantran'ny firenena, ohatra, ny fahasimban'ny tontolo iainana, mirakitra izany ny tononkalo “Mitomany ny tany”, in *V.A*, tak. 27 sy ny

¹⁴⁸ NASOLO, op.cit, tak. 102

¹⁴⁹ Ibidem

trangan-javatra niseho ara-tantara teto amin'ny firenena ny lohateny lava. Ohatra, ny hoe: “29 Martsa 1947 – 29 Martsa 2010”¹⁵⁰

- “Mitomany ny tany”: Hita soritra amin'izany sahady ny fijalian'ny nofontany, vokatry ny zavatra nihatra taminy. Tsy inona fa ny fanimban'ny olombelona azy amin-javatra samihafa: Ny doro tanety sy ny tavy. Ory sy mitomany ny tany, satria, tsy afa-miaina aradana intsony noho izany.

- “29 Martsa 1947 - 29 Martsa 2010”: Zavatra roa no misongadina raha io lohateny io no jerena. Voalohany, ny fitodihana any amin'ny toe-javatra nitranga tamin'ny faha 29 ny volana martsa, taona 1947, izany hoe, ny ady nataon'ny Malagasy ka nahazoana ny fahaleovantena. Faharoa, hita eo koa ny fotoana nanoratan'ny mpanoratra ny tononkalo, ny taona 2010 izany.

Nanehoan'ny mpanoratra fihetseham-po samihafa, toy ny fahatalanjonana, ny fangorahana ny lohateny lava. Nilazany ny fahantran'ny firenena ihany koa, ny fahasimban'ny tontolo iainana ary ny fiainan'ny Malagasy noho ny ady. Te hanome fanazavana bebe kokoa ny mpamaky dia ny eny am-piandohana ny mpanoratra ary te hisarika ny sain'ny mpamaky koa ho liana amin'ny hevitra harosony. Izany no antony nampiasany ny lohateny lava ao amin'ny tononkalony.

Fafana maneho ny karazan-dohateny

Endri-dohateny	Isany	Isan-jato (%)
Fohy	38	48
Antonony	26	33
Lava	15	19

Misy dikany sy antony avokoa ny nampiasan'ny mpanoratra ireo endri-dohateny telo ireo, raha izay noresahina rehetra izay no dinihina. Samy manana ny lanjany sy ny hevitra fonosiny izy ireny ary nataony arakaraka ny hevitra tiany nampitaina.

Raha jerena ny fafana dia ny lohateny fohy no tena nanavanana ny mpanoratra, saika ny antsasa-manilan'ny tononkalony dia nahitana io avokoa. Mahay mamintina amin'ny teny tokana ny hevitra tiany ambara ny mpanoratra, araka izany. Mampandray anjara betsaka ny mpamaky ihany koa, hanjohy sy handalina misimisy kokoa ny vontootin'ny

¹⁵⁰ Ibidem

tononkalo nosoratany. Izay ny momba ny lohateny, fa manao ahoana kosa indray ny mikasika ny andalana sy ny andininy?

3.2.2. NY ANDALANA SY NY ANDININY

Ny fitambarana andalana maromaro no manome andininy, ary ny andininy iray na maromaro kosa no mirafitra ho tononkalo iray. Ireny no narafitry ny mpanoratra ho tonga fitantarana ny zava-nisy sy ny zava-nitranga teto amin'ny firenena Malagasy.

3.2.2.1. Ny mikasika ny andalana

Miovaova ny halavan'ny andalana ao amin'ny tononkalon'i Nasolo amin'ny ankapobeny. Vitsy ireo tena manaja ny halavan'ny isan'andalana nampiasaina teo ampanombohana, na teo amin'ny andininy voalohany ao anatin'ny tononkalo iray, izany hoe, tsy manaraka ny halavan'ny andalana ao amin'ny andininy voalohany ireo andininy hafa sisa.

Azo zaraina telo izy ireo, noho izany: Voalohany, ny andalana fohy ahitana vaninteny latsaky ny folo. Faharoa, ny andalana antonony ahitana vaninteny folo ka hatramin'ny roambinifolo ary fahatelo farany, ny andalana lava, misy vaninteny telo ambinifolo noho mihoatra. Misy ifandraisany amin'ny hafatra sy ny fihetseham-po tian'ny mpanoratra hampitaina ireny andalana ireny. Ireo karazana andalana faharoa farany ireo no hojerentsika.

- **Ny andalana antonony**

Ny andalan-tononkalo ahitana vaninteny folo ka hatramin'ny roambinifolo no nosokajiana ho ato anatin'ity sokajy ity. Nentin'ny mpanoratra nilazana tantara sy nandokoany ny fitenenana ary nanehoany ireo sarinteny samihafa ny andalana antonony raha fehezina.

Ohatra iray amin'izany no nambarany eto manao hoe:

“Ta/ny/ to/ma/ny/ no/ he/no/ko/ a/ndroa/ny vnt 12

Mi/dra/dra/dra/dra/ tsy/ mi/sy/ oha/tr‘ i/za/ny vnt 12

Ni/voa/ha/n’a/fo/troa/ ny/ a/vo/ka/vo/ny vnt 12

Ni/lo/fi/ka/ mo/ra/ dia/ mo/ra/ fa/ la/vo/ny.»¹⁵¹

Eto dia nambarany ny fijalian'ny tany toa mitarina sy vontom-pahoriana “tany tomany”, “midradradra”. Tsy mahazaka intsony ny zavatra nianjady taminy ny nofontany

¹⁵¹ NASOLO, “Mitomany ny tany”, and. 1, in *Vondrona Ambara*, tak. 27

ao anatin'ny tany. Niafara tamin'ny fahafatesan'ny tany izany 'nilofika', izany hoe: lasa tsy nahavita na inona na inona intsony, tsy nisy nilana azy intsony koa. Raha tsorina, nanjary tany tsy mahavokatra ny tany. Izany hevitra entiny izany raha fintinina no niangalian'ny mpanoratra, ka nolazainy tamin'ny andalana antonony.

Ohatra:

"A/ra/ka/ ny/ ta/nta/ra/ i/ha/ny /	vnt 10
Dia/ ha/dy/ ta/ny/, hi/tsa/-pe/ta /	vnt 9
A/sa/ ma/fy/ ni/a/re/tan'	vnt 8
Ny/ a/nki/zy/ i/ha/ny /koa ... /	vnt 8
Tao/na/ na/ha/va/ky/ lo/ha /	vnt 8
Ta/mbo/ho/ na/tao/ ho/ fia/ro/va/na /	vnt 10
Naha/a/na/, naha/ to/ro/va/na /	vnt 8
Na/tao/ ha/mpa/ndry/ faha/le/ma/na.// » ¹⁵²	vnt 8

Hita eto araka io tononkalo io fa nibosesika ny fihetseham-pon'ny mpanoratra, ka nahafahany nitanisa ny mahakasika ny fefy najoron'ny Malagasy fahiny ho fiarovana ny tanàna.

Nambarany tao anatin'ny tononkalo ny fomba fanamboarana ny tamboho ka nahatsapany fa raharaha mafy izany. Tamin'ny alalan'ny fihadiana tany sy ny fanaovana feta « Hady tany, hitsa-peta » hoy izy no nanaovana ireny. Natao manda fiarovana tamin'ny fahavalo sy hampisy ny filaminana "Natao hampandry fahalemana". Midika tantara mivela, noho izany, ny tamboho. Ohatra, tamin'ny tany faha-gasy dia nizara ho fanjakana maromaro i Madagasikara, toa ny tany amin'ny tapany atsimon'ny Nosy. Samy nanana ny mpifehy azy ny isam-bohitra tamin'izany. Niady haka ny faritra sasany ankoatra ny faritra niadidiany ny mpanjaka. Nitsiry tao anatin'ireny mpifehy ireny ny hevitra te hanitatra ny fanjakany, ka tamin'ny alalan'ny ady an-trano sy ny fifanafihana no fomba nanantanterahany izany. Nisy ny ady araka izany ka "*ny mponina amin'ny tanàna resy dia nanaiky ho vahoakan'ny lehiben'ny tanàna mahery*"¹⁵³. Toraka izany ihany koa, tamin'ny fanafihana no nakan'ny mpanjaka Andrianampoinimerina an'Antananarivo sy Alasora. Manambara izany i Ralaitafika manao hoe: "*Rehefa azo Antananarivo, dia nanafika an'Alasora*

¹⁵² NASOLO, "Tamboho", and. 2, op.cit, tak. 34

¹⁵³ (P.S.) RALAITAFIKA, *Ny tantaran'ny Firenena Malagasy*, op. cit, tak. 25

Andrianampoinimerina. Resy ny mpanjaka tao ary nanaiky an'Andrianampoinimerina ny mponina.”¹⁵⁴ Anisany natao fiarovana tamin'izany indrindra ny tamboho.

Maro ny zavatra nolazain'ny mpanoratra fa ampahany tamin'izany ihany ireo.

Raha natao hitanisana ireo fihetseham-po samihafa, tsy hay nofefena tao anatin'ny mpanoratra manoloana ny zava-nisy ary koa ny fipololotran'izany avy ao anatin'ny andalana antonony dia tsy ambaka an'izany koa ny fampiasany ny andalana lava.

- **Ny andalana lava**

Tsy vitsy ny tononkalon'i Nasolo manana ity endrika andalana lava ity. Ny andalan-tononkalo manana vaninteny mihoatra ny roambinifolo no nolazainay fa lava eto. Inona àry no raketin'izany? Hovaliantsika amin'ny alalan'ny fanadihadiana manaraka eto izany.

Nampiasain'ny mpanoratra niresahana lafin-javatra maro ny andalana lava. Na fiainam-piarahamonina na fitiavana na tontolo iainana na tantara ihany koa. Ny lafiny tantara sy fiarahamonina ihany no aseho eto ambany.

- Nitateran'i Nasolo mikasika ny fahapotehan'ny tontolom-piarahamonina ny andalana lava. Nentiny namariparitana izany ity andalana ity, araka izao:

“Dia/ tsy/ ta/na/ fa/ mi/re/hi/tra/ raha/ vao/ to/hi/na/ ny/ fo/ny / vnt 17

Mi/troa/tra/ ho/ a/fo/troa/ ka/ ma/ndo/ro/ izay/ la/lo/va/ny / vnt 16

Ma/nda/tsa/k'ai/na/ maha/fa/ty/ fa/ tsy/ to/ha/ny i/ntso/ny / vnt 15

Ne/nda/hi/na/ ny/ la/mba/ny/ ka/ ni/se/ho/ izay/ na/ro/va/ny // »¹⁵⁵ vnt 17

Ny fahasimban'ny toe-tsain'ny vahoaka no lazain'ny mpanoratra amin'ireo andalan-tononkalo ireo. Toe-tsaina “lian-drà” sy te “hirotaka” ary koa ny fitondrantena tsy voahevitra vokatry ny zava-nisy niainana. Izany hoe, mahavita manao zavatra entina hanoherana ny mpitondra fanjakana ny vahoaka rehefa misy zavatra mahadona ny fony. Ireny toe-javatra ireny no manesika ny atifony ka mandevona izay tratrany; mahavita hatramin'ny mamono olona aza “mandatsak'aina mahafaty”.

Ny andalana lava no nentin'ny mpanoratra nanehoana izany fahalebiazan'ny faharavana eo amin'ny fiarahamonina sy ny fahasimban'ny toe-tsaina izany. Ny

¹⁵⁴ (P.S.) RALAITAFIKA, op. cit, tak. 33

¹⁵⁵ NASOLO, “Tany Mena”, in *Vondrona ambara*, tak. 36

halavan'ny vaninteny dia maneho izany, satria, nahitana vaninteny 15 ka hatramin'ny 17 io andinin-tononkalo io.

Tsy izany ihany, fa maneho ny fahabetsahan'ny fihetseham-po tsy hay tohaina na sakanana tao anatin'ny mpanoratra koa izany.

- Nilazan'i Nasolo tantaram-pirenena ihany koa ny andalana lava.

Ohatra raisina:

“Ao/ a/ntsi/mo/n-tra/no/na/y/, ao/ a/na/ty/ vo/lo/ntsa/nga/na / vnt 17

Mi/sy/ fa/sa/na i/le/ve/na/n'i/reo/ ma/ty/ tsy/ hi/foha / vnt 15

Ta/mi/n'ny/ fi/to/ a/mby/ e/fa/po/lo // vnt 11

Fa/ na/ta/o/n'i/ Ba/rli/et/ tsy/ ni/sy/ ni/a/nga/na / vnt 13

No/ti/fi/ri/ny/ hi/da/ra/bo/ka ao/ a/lo/ha / vnt 14

Ireo/ sa/hy/ nia/tri/ka a/zy/ ta/mi/n'ny/ ra/ntsa/n-ta/na/m-po/lo // »¹⁵⁶ vnt 15

Nentin'ny mpanoratra nilazana ny toerana nametrahana ireo maty noho ny fitiavan-tanindrazana sy ny herimpo nananan'izy ireo ity tononkalo ity. Tany amin'ireo fasana ambadiky ny toeram-ponenan'ny mpanoratra izany, tamin'ny taona 1947. Voalazany ao anatin'io ihany koa ny fomba namonoana azy ireo tsy ankitsitsy fa naripaka avokoa, milaza izany ny andalana fahaefatra sy fahadimy.

Amin'ny maha-mpahay tantara sy mpitantara ny mpanoratra dia maro ny zavatra fantany sy ny fahalalana mikasika ny zava-nitranga teto amin'ny firenena Malagasy. Nanosika azy izany ka niteraka fihetseham-po hanoratra tao anatin'ny. Ny fahabetsahan'ny fihetseham-po naterak'izany sy ny halehiben'ny fitiavana hampita ireny tantara ireny amin'ny mpamaky sy ny taranaka mifandimby no antony nampiasany ny andalana lava eto. Nahafahany nanome fanazavana misimisy sy mazava koa amin'ny olona. Tsy nahoheziny tamin'ny andalana fohy ireny mba hahazoan'ny mpamaky azy tsara.

Samy manana ny lanjany araka ireo hita ireo ny nampiasan'ity mpanoratra ity ny andalana antonony ary ny andalana lava. Samy maneho hevitra sy amam-pihetseham-po, saingy ny andalana antonony, nampiasainy mba hanampiana ny mpamaky amin'ny fanakaran-kevitra. Ary ny andalana lava nataony hanomezana fanazavana bebe kokoa tamin'ny mpamaky ny asa soratra, momba ny zavatra nolazainy.

Hita tamin'ny fandinihana mikasika ny andalana teo àry, fa misy antony avokoa ny fandrafetana ny andalana samihafa, narindra hifanaraka tamin'ny hevitra izy ireny.

‘Ndeha indray kosa ary hohadihadiana ny mikasika ny andininy.

¹⁵⁶ NASOLO, “Lolo”, op. cit, tak. 23

3.2.2.2- Ny mikasika ny andininy

Fitambarana andalana maromaro no manome andininy. Mizarazara ho andininy avokoa ny ankabeazan'ny tononkalo nanaovana izao asa fikarohana izao, ankoatra ireo manana endrika manokana, izay tsy misy afa-tsy andininy iray monja.

Izay karazana andininy hita fa mifandray amin'ny maha-mpitantara ny mpanoratra ihany no horaisina ato anatin'ity zana-dohateny ity.

- **Andininy tsy raikitra endrika**

➤ Niankina tamin'ny fihetseham-po nibosesika tao am-pon'ny mpanoratra, noho ny toe-javatra tsapany sy niainan'ny fiarahamonina no nanoratany, ka nikoriana arakaraka izany ny peniny. Nanoloana ny fihetseham-po nibosesika tao am-pon'ny mpanoratra no nanoratany, ka nikoriana arakaraka izany ny peniny. Tsy manana endrika raikitra ny firafitr'ireo andinin-tononkalony, noho izany. Misy ny andininy fohy ary misy ny andininy lava ao amin'ny asa sorany vokatr'izany. Ahitana izany ity tononkalo ity:

“Toa tsy fidiny ho ahy ny hanoratra

Saingy ny jaly sy ny olatra

Nafitsony ahy no namboraka

Namankona, nampiantsoroka

‘Lay lazainy kanto aminy

Soratra mamilafila mila vaniny.

Voatery aho nandray penina

Satria tsy vatrako nafenina

‘reo hamy, ngidy, latsa

Miafina any anaty ratra

Ireo soa

Anaty fo

Mitambesatra ho tsiahy.

Nanjary nanamaivana ahy

Ireo soratro tomany mitahiry ny hasambarany

Mandalo eto an-tany, mitohy tsy misy farany

Voatsangany hotadidy:

Ireo jadona sy didy nataon'ireo mpitondra

Ka nidiranay amponja
 Afatrany ambongadiny, sady koa lokoiny
 Ireo rotaka sy tolona soa nimasoany
 Refesiny halavana
 Ireo bikan'hadalana
 Ventsoiny, ampololorony anaty fo mandroatra
 Fitia lazaina tsotra, nefa tafahoatra
 [...]”¹⁵⁷

Araka ny hita eo amin'io tononkalo io dia arakaraka ny fitobaky ny fihetsehampon'ny mpanoratra no halavan'ny isan'andiny.

Ny andiny voalohany, ahitana andalana enina no nandraketany ny antony nanosika azy mpanoratra hanoratra. Tsy inona izany, fa ny fiainam-pahoriana sy ireo toe-javatra nandratra ny fon'ny mpanoratra, teo amin'ny fiainany.

Nilazany ny zavatra niteraka ny aingam-panahy tao anatin'ny, kosa, ny andiny faharoa, misy andalana fito: Ny soa sy ny mahafaly ary koa ny zavatra nampalahelo nandalo teo amin'ny fianany izany. Mamela fahatsiarovana ho azy ireny rehetra ireny, araka ny voalazany eo manao hoe: “Mitambesatra ho tsiahy”.

Eo amin'ny andiny fahatelo indray no nilazany ny vokatra entin'ny soratra. Ao anatin'izany ny fanamaivanana ny vesatra any anatin'ny mpanoratra. Nilazany koa ny anjara asany: Mitahiry ny tantara sy ireo zava-nitranga teo amin'ny firenena; ny fiainam-piarahamonina ao anatin'ny fandraisana an-jambany ny fandrosoana sy ny sisa.

Tao anatin'ny andalana lava no nanehoany izany. Nahitana andalana valo amby roampolo io andiny iray io, ka azo ambara amin'izany, fa feno dia feno ny fon'ny mpanoratra ary namonto azy ny fihetseham-po vokatra ny fahoriana tao aminy ka nivoaka nipolotra avy ao anatin'ny. Nahatonga azy nitanisa ny zava-nisy hitany teo amin'ny fiarahamonina izany.

Raha ireo fiovaovan'ny halavan'ny isan'andiny ireo no dinihina, dia miankina amin'ny fihetseham-po sy ny hevitra tian'ny mpanoratra haboraka tokoa no nifantenany ny halavan'ny andinin-tononkalo tsirairay.

- Andiny manana endrika manokatra sy mamarana ny tononkalo, na ihany koa, mampiditra na mamarana fotsiny ny tononkalo, no aseho manaraka:

¹⁵⁷ NASOLO, op . cit, “ Soratra”, tak. 32

❖ **Andininy manana endrika manokatra ny tononkalo**

Ohatra 1:

“Ho an’i Fanilo

FANILO antenaina hitondra hazavana

Ho masoandro baliaka, ho volana feno

Hanafana ny tany, ho lanitra manga

Ho sakaizan-tsekoly, ho mahay mihaino

Ho Zaza matsilo.

FANILO-Fitia nokoloina efa ela

Nisetra tadio dia io fa nitombo

Vao mainka nirehitra nilelalela

Andrasan-ko faty vao indro nitombo. »¹⁵⁸

[...]

Toy izao ny firafitry ny andininy ao amin’io tononkalo io:

Andininy voalohany: Ahitana andalana 6

Andininy faharoa hatramin’ny fahafito: Ahitana andalana 4 avy

Nataon’ny mpanoratra niavaka amin’ireo andininy hafa rehetra ny andininy voalohany, satria andalana enina no mandrafitra azy. Miseho tahaka ny teny fampidirana na tari-dresaka izany eto. Nataony hampisongadinana ny hevitra amam-pihetseham-po tiany hampitaina amin’ny mpamaky izany. Eo am-panombohana no niventesan’ny mpanoratra ny firarian-tsoa ho an’ny andiany Fanilo, mpiofana momba ny teny Malagasy. Nataony tao anatin’ny andininy lava kokoa izany, mba hanasongadinany ny halalin’ny fihetseham-po tao aminy dia ilay faniriana ny soa ho an’ny hafa. Notohizany tamin’ny andininy maromaro miisa enina (6) misy andalana efatra (4) avy izany. Fohy kokoa noho iry voalohany ireto faharoa, satria, nentiny nitanisa ireo toetra nokasainy hananan’ny FANILO. Ohatra amin’izany, ny toetra tsy voahozongozona amin’ny zavatra tsara efa nijoroana, araka ny hita eo amin’io andininy faharoa io.

Nampiasain’ny mpanoratra hitanisana ireo toetra niriany hananan’ity andiany ity ireo andininy maromaro mitovy endrika ireo. Ireo toetra kanto tiany ho hita eo amin’ny Malagasy izany. Malagasy tia ny teniny sy ny taniny, ka hiaro sy hanandratra avo ny

¹⁵⁸ NASOLO, op. cit, “Fanilo”, tak. 48

fiandrianam-pirenena Malagasy امام-boninahiny, izay nezahin'ny mpanjanaka nohitsakitsahina.

❖ **Andininy manana endrika mamarana ny tononkalo.**

...

“Valio ry ampitso.

Raha tombana diso », in *V.A*, tak. 60

Te hilaza eto ny mpanoratra raha diso ny eritreriny mikasika ny fanadinoana izay noheveriny fa tsy misy, indrindra ny lasa niainany tao anatin'ny fahoriana, ka ny ho avy mbola

handrasana no nametrahan'ny fanontaniana hamaly izany.

Nataon'ny mpanoratra namintinan-kafatra amin'ny ankapobeny ny andininy farany amin'ireny tononkalo ireny ka nomeny endrika miavaka tamin'ny ireo andininy hafa rehetra. Mbola maneho izany ity tononkalo ity :

[...]

“Maty dada, fa velona ny elany

Mamelona ny misiny, ny lova ‘zay

navelany”¹⁵⁹

Matetika dia famintinana no any amin'ny faran'ny asa soratra toy izay hita teo aloha, nefa koa, nilazan'ny mpanoratra ny heviny manokana. Teto ohatra, dia nilaza ny fahalasan'ny rainy ny mpanoratra, saingy nambarany eo fa tsy maty ireo zava-bitany ary mampahatsiahy ny fisiany hatrany ny fananana napetrany ho an'ny taranany.

Andininy fohy no nampiasaina amin'ny maha famintinan-kevitra sy fanehoan-kevitra manokana ity andininy farany ity, satria efa voalaza teo aloha avokoa ny fihetseham-po tao anatiny.

• **Andininy tokana**

Raha nampiasa andininy maromaro i Nasolo dia anisany nampiasainy ihany koa ny **andininy tokana**, rehefa nandrafitra tononkalo mitantara izy. Ohatra, ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe, “Manonja”, in *Vondrona Ambara*, tak. 93 sy ny hoe, “Fay”, in *V.A*, tak. 69.

Indro asehonay eto ny iray amin'ireo:

¹⁵⁹ NASOLO, “Dian-tanany”, op. cit, tak. 103

“Loza r’ise ‘lay vony voahitsaka
 Fa nanimba orona ny fofony manitra
 Izy nihorona hay ka namitsaka
 Namboatra ny taho sy tsilo haranitra
 Lolo efa firy no tonga nitsentsitra
 Nioty ny fanja sy tsiro miheliny?
 Fa tamin’ity izy gina ka hentitra
 Moromoro vaventy ankiray no tsy teliny
 Zatra mpikaroka hafinaretana
 Mantsy r’ise ny androan-tokom-piainany
 Sendra madonda tsy laitra niaretana
 ‘Fay aho ! fay “Fara tenin-tarainany”¹⁶⁰

Andininy iray ihany no mandrafitra io tononkalo io. Nataon’i Nasolo hanasongadinana sy hamehezana lohahevitra iray izy ity. Eto dia ny fahitany ny fitondran-tena tsy mendrika ananan’ny tovovavy iray no nolazainy. Nohariny tamin’ny vonimboninkazo voahitsaka, manana ny “fofony manitra” io zazavavy io. Izany hoe, tovovavy tsara tarehy sy manintona, saingy, lasa ratsy laza teo amin’ny fiarahamonina nisy azy, tonga “nanimba orona ny fofony manitra” hoy ny mpanoratra. Noho ny hamaroan’ny lehilahy niaraka taminy, izay nandalo dia lasa no anton’izany, araka ny nolazain’ny mpanoratra eo amin’ny andalana fahadimy hoe:

“Lolo efa firy no tonga nitsentsitra

Nioty ny fanja sy tsiro miheliny?”. Tsy mba nikatsaka izay nahaso azy izy tamin’izany, fa nanao izay nahafinaritra azy fotsiny; nandangolango tamin-kafetsena: “Namboatra ny taho sy tsilo haranitra”. Sendra izay olona nahalala ny toetrany sy ny fanaony, anefa, izy, ka tsy nahomby fa fahasimbana no hitany. Nahatsiaro voakapoka mafy izy tamin’izany ka tsy te hamerina ny vitany intsony. Manantitra izany ny andalana fahafito ka hatramin’ny faha-roambinifolo eo ambony eo.

Fitaovana nataon’ny mpanoratra hampitan-kafatra ny tononkalo, ka arakarak’izany hafatra tiany hampitaina izany no nandrafetany ny halavan’ny andinin-tononkalo sy ny endriny. Misy ireo tononkalo nahitana andininy maro, ohatra: “29 Mars 1947”, in *V.A.*, tak. 11, noho ny haben’ny fihetseham-po tao amin’ny mpanoratra nanoloana ny zava-nitranga Nameno sy nanavesatra ny fony ireny ka nipololotra tsy hainy nofefena. Misy koa ireo

¹⁶⁰ NASOLO, “Fay”, in *Vondrona Ambara*, tak. 69

tononkalo tsy nahitana afa-tsy andininy tokana. Ohatra amin'izany ny tononkalo hoe: “Manonja”¹⁶¹ sy “Fay”¹⁶². Maneho ny fo tohina sy feno alahelo vokatry ny toe-javatra iray ary koa ny zavatra nanaitra ny mpanoratra teny amin'ny fiarahamonina ny andinin-tononkalo tokana.

Hita fa anisan'ny mpanoratra nahafehy ny filalaovana amin'ny andalana sy ny andininy ny mpanoratra Nasolo raha atao bango tokana izay rehetra voalaza izay. Hainy ny nampiasa ireo karazana endrika mahakasika izany hifanaraka amin'ny hevitra tiany hambara.

3.2.3. NY FINGADONA

Ny fitsatotsatoky ny feo eo am-panononana ny tononkalo no antsoina hoe bà. Ahitana ny fifandimbiasan'ny vaninteny mafy sy malemy isaka ny andalana, izay arahina tonony izany. Aseho amin'ny kisary ($\perp$) ny vanim-peo tononina mafy na ngadona ary amin'ny ($\cup$) kosa ny vanim-peo tononina mora na tsaika. Mampiasa fingadona mifangaro i Nasolo ao amin'ny asa sorany. Nampifandraisiny amin'ny hevitra amam-pihetseham-po raketiny izany, araka ny nolazain'i Randja Zanamihoatra hoe: “*Ao amin'ny tononkalo, ny fingadon'ny teny sy ny hevitra amam-pihetseham-po dia zava-droa loha tsy afa-misaraka.*”¹⁶³ Ny fifandraisan'ireo singa roa ireo, araka izany, no hodinihana manaraka.

Marihina ety am-piandohana, fa misy fifangaroam-pingadona isan-karazany ao anatin'ny tononkalon'i Nasolo. Ny ankamaroan'ny tononkalony dia saika nahitana izany avokoa. Tsy raikitra ihany koa ny fisehoan'ireo fingadona ireo eo amin'ny isan'andalan'ny tononkalo, izany hoe, tsy voatery ho arahin'ny andalana manaraka ny hita ao amin'ny andalana eo aloha.

3.2.3.1. Ny fiaraha-misehon'ny fingadona lila, ralila ary taralila

Anisan'ny mampiavaka ny mpanoratra Nasolo ny fampiarahana ireo fingadona samihafa ao anatin'ny tononkalony rehefa nitantara izy. Izany indrindra no nandraisana azy ireo miaraka ato anatin'ny fandinihana.

Ny “lila” ($\cup\perp$), ny “ralila” ($\cup\perp\cup$), ary ny “taralila” ($\cup\cup\perp\cup$) matetika no tena nampiarahin'ny mpanoratra. Narindrany hifanaraka amin'ny hevitra amam-pihetseham-pony ireny, ka nahafahany nandrakitra tantara.

¹⁶¹ Cf supra note 161, tak. 127

¹⁶² Jereo takila eo ambony

¹⁶³ Randja ZANAMIHOATRA, taterin'i Lala RAKOTOSON RAOLISOA Julienne Agnès, in *Lovako Kilasy faharoa*, Editions Ambozontany, Analamahitsy Antananarivo, 2000, tak. 78

$\begin{array}{c} \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \\ \text{“Tomany/ny tany/amboloiko/any/ho any} \end{array}$	ralila (x2)/ taralila, lila, ralila
$\begin{array}{c} \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \\ \text{Ireo/voninkazo/nalazo/sy lany} \end{array}$	ralila, taralila/ ralila, ralila
$\begin{array}{c} \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \\ \text{Foana/hatramin’ny reninantely} \end{array}$	lila, ralila/ ralila, ralila
$\begin{array}{c} \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} / \text{U} \quad \text{U} \quad \text{U} \\ \text{Foana/ny biby/na ngeza/na kely.”}^{164} \end{array}$	Lila, ralila/ lila, ralila

Hita eo amin’io tononkalo io fa niaraka nampiasain’i Nasolo ireo karazam-pingadona telo ireo, mba hanehoany ny hevitra amam-pihetseham-pony manoloana ny fahasimban’ny tontolo iainana.

3.2.3.2. Ny hevitra ambaran’ny fmgadona tsirairay

Manambara feo mitsatotsatoka ny “lila”. Maneho fitanisana ny zavatra mianjady amin’ny zava-boary izany eto. Ny “ralila” kosa, toy ny onja sy ny fikopaky ny ela-borona. Mitory fihetseham-po manina sy manembona ny lasa. Ary ny “taralila” maneho feo mitaraindraina sy somary mitarazoka, noho ny fahoriam-po mahita ny fahapotehan’ny tontolo iainana.

Manasongadina izany hevitra izany, ny fifamaliham-pingadona eo amin’ny isan’andalana amin’io andinin-tononkalo iray io. Eo amin’ny andalana voalohany, ahitana ralila roa sy taralila iray mifamaly amin’ny lila sy ny ralila. Ny andalana faharoa, kosa, ahitana ralila sy taralila, mifamaly amin’ny ralila roa. Lila iray mifamaly amin’ny ralila telo indray no hita eo amin’ny andalana fahatelo, ary ny andalana fahaefatra farany dia misy ny fifandimbiasan’ny ralila sy ny lila.

- Manambara fo mitomany, malahelo sy vesaran-tebiteby, noho ny voka-dratsy nateraky ny fahasimban’ny nofontany ireo karazam-pingadona mifamaly ireo. Ory ny fo amam-panahin’ny mpanoratra mieritreritra, izany, satria, mety hitarika mosary ny tsy famokaran’ny tany. Ny saina vaka noho izany no nasehony tamin’ny alalan’ny fmgadona samihafa.

Ny fiventesan’ny mpanoratra hoe: “Tomany ny tany amboloiko any ho any”, dia milaza izany fanembonana miaro alahelo izany, manoloana ny faharavan’ny tontolo iainana.

¹⁶⁴ NASOLO, “Mitomany ny tany”, in V.A, tak. 27

Tontolo iainana tsy misy mpiaro sy mpikarakara vokatry ny fahaserotam-piainana niainan'ny vahoaka. Izany koa no hevitra nasongadiny tamin'ireo fingadona ireo.

- Tsy izany ihany, fa nanehoan'i Nasolo ny fahatsiarovana ireo fahoriana nanjo ny Malagasy ihany koa ny fampiarahana ireo fingadona samihafa ireo.

Ohatra 2:

“Zary/mitambolona eto/indray ilay/fahitana/hafahafa lila,taralila,ralila(x3),taralila,lila(x2)

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa. lila (x4), taralila, lila (x2)

Menavava/am-babena/no mikiaka/farariana lila (x2), taralila (x3)

Reny maro/maro/mihov/trovim/panahiana.”¹⁶⁵ lila (x3), ralila, lila, taralila

Nitamberina tao anatin'ny mpanoratra ireo zava-nihatra tamin'ny Malagasy: Tahotra sy fampijaliana. Niteraka rà mandriaka sy antsoantso izany, ka nahatonga ny mpanoratra namoaka ny tao am-pony mikasika ny fahatsapany izany. Notanisainy ireo fijaliana amam-pahoriana nihatra tamin'ireo olona maro ny taona 1947. Nifamahofaho tao anatin'ny ireny toe-javatra rehetra ireny ka tsy namela azy hangina. Hita taratra eo amin'ny endrika ivelan'ny tononkalo izany fifamahofahoan-javatra maro izany, ka niteraka fifangaroam-pingadona.

Ny “lila” mitory feo mitsatoka indraim-bava monja, noho, ny fon'ny mpanoratra novesarana alahelo tamin'ny toe-javatra nanjo ny Malagasy fony teo anatrehan'ny vazaha mpanjanaka. Ny “ralila” maneho ny fahatsiarovana ny lasa, ary ny “taralila” mampiseho ny fitarainana vokatr'izany. Hitantsika eo amin'ireo andalana ireo koa ny fifandraisan'izany fihetseham-po sy hevitra izany amin'ny fingadona samihafa nampiasainy. Ohatra, raha raisina ny andalana fahaefatra, dia ahitana toy izao: Ny lila misesisesy dia manambara ny fon'ny mpanoratra vonton'alahelo ka tsy mahaloa-peo firy, ontsa noho ny toe-javatra nihatra tamin'ireo renim-pianakaviana. Mifamaly amin'ny ralila sy ny lila io fingadona io, izay maneho ny fahatsiarovana miharo sento teo amin'ny mpanoratra. Farany dia fo mitaralila, izany hoe, fo feno taraina sy tebiteby noho ny zava-nisy izay hita teo amin'ny vahoaka no lazain'ny taralila, ka nampitain'i Nasolo tamin'ny mpamaky.

¹⁶⁵ NASOLO, op. cit, tak. 13

- Manaraka izany, tsy ny zava-nisy teto amin'y firenena ihany no nahitana ny fiarahan'ireo fingadona samihafa ireo, fa ny fiainan'ny mpanoratra koa.

Ohatra 3 :

$\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}$
 “Dia/nisy/hariva/fara/fofon/ainy
 $\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}$
 Nisy/ny fara-teniny/fiandohan/drano/maso
 $\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}$
 Nisy/tsiky, fara-tsiky/tsy tanteraka
 $\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}/\frac{\perp\perp}{\perp\perp}$
 Nisy/farany/dia/ny fara fijaliany.”¹⁶⁶

Nampiasa fingadona maromaro ny mpanoratra raha niresaka momba ny fahafatesana sy ny zava-mitranga ao anatin'izany. Ny fingadona “lila” miverimberina eo amin'ny isan'andalana eoamhony eo, dia ngadona famindrana mitory fahalasanana. Ny fahafatesan'ny rain'ny mpanoratr aeto nasehony tamin'ny alalan'izany, ka nilazany hoe, “fara-fofon'ainy, nisy ny fara-teniny, nisy tsiky, fara-tsiky, ...”.

Nasehony tamin'ny fingadona “lila” narahina “ralila”¹⁶⁷, kosa, ny fitoniana naterak'izany teo amin'ny maty. Ny filentehan'ny androm-piainan'ilay olona miandalana teo am-pialana aina sy ny fiakaran'ny fihetsdiny io. Teo koa ny fampitonian-tena sy fampiononam-po tsy maintsy nataon'ny mpanoratra nanoloana ny fahoriana.

Eo amin'ny andalana fahatelo, tapany faharoa dia nahitana fingadona ($\perp\perp\perp\perp\perp$) izay maneho ny fahatanterahan'ny fihetsika farany tian'ilay olona naseho teo am-pialana aina.

Manaraka izany, nambaran'i Nasolo tamin'ny fingadona “lila” narahina “iambe” (eo amin'ny andalana fahaefatra, tapany voalohany), ny fahanginana tanteraka teo amin'ilay maty sy ny fara-fahatsapany fahoriana.

Namaranan'ny mpanoratra azy ny fingadona taralila, nentiny naneho ny fo torovan'alahelo teo am-para-pamoiza-maso an-drainy.

Izany fihetseham-po samihafa izany no narindran'ny mpanoratra hifanaraka amin'ireo fingadon-tononkalo isan-karazany, mba hatakaran'ny mpamaky izany.

Raha fintinina izay voalaza rehetra teo, nataon'ny mpanoratra namborahana ireo fihetseham-po vokatry ny zava-nidona taminy ary koa namoahany ny fahatsiarovana ireo jaly sy fahoriana nanjo ny Malagasy ny fingadona “lila”, “ralila” ary “taralila”.

Ankoatra ireo voatanisa ireo dia nahitana fingadona hafa ihany koa ao amin'ny tononkalon'i Nasolo. Nampifandraisiny hatrany amin'ny hevitra amam-pihetseham-po raketiny ny fampiasana azy ireny.

¹⁶⁶ NASOLO, “Farany”, op. cit, tak. 20

¹⁶⁷ Andalana 1, 2, 4

fihetseham-po sy ny hevitra raketin'ireny. Mampiavaka azy manokana ny fampiarahany ireo fingadona samihafa ao anatin'ny tononkalo iray.

Misy antony avokoa ny fanehoany ireny endrika ivelany ireny. Ny nahatonga ny halavan'ny lohateny, ny endriky ny andalana sy ny andininy, ary ny fingadona nampiasainy tamin'ny andian-teny nentina naneho izany. Miankina amin'ny haben'ny fihetseham-pon'ny mpanoratra, ny fomba fanehoany hevitra ary ny vontootin-kevitra nambarany mazàna ny fampiasany azy ireny. Manampy ny mpamaky hahazo sary antsaina ny tranga resahin'ny mpanoratra izany paikady nataony izany.

Fanampin'ireo, mba hanome aina ny fihainoan'ny mpamaky sy hahaliana azy dia nampiasa rima koa ny mpanoratra. Anisany miantoka ny firindran'ny tononkalo ny rima.

3.2.4. NY RIMA

Singa iray dinihana amin'ny endrika ivelan'ny tononkalo ny rima. Tsy inona ny rima fa ny *“fiverimberenany feo mitovy, hita eo amin'ny farany andalana roan a maromaro”*¹⁶⁸. Anisan'ireo fomba nentin'ny mpanoratra naneho amin'ny endrika kanto ny hevitra amam-pihetseham-pony sy nanehoany ny feo kanto mahafinaritra ny sofina ary nanomezany aina ny fintantarana ny zava-nisy teto amin'ny Nosy ny rima.

Ny karazana rima araka ny laharam-pisehoany

Tamin'ny fandinihana ny *Vondrona Ambara* no nahitanay, fa ity rima araka ny laharam-pisehoany ity no nampiasain'ny mpanoratra nandravahana ny tononkalony, sady hita fa nanavanana azy. Ny 95 isan-jaton'ny tononkalony dia nahitana io avokoa.

Endrika telo no isehoany: Ny rima mifaningotra, izay betsaka indrindra ao amin'ny tononkalo, misy 59 isan-jato. Ny rima mifanjohy, 35 isan-jato ary ny rima mifampisakambina izay tsy misy afa-tsy 4 isan-jato fotsiny.

Marihina etoana, fa misy tononkalo vitsivitsy nahitana ny fifangaroan'ireo rima ireo.

Ny mikasika izany no hojerena manaraka eto ka arahina fanazavana ny hevitra amam-pihetseham-po raketin'ireny.


3.2.4.1. Rima mifaningotra

Miseho amin'ny (ab,ab) ny rima mifaningotra. Nataon'ny mpanoratra nitaterana mikasika ny zava-nisy teo amin'ny fiaraha-monina sy ny fiainam-pirenena ity rima ity, ankoatra ny lafiny fitiavana sy ny fanabeazana. Maro ny zavatra nifamahofaho teto


¹⁶⁸ Dictionnaire *Le Petit Larousse illustré* 2011, Editions Laroussien Paris 2010, p. 893 : « Retour du même son à la fin de deux vers ou plus. »

amin'ny firenena no tsy tantin'ny vahoaka ka nampitroatra azy. Milaza ny momba izany ny mpanoratra ato amin'ny tononkalony:

“ Tany mena soritsoritan'ny lalan-kely mihoan-tanety
Tany mena maka endriky ny fiainana
Tany mena mora sorena amin'ny zavatra tsy mety
Tany mena mikolokolo otrik'afo amam-pisainana
[...]



Tany rotaka fa hirotsaka ny tendrom-bohitra
Ho lavo koa ireo andrarezina, hiogana ny aviavy
Ho tapaka ny amontana, hena velona ny iray vohitra
Rava ny harena, lavenona, nisy voky sy matavy. »¹⁶⁹



Hita eo amin'ireo andinin-tononkalo ireo, fa nataon'ny mpanoratra nanehoana ny fihetsiky ny vahoaka tsy nanaiky sy tsy nankasitraka ny tsy mety na taon'ny fitondram-panjakana ny rima mifanigotra, « sorena amin'ny zavatra tsy mety » hoy izy; izany no hitarika fihetsiketsehana ka mety handrava izany fanjakana izany, ary koa tsy hampisy ny fiandrianam-pirenena intsony “Hiongana ny aviavy”, “ho ta paka ny amontana”, araky ny voalazan'ny mpanoratra ihany. Izany famahofahoan-javatra mety hitranga samihafa izany no asehon'ny rima mifanigotra eto.


Raha fintinina izay voalaza dia nanehoan'i Nasolo ny fifaningoran'ny fifaningoran'ny toe-draharaham-pirenena amin'ny fiainan'ny vahoaka ny rima mifanigotra. Tsy ny mpanoratra Nasolo ihany no nampiasa azy nilazana tantara fa ny mpanoratra hafa koa toa an-dRabearifeno Albert, izay nanoratra toy izao :

“Tigetran'i Galli, firenen-kikorosy.

Mpanjanaka ikohizana eran-tany

Niampita ny rika no tonga ami-Nosy

Namoa-peo avo: azontsika ny tany.”¹⁷⁰



Nilaza ny amin'ny tanjon'ny mpanjanaka teto madagasikara sy ny nataon'i Galliéni ity mpanoratra ity.

Noho izany, matoa tsy mpanoratra iray fotsiny no nampiasa ny rima mifanigotra dia nisy zavatra tiany nampitaina tamin'ny alalan'izany. Tsy inona, fa ny famitahana sy fanararaotana nataon'ny vazaha Malagasy teto.

Ankoatra izay, nataon'ny mpanoratra nilazana ny zava-nisy teny amin'ny fiaraha-monina koa ny rima mifanigotra. Ohatra, ny lalao fahita eny amin'ny fiaianana

¹⁶⁹ Ibidem

¹⁷⁰ (A) RABEARIFENO, Petit brochure, Faha- 45 taonan'ny HAVATSA UPEM, *Ady ny fiainana*, tak. 5

andavanandro, toy ny baolina. Nasian'ny mpanoratra teny manokana izy ity, ka toy izao no nambarany:

“lalao iombonana ankafiziko	a	┌ └
Noho ilay hery indray mirindra	b	
Iainako sy tehiriziko	a	┌ └
Atao lova afindrafindra”	b	

...

In *V.A*, tak. 16

Rima mifaningotra no nampiasain'ny mpanoratra nilazana izany, noho ny lalao baolina ifanandrinan'ny ekipa roa samy hafa. Eo ihany koa, ny fomba filalao tsy maintsy misy fitapitaka sy fandripandrika. Samy mampiasa paikady ny andaniny sy ny ankilany mba hahazoany fandresena. Misy fifampidipidirana ao anatin'ny lalao, araka izany. Misy ifandraisany amin'ny tantaram-pirenena izany, izay maneho ny ady nifanandrinan'ny Malagasy sy ny Frantsay teto, tamin'ny taona fito amby efapolo. Tsy ny tantara ihany, fa mifandray amin'ny fiainan'ny mpanoratra ihany koa, satria lalao tena tiany io, nolazainy tamin'izany hoe “lalao iombonana ankafiziko”. Sady mifandray amin'ny fomba fanaon'ny mpanao baolina izany eto ny nambaran'ny tononkalo no miresaka tantaram-piainan'ny mpanoratra sy tantaram-pirenena.

3.2.4.2. Rima mifanjohy

Ny fitovian'ny faran'ny andalana miafanasy no atao hoe, rima mifanjohy. Mety mitovy tsiroaroa na tsitelotelo na mitovy avokoa ny fisehoan'ny rima eo amin'ny andininy iray amin'izany. Miseho amin'ny (aa, bb) ity rima ity.

Nentin'ny mpanoratra nanindrahindra ny teny Malagasy ny rima moifaningotra, raha ny lafiny ara-tantara no asian-teny. Nomeny lanja manokana ny teny Malagasy izay anisany maha-izy azy ny firenena. Ka hoy izy naneho izany:

“Ahy ianao ry teny Malagasy mamiko	a	┌ └
Ahy ianao. Tsy ataoko manana sahala. Tsy nindramiko	a	
Mikoriana ato anatiko, ra mamelombelona ahy	b	┌ └
Ny fakanao dia ny foko, ny saiko, ny fanahy	b	
Tsy hoe nafindra na novolena ato anatiko ianatiko ianao	d	┌ └
Na nandranto aho, vao Malagasy tahaka izao?” ¹⁷¹	d	

¹⁷¹ Ibidem

Nampiasa rima mifanjohy i Nasolo raha nitanisa ny hakanton'ny teny Malagasy sy ny fanamboniany azy. Nampiarahany tamin'ny fampiasana mpisolotena tampisaka -ko izany, izay nanondro ny mpanoratra ihany mba hanambarany ny fiarahany amin'ny teniny mandrakariva sy ny tsy fisarahany aminy na aiza na aiza misy azy, ary na amin'inona na amin'inona ataony. Anisany maha-firenena ny firenena rahateo ny teny ka mendrika ny hohajaina sy andrianina.

Ankoatra izany, ny teny no fitaovana anambarana hevitra samihafa tiana hajoro, koa nentin'ny mpanoratra nilazana ny momban'ny “Demokrasia” sy ny “raharahan'ny 1947 izy. Nasiany rindra tamin'ny alalan'ny fampiadiana rima izany araka ny hita eto:

“Isaky ny firy taona no hitranga ny toy izao?

Tanja-tsaina toa mivaona voasokajy ho vaovao

...

Fa matsatso ny nahandro izay naroso azy ireo

Ka tsy teliny mihitsy, misy aza mankaleo

Heritreritr'olom-bitsy, noterena izy mba hanaiky

Na dia mahantra fara idina, ry be lemoka etsy akaiky”

In V.A, tak. 1

Nataon'ny mpanoratra nampibari-bariana ny tsy fazakan'ny Malagasy ny endrim-pitolomana nisy teto Madagasikara ny rima mifanjohy, araka io tononkalo io. Nanaiky tsy sazoka izay nataon'ireo olom-bitsy ny vahoaka, na dia tsy mety aza izany. Nanaraka teny koa ny fahantrana, izay voarakitra ato amin'ity andininy ity ihany:

Ankizy maro milalao, amin-tsisin'arabe	a	┌
No mifanjevo itanao manelingelina mpandeha	a	└
Anatin'io lava-bato	b	┌
Izay izay izoranao tsy an-kiato	b	└
Fa tamin'izay nandalo indrindra	d	┌
Izaho nampihaotra famindra	d	└
Indray niredona izy hoe:	e	┌
“omeo vola kely ramose!” ¹⁷²	e	└

Nasehony eo amin'io andinin-tononkalo ny fiainan'ny vahoaka sahirana, miaina eny an-dalambe, tsy manan-tranom-ponenana sy asa fivelomana. Ny fangatahana amin'nireo olona sendra mba mitsetra no foto-tsakafony.

¹⁷² NASOLO, “Tonelina”, in V.A, tak. 41

Izany fiainana anaty fahantrana izay mbola iainan'ny ankamaroan'ny Malagasy ankehitriny izany no tian'ny mpanoratra haseho amin'ny alalan'ny rima mifanjohy. Tsy mety ho foana mandraka androany izany, fa manaraka ny vanim-potoana diavina hatrany, mitambesatra ao am-baben'ny olona maro koa.

Tsy ny hitantsika amin'izao fotona izao ihany no nambaran'i Nasolo tamin'ny alalan'io rima io, fa ny tamin'ny andron'ny fanjanahantany koa.

Nanehoany ny fahavononan'ireo mpikambana V.V.S sy ny namany hanohitra ny fitondran-janatany sy hanohy izany tolona izany ny rima mifanjohy. Milaza izany ny ampahan-tononkalo eto:

“Toy izany koa ny V.V.S.

Tsy dia niseho masoandro akory

Nefa efa-miari-tory, sady manomana olona

Sahy hatrika ny tolona”, In *V.A*, tak.12

Manaraka izany, nitaterany betsaka ny zava-nanjo ireo tia tanindrazana Malagasy sy ireo Malagasy maro tamin'ny 1947 koa ity rima mifanjohy ity. Nanjohy ny olona teny ny fahoriana isan-karazany nandritra ny fotoana ela, ka nasesin'ny mpanoratra notanisaina, araka izany, ny zava-nisy. Vakio ange ny fitaterany azy eto e!:

“Kanefa moa dia sahy	a	┐
Nisetra vava-basy sy tafondro ireo lehilahy	a	←
Hitaky fahafana sy rariny	b	┐
Maty ! maty ! lany maty, an'a lina ny valiny	b	←
Misy fasan-dapabe any Moramanga	d	┐
Misy tsy hita na re fa an-tsirangaranga ...	d	←

Misy toy ireny any Anjozorobe”¹⁷³

Nasongadin'ny mpanoratra eo amin'ireo andalana maromaro ireo ny fahafatesan'ireo olona an'alina nandritra ny ady tamin'ny taona fito amby efapolo. Ankoatra izany, noventesiny tamin'ny antsipirihany ihany koa, ireo karazam-pahoriana sy fijaliana maro nahazo ny vahoaka. Tsy misy lehibe ary tsy nisy fanavahana fa samy niharan'ny famonoana avokoa.

Nitosaka eo am-pon'ny mpanoratra ireo fihetseham-po vokatry ny fahafantarana ny tantara sy ny zava-nanjo ireo fianakaviany (ry Pely Maitso, jereo tovana I).

¹⁷³ Ibidem

Tsapany tamin'izany, ny fahoriana nahazo ny Malagasy ka tsy hainy notanana. Nijohy tao anatin'ireny, ka nanosika ny peniny hanoratra. Fitansana lava reny, nitohitohy, nila tsy hijanona ny filazany ny zava-nisy tamin'izany: Ny ratra, tomany, tebiteby, fanaintainana, tahotra,...

Izany fitohitohizan'ny fitansana sy fitobahan'ny fihetseham-po nivoaka tsy nisy farany izany no nahatonga ny rima mifanjohy nampiasain'ny mpanoratra, ao amin'ny tononkalony. Nizotra tsikelikely ny tetik'adin'ny mpanjanatany, nanomboka tamin'ny fisamborana ny mpitolona ka niafara tamin'ny ady sy fandripahana. Manampy ny fampiasana io rima io, amin'ny fitantarana ny zavatra mafy nihatra tamin'ny mpitolona ihany koa i Janvier Abraham Andriamahazo, ao amin'ny tononkalony manao hoe:

“Roso am-bava ady
Ary tafara-mpivady
Vonona hikomy, ho lafika,
Eny ho mpitarika ny tafika,
Liana hiady tsy hita velively.
Ombam-basy, pilota, fively
Mandaroka, mifampitana eo
Aorian'izay kiaka sy feo,
Ny ainy no nanefa
Ary ny rany no nilefa
Ny vatany mangatsiaka!
Tsy ho resy hoy ny hiaka.”¹⁷⁴

Eto ity mpanoratra ity dia nilazalaza ny fahavononan'ny Malagasy izay tsy mba ary fiadiana teo am-piatrehana ny ady. Notateriny eo ny vokatr'izany ady izany: Taraina, tabataba, fahatesana,...kanefa anteriny fa hitondra fandresena ho an'ny firenena izany.

Araka izany, tsy i Nasolo ihany no nampiasa ny rima mifanjohy nanoratany tantaram-pireneny, noho i Madagasikara nozohiam-pahoriana.

Mifameno amin'ny fahazoana ny hevitra tian'ny mpanoratra hambara ny fisian'ny rima mifanjohy. Mampivohitra ny fifazan-johian-kevitra sy ny fisesin'ny toe-javatra tantaraina ny fisiany. Samy mahazo ny anjaram-pahafinaretany avokoa, noho izany, na ny maso na

¹⁷⁴ (J.A) ANDRIAMAHARO, Petit brochure, Faha- 45 taonan'ny HAVATSA UPEM, *Fiombonam-pitolomana*, tak. 8, and. 2

ny sofina. Manampy izany ny hevitra samihafa, izay ahafahan'ny saina manakatra ny volazan'ireny mpanoratra koa.

3.2.4.3. Rima mifampisakambina

Miseho amin'ny endrika (abd, abd) ny rima mifampisakambina. Ohatra maneho izany ity:

“ Dia misy fasan-tsenegaly mifanila aminy <u>eo</u>	a	
Dongotany kely roa miavoavo toto- <u>bato</u>	b	
Mbola mitily sy miambina ireo lavo nofafazany	d	
Hindraindrain'i Barliet ho mahery fo <u>ireo</u>	a	←
Amboniany ery ny lazany, derainy tsy an- <u>kiato</u>	b	←
Fa maty ho an'ny tanindra <u>zany</u> .”,	d	←

in *V.A*, tak.23

Nanehoan'ny mpanoratra ny fifanakaikezan'ny fasan'ny Malagasy sy ny Senegaly tamin'ny taona 1947 ny rima mifampisakambina. Nampibaribariany ny fisian'ny ady nifatrehana'ny Malagasy sy ny miaramila vazaha (Senegaly) ihany koa. Miaramila nampiasain'ny Frantsay nanampy azy tamin'ny fakana an'i Madagasikara izy ireo. Samy nahafatesana olona, noho izany, ny andaniny sy ny ankilany, ka nahatonga an'i Barliet nanindrahindra ny miaramilany ho tia tanindrazana. Izany fifamaliana ady izany, no nanambaran'ny mpanoratra tamin'ny rima mifampisakambina

Izay raha lazaina fohifohy ny mikasika ny rima nampiasain'ny mpanoratra, nanaingoana ny asa sorany. Hita fa mpanoratra mahafehy ny fitsipi-panoratana tononkalo ny mpanoratra Nasolo raha ny endrika ivelany no jerena. Hainy ny mandrindra izany hifanaraka amin'ny hevitra amam-pihetseham-po tiany nampitaina, tononkalo mirindra ny tononkalon'i Nasolo. Nahitana andininy miavaka tsara sy andalana amin'ny endriny maro, misy ngadona sy rima fampiasan'ny poeta amin'ny famoronana poezia koa. Tsy ny endrika ivelany ihany no nahitana ny fifandraisan'ny hevitra sy ny fomba fanehoana izany, fa teo amin'ny fomba filazan-javatra nampiasain'ny mpanoratra koa.

3.3. NY FILALAOVANA AMIN'NY SARIN-TENY AMAM-POMBA FILAZAN-JAVATRA

Tsy ny fanehoana ny kanto tamin'ny fampiasana tekkinan'ny fitantarana sy fanehoana ny endrika ivelany ihany no hita amin'ny tononkalon'i Nasolo, fa eo ihany koa, ny filalaovana amin'ny fomba filazan-javatra dia ny fahaizany mandoko ny teny mba ho tonga zava-kanto; anisan'izany ny sarin-teny izay “*fomba enti-milaza zavatra, misy endriny, miataka amin'ny andavan'andro eo amiin'ny fanehoana ny hevitra sy ny fihetseham-po.*”¹⁷⁵ Araka izany, tsy izay rehetra manoratra dia nahaforona zava-kanto, fa izay mahay miangaly sy manamboatra ny teny ihany. Araka ny voalazan'i Siméon RAJAONA hoe “*tsy mandeha ho azy ny fampiasana ny teny; ary ny ankamaroan'ny olona aza tsy afaka manao izany mihitsy. [] tsy avy hatrany dia azo ampiasaina ho fitaovana azo hamoronana zava-kanto ny fiteny andavan'andro fa mila fanamboarana, fiangaliana manokana.*”¹⁷⁶

Azo lazaina avy amin'izany, fa ny fampiasana ny sarinteny no iavahan'ny fomba filazan-javatra sy ny fanehoan-kevitra ataon'ny mpanoratra sy ny fifampiresahan'ny olona eny amin'ny andavanandrom-piainana eny. Ny mba hanintona sy hisarika ny olona hanaiky sy hanjohy ny hevitra tian'ny mpanoratra hampitaina, ary indrindra ho tia ny asa sorany, no antony ampiasan'ny mpanoratra ny sarin-teny.

I Jean Paul Sartre dia nilaza fa : “*sahala amin'ny mpanankanto rehetra ny mpanoratra, mikendry lalandava izay hitiavan'ny mpamaky ny asa sorany amin'ny alalan'ny fampiatinana azy ny kanto.*”¹⁷⁷ Manamafy izany, fa tsy zavatra kely ny fijerena izay lafiny mahafinaritra ny mpamaky izay eo amin'ny asa soratra vokarina.

Mpanoratra nampiasa ny filalaovana amin'ny sarin-teny i Nasolo, ka ny fandinihana ireo sarin-teny amam-pomba filazan-javatra isan-karazany nandravahany ny tononkalony ireo sy ny fampifandraisana azy amin'ny vontootin'ny zava-misy nambarany no hasongadiny ato amin'ity fandalinana ity. Ireto avy no joresahina ao anatin'izany:

- Ny fanovan-javatra
- Ny tamberin-javatra
- Ny sarin-teny hafa sisa

¹⁷⁵ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 14

¹⁷⁶ Ibidem, tak. 12

¹⁷⁷ (J.P) SARTRE, op. cit, « *Il faut nous rappeler que l'écrivain, comme tous les autres artistes, vise à donner à ses lecteurs une certaine affection que l'on coutume de nommer plaisir esthétique.* »

3.3.1. NY FANOVAN-JAVATRA

Ahitana toe-javatra roa ampifanatrehana na ampifanoloan'ny mpanoratra ato amin'ity sarin-teny ity. Ny sain'ny mpamaky no miezaka manakatra izay tiany lazaina amin'izany.

Maro karazana ny sarin-teny fanovan-javatra, koa izay tena fampiasan'i Nasolo ihany no hosinganina ato amin'ny famelabelarana: Ny *métaphore* sy ny *métalepse* ary ny *métonymie* izany.

3.3.1.1. Ny “*métaphore*”

Ny *métaphore* na fanovana endrin-javatra dia fomba filazan-javatra ampifanatrehana ao anaty fehezanteny tokana ny oharina sy anoharana, ka tsy ahitana kianteny enti-manohatra.

- Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina
- Ny fanovan'endri-javatra azo avy amin'ny fifamaritan'ny oharina sy anoharana

a. fanovana endrin-javatra azo avy amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina

Amin'ity karazana fanovana endrin-javatra ity dia tsy eo ny anoharana fa toetra iray ao aminy no omen'ny mpanoratra. Natafiny ny oharina izany toetran'ny anoharana izany.

Sarin-teny fampiasan'i Nasolo m tetika ao amin'ny asa sorany izy ity. Sehatra samihafa no nampiasany azy, toy ny lafiny fitiavana, ny finoana ary ny tantara, fa ity farany no asongadina. Ohatra ahitana izany ny lazainy eto:

“ Angamba leisy tezitra ireo maty tao ireo

Fa rehefa tsy afataran-dahy

Na hariva maizim-bolana iny


Dia mifoha... mitabataba ny ry zareo

Ny mahalasa eritreritra ahy

Ireto izy mandolo ny mitoraka vahiny”¹⁷⁸

Eto amin'ireo andininy voatsipika ireto dia ny toetry ny anoharana no nanafian'ny mpanoratra ny oharina.

...mifoha ...mitabataba ry zareo



¹⁷⁸ NASOLO, op.cit, tak. 23

Ireo izy mandolo sy mitoraka vahiny



Oharina

anoharana

Ny oharina lazaina eto dia ireo olona maty tamin'ny raharahan'ny fito amby efapolo.

Ny toetran'ny velona kosa no nentiny nanoharana ny fihetsiky ny maty.

Nataony nanehoana ny valin-drà latsak'ireo maty: Mampiseho hatezerana sy mamaly faty ireo vazaha ary nilazany ny vokatr'izany rà nalatsany izany any amin'izy ireo ireo andianteny ireo.

Tsy nitsitsitsy Malagasy ny vazaha raha tonga teto fa rehefa tsy nanaiky ny fitondrany dia naripany. Mbola naboraky ny mpanoratra tamin'ny tononkalony manao hoe izany:

“Valaka ny zanak'olona, misefosefo efa trotraka


Ao anaty bozaka ao midaraboka efa potraka

Satria manenjika ao aoriana vava basy an'alinalina

Vary raraka mazana, feo tafondro anaty alina

Ny maty? Sivy alina”¹⁷⁹

“Manenjika ao aoriana vava basy



Natafin'i Nasolo ny hoe “vava-basy” ny toetry ny olona mandeha mihazakazaka manatratra ny eo alohany, izay lazainy amin'ny hoe : « manenjika ».

Nambarany tamin'izany ny famonoan'ireo miaramila Frantsay ny Malagasy, tamin'ny alalan'ny tifitra variraraka. Taorian'izany ady izany, vao nahazo fahaleovantena ny firenena Malagasy.

Ny ran'ny olo-marano no vidin'ny fahafahana, izay noventesin'ny mpanoratra manao hoe:

“Dia ny ràn'ilay matoany no solika namahana

Itsetsefantsika ny tsirom-pahafahan'

Fito amby efapolo, izay tsy ho voasolo”

In *V.A*, tak.15

Noharin'ny mpanoratra toy ny zavatra azo hohanina sy andramana, ka misy tsirony ny fahafahana. Ilazana ny fiadanany vahoaka sy ny fiain'ny Malagasy ao anatin'izany fahafahana izany io toetra io.

¹⁷⁹ NASOLO, in *V. A*, tak. 13

Ankoatra ireo, hita taratra tamin'ny asa soratr'i Nasolo, ihany koa, ny firesahana momba ny tontolo iainana. Ahitana izany ity ampahan-tononkalo ity:

Ohatra₁: “Tomany ny tany amboloiko any ho any
Ireo voninkazo, nalazo sy lany
Foana hatramin'ny renintantely
Foana ny biby na ngaza na kely”, in *V.A*, tak. 27

Tomany: fihetsiky ny olona vesaran'alahelo na nianjadian-pahoriana

Tany: zava-boary tsy mihetsika

Nohariny tahaka ny olombelona ny tany. Ka ny toetran'ny olona, mitomany no natafiny azy. Ny olona mantsy raha mitomany dia mety ho vokatry ny alahelo na fanaintainana sy fangirifiriana eo amin'ny vatany, fa ny tany kosa tsy afaka manao izany, saingy, nampiankajoan'ny mpanoratra azy io toetran'olombelona io. Nentiny nilaza ny fahasimban'ny tany, tsy afaka hamokatra intsony izany.

Ohatra₂:

“Ireo singatsingan'ala, resy tsy afa-miala

Noho ny doro tavy. Hazo midaraboka

Mihiaka noho ny diam-pamaky”¹⁸⁰

Potika sy lany ny tsiron'ny tany ka tonga tsy mahavokatra fa mamono izay mivelona eo aminy, ohatra, ny zava-maniry sy ny biby. Izany no hevitra tian'ny mpanoratra ambara amin'ny hoe “hazo ... mihiaka”. Mbola toetra iray ao amin'ny olona koa ny fahafahana mihiaka, izay natafy ny teny hoe “hazo”.

Raha atao indray milaza dia nitateran'ny mpanoratra ny fahoriana nanjo ny Malagasy sy ny valin-dràn'izy ireo ary ny fahapotehan'ny tontolo iainana ny fanovana endri-javatra azo amin'ny fanafiana toetry ny anoharana ny oharina.

b. Ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fifamaritan'ny oharina sy anoharana

Ahitana teny roa mifamaritra amin'ity karazana fanovana endri-javatra ity dia ny oharina sy anoharana, ka ny iray mpamaritra ry ny iray faritana.

➤ ***Ampiasaina ho mpamaritra miolotra ny oharina sy anoharana***

Ohatra₁:

“Angamba izao aho vao hary fanahy


¹⁸⁰ Op. cit, tak. 17

Nahita ny fiainana sora-jandiana

Nanaiky ny teny hiantsoana ahy

Vao nitodi-doha nitady hafaliana”¹⁸¹

Mifamaritra ireto teny roa ireto, ka ny iray oharina ary ny iray anoharana :



Ny “sora-jandiana” eto no nilazan’ny mpanoratra ny endri-piainana samy manana ny azy sy ny fiovaovany eo amin’ny isam-batan’olona.

Ohatra 2: “Miara-mizotra aminao izao no tiako

Hizara ireo teny “Soratra Masina”

Handaniana ny fiainana sisa fisiako

Manangana fiainana sira ho fanasina”¹⁸²

Ny teny hoe: fiainana sira no mifamaritra


Oharina, faritana anoharana, mpamaritra

Nilazan’i Nasolo ny fiovan’ny toetra amam-pitondran-tenan’ny olona iray ho amin’ny tsara mba ho harahin’ny hafa izany eto.

➤ ***Ampiasaina ho mpamaritra mivoitra ny oharina sy anoharana***

Oh: [...]

“Ireo mpihiram-bavaka mihaja, anjely soa tsy manan-tsiny”



Mifamaritra ny teny hoe “mpihiram-bavaka” sy ny hoe “anjely”, ka ny faingo manelanelana ireo andian-teny ireo no mahatonga ny oharina sy anoharana ho mpamaritra mivoitra. Ny teny hoe “anjely” dia mitory fahatsarana sy toetra mendrika. Nanoharana ireo mpanakanto ara-pilazantsara izy eto, ka ny tena tian’ny mpanoratra havoitra dia ireo toetra ananan’ny anjely. Maneho hatsarana sy fahamendrehana raha vao jerena fotsiny.

Nampiasa karazana “métaphore” ny mpanoratra namborahany hevitra amam-pihetseham-po sy nampitany hafatra, fa fomba iray niangalian’i Nasolo ny kanto ihany koa, ny “métalepse”

¹⁸¹ NASOLO, in V.A, tak. 87, and. 1

¹⁸² NASOLO, op. cit, tak. 78, and. 2

3.3.1.2. Ny “métalèpse”

“*Fanovana ny fomba fandraisana izay zavatra miseho na izay tian-kambara; fomba filazan-javatra an-kolaka, tsy mivantana, ka amin’izany dia tsy ilay zava-misy na izay tian-kolazaina no ambara fa ny antony, [...] na ny vokany*”¹⁸³ no antsoina hoe “métalèpse”. Sarin-teny anisany niventesan’i Nasolo ny fiainan’ny Malagasy tao anatin’ny fahoriana koa ny “métalèpse”. Araka ity tononkalo ity manao hoe:

“ loza tamin’izany

Fa ny tany moa nafana”,

in *V.A*, tak.17, andn.3

Asehon’ny mpanoratra eo amin’io andalana faharoa io ny fisian’ny ady sy ny korontana natrehan’ny vahoaka. Nolazainy tamin’ny fomba ankolaka sy mifintina tamin’ny andianteny hoe:”ny tany ... nafana” izany.

Noho ny fisian’izany ady sy korontana izany dia nahatsiaro fangirifiriana ny vahoaka Malagasy. Izany no mbola nambarany tamin’ny hoe:

“Dia miaritra fery sy ketoka jaly

Olatra anaty. Ise anefa faly

Tandremo lahy!

Anatra ny ahy.”¹⁸⁴

Nambarany tamin’ny hoe “olatra anaty” ny fijaliana sy ny fahoriam-po nahazo ny olona. Mety noho ny alahelo na koa ny zava-nisy niainana izany. Mbola maneho izany fahoriana izany ny filazan’ny mpanoratra hoe:

“ [...]

Nampihoronkoditra, nampihararetra

Ny fahalavoany tao anatin’ny raketra”

In *V.A*, tak.11

Lazaina eo amin’io andalana farany io ny fahafatesan’ireo mpitolona tao anaty fangirifiriana ary ny fiaretam-pahoriana sy jaly isan-karazany nanjo azy ireo. Hoy ihany ny mpanoratra ao amin’io tononkalony io:

...

“Misy sentosento lalina, hakiviana mahafanina

Misy ratra maharary, mampahory tsy hay sitranina”

¹⁸³ Siméon RAJAONA, op. cit, tak. 71

¹⁸⁴ NASOLO, in *V.A*, tak. 68

Manambara ny alahelo mitambesatra ao anatin'ny fo eto ny andalana voalaza eo ambony eo, ary ny andalana faharoa, koa, dia milaza ny fisian'ny zava-mampahory ao anaty. Tsy inona izany fa ny takaitra vokatry ny zava-nihatra. Manampy trotraka izany, ny fahafatesana nidona teo amin'ireo fianakaviana maro, toa ny nahazo ny mpanoratra. Nontantarainy tao amin'ny tononkalony mantsy ny zava-bitan'ny rainy talohan'ny nahafatesany. Hita avy hatrany eo amin'ny lohatenin'ny tononkalo noventesiny izany hevitra izany: “Dian-tanany”. Midika zavatra nataony sy navelan'ilay olona io teny io. Ny famahofahoan'izany reotra izany teo amin'ny fiainan'ny Malagasy dia nitondra fahafahana ho an'ny taranaka taty aoriana. Mitatitra izany ity andalana iray ity:

“Efa rivotra milamina no fohina ankehitriny”

Nentina nanambara ny fiainana ao anatin'ny fahafahana sy fandriampahalemana izany.

Nampitan'i Nasolo hafatra sy firariana ho an'ny hoavin'ny teny Malagasy ihany koa ny “métalèpse”. Ahitana izany ity:

“FANILO-Fitia nokoloina efa ela

Nisetra tadio dia io fa nitombo

Vao mainka nirehitra nilelalela

Andrasan-ko faty vao indro nitombo.”¹⁸⁵

Mampiseho ireo andalana efatra ireo fa na misy ady sy olana tsy maintsy atrehina aza manoloana ny fanandratana ny teny Malagasy dia nirian'ny mpanoratra hitombo hatrany ny fitiavana izany teny izany sy ny fanomezan-kasina azy. Ny teny hoe “nisetra tadio” no milaza ireo ady na olana natrehina ireo.

Mbola manamafy izany ity voalaza eto ity manao hoe:

“ []

FANILO antenaina hitondra hazavana”

Ho masondro baliaka, ho volana feno”

In *V.A*, tak. 48, andininy 1

Masoandro baliaka = lanja sy hasina, fahamboniana, famirapiratana. Samy azo andikana io andianteny io ireo teny ireo.

Firariana soa hatrany ho an'ny mpiofana momba ny haisoratra Malagasy no hita amin'ireo andalana roa ireo. Ny hampahalala ny olona ny maha-zava-dehibe ny tenindrazany ka hampanan-danja azy sy hananany ny hasiny no tanjon'ny mpanoratra amin'izany. Nanindrahindra ny teny Malagasy rahateo i Nasolo. Hoy izy nilaza izany:

¹⁸⁵ NASOLO, “Fanilo”, in *V.A*, tak. 48, andn. 2

“ Ahy ianao! Ry teny mamiko

Tsy hitanisako fotsiny ny zava-kanto izay andrianiko

Fa hiangaliako kolontsaina, fomba fijery, riba sy tantara.”¹⁸⁶

Asehony amin’ny andalana vitsivitsy eo ny fankamamiany sy ny fanindrahindrany ny teny Malagasy. Entiny hamoronana ireo asa soratra kanto isan-karazany, tondroina amin’ny hoe “zavakanto” sy hikajiana ireo fomba amam-panao samihafa io teny io.

Hita teo ary fa navoitran’ny mpanoratra tamin’ny alalan’ny “*métalèpse*” ny hevitra amam-pihetscham-pony mitory fitiavan-tanindrazana. Nanosika azy hilaza sy hanoratra ny fahoriana nanjo ny Malagasy izany. Nanentana ny olona koa hitia sy hanondrotra avo ny teny Malagasy izy. Tsy ireo ihany fa nampiasa ny “*métonymie*” koa i Nasolo ao amin’ny asa sorany.

3.3.1.3. Ny “*métonymie*”

Sarin-teny fanovana anarana ny “*métonymie*”, izany hoe, ny anarana fotsiny no ovana rehefa milaza hevitra. Ahitana fifanoloan-toeran’ny vokany, na ny fasiana sy ny ao anatin’ny ohatra.

Mbola nampiasa ny “*métonymie*” ny mpanoratra nitaterany ny tranga teny amin’ny fiarahamonina teny sy ny zava-nisy teto amin’ny firenena Malagasy, amin’ny ankapobeny. Namintinany ny angolan-kevitra amam-pihatseham-po raketin’ny tononkalo ireny sarinteny ireny.

“Gaga aho leisy fa izy dia fetsy

Vokatra daholo izay niasarany

Hatramin’ny farany

Jereo ireto zanany:

Dia hoy aho taminy, niteny milamina

[...]

Ndeha hosolana ny tahom-pilesy, fa tsy mahery

Ndao basy vaovao voafono tsra no omena anao”¹⁸⁷

Ny “tahom-pilesy” eto no nilazany ny hoe “mahalehilahy”, ary “basy voafono” kosa no nanoloany ny hoe “fimailo”.

Nolazainy tamin’ny fomba ankolaka ireo teny ireo mba hampisy endrika ny tononkalo sy hanairana ny mason-tsain’ny mpamaky. Namintinany ny angolan-kevitra milaza ny

¹⁸⁶ NASOLO, Op. cit, tak. 56

¹⁸⁷ op. cit, tak. 21

amin'ny fanabeazana aizana izany, mba hamerana ny zaza hateraka, hisorohana sy hampihenana ny fahasahiranana mety ateraky ny fahamaroan-janaka.

Ankoatra izany, manoloana ny fiainam-piarahamonina, tsy hialan-java-manahirana dia ao koa ireo olona manao ny tsy tokony hatao. Ohatra amin'izany ny toetra asehon'ny manam-pahefana sasantsasany, izay nambaran'i Nasolo tsy am-pihambahambana hoe:

“Fiarakodiako r’Ingahy Polisy

Vaovao be tsy misy kilema

Notazoninao aho mba ho jerena

Sy hanome fanomezana kely raha misy.”¹⁸⁸

Nosoloin'ny mpanoratra ny teny hoe “fanomezana” eto ny tokony ho lazaina hoe “tsolotra”. Firesahana ny amin'ny hafetsifetsena ataon'ny Polisy amin'ny mpamily fiarakodia no lazain'i Nasolo eo. Fangataham-bola na tsolotra vao manome alalana ilay fiara handeha.

Manaraka izany, misy ny sarinteny nanehoany ireo mpitondra mpanararaotra ny fahavoazan'ny vahoaka madinika na izay eo ambany fahefany.

Voarakitra ato amin'ireto ohatra vitsivitsy noraisina ireto ny momba izany:

Ohatra₁:

“Tany rotaka, fa hirotsaka ny tendrombohitra

Ho lavo koa ireo handraregina, hiongana ny aviavy

Ho tapaka ny amontana, hena velona ny iray vohitra

Rava ny harena, nisy voky sy natavy.”¹⁸⁹¹⁶²

Ohatra₂:

“[...]

Hataoko adidy ho ahy na hidirako am-ponja

Hiantsoantso aho amin'ny fitovian-tsaranga

[...]

Ireo kibo efa ketraka, haraka sy noana

[...]

¹⁸⁸ NASOLO, “Polisy”, in V.A, tak. 30

¹⁸⁹ NASOLO, in V.A, Op. cit, tak. 36, and. 6

Antsoiko koa ho redon-tolonay

[...]

Ireo mpitaingim-bozona, ngeza toy ny trozona”¹⁹⁰

Ny hoe “kibo efa ketraka” no nanehoan’ny mpanoratra ny teny andrasana eo, dia ny hoe vahoaka sahirana tsy ampy sakafo. Ny hoe “mpitaingim-bozona”, kosa no nentiny nilazana ireo olona manana toerana ambony mpanararaotra ny hafa sy manao tsinontsinona ny sasany. Manantitra izany fisian’ny fahasahiranam-bahoaka araka izao voalaza manaraka izao:

“Tena lalina...

Asa mbola firy taona

No hiaina anaty dalina?”

In *V.A*, tak. 7

Ny fiainam-bahoaka ao anaty fahantrana no nambaran’ny mpanoratra tamin’ny hoe “dalina” eto. Ny tiany ambara amin’ireo andalana telo ireo dia ny tsy fahafantarana izay, fe-potoana mbola hiainan’ny olona ao anatin’ny fahantrana sy ny fahasahiranana. Nolazainy ao anatin’io koa fa tafahitsoka tanteraka anatin’ny aizina sy ny tsy fahafahamanoatra ny vahoaka noho ny zava-misy iainana.

Saika nentin’ny mpanoratra Nasolo nilazana ny tsy mety ataon’ireo lehibe na manam-pahefana ny sarinteny fanovana anarana. Niventesany ny fahorian’ny vahoaka madinika ihany koa.

Hita taratra ao anatin’ireo ohatra vitsivitsy noraisina ireo, fa nibahan-toerana tao anatin’ity sarinteny “fanovan-javatra” ity ny lafiny ara-tantara. Ny fiainan’ny vahoaka sy ny zava-misy tamin’ny raharahan’ny 1947 raha ny marimarina kokoa. Nisy ihany anefa, nampiasaina teo amin’ny lafin’ny fitiavana sy ny tontolo iainana.

Fa ankoatra ny “fanovan-javatra” dia mateti-piherina ao amin’ny tononkalon’i Nasolo ihany koa ny sarinteny “tamberin-javatra”. Ho vahavahana ato amin’ity fanadihadiana manaraka ity izany.

¹⁹⁰ NASOLO, “Randria”, in *V.A*, tak. 5

3.3.2. NY TAMBERIN-JAVATRA

Araka izany anarany izany, ny tamberin-javatra dia sarinteny ahitana fiverimberenana teny na andian-teny mifono hevitra na fihetseham-po samihafa lazaina amin'ny fomba ankolaka.

Izany endrin-javatra mitamberina izany no mahatonga azy hiavaka amin'ny fahita andavanandro sy hampijoro ny tononkalo ho zava-kanto hanintona.

Maro ny karazan-tsarinteny tamberin-javatra fa ny “anaphore” sy ny “épiphore” izay mateti-piherina tao amin'ny vondrona ambara ihany no hojerena eto.

3.3.2.1. Ny “anaphore”

*“Tamberim-boantenany na tamberin’andian-teny an-doham-pehezantenany, na an-dohan’andalana, na an-dohan’andininy mifanesy”*¹⁹¹ ny “anaphore”.

Maneho izany ity:

“Tany tomany no henoko androany

Midradradradra tsy misy ohatr’izany

Nivoahan’afotroa ny avokavony

Nilofika mora dia mora fa lavony

Tany tomany no hitako androany

Havandra matevina tsy misy ohatr’izany

Mivaingana fotsy ny ra tao am-pony

Orana tsotra tsy hitany intsony.

Tany tomany no tsapako androany

Mamo sy ripaka izao ireo zanany

Voatevy ny ala, may ny tanety

Ritra ny ony, ... Efa tsy mety.”¹⁹²

Eto ny hoe “Tany tomany” no miverimberina isaky ny an-dohan’andinin’io tononkalo io. Ny “tomany” dia midika hoe ranomaso noho ny alahelo na ny tsy fahazakana ny toe-javatra mitranga raha eo amin’ny olombelona, fa fahasimbana na fahapotehana kosa, raha zava-boary hafa no lazaina. Eto ny fahasimban’ny tontolo iainana no resahina, simba ny nofon-tany noho ny doro tanety sy ny tavy, ary ny tevy ala ataon’ny olona.

¹⁹¹ (S) RAJAONA, op. cit, tak. 31

¹⁹² Op. cit, tak. 27

“Ny fitadiavana mahazaka maniraka” hoy ny fitenintsika. Matetika izany no manosika ny olona hivelona amin-javatra mety miteraka fahasimbana toy ireo.

Noho ny fahasahiranana dia tsy misaina izay mety ho vokany Raolombelona, fa manao izany ihany. Efa eo rahateo ny fahasorenana noho ny zava-misy iainana. Hita amin’ity andinin-tononkalo ity izany:

“**Tany mena** no mandrafitra ny eto anivon-tany

Tany mena miafinafina ao anaty anjavidy

Tany mena mitahiry harena zavon-tany

Tany mena mahavokatra tsy mitsaha-tsondro-bidy.

Tany mena avo toerana, ka raha vao eo Manerinerina

Tany mena no jerena raha vao miakatra an’Angavo

Dia miova volontany fa hiakatra an’Imerina

Tany tototry ny sombin’ala sisa tsy lavo.”¹⁹³

Nentin’ny mpanoratra nilazana ireo vahoaka nitroatra noho ny zava-nisy niainany eto ny andian-teny miverimberina hoe “tany mena”. Vahoaka tsy mahatanty ny fomba amam-pitondran’ny mpitondra fanjakana, ka maneho fihetsika manohitra, izany no asehony amin’ny “anaphore”.

Marihina fa nolaroan’ny mpanoratra sarinteny hafa ny “anaphore” araka ny hita eo amin’io andalana misy “anaphore io, ka fehezan-kevitra mifamaly rafitra mitovy vahana ary mandravon-kevitra no hita eto araka izao aseho eto izao:

And.5, adl. 1-2		adl. 3-4
Tany mena lavadavaka,		Tany mena be fiavy,
Maradratra feno hantsana		lela-maranitra fikantsana
Tany mena misafoaka,		Tany mena lian-drà,
Mamoaka dilatra efa fotaka		varahontsan’ny vahoaka te hirotaka

Nampiasain’ny mpanoratra izy ity mba hampisy endrika kokoa ny tononkalo ary hanamafisany ny hevitra tiany hambara. Tsy inona izany, fa ny toe-po sy ny fihetsiky ny vahoaka leon’ny toe-javatra iainana.

¹⁹³ NASOLO, in V.A, tak. 36, and. 1-2

Nanehoan'i Nasolo ny fahafatesana sy ny fahatongavan'izany, ihany koa, ny tamberin'andianteny an-dohan'andalana mifanesy. Maneho izany ity tononkalo ity:

“Hariva ny andro

Hariva toy ny hariva rehetra

Hariva hafahafa

Hariva fiantombohan'ny alina

Hariva farany nahitany masoandro.”¹⁹⁴

Ny hoe “hariva” eto dia sarin-teny midika filentehan'ny masoandrom-piaianan'ny olona anankiray na ny fahafatesany. Manantitra izany io andalana fahadimy farany io. “Hariva farany nahitany masoandro”, hoy ny mpanoratra.

Mifandray amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra tamin'ny namoizany ny rainy io tononkalo io. Niresaka ny fihetsika talohan'ny nialan'ny ain'io rainy izy tao anatin'izany.

Ny “anaphore” no nataon'ny mpanoratra hamborahana ny alahelo vokatr'izany fahoriana izany, satria, nameno tao am-pony loatra ny fisarahana tamin'ny rainy. Noho izany ihany no mbola nilazany ny zava-bitan'ny rainy fony fahavelony sy ny fiezahany hanohy ny asa hatrany. Izany no nahatonga ny mpanoratra nilaza hoe: “be ny eritreriny, be no tsy tanterany”.

Ny teny hoe “be” no naveriny in-droa eo, nentiny nilazana ny fikasan'ny rainy mbola te-hanao zavatra betsaka, saingy tsy tontosany intsony, noho ny fahafatesany. Io andalana faharoa io dia maneho izany zavatra betsaka efa vitany izany amin'ny fitenenana hoe: “feno ny kapoaka”.

Sady nampitan'ny mpanoratra hafatra ny “anaphore” no nentiny nanalavana fitenenana koa. Ny fo vesaran'alahelo mantsy tsy ahafaha-miteny betsaka, ka ny famerimberenana teny iray no fomba nentin'ny mpanoratra nanalava ny teniny.

Ankoatra ny olana sy ny ady natrehan'ny vahoaka sy ny mpanoratra teo amin'ny fiaraha-monina: Ny fanjakazakan'ireo manam-pahefana sasany ary ny fahoriana tsy azo nihodivirana dia nanantitranteran'i Nasolo ny fahalavoan'ireo mpitolona Malagasy koa ity sarinteny ity. Hoy izy raha nitatitra izany:

“**Resy** koa i Pasteur RAVELOJAONA sy ny NAMANY

Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany.”

In *Vondrona Ambara*, tak. 12

¹⁹⁴ NASOLO, “Farany”, op. cit, tak. 20

Ny teny hoe “resy” no miverimberina eto. Handresen’ny mpanoratra lahatra ny mpamaky ny asa sorany ny amin’ny lova tsara navelan’ireny mpitolona ireny sy ny fiaretany ho an’ny firenena Malagasy. Nilazany fa tsy maty ary tsy voakosoka eo amin’ny tantara izany. “Resy fa voasoratra ho tantara ny tantarany”, hoy izy, niteny izany tamin’ny fomba ankolaka.

Nanoloana izany trangan-javatra nisy teto amin’ny fiarahamonina Malagasy izany sy ny fiainana sarotra iainan’ny olona andavanandro sy ny maha-Kristiana mpikambana ao amin’ny “Gédéon International” ny mpanoratra dia nanokana tononkalo mahakasika ny filazantsara izy. Nampiasa ny tamberim-boantenany an-dohan’andalana mifanesy ary koa andohan’andindiny mifanesy i Nasolo tamin’izany.

Nitondrany fanitsiana ny tsy mety eo amin’ny fiainan’ny olona sy nitaomany azy ireo hizotra amin’ny lala-mahitsy ny “anaphore”, araka ny hita eto:

“Tsy mety raha toa ianao manda

Ilay Jesoa nanavotra anao,

Izy no efa tia sy niantso

Meteza hanaraka azy hatrany.”

Tsy mety raha toa ianao manda

Ilay fahasoavan’i Jesoa Tompo

Izy no efa nahafoty ny ainy

Hamonjy ny olona nanota.”

In *V.A.*, tak. 89

“Tsy mety raha toa ianao manda”: hita miverimberina isan’andohan’andiny mifanesy io fehezanteny io. Nanitsiany avy hatrany ny zavatra tsy tokony hataon’ny olona, dia ny fandavana an’i Mesia.

Nitaona ny olona hanankinam-po amin’ily Ray any an-danitra ny mpanoratra raha lazaina fohy ny tiany nambara. Fantany fa lalana iray ivoahana amin’ny olona sy ahitam-pahasambarana izany. Hahitan’ny olona ny fanjakan’ny Ray eo amin’ny fiainany dia ny eto an-tany koa, araka izay nambarany eo amin’ny andalana faharoa. Ankoatra ireo, mbola nampiasa ny “épiphere” koa i Nasolo.

3.3.2.2. Ny “épiphere”

Tamberim-boan-teny na andian-teny amparam-pehezanteny, na amparan’andalana mifanesy ny “épiphere”. Nandokoan’ny mpanoratra hevitra raketin’ireny zavatra mirakitra

ny lasa ireny ity sarinteny ity. Ohatra, nolazainy tamin'izany ny tsangam-bato, manana ny lanjany ary mampiseho ny tantara sy ny zava-kanto eo amin'ny fiaraha-monina sy ny firenena, araka izay voarakitra ato amin'ireto andinin-tononkalo ireto:

“Vato tsy voapaika! Vato tsy voasikotra

Vatonanahary, Vato tsy miraika

Vato tototototra anivon-javaboary

Dia lazaina hoe miteny!

Ery an-tendrombohitra, ankodahoda aza

No toerana ijoroany, taingenan'ny sorohitra

Lotoin'ny sarivazo, hatrany an-tampon-dohany

Dia lazaina hoe miteny!

Tsy matahotra ririnina, tsy milefa kotrok'orana

Tsy mihontson-dohataona na fararano hisy tsininy,

Tsy ahoany izay nmpangalatra, Vato izy, vato moana

Dia lazaina hoe miteny!

Nefa kosa raha jerena, sao mba azonao fantarina

Ity vatolahy an-tsisin-dalana? Teo no nifanekena

Tsotra azonao takarina, antontam-bokin'ny lalàna

Moana izy fa miteny!

Vatolahy amaritany tantaram-pianan-tsy ho lefy

An-taranaka misolo. Mirakitra ny zava-bitany

Vatolahy mari-drefy kolontsaina manontolo.

Moana izy fa miteny!

Angamba ambin-drangolahin'ny fasany, na vavahadin'ny Tanana

Na tokenan-tranobongony. Vato soratry ny lasany!

Natsangany ho fananana, Toko vato: vilany nongony.

Moana izy fa miteny!’’¹⁹⁵

Eo amin'ny andalany farany amin'ny andininy telo voalohany dia misy karazana eson-teny sy fanarabiana, raha ny hevitra nolazain'i Nasolo amin'ny hoe:

¹⁹⁵ NASOLO, “Ambaton'lkalo”, in *Vondrona Ambara*, tak. 102

“Dia lazainy hoe miteny!”. Mifono hevitra hoe, toa tsy misy dikany raha jerena ilay tsangam-bato, kanefa milaza zavatra sy manambara ny lasa. Hitsiany eo amin’ny faran’ireo andininy telo manaraka kosa izany, amin’ny hoe: “Moana izy fa miteny!”.

Naverimberiny ireo teny ireo handreseny lahatra ny olona, fa mirakitra zavatra samihafa ireny vato najoro ireny na dia tsy miteny aza.

Nataony endrika fanesoana iry andianteny voalohany mba hanairana ny sain’ny mpamaky na ny mpihaino ary hisarihany azy handinika lalina ny hevitra amam-pihetseham-po ao amin’ny tononkalo.

Mifamatotra amin’ny hevitra sy ny filazan-javatra ny fanehoan’ny mpanoratra ny zava-misy ao anatin’ny olona sy ny zava-misy eny amin’ny fiarahamonina. Nentiny nilazana izany ny sarin-teny miorina amin’ny tamberin-javatra. Tsy nihanona tamin’izany anefa izy, fa nampiasa ireo sarinteny hafa sisa koa.

3.3.3. NY SARINTENY Hafa Sisa

Tsy vitsy ireo sarinteny ao amin’ity sokajy ity no nentin’ny mpanoratra nandravahana ny asa sorany. Niezaka nampiseho ny kanto tamin’ny fampiasana ny “Périphrase”, ny “Gradation”, ary ny “Intérrogation oratoire” izy.

Marihina fa tsy ireo ihany no nampiasain’i Nasolo raha ity sarinteny hafa sisa ity no jerena, fa ireo no nosinganinay manokana, noho, izy ireo fahita betsaka ao amin’ny tononkalony ary nampitany ny fiainana niainany sy ny fiainam-pirenena Malagasy.

3.3.3.1. Ny “périphrase”

Sarinteny ilazana amin’ny teny maro izay voalaza amin’ny teny tokana ny “périphrase”.

Nentin’i Nasolo nandokoana ny fahafatesana ity sarinteny ity, araka ireto ohatra ireto:

Ohatra₁:

“Herintaona indrindra indrindra!

Herintaona tahaka izao

No **lasa nody** dada Ndriana

Velona ao anatiko ao, ilay hafatra navelany”¹⁹⁶

Eto dia teny roa hoe: “lasa nody” no nilazan’ny mpanoratra ny teny tokony holazaina amin’ny teny tokana hoe “maty”.

Ohatra₂:

¹⁹⁶ NASOLO, “Ndriana”, in V.A, tak. 52

“Fa foana izao ny tanako, lasa ilay fananako

Midradradradra izy, miantsoantso today

Fa tsy mampiverina ny **varo-tsy-mifody**”¹⁹⁷

[...]

Ny teny telo: “varo-tsy-mifody” ihany koa no nanambaran’ny mpanoratra ireo maty. Nolakoin’i Nasolo tamin’ny alalan’ireo teny ireo araka ny hita eo ny teny manambara fahafatesana.

Iry voalohany (ohatra1) dia nitaterany ny fahatsiarovan’ny mpanoratra tao am-pony ny fahafatesan’ny dada Ndriana ka nahatonga azy nilaza toy izany.

Eo amin’ny ohatra 2, kosa, no nilazany ireo maty noho ny ady tamin’ny raharahan’ny taona 1947 ny sarinteny “périphrase”.

Ny fihetseham-po nipololotra vokatr’izany toe-javatra izany, na ny fahoriana nianjady tamin’ny mpanoratra sy ny Malagasy no anisany nahatonga ny mpanoratra nilaza tamin’ny teny maro ny zavatra tokony holazaina amin’ny teny tokana. Tsy hainy notohaina io fihetseham-po nibosesika tao anatin’io, ka nanosika ny peniny.

Tsy izay ihany, fa nandokoany ny toetran-java-baovao sy ny toetran’olom-belona ihany koa ny sarinteny “périphrase”. Araka ny hita ato amin’ity tononkalony ity manao hoe:

“Ny hakingan’ny sifaka, ny lokon’ny fingon’akoholahinala

Ny riana botsiaka madio sady fotsy

Ny feon-takidara mandrotsirotsy”¹⁹⁸

Ny andalana faharoa no ahitana ity sarinteny ity, nanantitranterany ny fahadiovan’ilay rano na “riana” sy ny famirapiratany. Azo adika amin’ny teny iray hoe: “manjopiaka” na “madio” ireo teny rehetra ireo, kanefa mba hampivoiran’ny mpanoratra izany toetra izany no nampiasany ny “périphrase” eto. Torak’izany, ihany koa, ny nampiasany azy tamin’ny filazana toetran’oiona sy ny toe-po. Ndeha hojerena eto amin’ity andinin-tonokalo iray ity izany:

“Ataoko ihany ny tsy hiteny ireny fahazazana ireny

fa hanoratra azy am-po, mba ho sary sarobidy

nefa toa mamelovelo loatra Azo atao ny tsy hiteny

hampitony tsy handroatra, io ihany fa tadidy.”, in *Vondrona Ambara*, tak. 10

¹⁹⁷ op. cit, tak. 15

¹⁹⁸ NASOLO, « Gaina », ina V.A, tak. 22, and. 3, adl. 7-9

Ny iray amin'ireo teny ireo dia efa mahalaza ny tian-kambara. Azo ambara amin'ny teny tokana hoe: “hampitony” fotsiny ireo teny ireo, saingy nampiarahany tamin'ny hoe “tsy handroatra” izany. Izany hoe, niventesan'ny mpanoratra ny amin'ny fahatsiarovany ny fiainam-pahazazany, izay tsy mety hadinony. Noezahany hampanginina fa tsy nety. Ny lafiny fitiavana no nambarany tamin'izany, dia ilay fitiavana fahazaza.

Tsy io sarinteny io ihany no namborahan'i Nasolo sy nandokoany ny hevitra amam-pihetseham-po nolazainy an-tononkalo, fa ny sarinteny “Gradation” koa.

3.3.3.2. Ny “Gradation”

“*Sarinteny andaharana an-tanatohatra ny zavatra tanisaina na lanja miakatra na lanja midina [...] ny “Gradation”*”¹⁹⁹. Ity ampahan-tononkalon'i Nasolo ity dia ahitana izany.

“Difotry ny adim-piainana

Sasatry ny saina votsa

Sempotry ny hasahiranana

Fo, fanahy indray kotsa”, in *Vondrona Ambara*, tak. 55

Ny hoe “Difotra – sasatra - sempotra” no ahitana ny « gradation » eto.

Miteny ny fahabetsahan'ny tsy fahampiana eo amin'ny fiainany aloha ny mpanoratra eo amin'ny andalana voalohany. Ao amin'ny andalana faharoa, indray no nilazany ny faharerahan-tsaina nahazo azy vokatr'izany, ary eo amin'ny andalana fahatelo, no nanehony ny fahasahiranany tanteraka, ka tsy naha-tafavoaka azy tamin'izany.

Misy fifandraisana ireo teny telo ireo dia ny fiandohan'ny zava-misy, mankany amin'ny fiafarany.

Araka izany, nentin'ny mpanoratra naneho ny fahasahiranana niainany sy ny fahatsapany tao anatin'izany ny “Gradation”. Fa tsy ny fiainany ihany no nampiasany azy fa nampivoirany ireo toe-javatra mampalahelo teto amin'ny Nosy koa. Hoy indrindra izy raha nitanisa izany:

“tamin'izany ange, ray olona...

Kiakiaka! ...

Hakiviana,

F ahoriana,

Fijaliana,


Fahafatesana...” in *Vondrona Ambara*, tak. 14

¹⁹⁹ (S) RAJAONA, Op. cit, tak. 55

Miendrika kitohatohatra ny nandaharan'ny mpanoratra ireo teny ireo. Maneho indrindra ny “gradation” izany.

Eo amin'ny hevitra kosa dia maneho lanja miakatra ny fanambaran'ny mpanoratra ny zava-nanjo ny Malagasy, tao anatin'ny ady. Nampibaribariany ny halalina sy ny hamafin'ny zava-nihatra tamin'ny vahoaka izany. Tsy ny vatany ihany no niaritra ny mafy tamin'ny alalan'ny fampahoriana sy ny fampijaliana isan-karazany, izay niafara tamin'ny fahafatesana fa na ny fo sy ny saina koa aza, nianjadian'ny harerahana sy hakiviana.

Kisary maneho lanja miakatra ny fahorina nahazo ny vahoaka Malagasy.



Ny fanaintainana tao amin'ny fo, saina ary ny vatana noho ny ady no niteraka fahafatesana olona maro. Torak'izany ihany koa no nambaran'ny mpanoratra amin'ity ampahan-tononkalo manaraka ity:

“Zary mitambolona eto indray ilay fahitana hafahafa

Rà mandriaka, horohoro, ranomaso, jafajafa

...,

in *Vondrona Ambara*, tak. 101

Ny andalana faharoa amin'io andinin-tononkalo io no isehoan'ny sarinteny “gradation”. Tamin'ny alalan'izany no nambaran'ny mpanoratra ny fihetscham-pony, nitambesaran'ny fahatsiarovana ireo fahorian'ny Malagasy.


Fandaharana an-tanan-tohatra manao lanja midina kosa no hita eo. Maneho ny hamafin'ny fijaliana nianjady tamin'ny Malagasy maro. Ka toy izao no namoahan'i Nasolo izany hevitra izany:

Ny “Rà mandriaka”, nateraky ny vono sy ny fampijaliana no nolazainy voalohany, izay vao ny hoe: “horohoro”, milaza tahotra sy tebiteby ary mety hiteraka fahalemen'ny vatana izany.

Ny teny hoe “ranomaso” kosa no nalahany manaraka ireo. Nentiny nanehoana ny fihetsiky ny fo vontom-pahoriana sy alahelo. Tsy izany ihany fa fanehoana fijaliana ara-tsaina sy ara-batana koa.

Ary farany, Ny voambolana hoe: “Jafajafa”. Io kosa dia manambara fanaintanana sy fangirifiriana mafy ara-batana ka mampihiakiaka.

Azo aseho an-kisary toy izao izany zohin-kevitra manao lanja midina izany:



Raha fehezina izay voalaza izay, dia fomba iray namborahan’ny mpanoratra ny hevitra amam-pihetseham-pony mikasika ny fahoriana maro nanjo ny Malagasy ny “gradation”. Nataony indrindra haningorana ny fon’ny mpamaky amin’ny zavatra lazainy sy hampangorakoraka ny fo izany.

3.3.3.3. Ny “Intérrogation oratoire”

Nampiasain’ny mpanoratra hampisaintsainana ny olona sy hanantitranterana hevitra ny fanontaniana tsy miandry valiny.

Mampandray andraikitra ny mpamaky handinika izay voalazany ao amin’ny tononkalo izy amin’izany, araka izao ohatra izao:

“ Nisy ihany vivery

Sy fitsirian’ny fitia

Fa nolazaina hoe nania

Satria ny nety tamin’izany

Dia ny lehibe ihany

No manondro izay sahaza

Efa nokoloiny fahazaza.

Tantara izany ka tantara

Ho an’ny ankizy ato afara.

Very zo ve leiroa

Ireo tanatin’ny tamboho?”²⁰⁰

Ny andrasana ho valin’ny fanontaniana eto dia ny hoe: “Tsia”. Izany hoe, tsy very zo akory ireo nofehezina fa mpanara-dalàna sy mpankato kosa.

²⁰⁰ NASOLO, “Tamboho”, in *Vondrona Ambara*, tak.34, andn. 4

Nentiny nilazana ny fifehezana nataon'ny lehibe na ny Ray aman-dreny tamin'ny zanaka fahiny izany. Izy ireo no nanomana vady ho an'ny zanany, ka toy ny tsy manan-tsafidy izy ireo. Izany no antsoina hoe: “Vady tolotra”.

Fomba fitaizana sy fifehezana tsara teo amin'ny Ntaolo izany, fa tsy fahaverezan-jon'izay nofehezina.

Manantitra izany ny andalana fahadimy hatramin'ny fahafito eo amin'io andininy iray io.

Nataon'ny mpanoratra hanentanana ny olona hahay hitondra tena tsara koa ny fampiasana ity fanontaniana tsy miandry valiny ity:

“Tompo malala ô!

Efa rovi-tsarotro aho vao nahalala

Fa hay trano lay mora rovitra moa

Ity fiainana ity: fiaina-mandalo

Izao isika izao mbola ho lo?

Efa fotsy ny volo vao nahatadidy

Fa hay 80 raha tahiny mateza

Vetivety mihelina: fiaina-mangidy

Mageja mijaly, na kely na ngeza?”²⁰¹

Nisarika ny sain'ny mpamaky eto ny mpanoratra handinika ny amin'ny fiainana eto an-tany. Tsy ho variana amin-java-mandalo sy ny fandehanana amin'ny tsy tokony hatao na ny lalan-dratsy, na koa ny fitadiavana ny mahafinaritra fotsiny, fa hikatsaka ny soa sy hieritreritra ny ho avy ara-panahy indrindra indrindra.

Hita eto ny maha-mpanoratra an'i Nasolo. Maneho izany ny fampiasany ireo sarinteny hafa sisa. Tsy vitsy koa ireo karazan-tsarinteny nampiasainy hampijoroana ny tononkalony. Tsapa fa miavaka amin'ny andavanandro ny fomba nanehoany ny heviny. Izany no mahatonga ireny asa soratra ireny niangaliana, satria, tsy natao ho an'ny mpanoratra irery intsony ny asa soratra rehefa nambarany tamin'ny andalan-tsoratra, fa efa lasa ho an'ny olona rehetra.

²⁰¹ NASOLO, op. cit, tak. 87

FEHINY

Nisongadina tato amin'ity fizarana farany ity ny fampiasan'i Nasolo paika maro, nanehoany ny fitantarana ny fiainany, ny fiainam-piarahamonina ary ny tantaram-pirenena. Nomeny endrika manintona tamin'ny alalan'ny fampiasana tekinikan'ny fitantarana sy fanehoana ny endrika ivelany ny tononkalo. Mifandray amin'ny hevitra raketin'ny tonokalo hatrany ireny. Ambonin'izany, nampiasa fomba fanehoan-kevitra miavaka izy, tamin'ny alalan'ny filalaovana amin'ireny sarinteny maro ireny. Tsapa fa havanana amin'ny fanoratana zava-kanto vita amin'ny teny tokoa i Nasolo noho izany. Azo ambara fa tena zava-kanto ny tononkalo nosoratany. Mifaningotra hatrany ny fomba fanehoany izany sy ny hevitra tiany hambara.

Mpanoratra manana ny maha-izy azy i Nasolo. Tsy ambaka ny an'ny hafa ny asa soratra navoakany. Voaporofa tao anatin'ity fandalinana ity, ny maha-poezia ny tononkalony ary azo lazaina fa poetan'ny tantara izy.

Niteraka fihetseham-po isan-karazany tao aminy ireny ka nahatonga azy nitondra fananarana sy fanentanana samihafa koa ao amin'ny tononkalony, ireo tara-kevitra mikasika ny tantara novoiziny ary nahitana ireo toetran'ny mpitantara ananan'ny mpanoratra

TENY FAMARANANA

Ny tononkalon'i Nasolo no vainga nampiasaina nitrandrahana ny lohahevitra hoe: “I Nasolo Poetra mpitantara”, izay nanompanana izao asa fikarohana izao.

Nahaliana anay ny nandalina ny asa sorany, noho ny maha-mpanoratra azy eo anivon'ny fikambanana Havatsa Upem, mbola tsy re laza firy, nefa mana-talenta.

Nisy olana maro natrehina teo am-panantontosana ny asa, kanefa, “tsy misy mafy tsy laitry ny zoto” ka tonga tamin'izao vokatry izao isika.

Niroso tamin'ny fandalinana ny asa soratra izahay. Nandritra ny famakiana ny Vondrona Ambara no nahitanay fa mpitantara ny mpanoratra. Ny ankabeazan'ireo tononkalo nosoratany dia miendrika fitantarana, tsy vitsy aza ireo mirakitra tantara: Tantaram-piainany, tantaram-piarahamonina ary tantaram-pirenena. Manampy izany, ny fahitanay taratra ny maha-mpanabe sy mpandalina tantara ary mpampianatra taranja tantara azy. Izany no nisafidianana ny lohatenin'ny asa voalaza eo ambony.

Toy izao manaraka izao ny lalan-tsaina nitondrana ny asa fikarohana.

Voalohany, ny fandalinana ny tantaram-piainan'i Nasolo, ny antony nahatonga azy ho mpanoratra ary ireo karazana asa soratra nataony. Tamin'izany no niresahana ny fiainany amin'ny maha-olon-tsotra azy sy amin'ny maha-mpanoratra azy. Anisany manampy ny olona hahalala bebe kokoa ny zava-nisy teo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena ny fahafantarana ny mpanoratra sy ny zavatra nosoratany.

Faharoa, ny fanehoana ireo toetra mampiavaka na ananan'ny mpitantara ary ny fanadihadiana ny tarakevitry ny tantaram-pirenena hita ao amin'ny tononkalon'ny mpanoratra.

Fahatelo farany, ny fandalinana ny lafiny kanto ao amin'ny tononkalo. Novahavahana tamin'izany, ireo paika nentin'ny mpanoratra nitantara ao amin'ny tononkalony: Ny teknikan'ny fitantarana nampiasain'i Nasolo nitaterana ny zava-nitranga. Nijerena mikasika ny fitanisana sy ny fanoritsoritana ary ny famintinana hita tao amin'ny asa sorany, ny fampiasany sorabaventy sy ireo voambolana voafantina. Manaraka izany, ny fandinihana ny endrika ivelan'ny tononkalon'ny mpanoratra: Ny lohateny, ny andalana sy ny andininy, ny fangadana ary ny rima. Farany, naseho ato koa ny sarin-teny amampomba filazan-javatra nentin'ny mpanoratra nitantara: Ny fanovan-javatra, ny tamberin-javatra ary ny sarin-teny hafa sisa.

Tamin'ny fandinihana izany rehetra izany, no nampivaingana ny fifandrohizan'ny hevitra naroson'ny mpanoratra sy ny hakanton'ny tononkalony, ka nahazoanay nilaza fa

mpanoratra “Poeta mpitantara i Nasolo”. Tamin’izany no nahitana fa poezia ny tononkalon’i Nasolo. Tsy mpanoratra fe mpanoratra fotsiny izy fa poeta mpitantara, mpanabe ary olon’ny fiarahamonina koa. Manaporofo izany ny fandinihana natao tamin’ny asa sorany, ny asa nosahaniny, ny fiainana nolalovany ary ireo olona nifanerasera taminy sy namaky ny tononkalony.²⁰²

Miavaka i Nasolo amin’ny fomba fanehoan-kevitra sy ny fandrafetany ny tononkalony. Azo ambara fa mitodika amin’ny famolavolana ny toe-tsain’ny mpiara-belona ny tononkalo nataony. Misarika ny mpamaky handinika ny zava-nisy nolalovan’ny firenena Malagasy, hitana ny hambom-po maha-Malagasy ary hanova famindra ho amin’ny hoavy tsara kokoa. Ny fiainan’ny vahoaka niaran’ny tsindry hazo lena sy ny firenena nanjakazakan’ny mpanjanaka aru ny tolona nataon’ny Malagasy nialana tamin’izany no tena nasongadin’ny mpanoratra tao anatin’ny fitantarana.

Nampiasa fomba maro izy nisintonana ny mpamaky handray ny tononkalony. Ohatra tamin’izany, ny fampiasany sorabaventy amin’ny lohatenin-tononkalony sy ireo teny sasantsasany nomarihany manokana. Hainy ny nampifanatrika ireo azo lazaina fa mpifanandrina tamin’ny tolom-panafahana, tsy iza izany, fa ny Vazaha sy ny Malagasy. Nataony tamin’ny alalan’ny fitantarana miandalana ny zava-nisy izany. Nampifanakaikeziny bebe kokoa tamin’ny asa sorany ny fihetseham-pon’ny mpamaky. Nampiasa fomba fitantarana sy tetika samihafa ny mpanoratra tamin’izany, mba hanehoana amin’ny mpamaky ho toy ny manatri-maso ny zavatra lazain’ny mpanoratra. Ankoatra izany, nifantina voambolana hampitana fihetseham-po mangorakoraka sy mangitakitaka teo anatrehan’ny zava-niseho ao anatin’ny mpamaky izy. Namela ny mpamaky handinika sy hisaintsaina lalina manoloana ny tranga resahiny koa i Nasolo, tamin’ny fanaovana fanoritsoritana sy fitanisana izay narahina filalaovana main’ny mari-piatoana, ary famintinana.

Araka izany, hita fa asa mpanoratra manan-talenta ary manana ny mampiavaka azy manokana i Nasolo, teo amin’izay lafiny fampitan-kevitra sy fitantarana izay. Asa soratra manana ny lanjany koa ireo tononkalon’i Nasolo. Heverinay fa ho anjara biriky amin’ny fanabeazana ny olom-pirenena ho tonga olom-banona, vonona hampandroso ny fiarahamonina misy azy sy ny firenena ny asa sorany. Anisan’ny tanjony rahateo amin’ny maha-mpampianatra sy mpanabe azy izany.

²⁰² In Tovana V, tak. 165-172

Nokendrena tamin'izao asa izao ny hanasongadina ireo tetika amam-paika entina mitantara, ary hampitombo ny ambaindain'ny literatiora Malagasy sy ny hanovona ny tantaram-pirenena.

Isan'ny maha-firenena ny firenena ny tantarany. Mamoha ny hambompo tena Malagasy izy, azo anatsoahana lesona hanitsiana ny diso, hitodihana ny lasa, hibanjinana ny ankehitriny ary hitsinjovana ny hoavy. Azo lazaina, fa fanoitra ho amin'ny fandrosoan'ny firenena ny fahalalana ireny tantara ireny.

Heverinay, koa, fa ho tahirin-kevitra azo hampiasaina eo amin'ny tontolon'ny fampianarana sy ny fanabeazana ireo tononkalo maro nosoratan'ity mpanoratra ity sy ny fandalinana natao ato amin'ity voka-pikarohana ity. Hanampy ny mpampianatra amin'ny fantanterahany ny fandaharam-pianarana ary koa ny mpikaroka zandry amin'ny asa fikarohana izay hataony.

Anterina ety am-pamaranana àry, fa santatra am-bava rano ihany izao asa nataonay izao. Antenaina, noho izany, ny hanohizan'ireo mpikaroka namana ny fandalinana vitanay sy hitrandrahany lohahevitra hafa ao anatin'ny tononkalon'i Nasolo. Tsy vitsy ireny fa mbola maro ny sehatra azo resahina sy fakafakaina ao anatin'ny asa sorany.

TOVANA

TOVANA. I

Taratasy maha-mpikambana ny mpanoratra ao amin'ny Havatsa Upem

FIKAMBANAN'NY POETY
SY
MPANORATRA MALAGASY
(UNION DES POETES ET ECRIVAINS MALGACHES)
U.P.E.M.

Antananarivo, faha - 29 novambra 1994

Andriamatoa N A S O L O,
Mpampianatra,
Talen'ny C.E.G.
AMBATOMENA 116
=====

Ry Sakaiza,

Araka ny fantatrao, dia efa nekene ny fangatahena ho mpikambana feno ato amin'ny Fikambanan'ny Poety sy ny mpanoratra malagasy (Union des Poètes et Ecrivains Malgaches). Efa nora'sina am-pahibemaso tao amin'ny Fivorianbe ianao, sady efa mamonjy fivoriana ara-dalàna koa.

Indro alefanay aty aminao ny Fitsipika roa (anatiy ny sy ivelany) hahazoanao mamantatra bebe koa ny amin'ny Fikambanantsika sy izay adidin'ny mpikambana.

Tokona hahafanana aty aminay ny :

- famintinana ny tantaran'ny amin'ny haisoratra.
- sora-piankohonanao.
- sarinao roa (sary tapaka)
- latsak'emboka ariavo ariary isan-taona
- fanampin'ny haisoratra vitanao, raha misy.

Manao mandra-pihaona. tompoko, ary samia tahin'Andriamanitra, hifankahita soa amin'ny Fivorianbe manaraka.

*Fanampiny: Tsy tofiditra ato ny
Fitsipika fa hahafanana
amin'ny Fivorianbe*

AK

ANDRIAMANANTANA Célestin.
Filoha

Tantaram-pianakavian'i Nasolo

III - 1956 - 1960

Nangirifiry tamin'ny Fianakaviany ny ratra nahazo azy ireo tamin'ny 1947 farany iny. Notondroin'ny fiaraha-monina ho "mpiodina", ho "dahalo", ho "very hasina" ho "sahy maty" ny tarana-drainy. Tao anatin'izany fivazivezen-tsaina izany no teraka i Nasolo. Nataon anaty lalàna lasitra hanamafisana ny fitontrany zanatany ny frantsay. Afaka tany an-ponja kosa ny havany maromaro nigadra. Azo ny fahaleovantena ny taona 1960, rehefa teraka tamin'ny 1958 ny Repoblika malagasy. Efa nanomboka hary saina niara-nilalao sy nianatra i Nasolo. Efa namela taratra ao amin'ny fiainany ireny. Nisy ny fisisihan'ny Frantsay hampiasa ny teniny teto, nefa tsy nahomby firy teo anatrehan'ny teny malagasy. Teny fampiasa anaty taratasim-panjakana ny teny frantsay, fa ifandraisana an-davan'andro fotsiny ny Teny malagasy. Nampianarina hiteny frantsay sy ampianarina amin'ny teny frantsay ny ankizy tany an-tsekoly. Tsy nahazo laka firy ny Teny malagasy.

IV - 1960 - 1990

Repoblika roa voalohany nanana ny tantarany mifanohitra teto. Ny voalohany dia sarisary fahaleovantena ihany. Olona no niova, fa ny fitondram-panjakana dia an'ny Frantsay. Teny frantsay sy kolontsaina frantsay, asa ho an'i Frantsa no naroso teto. Izay mahay mifehy ny teny frantsay dia notondroina ho Olona. Dia nijadabada ho Frantsay ny malagasy.

Ny Repoblika faharoa kosa dia nitodi-doha niantsinanana. Natao ny Fanagasiana. Efa nisy fotoana tsy nampiasana ny teny frantsay ifandraisan'ny biraom-panjakana. Nampianarina amin'ny Teny Malagasy ny mpianatra. Voadika tamin'ny voambiana malagasy avokoa ny isan-taranja tany an-tsekoly.

Efa olon-dehibe i Nasolo tamin'ireny. Efa mpampianatra. Efa afaka nandalina ny maha olona sy ny tantaram-pireneny. Niombo tao aminy ny tarazon-drazany; sady mpiotofona no olona neken-teny sy mahay. Mpanoratra izy.

V - 1991 - ankehitriny

Raha nahantra sy nitsipozipozy ny fiainany tao amin'ny fianakavian-drainy dia nanomboka nahita masoandro kosa ny fivelaran-tsain'i Nasolo. Nahazo mari-pahaizana maro izy. Noraisina ho mpanoratra mpikanibana ao amin'ny HAVAISA - UIPEM. Nifanafina ny asa sorany nefa nanomboka nahazo laka ankehitriny. Manana andraikitra ao amin'ny fanabeazana sy fampianarana izy. Afaka mamorona olona manana sy mandala ny kolontsaina malagasy. Afaka mifehy ny teny vahiny hifandraisana aminy. Tia sy tena tia ny teny malagasy. Tantara no ampianariny, fa tiany ny mihoatra izany ny fankafizana ny teny malagasy. Nosoratany izany.

RANDRIANASOLO

Nalaina tamin'ny tantara nosoratany

Fanadihadiana nataon'ny mpianatra tamin'ny mpanoratra, ny Feb 2011

FANADIHADIANA NATAON'NY MPIANATRA IRAY TAMIN' I NASOLO

F.1 Lazao ahy tsotsotra hoe : Iza i Ramose Nasolo ?

Araka izany tokoa dia Ramose izy . Mpampianatra na Mpanabe no tena mahalaza ny aminy . RANDRIANASOLO no tena anarany . Teraka tamin'ny 20 Mai 1953 tao Ambohibe . Vohitra kely nanana ny lazany batry ny efa ao atsimon'i Mangamila . Avo rindrina ny mponina tao ary voatsinjara ny ilay Ray amandreny tao ho samy manana ny asany ny zanany . Mpivaro-damba , mpivaro-kena , mpamboly , mpanao dabok'andro , mpitatitra , mpiasam-mpanjakana ... Anjarako angamba ny ho Mpampianatra na Mpanabe .

F.2 Tena Mpanabe tokoa ve i Ramose Nasolo ?

Misy fototra amanganana azy avokoa ny zavatra rehetra . Misy lafika iorenany koa ny asa iray . Nanome fitaizana ahy avokoa ireo Ray man-dReny voalaza etsy ambony ireo . Ny Renihoko mirahavavy : ZANAMARO sy MANGAVOLO no tena nanefy ahy ho olona mahatsangy no hary . Mpihira sy Mpahay dihy nikoizana izy mirahavavy ireo . Mpitantrana angano sy aritra ho anay ankizy tao an-tanana , indrindra mandritra ny lohataona , izy ireo .

Vao nahavitra ny BEPC aho tamin'ny 1971 dia niofana ho mpampianatra tany amin'ny CNPC-IC Benasandratra . Vao niasa aho ny taona 1974 dia nisesisesy ny fahazoako mari-pahaizana : CAE/EP , CAP/EP , BACCALAUREAT . Taty aorian'ny 1981 dia nianatra tao amin'ny lalam-piofanana " Sociologie " no sady niasa . Nahazo ny "Maitrise" aho ny taona 1986 . Niverina nianatra momba ny "TANTARA" indray aho ny taona 1995 , ka sady nahazo ny mari-pahaizana CAP/HG-MLG no nahavita ny "Maitrise en Histoire" taty amin'ny 2005 . Eo amphaovana ny DEA indray izao !

Tetsy andaniny , nisy fiofanana maromaro nanamarika ny fiasako : CEMEAM , Fianana "TILY" tao amin'ny fianonana , ny raharaha miaramila tao amin'ny EDC Antsirabe , 715ème Compagnie tany Diego , ny fifamatoran'ny INFP sy ny UFM DRAGUINIAN le VAR ka nahitako kolontsaina karazany maro , sns . Raha ireo ve no enti-miaina am-pahendrena tsy efa akaiky ilay hoe "MPANABE" ?

F.3 Iza indray ary i Nasolo e ?

Tantara lava ny naha Nasolo ahy .

Anarana indrana ihany io na dia tapaky ny anarako aza . Maty ny zokiko vavikely raha mbola tsy teraka akory aho . Dia nataon'i Dada sy Neny hoe "Nasolo" aho . Tenin'i Neny , hono , tamin'izany ny hoe "Ity no solony" . Izany hoe izaho izaho ihany fa fisainana hafa no nitaizana ahy . Dia Nasolo , ary nomboko nanana izany . Indran' anarako amin'ny maha mpanoratra ahy .

F.4 Nanomboka oviana i Nasolo no mpanoratra ?

Nisy fifaninanana izay nampianaoviny ny MENAC (Ministère de l'Education Nationale et des Affaires Culturelles) tamin'ny taona 1969 . « Ady amin'ny doro tanety » no lokahevitra novozina . Nandray anjara aho . Azoko ny loka , nivoaka ao amin'ny gazetin'ny mpianatra tamin'izany ny asasoratra voafantina , Mbola navoakan'ny gazety boky « EDUCATION MALAGASY » indray ny taona 1973 .

Teo angamba no valin'ny « oviana ? ». Fa noraisina ho mpikambana tao amin'ny HAVATSA UPEM aho ny taona 1993.

F.5 Ampy ho lafika , araka ny hevitrao , ho mpanoratra ve ireo voalaza ireo ?

Vala famaritana iadian-kevitra sy tovonana isan-taona ny hoe "MPANORATRA". Misy ireo mpanoratra sangany .Misy ireo mpanoratra vao misondrotra . Misy ireo mpanoratsoratra . Zavakanto sarobidy sy manana ny lanjany loatra ny asasoratra ka tsy hain'ny olona rehetra . Onjan-tsento , hafaliana , hatezerana , tantara , vavaka , tontolo iainana , hetsika manokana , tsiambaratelo , mpamaky ny any am-po tsy miloaka ... no angonin'ny mpanoratra . Asiany aina manokana hankafizin'ny mpamaky sy ho fohaziny izany . Ataony mahaliana azy . Lasa mpanonofy eo am-pamakiana izy . Poety vetivety .

Hatevenina isan'andro ny lafika filazan-javatra . Ny teny enti-maneho ny andalana soratana dia toy izany koa . Kalin'asa tsy mety ho lany tsiro ny an'ireo kalaza . Eo amban'ny rehetra ny tonony . Nasiany feony aza dia lasa iainany sy kaloiny . Tambanivohitra nahita fijaliana sy nahafantatra ny fiadanan'ny mpanana an-drenivohitra aho . Tsy ampy ho entina maha mpanoratra ireo . Fa efa afa-manoratra aloha aho .

F.6Taiza avy tokoa moa i Nasolo no nianatra ?

1959-1965 : EPP Ampotaka Mangamila
1966-1967 : Collège Saint Michel ANDRIAMPAMAKY
1967-1968 : Collège FJKM Anjozorobe
1969-1971 : Collège d'Enseignement Général Anjozorobe
1971-1973 : Centre National du Premier Cycle Benasandratra
1974-1975 : Ecole des Cadres Antsirabe
1981-1986 : ESSDEGS :filière Sociologie
1995-1999 : INFP Mahamasina , Histoire

F.7 Dia sady niasa ?

Sady niasa aho no nianatra !

1974- EPC Maritampona Betafo
1975-1976 : Miaramila tao amin'ny 715 ème Compagnie Ambahivahibe DIEGO
1977-1979 : Talen'ny EPP Manankasina Betatao Anjozorobe
1980-1981 : Talen'ny EPP Miariarivo
1982-1983 : Mpitantsoaratra tao amin'ny ZEB – CIRESEB Ambohidratrimo
1984-1985 : Mpampianatra mpananmpy EPP Ambohibao Antehiroka
1986-1987 : Mampianatra mpananmpy EPP Antsahavory IVATO
1987-1989 : CEG Nosy Varika Vatovavy Fitovinany
1990-1994 : Talen'ny CEG Ambatomena Manjakandriana
1995-1996 : Talen'ny CEG Andilantoby
2000-2002 : Professeur d'Histoire-Géographie Lycée Jean Laborde Mantasoa
2003-2008 : Professeur de Philosophie Lycée Anjozorobe
2009-2011 : Chef de Division Chargé de l'Administration et de Finances CISCO
2011- : Proviseur Lycée Mangamila

F.8 Misy antony hafa ve manosika an'i Nasolo hanoratra ?

Araka ny efa nolazaiko teo : misy kolo mifanosina maro ao amiko ao . Ny niainako manokana dia efa heveriko fa manery ahy handrakitra an-tsoratra izay ao amiko . Ivelan'izany dia ao ireo antsoinareo hoe "talenta . Misy ainga tsy azo tohaina miboiboika ao anaty , misy aza lasa nofiko . Tonga ny fiandohan'ny te hanoratra .

Ny tantaram-pianakaviako koa dia misy tarazo mamelombelona ny aim-pianahy mitsiry ao amiko hanao zavatra heveriko ho kanto . Ny fiainako mifanerasera san'andro amin'ny mpianatra dia sahaza ahy hanome modely tsara alain-tahaka . Ny lentan'ny kolontsaina niainan'ny fianakaviana niaviako dia tsy ataoko am-patrambary . Ny hafatra ho an'ny kely feo , toa anay , dia ny soratro no mampita izany , na ho an'ny mpampiasa , na ho an'ny lehibe mody marenina , indrindra ho an'ireo izay te hander mihaino .

F.9 Niresaka fianakaviana niaviana i Nasolo teo . Manana tetiarana azo lazaina tsotsotra ve ianao , na avy amin'ny Reny , na avy amin'ny Ray ?

Fifangaroan'ny foko roa lehibe no niaviako .

Taranaka avy amin'izany **Pely Maitso** avy any Fandriana izany ny Raiko . Mpinolona nahery an'ady io Pely io . Tsy lairam-basy misy hazo izy raha notfirina . Tsy hitan'ny mpanjanaka izay natao taminy dia ny zanany roa voalohany no novoina imasom-bahoaka . Avy eo ny anabaviny sy ny reniny . Tsy tantiny dia natorony ny famonoana azy Nihoroaho noho izany zanany Faralahy sy ny fianakaviany akaiky . Nilefa taty Anjozorobe nialoka sy niafina tao amin-dRaboza i Faralahy . Very anarana tamin'io **Faralahy** io izy . Izy no Dadabeko . Lela sy feom-pitenenana sisa amantarana azy ho Betsileo . Maty mbola tanora koa izy ka tsy hitako akory . Niverina nijery izay sisan-tantaran'ny fianakaviana aho taty aoriana . Manana sambintany sy ilan'efitra azo zakaina izahay .

Andriana avo firazanana avy any **Ikaloy** sy **Ambohitrabiby** indray ny reniko Mandiavaton'Ambohitrabiby izany **Rainihaja** Rainy izany . Taranak'i Ralainanahary (min'Andrianampoinimerina) tamin'ny vadikeliny no vadin-dRAINIHAJA . Nanam-pahefana faha fanjakan'andriana izy . Napetraka hitarika ny 37 lahy hiaro ny fanjakana tany Vodivato izy . Tsy voatosiky ny Sihanaka sy Bezanozano mihitsy . Nanorina ny tananan'Ambohibe , nahatratra nahaterahako , ny zanany . Dadaben'i **ZANAMARO** sy i **MANGAVOLO** renibeko izany lehilahy izany .

Ny azo marihina dia ny nahazoan'i Dada an' i Neny . Saro-piaro amin'ny fiamboniany ny fianakavian'ity Reniko ity . Lova tsy mifindra hatrany no natao tamin'ny famoronana tokantrano . Nanankarena ary manakarena , avo rindrina , izy rehetra . Manam-pahefana koa . Dada anefa sady mahantra no tsy ray tsy reny . Nisy antony manokana mandeferan'i Dada tao . Azy manokana tsy n'iza n'iza nizarany . Neny angamba no nahatratra ny ady anaty tao aminy . Dia nivady izy . Lafobe ny sandany . Noroahina izy sy i Neny hitokana tanana . **Mioridrano** , tananay ankehitriny .

F.10 Mampalahelo izany ?

Mampireharcha fa tsy mampalahelo izany .

TOVANA II

Fitantarana mikasika ny tantaram-pirenena nangonin'i Nasolo, nampitondrainy ny lohateny hoe: "Jeneraly RAINIANJALAHY sy RAINIMANONJA", Jan. 2012

Ny volana Jona ka hatramin'ny faran'ny volana Aogositra 1895 no tena nanamarika ny tantaran'i Jeneraly RAINIANJALAHY sy RAINIMANONJA lefiny . Nalefan'ny Praiministra RAINILAIARIVONY (1863 – 1896) nanatevina ny tafika malagasy tany Tsarasaotra sy Andriba , lalana avy any Mahajanga , hisakana ny fiakaran'ny tafika mpananibohitra Frantsay , izy roalahy . Tao anaty ady mangotraka , nofaohin'ny balan'ny miaramila frantsay ny satrony . Sady taitra tampoka izy, no tsy nahafantatra izay tena nitranga . "AINA ITY RAINIMANONJA " hoy izy sady nihemotra .Toy izao ny ampahan-tantarany :

I

Efa notsiritin'ny Anglisy sy Frantsay hatry ny ela ny hanan-tany honenana eto Madagasikara . Tantara fantany ny Praiministra teny Andafiavaratra sy ny Mpanjaka vavy teny Anatirova izany .Nisy fifanekem-pihavanana nisesisesy voasonia momba izany . Ny Angilisy , ny Amerikana , ny Alemana dia samy nanaiky fa tsy haka sombin-tany amin'I Madagasikara . Ny Frantsay no tsy nankato izany hatramin'ny farany . Tamin'ny 5 Aogositra 1890, nifanaraka ny amin'izay ho anjara zara-taniny aty Afrika atsinanana ny Anglisy sy ny Frantsay . Zanzibar ho an'ny Anglisy , Madagasikara ho an'ny Frantsay . Tsy fantany ny Praiministra sy ny Mpanjakavavy RANAVALONA III io fifanarahana io . Tetim-panjakana nampifandanja ny fisian'ireo firenena lehibe roa tonta ireo no mbola masaka tao amin'izy ireo .Etsy andaniny , tsy maintsy mandalo ny Miniteran'ny raharaha momba ny vahiny ny fangan-javatra rehetra avy any ivelany . Ny "Résident Général" no nandray io andraikitra io taorian'ny nanaovana sesitany an-dRAINIVONINAHITRINIARIVO tamin'nt 1887. Ho avy ny Frantsay haka an'I MADAGASIKARA .Hisy ny ady . Handray anjara aminio ady io ny Jeneraly RAINIANJALAHY sy Rainimanonja Lefiny .

II

Tany Toamasina no nanafika voalohany ny Frantsay, notarihin'ny Komandy BIENAIME . Tsy nahomby tamin'izany ny tafika notarihin'I RAINANDRIAMAMPANDRY , ka niala tao Toamasina NY 12 DEASAMBRA 1894. Tao FARAFATY izy ny namahatra indray . Izy dia sady Governoran'ny Tanana no mpitari-tafika nikoizana tokoa . Resy izy teto . Resy toy ny tamin'ny 1883 koa . Tompon'ny tanana izao ny Frantsay . Tsy afaka niditra tao intsony ny sambo nitondra an-dRy Rainivononahitriniarivo avy Eropa , ka voatery nianatsimo nitody tany Matitanana Vohipeno . Re taty Antananarivo izany vaovao izany .

Ny 14 Janoary 1895, tonga tao Mahajanga indray ity Komandy BIENAIME ity rehefa avy nisafo ny toeram-pamaharana tany Diego . Tsy sa rotra taminy ny naka ny tananan'I Mahajanga noho izy zara raha nisy fiarovana . Ny Governora RAMASOMBAZAHA dia nadositra nankany Marovoay niaraka tamin'ny Mpanjakavavy RAMBOATOFO sy ny "SOMBITAOLAN'IREO MPANJAKA " (Reliques) tao amin'ny DOANY . Nalalaka noho izany , ho an'ny Mpitari-tafika DUCHESNE ny nananika avy any andrefana .Teo vao taitra ny taty anaty Rova Antananarivo , ka nandefa tafika maika notarihin'ANDRIANTAVY hanampy an'I RAMASOMBAZAHA sy ny miaramilany miisa 3000. Tafika fiandry tao an-dRova eto ry Jeneraly RAINIANJALAHY sy RAINIMANONJA .

III

Tarasaotra sy Andriba

Ny Jeneraly Metzinger no mpialoha lalana ny tafika frantsay . Azony mora foana koa I Marovoay , tanana lehibe faharoa manaraka an'I Mahajanga . Eo koa koa fara azon-tsambo idirana avy amin'ny renirano Betsiboka . Teo no nataony fiakarana an-tanety raha ho aty Antananarivo . Nanosika ihany Ramasombazaha fa voatosika . Porofon'izany , niady hatrany izy tao Mahabo , Kalandrindrina , Mevarano , Miadana . Samy tanana ilany avaratry ny renirano Betsiboka ireo . Tonga ny tafik'Andriantavy . Nandray anjara avy hatrany nanatevina ny fanafihana . Mafy ny ady tao Ambolomoty sy Maevatanana . Ny 5 sy 6 Jona 1895 , tsy an-kijanona fa rere ny basy . Nidoboka ny tafondro . Loaka ny vondron-tafika indray mamindra . Rarak'ompana ny faty . Nihemotra ny tafik'Andriantavy . Toa efa nilavo lefona I Boina . Nalalaka kosa ny lalana frantsay ho aty Imerina . Tsy namela izany ho mora anefa ny Praiministra RAINILAIARIVONY . Nalefany amin'izay ny Jeneraly RAINIANJALAHY sy RAINIMANONJA . Nanantena ny hahomby mihitsy ny mpanjakavavy , ka miaramila miisa 5000 no nasainy niaraka taminy .

Nitsaha-nandroso ny tafik'ireo Jeneraly Metzinger sy Duchesne raha vao tonga nanafika ry Jeneraly RAINIANJALAHY . Kingalahy ity Jeneraly ity , hoy A.A , ka nahagaga ireo mpitari-tafika frantsay . Izy ireo koa moa no nandova ny fahaiza-manao tamin'dRy BRADY avy any Jamaïque sy ry James HASTIE avy any Pays de Galles natao hoe ANDRANASY ary M.ROBIN frantsay . Izany no mpampianatra y tafika Malagasy , niainga tamin'ny andron-dRADAMA rainy . Nesoriny aloha RAMASOMBAZAHA. Noraisiny ny fibaikoina ny Tafika . Miaramila 10 000 avy hatrany no indray nalahany tao

TSARASAOTRA . Tanana sady faritra kely , tendrony avaratra andrefana indrindra amin'ny ho aty anivon-tany Tsarasaotra .tombon-toerana ho azy io avy aty ambony io . Ny 28 Juin 1895 , notafihiny mivantana ny toby frantsay . Ady nandripaka aina tamin'ny andaniny sy ankilany . An-jolofo ny maraina tontolo , ny hariva , ny alina . In'efatra nanafika ny Malagasy tanatin'ny indray andro . Nafotaka ny ady fa sady naharavana betsaka ny miaramila no tsy nisy nilefitra . Ny marainan'ny 29 jona 1895 , tsy nisy nihontsona taimin'ny toeram-pamaharany ny andaniny sy ankilany . Samy "niato nihezaheza" hoy A.A . Fa iny alina iny , tong any fanampin-tafika frantsay avy any Maevatanana . Izy indray no nanafika ny andro fahatelo , dia ny 30 Jona 1895 . Tsy nahatosika ka voatery nihemotra ry RAINIANJALAHY . Nafana ny ady na dia efa re aza fa nanomboka ny ririnina mampirifirin'anivon-tany . Tao ANDRIBA indray izy no namahatra .

Tsy misy lalana iombana , ka tsy maintsy mandalo ao Andriba ny tafika frantsay . Tsy misy safidy koa moa ny azy . Izy koa no ho tafihin'ny Malagasy ka aiza no tsy ho hitany ? An'alina rahateo no isan'ny miaramila ka tsy azo atao fangalampiery . Hifanandrana indray ao Andriba fa miandry RAINIANJALAHY sy ny miaramilany . Mitovy amin'ny tao Tsarasaotra ny tombon-toerany . Avy any ambony izy , ka toy ny bibilava avy ao an-davaka ny miaramila frantsay , izay mipotra ;"vaky ny loha " . Kanjo hafa no nitranga : voafaokan'ny bala frantsay ny satrok'I RAINIANJALAHY ; saika vaky ny lohany . "AINA ITY RAINIMANONJA "hoy izy sady nihemotra izy .

Ny 21 Aogositra 1895 , tsy voasakana intsony ny tafika frantsay . Tsy resy ry RAINIANJALAHY fa nihemotra . Ady tsitapitapy na fanafihana tampoka sisa no azo natao nandritra ny famakivakiana ny lemak'I Tampoketsa . Maro nilefa an-daharana koa ny miaramilany , na dia efa dina mihatra aman'aina azany manao izany . Hery tsy mitovy , fitaovam-piadiana tsy mifanentana no teny am-pelatanan'ny miaramila .

Ny 14 Septambra , nanao dia an'ezakezaka ny Duchesne sy ny miaramilany 6000 ho aty Antananarivo .Ny 18 Septambra 1895 dia namakivaky ny tehezana-tanatin'Ambohimena izy ireo .Ny 21 Septambra tao Ankazobe . Nivily niatsinananaizy mba tsy hivantana eo andrefan'Antananarivo , izay hentrina sarotra iarovan-tena .

Very hevitra ny tao Anatirova , fa tsy nanaiky hodonim-potsiny . Mbola nadefa an'I RAZANAKOMBANA hanatevina ny sisan-tafika niangana

izy. Nisy fifanoherana dia dia nahomby tao Ambohipiara , avaratra andrefan'I Mahitsy . Dia toy izany koa tetsy Namehana hatraty Ambohidempona . Tafiditra an'Antananarivo ny tafika frantsay . Nodobohany baomba ny Rova raha mbola teo am-pivoriana ny Mpanjakavavy RANAVALONA III sy ny Praministra RAINILAIARIVONY ; Goaka ny tafo . Hendratra ny iray trano . Natsangana ny saina fotsy hiarovana ny aina sy ho mariky ny FILAVOANA LEFONA .

Nasolo , 2012-01-05

Bibliographie :

Pasteur RAVELOJAONA ,
Firaketana ny teny sy ny zavatra Malagasy ,
Tome I , II , III - A à M

Edouard RALAIMIHOATRA ,
Histoire de Madagascar , Tome II , 219 pages

Le Prince RAZAKA ,
Jacques RABEMANANJARA ,
Sassetot LE MAUCONDUIT
Récit ,107 pages , Aout 1983

Andry Andraina ,
Docteur RAZAFINDRAZAKA
Badisan'Ivavy , inédit , 380-pages ,1978

TOVANA III

Atontam-panontaniana napetraka tamin'ny mpanoratra Nasolo

1. Aiza ny tanindrazana niavian'ny mpanoratra Nasolo?
2. Iza avy ireo Raibe sy Renibe ary avy aiza ny fiaviany?
3. Firy ny isan'ny iraitampo sy ny anarany?
4. Tamin'ny taona firy i Nasolo no nanambady, ary iza no anaran'ny vadinao?
5. Firy ny isan'ny zanaka naterakareo, iza avy?
6. Mba omeo ahy ny tetiharan'ny fianakaviana misy anao?
7. Inona no nahatonga anao ho mpanoratra?
8. Azonao homena ve ny famaritana ny antsoina hoe: Poeta, poezia araka ny hevitrao mpanoratra.
9. Misy antony manoka na ve ny nandraisanao solona anarana teo amin'ny fanoratana, inona izany?
10. Nisy fiantraikany teo amin'ny fiainanao ve ny anarana hoe: Nasolo?
11. Inona no antony nanomezan'ny Ray aman-dReninao io anarana io sy ny heviny?
12. Inona no antony nahatonga an'i Nasolo nanao ny lohatenin'ny boky hoe: "Saraha"? Oviana no nivoahany raha efa nivoaka?
13. Misy boky hafa nosoratanao efa nivoaka ve?
14. Tena anaran'ireo olona nifanerasera taminao ve ireo anarana nampitondrainao ny lohatenin'ny tononkalo sasany sa anarana indrana ihany? Oh: "Gostavy", "Randria", "Zaka", "Ndriana", "Saraha"
15. Oviana no nidiran'ny mpanoratra ho mpikambana tao amin'ny UPEM
16. Momba ny tantaram-pianakaviany:
 - Inona no antony nialan'i dadabe Rafaralahy tany Fandriana?
 - Mba lazao ny mombamomba an'Andriambe azafady
17. Inona ny andraikitr'ireo mpampianatra an'i Nasolo teny Mahamasina sy ny zavatra nanamarika azy. Ohatra, Alfred Ramiandrasoa, Henri Rakotobe, Rafolo Andrianarivony, Razafindralambo, Lucile Rabearimanana?
18. Inona avy ireo andraikitr'i Nasolo:
 - Eo anivon'ny fianakaviana,
 - Eo amin'ny fiarahamonina
19. Misy boky mirakitra ny tantaranao ve sa avy amin'ny lovantsofina na tantaran-dRaza ihany?

TOVANA IV

Angano

ONDRY KANOSA

Fahiny, hono, fony mbola alakely Analakely, mbola efitra i Mahamasina, mbola alabe i Tsimbazaza, dia kijanan'ondry Antaninarenina. Firaofan'ny ondry iny malalaka rehetra iny. Faly ery ny ondry. Nifaly havanja ny ondrikely. Niadan-tsaina ny reniondry. Be ny vilona. Indray andro anefa, tonga ny fahavalo. Avy ny alika dia. Alike lava sofina. Alike lava vangy. Alike njiro maso. Alike lava rambo...

Tonga ireo dia nanerona. Nanaikitra. Namiravira. Nandroba ny andian'ondry. Tao ny rovin-tsofina. Tao ny tapa-drambo, tao ny fola-pe. Nijaly ny ondry. Nisy naratra mafy. Nampalahelo ny ondrikely. Loza ny nanjo ny ondry... lasa saina izy ireo noho izao voina izao. Dia nivory hikaon-doha ny ray aman-drenin'ondry:

- Inona no hatao, fa ho lany tamingana isika, raha mitohy izao afitsoky ny amboa izao?
- Tena mafy, hoy ny reniondry, sady mibarareoka mitomany izy.

Dia nandahatra ny ondry antitra:

« Raha hiady isika, tsy mba misy vangy:

« Raha handositra hilomay, kely fingotra.

« Rehefa miantso vonjy : ny feo tsy mahaloaka ny ala.

« Hitsoka bingona: ny molotra manify, ny fofon'aina kely.

« Hilefa: ny hofaka misavily, ny fingotra tsy mahadia.

« Ianareo vantombatony ireo anie no tena rangory fototr'izao e!

- Izay tena hevitrao lazaina, hoy ny ondrilahy iray, sady efa tezitra, no efa niemponempona ny vavorony.

- Karohy re izay hevitra e! hoy ny ondry botry, nilatsaka nandamina.

- Mangina ny deronina, hoy ny mpitsatsaingoka, ondry botry, kongonina.

- Ary nahoana moa, nahoana raha maro tena isika? Ndeha hiady amin'ny amboa. Mafy loha isika. Ampiasaina ny loha ...

Dia raikitra. Hiady amin'ny amboa ny ondry. Niloka ny ondrilahy rehetra. Samy nanazon-tena. Nifampiozona. Matesa faingana izay milefa. Aina no fetra ... Dia nioraka nibarareoka faly ...

Kanjo, tonga ny fanafihan'ny amboa, nandre izato feom-pivoriana. Vao nandre ny vovv dia niatrana ny andian'ondry. Hiatrika ady ry Mafiloah. Nony akaiky ny amboa dia nitangorona ny ondry. Vonona daholo. Nahita izany ny amboa ka niahotra. Niahotra nahita ny fahavononana. Natahotra mihitsy. Dia mody nivovv mafy izy no nanodidina ny vondron'ondry.

Tsy nihetsika ny ondry. Nodoniny ny tany. Nongodoniny mafy. Gaga ny alika, nefa fetsy. Nanatona akaiky izy. Niranga ny sofin'ny ondry.

Nisy nitady handrava laharana. Ny sasany efa toran-kovitra. Nisy nipelipeli-drambo. Izy rehetra nimetsometsona vavorona. Hitan'ny alika izany:

- Ahy ireto, hoy izy anakam-po, ondry efa tera-tahotra. Nefa raha voan'ny katro-doha eo dia maty! Sss... « Izay sahy maty mifono lamba ».

Dia sady nivovv mafy izy no mody nandramby ny vodilahan'ny ondry.

Vaky nilefa ny ondry, tsy nahavita nandona akory. Dia nanaram-po ny amboa ...

Nitady mpiaro no nataony. Ny olona no hitany. Nanombo ny olona ny ondry. Ary dia ny zanak'olona no mpiandry azy. Dia izany no tsy nisian'ny ondry dia ...fa kanosa izy.

NASOLO
30-01-97

TRONDRO GASY

Vao foy i Trondro gasy, dia efa nahafatify. Teny amin'ny loharanon'i Tsaralalana izy no foy (fa nisy rano teny taloha). Trondro kely be loha. Mivolom-bolamena ny lambany. Mangirana sy kanto tokoa. Izay seranan'i Trondro gasy miherika avokoa. Trondro gasy kely koa moa ka pelika. Ny fitafy vitsy mpanana ... Vao lehibe i Trondro gasy dia nitaraina ho teritery ny fiainany.

- « Tsy tamana aho, ry Neny â! Teritery eto amin'ity tatatra kely ity. Vao mihenjy aho dia voadona ny lambako. Midona amin'ny ampian-tany. Tery eto Neny â! Avelao aho hitady dobo azo ilibana? »

Nananatra azy reniny:

- « Ny tatatra eto lobolobo tsara. Ny rano madio. Ny sakafo betsaka. Jereo tratra antitra sy dongadonga daholo ny trondro ... »

Tsy tana anefa i Trondro gasy. Nilaozany ny taniny.

- « Veloma ry Pirina. Veloma i Toho samavava. Veloma i Tsiboboka be nangy.

Lasa i Trondro gasy. Nihazo an'i Betsimitatatra izy. Nisy farihy kely. Eto aho no honina.

Tsara eto. Neny no tsy mba mahita izay fahitan'ny trondro. Ireto izao misy namako:

- « Manao ahoana i Tilapia? Manao ahoana i Marakely?

- « Tsara lamba aky indry! Manja ange i Trondro gasy izany â!...

Dia samy nitsiriritra an' i Trondro gasy ny trondro rehetra. Nialona ny Marorambo. Sosotra taminy ny Masovotôka. Teritery indray ny filiban' i Trondro gasy.

- « Ndeha hiaraka amiko ho any Ikopa, hoy ny Amalona. Efa matsabory any. Ny rano lalina. Ny mpizahatany bebe vola. Etsy ho tantanako ...

Dia nikopak'elatra ho any Ikopa i Trondro gasy. Nalalovany Anosimanjaka. Nikorotsahany Ifarahantsana. Tamana izy tany. Nahay naka ny fony ry Black-bass. Niara-dia taminy ny Malemiloha. Nanome kavina i Lavazipo ... Lasa pelika loatra i Trondro gasy. Tsaroany ho teritery indray ny fiainany. Nangetaheta i Trondro gasy.

- « Maloto ny rano ety izany. Ny anay aza madio tany Analakely nilaozako? Mila fiainana tonga lafatra aho.

- « Etsy ho ahy, hoy Besisika, fa ho boboka ianao. Be sahobakaka ho sakafo any. Itonoako fen-tsoabakaka ianao. »

Dia babo teo indray i Trondro gasy. Nindaosin' i Besisika ho any Betsiboka izy. Faly ery i Trondro gasy. Nabontsiny ny tratrany. Nasokakany ny sagoagany ... Dia nihaona tamin'ny namana vaovao indray izy: ry Karpan' i Mananara, ry Amalokelin' i Sahaparasy. Mbola manja ihany anefa i Trondro gasy. Niserana fotsiny izy teo ambany tetezan' i Betsiboka. Tsy tamana koa izy fa mingo-dongodona loatra eo. Namany teny an-dalana ry Jebokely, ry Gogo sy ry Vangolôpaka. Ry Ranaobe tao akaikin' i Maevatanana; ry Damba sy ry Borivava tao anilan' i Marovoay. Tsy te-hijanontanona i Trondro gasy fa manaradia azy i Bontana toka-nify.

- Ndeha hiaraka amiko ho tonga any Ambavavinany, hoy Zompona. Hahita vinanibe Mahajamba i Trondro gasy. Rano izany. Rano lalina.

Lasa indray i Trondro gasy.

Manjeninjany tokoa ny vinany. Saingy tsy zakan' i Trondro gasy ny ranon-tsira. Tsy nisy nitsiriritra azy intsony. Saika voatelin'ny Trozona izy. Natositosiky ny Antsantsa. Nenjehin' i Menahelika. Notamamoin' i Lavasomotra. Mba nanosy koa i Karapapaka, ry Lamatra ... Tsy tamana i Trondro gasy. Tsy tamana mihitsy. Nararirary ny andohany. Komavoka ny lambany. Nanenina izy. Te-hody any Analakely ...

Dia nody taty izy niaraka tamin'ny namany ... Ary izany, hono no nahatonga ireo trondro mora vidy ao an-tsenan' Analakely ireo, sy eny Tsaralalana, fa ... efa tsentsina ny tatatra sy loharonony.

Tantara an-tsehatra

Ady amin'ny bemangovitra

LES d. NOSY VARIKA SAYNÉSES pour l'inauguration de la 40^e anniversaire de l'OMS (Organisation Mondiale de la Santé) - GENEVE.

Thèmes: 3 ADY AMIN'NY BEMANGOVITRA "
SEHO I (Dada RABE sy i BENANDRO)

Be an-panoahana sikidy i Dada Rabe no niditra i Benandro.

BENANDRO: O! Ry Dada Rabe !
 Marary Rafetsy .

DR : Aretina inona izany 'lay kely?

BEN : Aretina ratsy ry Dada Rabe !
 Aretina ratsy ka inona no hevitra?

DR : Ratsy ?
 Lazalazao hoe leitsy Benandro
 Vahavahao iaraham-hevitra ?

BEN : Voalohany aloha vealazany tamiko ,
 Mangidy ny vavany ,
 Manintsy ny tenany ,
 Mafelo ny lohanany ,
 Kamakamo Rafetsy , toy maha-teli-kanina !

DR : Ratsy izany leireo !
 Dia aheana koa ?

BEN : Faharean'izany : voadiniko taminy
 Tiatia rano izy , be no efa laminy ,
 Ditsy , Kafé , ranonbary ... ataoatra ?
 Tsy mila an-panoahana , manetsetra .
 Mibensika lamba
 Kanefa ry Dada Rabe ny andro mafana .

DR : Adalakely izany Benandro !
 Ary hono leireo! Oviana izy izany ? Ary aiza Rafetsy ?

BEN : Onaly Tentelo
 Tentelen'ny andro : mifene hodofetsy !
 Ka ny maha ratsy azy ry Dada Rabe ?
 Osa Rafetsy tsy afa-mandeha .
 Ka raha afaka ianao , sy ny fomba fanao ,
 D'izay no anten-diake .

DR : Fantatry i Bema ny fomba fanao ?

BEN : Fantatro leatra !

DR : Efa niova leireo !
 Efa mariva ny tas-baovao ,
 Ka hiova ny fomba fanao : Tsy "gala" iray , fa maintso ankiroa
 Sarettra leitsy ry Bema ny asike
 Satria aho manandro ,
 Manandro isan'andro hijery ny tsara !
 Vintana soa mba hahasalamana .
 Rafetsy aza iazao hitake eto :
 Fa ratsy tekoa ? " Foa ! Foa ! sikidy ratsy , aza hitake leitsy .

BEN : ... Misaotra , misaotra ry Dada Rabe !
 Marony ireo , tsy aza isika handeha !

DR : Tsy mila mankany akery Benandro !
 Antsoaka ity manere ny tas !

Page -2-

DR : En indra ne atao ry Dada Rabe ? !
 DR : 'Lay zavatra aloha
 Arotsahy mba ho masina
 Hasitrana tsara , tsy hafaoka an-dantony .
 BEN :
 DR : Ilay hasina ? ! Mainty ankiroa !
 BEN :
 DR : Dia ireto no atao ,
 Atao matetika
 Ity vakana ity ampiambozany azy aloha !
 Mba ravin-kasina sy voamase-trandraka ,
 Tenehina miaraka !
 Ampiana hitsika voadilotra am-bato !
 Sotrana imbetsaka , setrana tsy miato !
 BEN : Sotrana tsy miato !
 DR : Eran'ny bel alohan'ny hatry ! Azonao tsara ?
 BEN : Eran'ny baolina alohan'ny hatry ! Azoko tsara .
 DR : F'ity koa no loza ireto esory
 Pandrian-dRafotsy : atao mianatsimo !
 Ny fatanareo atao mianavaratra !
 Rehefa matry : aza avela hikimpy
 Tapena ny vavany : fatry mosara.
 Azonao izany ? Azonao tsara ?
 BEN : Azoko izany ! Azoko tsara .
 Lasa azy aho ry Dada Rabe !
 DR : 'Lay zavatra anje tsy nomen'ise ?
 BEN : Tsy misy azy anje Dada Rabe ?
 DR : Tsy lasa r'ise ! Tsy lasa r'ise ?
 Tsy sitrana mihintsy ny reninareo
 naha tsy ~~vealazako~~ vealao ny vealazako tao.
 Manafatra anao aho : "Attention ?? "
 Aleavy io fa "droit de Consultation " ?
 Metteur en scène : Sady nilefa i Benandro , no nilanja ny lohany nody .
 Kanjo ? nony tonga tany an-trano izy dia efa maty "TAFOTSY" .

SEHO II : Dekotera eo amin'ny toerana fizahany marary .
 Misy renny mitondra ny zanany ho zahana .
 RZ : Ity zanako ity Dekotera marary !
 Manavina , tsy dia mety tsara !
 Dek : Eo hoe ho jerena ? Mm !
 Nanomboka oviana izy ity no marary ?
 RZ : Afak'omaly !
 Dek : Nisakafy tsara ?
 RZ : Ny venti-tsakafy aloha tsy tiany
 Dia nomeke ronono ,
 Nampisotroiko dite
 Nomeke aspirine iray
 Dek : Ka mbola tsy niato izy tamin'izay ?

ANTSO FARANY

TANTARA
AN-TSEHATRA

NOSORATAN'I NASOLO

- Mars 2003 -

Hira fiasahabana

Mpanolotra 1

Hélène: renim-pianakaviana, renin'i Tsiry

Randria : rain-pianakaviana, rain'i Tsiry

Noro: Tovovavy

Costavy: Mpanankarena

Tsiry: Tovelahy tsy an'asa

Mpitory iray

- Feo ambadika sehatra: Antoko mpihira mingingona moramora

- Zava-maneno: Valiha

Doboka atranatrana

Hira sy feon-kira

- Sehatra: Tapany 1: ravaka tsotra + seza roa

Tapany 2: ravaka marevaka + seza 1, latabatra 1

Tapany 3: Tsy misy n'inon'inona.

Mpanolotra

((miadana sy tony ny feony))

" Antso farany,

" Na ianao io aza

" Ianao manan-kaja

" Ianao misary zaza

" Ianao olo-malaza

" Ianao io ! Io

" Ianao ambony dabilio

" Ianao tomady sy... madio

" Ianao mitsikitsiky io

" Ianao mistrika ny anio

" Ianao

" Ianao mahatsiaro

" Ianao mandre maharary

" Ianao mihetsi-po fa faly

" Ianao tomany sy mijaly

Antsoina ise, indray mandeha

Antsoina, antsoina ianao, fa tsy nancina

Sasatra izy niantso... Tsia !


Mbola miantso " ANTISO FARANY "


TOVANA V

Taratasy mikasika ny mpanoratra Nasolo nosoratan'ireo mpanoratra namany

NOMBA AN' I NASOLO
AVY AMIN'IREO MPANORATRA NAMANY.

Tena mpanoratra, poeta, i NASOLO, fa ty mpanoratra raitre. Hite
taratasy a ase torany fa mpanoratra, mpanoratra izy ary manan-
jelajelao. Hainy ny mampiasa sarintany: mety ho mero raisina
izy ka manaitra ary hatsany, nife hoo misy sarintany mampiasa
saina ka naho votsavotsa faudray dia ty hakezo azy mihitry.
Kanto ny ase torany ka iusane fa ho velomahatsi. Eo.
Mifaningo, palke ny ase soratray indrindray satria mifampita
kaintsika ny fafahy, volatry ny fiarahano maharitra ny ny fiasa kely
ary ny fiasa kely.


J. N. RAVALITERA
Androany 26/11/2010

Uprahemba Havàta Upem no nahafantaraka an'i Nasolo.
Navitrika tao anatin'izany Fikambanana izany izy ary
nahavita be tao a andrahilika naha hira azy tany a tona
1997 tany ho any. Ny andrahilika naha dia nodin'iasany taty
aoriana. Eo amin'ny sehaty ny anasorany dia hita fa tena Upem raitre
izy fa ty mpanoratra raitre. Tena poeta fa ty mpanoratra
rima, seingy fahintona ho azy ihany ny ty mpanoratra
nigoba ny hankalo maso ny ny anasorata'i Nasolo. Efa ampy nanasakajika
azy ka tena poeta hoo anefa ireo vitan'ity novakika. Hirany sos
ho an'ity Upem raitre nomba an'i Nasolo ity 
ANDRIANASOLO Hajaina

Taratasy nosoratan'ny mpiaramonina tamin'ny mpanoratra momba azy

- Fahafantaraku an'i ^{Peer} Nalolo.
- Olona totra, tsy-po, be fitiavana.
 - Olon'ny fiasaha. manina rady olon'ny fiasaha. miata.
 - Manana fifandrianana betaka ao amin'ny asam-piainana.
 - Mpanoratra lonon-balo, ary misento ny fitiavana sy tanindrazana izany.
 - Mpanampianatra Filozofia sy Historiô jiojio.
 - Olon'ny fitiavana, tia mibaroka momba ny tantaran-tanàna izany (Angazobeky, Rabazaka).
 - Raha mamaky ny lonon-balo izy dia manaitra ary momba fo.
 - Manana aingam-parahy. miasa a tortolo manodidina azy.
 - Mpikambana ao amin'ny Bideana.
- Daminava. Alitshà
- Angazobe. Mpikambana ao amin'ny Bideana.
- ~~###~~
- Angazobe 16 / 11 / 11.

Taratasy avy amin'ny mpiara-miasa amin'ny mpanoratra

1. Eononkalo. Mpanoratra.

2. fomba fianaha-monina. fandraisana andraikitra.

3. Mampianaraka azy.

1. Eononkalo : - mampihitri. ro.
- munitona ny ity fanahy
- mivelaka amin'ny sehatra maro: tontolon' ny

fitiwana, famahazana, ...

Mpanoratra: Izy samintanina mpanoratra fa tina mpanoratra
mahafahy ny hafahy ny famoronana, mpanoratra mivelaka a
tontolo samihafa fa izy mionona fahiny amin'ny sehatra tokana.

2. Fianaha-monina: Olon' ny fianaha-monina, mandala
fihavanana, tia fahasam-aina, izy mba olona mpanao
lehiben'olona ny hafa fa tina mihitri ny hafa ho toy
ny tenany mihitri, raha hamba toka dia mahatantoka
ity fiteninana hoe: Iany ny rano amin'ny fianaha-monina.

Fandraisana andraikitra: Olona tia mandray andraikitra
tia manampy ny hafa.

3. Mampianaraka azy
Izy mba olona tia mampianaraka hafa be fahatany fa tia
manampy, maharany amin'ny fahatany ny hafa.
Olona firo fahatany na fahatany na fahatany na fahatany.

RASEDY Rija Eima.
Sekretaran'ny Lycei.
Mpiara-miasa amin'ny

Eianay.

Le 16-11-2011.

Ny mombaomba an'i H. Neso: Izy dia lora tia fihavanana
tia fihazamoni.

Ny tena tiainy dia olona be famindram-po aman'olonany, kafo malina be aza aman-andaikitra indrindra eo a mpiara-miasa rehetre.

- Tia tonontelo sy ny fomba amam-paro Malagasy izy.
- Tia karokaro eo a toerana miyazy.
- Izy dia manambany olona indrindra fa iteo. Tantara ity niasa nonina nandritra ny androm-piainany.

Eo amin'ny fiasa-miasa dia olona afaka hifanaraha amin'ny rehetre.

Ce. 16 Novembre 2011.

Ny Mpiara-miasa eto amin'ny

Seoly: BERAZANANY - Amend
Surveillant. Général Lycée Mangamila



Taratasy avy amin'ny fianakavian'ny mpanoratra

Ny zanany Saraha

Dada, lehibe tsara fo
rady malemy fanahy,
nanome azy mela hanome
ny fava-tampon'ny
fanindry.

Fiako i Dada !!

Saraha

Ny vadiny: Ramatoa Esther RAMANANTENASOA

Nasolo,

Hasambarany ny manoratra
Fa ny tena hasambarany
Pia mizara amin'ny mpanoretia
Treo sangan' asorany.

...
Hatsimbahana nisasarany?
Itity sisa no ananany.

Tsiafay tena Tiany

I Nasolo dia mpanoratra tenonkala, tantara
 ny tenonkala soatany dia miikasika ny fi-
 tiavan-tanindrazany, fitiavan-janaka.

Mpanoratra tootra any tia olona. Tsy
 miavona koa aza.

Eo anatrehan'ny fianakavian'ny dia, tia ny
 ankohonan'ny izy - mefa dia mdy fohang
 indrindray maha salinang azy.

Eo anatrehan'ny F.M. dia tia manan'ny
 ny salinang izy, tia namana, mora
 mialahelo koa.

-Ny sakafy tena triany: ny tantely,
 voangy, navitoto - hazambano -

Izy dia tia manao sport any mavitoto
 tokoa.

Esther

RAHANA PENASOA Esther

Angazobe le 18-11-11

Taratasy avy amin'ny mpianatr'i Nasolo tao Mangamila Anjozorobe

1. Ny fomba fahitako an'i Nasolo ny ny tononkalomy :
 - Azo lazaña ho toy ny mpanoratra mandala ny fitrini-pi-jeha-gana momba ny tononkalo izy
 - tia manoratra momba ny tononkalom-pahisana izy
 - Nisy ihany anefa tononkalomy vinty izay tao sarom-patarina nafa na izany aza dia mahaliana ihany
 - Nao ny mampianatra azy amin'ny tononkalo hafa anisan'izany ny he mifono anatra; ny ahazana fahafinaretana ny mamaky azy.
2. Ny fomba fiaraka - mamin'ny amin'ny mpianatra ny ny fifandraisany
 - ~~A~~ tia maha - mamin'ny amin'ny hafa azy maha fifandraisana ihany
 - Mahay mitondra ny karazan'olona rehetra na ankizy izany na litiha.
3. Ny fandraisany andraikitra ato amin'ny sebohy.
 - Handray andraikitra amin'ny fomba rehetra mba izany izy azy mizaka mamatsara ny fomba fandraisany zavatra.
4. Ny mampianatra azy
 - tia maha ny mankaritaka ny igaba atao'ny Ray aman-droin'ny mpianatra izy azy mamaly izany igaba izany amin'ny fanatanterana - hana tsara ny andraikiny dia ny famakazana ny ankizy ho loam-pienena.

RANDRIANARISON Lova
class de TA à dy à Mangamila
Lova

1) Ny fomba fahaleko ny Tononkalony Ny Nsalo.

Tantily

- Baka sady mahadiene
- Somary. barotra tekaire satsia daony mifanofano, try die miantane anjo moko tekaire hany reho tene dini. hira.
- Hampite haina satsia be oambolony vaoao sy manome fahababang ny tononkalony

2^e ny fomba fahaleko ny mpianatra sy ny fampianatra
Izy dia try mba mihakafaka fa reky to try ny efa zavatra iainany andan' andro sy try ny dony efa satsia sy ny mpie. mba be try mihakafaka izy, dony tie manarika sy try mba mba reky tie izy be mahay mifandray trais aminy mpianatra, be hira hira izy reky izy no hira izy hira izy.

3^e ny fampianatra andan' andro to sekoly andray

Izy dia an' an' ny dony vaoao mampande ny sekoly satsia izy no "provident" etc, any reky vaoao dony dony mampande try hampande ny sekoly dia izy no vaoao. mampande vaoao any mba hampandeha ny fampianatra.

4^e ny nampianatra sy.

- Tie mampianatra tononkala indrindra ny tantaram. pihavaro
- Tie mifandray amari' dony.
- Tie vaoao sy tie hira.

F

Tantily T.A.
lycée Rangamila.

Sonie
fina

ny isy

1^o Ny fomba fahitako ny tonkaton'ny Nasolodina :
 (13^o) mampitombo ny sady mampitombo fahitako ny
 - mampitombo ihany hoe sady hany, hantany ny isy ny
 - mampitombo muna a' abahan'ny loam-bahana roafanina-
 ny tonkaton'ny .
 - Ny tonkaton'ny hoe dia mivavany mivavany ny m-
 amin'ny fampitombo mivavany ny isy a' fampitombo hantany
 n'izany . sady hantany ny a' fampitombo mivavany hantany
 ny ny fampitombo isy .

2^o Ny fomba fahitako ny muna amin'ny ny ny famp-
 hantany amin'ny dia : mampitombo ihany na hantany
 ny dia mivavany ny dia muna sady na amin'ny
 fampitombo ny na dia muna sady na ny
 dia muna mivavany ihany . Udatany hoe dia muna
 mivavany sady hantany mivavany ny fampitombo na ny

3^o Ny fampitombo ny mivavany na amin'ny sady
 mivavany dia ny mivavany na ny fampitombo
 ny mivavany na ny sady sady na dia
 fampitombo na ny mivavany na mivavany
 fampitombo na ny mivavany na mivavany
 fampitombo na ny mivavany na mivavany

4^o Ny mampitombo ny mivavany na
 ny mivavany na ny mivavany na mivavany
 fampitombo na ny mivavany na mivavany

Anarana : Hantany Rina 1 Δ
 ny ny fampitombo

BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

I. RAKIBOLANA

- *Dictionnaire Universel de Poche*. Hachette. Livre et Librairie Française. 6^e 1963
rue Pierre Sarragin. Paris.
- Dictionnaire Petit Larousse illustré. Librairie LAROUSSE. Paris.
1982
- *Petit Larousse Illustre*. Librairie Larousse. Paris.
1994
- *Grand Larousse ENCYCLOPEDIQUE*. Tome 8. Librairie Larousse. Paris.
1963
- RAJEMISA RAOLISON (R). Rakibolana Malagasy. Editions Ambozontany
1995 Fianarantsoa
- RAVELOJAONA. Firaketana. Imprimerie Tananarivienne et imprimerie
1937 Indistruelle. Tananarive.
- Tranokala.Personnification.<http://www.wikimediafoundation.org>
Narratologie
Poésie

II. BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA MPANORATRA MALAGASY

- ANDRY ANDRAINA, *Mitaraina ny tany*, Librairie Mixte, Antananarivo
- ANDRIAMAHARO ^(J.A), *Fiombonam-pitolomana*, Faha 45 taona
Fikambanana Poeta sy Mpanoratra Malagasy. 15 tak
- (BEP-OTEP), *Haisoratra sy fiarahamonina*, Amboara 3, Imprimerie
Centrale Tananarive
- FAGERENG (E), RAKOTOMAMONJY (M). *Ny Tantaran'ny Firenena*
1963 *Malagasy*. Ed. Salohy. 93 tak.
- *Ny Baiboly*. Fikambanana Mampiely Baiboly. Antananarivo.
1965
- RABEMOLALY (F) et all. *Fary Mamy kilasy famaranana*. Ed. Salohy.
1986 Antananarivo. 334 tak.
1975 *Fary Mamy kilasy voalohany*. Ed. Salohy.
TPFLM. 263 tak.
2000 *Fary Mamy kilasy faharoa*. Ed. Ambozontany
Analamahitsy Antananarivo.
- RAKOTONDRANAIVO (A). *Torolalana momba ny fitaizana -*
1982 *fanabeazana - fampianarana*, TPFLM
- RAKOTONAIVO (F), *Ny riba malagasy eran'ny Nosy*. Ambozontany
Fianarantsoa. 391 tak.
- RAVOAJANAHARY (Ch), *Tantaran'ny haisoratra Malagasy, 1896-1915*,
1973 Antananarivo. Stelanim.
- RAJAONARIVELO (A), *Bina*, Achevé d'imprimé sur les presses de
1957 l'imprimerie Luthérienne, Antsahamanitra,
Tananarive Madagasikara
- RAMAROSON (N), GIAMBRONE (M), *Teto anivon'ny riaka*, Ambozontany
1973 Fianarantsoa. 100 tak.
- RALAITAFIKA (P.S), *Tahirin'Antsihanaka 1947*, Natonta fanindroany,
1988 Tranopirintim-pirenena Antananarivo

- RANJATOHERY (H), *Rary Kanto*.
1995
- RAMIANDRASOA (J.I). Dramaturgie du théâtre malgache classique. Thèse
1972 pour le doctorat du 3^{ème} cycle, Tananarive, Montpellier
- RABEARIFENO (A), *Ady ny fiainana*, Faha 45 taona Fikambanana Poeta sy
Mpanoratra Malagasy. 15 tak.

- RAJAONA (S), *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*. Editions Ambozontany
1993 Fianarantsoa. 124 tak.
- RANDRIAMIADANARIVO, *Ny Sikajin'i Dadabe*, Société Fiombonam-barotra
1998 Fiezahana, Département Imprimerie.
Natonta faninefany
- ZANAMIHOATRA (R). *Vain'afô Tononkira*, Ambozontany Fianar.
1969 144 tak.

III. BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA MPANORATRA VAHINY

- BOITEAU (P), Contribution à la l’histoire de la nation malgache. Paris
1982 Une coédition. Edition sociale. Paris. 445 p.
- DECRIAUD (R) et ses collaborateurs, *Espace Livre*, 4è Nathan
- LANSON (G) *Essais de méthode de critique et d’histoire littéraire*, Paris,
1965
- LAUFER (R), BLECHERBONNIER, *Littérature et Langages*, tome 2,
1980 Editeur. Fernand Nathan, Paris VIè.
- PARK (I). l’idée chez Mallaimée, C.D.U, Sd, Paris.
- SARTRE (J.P), *Qu’est-ce que la littérature*, ed, Gallimard, Col, « Point »,
1949 Paris. 374 p.
- WALLEK (R) et WARREN (A), *La théorie Littéraire*. Coll. Poétique. Ed.
1971 du Seuil. Paris.
- .
- WEBER(J.P), *Genèse de l’oeuvre poétique*, Gallimard, Paris. 563 p.
1960

VI. GAZETY

- Ambioka Febroary 2001
- Mpanolo-tsaina Lah. 19, Antananarivo, Janoary 1908.
- Iarivo Janv 1947
- Hiratra Lah. 3. STELARIM. Anjerimanontolo
- Tanamasoandro 15 Febroary, 1926
5 Sept 1927

RESUME

L'auteur a sa personnalité spécifique tout en étant quelqu'un de la société. Il écrit ce qui se passait dans son pays, ainsi qu'au sein de la société où il se trouvait. Tout ce qu'il a ressenti et son vécu s'y ajoutent.

Nasolo, l'auteur, ressent les souffrances subies par les Malagasy durant la période coloniale. Sa famille a beaucoup été atteinte par ces souffrances. Par conséquent, lui et ses proches affrontaient des difficultés. Les malheurs du peuple sont gravés dans son cœur. Ainsi est né en lui la force et la volonté de se battre et de lutter, et fait ressortir le talent de Nasolo. Il approfondir l'histoire nationale. Tout cela a cultivé et fait ressortir le talent de Nasolo. Il accouche par écrit le reflet de la réalité et ses désirs profonds. En effet, les écrivains sont des témoins de l'histoire, des éducateurs pour leur entourage, et des émetteurs de messages. Nasolo en fait partie, il a attiré les lecteurs par le biais de la poésie pour qu'ils puissent voir et analyser le passé afin d'orienter le futur. Il avait également pour but de réveiller une fierté d'être Malagasy auprès de ses concitoyens et exhortait les lecteurs à construire un avenir meilleur.

Les poèmes de Nasolo sont en même temps des poésies et un art. Nasolo utilise diverses stratégies. Il leur a donné un aspect concret et attirant pour les lecteurs. Ils revêtent une forme narrative, de ce fait, ils attirent l'esprit et sont intéressants pour ceux qui lisent. Nasolo fait en sorte que la forme et le fond de ses poèmes soient en harmonie. Il utilise son habilité à exprimer ses idées d'une manière descriptive sortant de l'ordinaire. Tous ces savoir-faires aident les autres à comprendre ce qu'il veut transmettre.

L'analyse de ces méthodes et stratégies utilisées par l'auteur ainsi que des contenus de ses poèmes nous permettent d'affirmer que « Nasolo est un poète narrateur. »

SUMMARY

Each writer has the own personality, although he is among the society. He writes the events in the country or the society. Moreover, he approves his feeling about his experiences and the events.

Nasolo, a writer, has already felt the unhappiness of the Malagasy people during the colonization. It happened, indeed, in his family. They were sorrowful. Therefore, it broke his heart, they faced many problems. So, he has made courage and enthusiasm to fight for it. It leads him to learn and search for the country's stories. All these reasons have prepared Nasolo to give the best for his talent. He narrates the events and takes his inspirations. The writer is the witness of stories, the people's educator. Nasolo is one of them. He invites the readers from his poems to think of the past and draw the right way. His objectives are to take care of the ambition, inside, for being "Malagasy" and to prepare the future life.

His poem is a big wealter, agreeably to a rhyme with sweet words. He writes with different styles. Nasolo calls up a great value in his poem which incites people to read. The readers are attempted to his poems because of his capacity and way of matching the inspiration to the reality. He shows it by the ideas and the appearance. He presents his opinions by parting through the daily life. It helps the readers to guess what he said.

To sum up, through the way, the generalship of the writer, and the research of the main ideas, we don't hesitate to say and approve that "Nasolo is poet narrator".

FILAZANA NY MOMBA NY BOKY

Lohatenin'ny asa fikarohana : I NASOLO POETA MPITANTARA

Isan'ny takila : 179

Isan'ny sary : 03

Isan'ny fafana : 06

Isan'ny kisary : 06

FAMINTINANA :

Manana ny maha-izy azy manokana ny mpanoratra, nefa koa olon'ny fiarahamonina. Koa ny zava-nitranga teo amin'ny fireneny na ny fiarahamonina nisy azy no soratany. Manampy izany, ny fahatsapany momba ireny zava-nisy ireny sy ny fiainana nodiaviny. I Nasolo dia nahatsapa ny fahoriana niainan'ny Malagasy, tao anatin'ny fanjanahantany.

Nianjady indrindra tamin'ny fianakaviany ny fampahoriana ny Malagasy tamin'ny. Vokatr'izany, nisetra fahasahiranana izy sy ny havany. Nandatsa-paka tao antiny ny zava-nanjo ny vahoaka ireny. Namboly herimpo sy fahavononana hitolona teo amin'ny fiainana tao anatin'ny mpanoratra izany. Nanosika azy hianatra sy handalina tanataram-pirenena ihany koa. Ireny rehetra ireny no nikolo sy namoaka ny talentanin'I Nasolo. Taratry ny zava-nisy sy ny hetahetam-panahiny no raketiny an-tsoratra.

Araka izany, vavolombelon'ny tantara ny mpanoratra ; mpanabe ny mpiara-belona aminy, sady mpampita hafatra. Iray amin'ireny I Nasolo, izay nisarika ny olona tamin'ny alalan'ny tononkalo, handinika sy hitodika ny lasa, mba hanitsiana ny dia. Nikendry ihany koa izy, ny hamoha ny hambom-po tena Malagasy ao aantin'ny olona ary nitaona ny mpamaky hanorina ho avy mampiratra kokoa.

Sady poezia no zava-kanto vita amin'ny teny ny tononkalon'i Nasolo. Paika samihafa no nandrafetany azay, nomeny endika mivaingana sy mahasarika ny mpamaky ireny. Miendrika fitantarana no nanehoany ny tononkalony, ka manaitra ny saina sy mahaliana izay mandray azy Narindrany tamin'ny fampifandraisana ny endirka ivelany sy ny votoatin-kevitra ny tononkalo. Izany. Niangaliany tamin'ny fomba filazan-javatra mihataka amin'ny andavan'andro ny fanehoan-kevitra ao anatin'ny. Manampy ny olona hahazo an-tsaina ny zavatra ambarany ny fisiann'ireo.

Ny fandinihana ireny fomba aman-tetika nentin'ny mpanoratra nanoratra tononkalo ireny sy ny fanadihadiana ny vontootin-kevitra fonosiny no ahafahanay milaza fa "Poeta mpitantara I Nasolo".

Anarana : VOLOLONIRINA

Fanampiny : Fanja Marojaona

Adiresy : Lot IVL 250 Ambodin'Isotry-Tana 101

Teny fototra : Poeta, mpitantara, poezia, kanto, fanabeazana, fanjanahantany, fahoriana, tolona, fahafahana.

Mpampianatra mpitarika : Rtoa RAHARIMANGA Eugénie Fidèle "Maitre de conférences"